REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**MINISTERAN'NY FITANTANAM-BOLA SY NY TETIBOLA**
**MINISTERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA**

# Torolàlana momba ny paikady ara-tetibolan'ireo Kaominina Ambanivohitra Sokajy Voalohany, Kaominina Ambonivohitra sy Faritra

Aogositra 2018

LE CONTENU DE LA PRÉSENTE PUBLICATION RELÈVE DE LA SEULE RESPONSABILITÉ DE SON AUTEUR ET NE PEUT EN AUCUN CAS ÊTRE CONSIDÉRÉ COMME REFLÉTANT L'AVIS DE L'UNION EUROPÉENNE.

CE MANUEL EST RÉALISÉ PAR LE PROJET *NY FANJAKANA HO AN'NY DAHOLOBE* (NFD) FINANCÉ PAR L'UNION EUROPÉENNE ET PUBLIÉ AVEC LE CONCOURS DU PRODECID

# Fanoroam-pejy


| | | PEJY |
|---|---|---|
| **I** | **NY LASITRA ANKAPOBE** | 9 |
| **I.1** | IREO FEHI-KEVITRA ARA-TETIBOLA | 9 |
| **I.2** | INONA AVY IREO FAHEFAN'NY LEHIBEN'NY MPANATANTERAKA SY NY FILANKEVITRA ? | 10 |
| **I.3** | NY FISARAHAN'IREO MPANALÀLANA SY IREO MPITAN-KAONTY | 10 |
| **I.3.1** | Mpanalàlana | 10 |
| **I.3.2** | Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany | 10 |
| **I.4** | IREO MPISEHATRA MOMBA NY TETIBOLA : MPANDRINDRA NY FANDRAHARAN'ASA, TOMPON'ANDRAIKITRY NY FANDAHARAN'ASA, MPITANTAN'ASA, MPITAHIRY ENTANA SADY MPITAN-KAONTY | 11 |
| **I.5** | NY OLONA TOMPON'ANDRAIKITR'IREO FIFANARAHAM-BAROTRA AMIN'NY FANJAKANA | 13 |
| **II** | **NY FANOMANANA NY TETIBOLA FANDAHARAN'ASA** | 15 |
| **II.1** | FEHIN-KEVITRA FOTOTRA | 15 |
| **II.2** | FAMARITANA IREO FANDAHARAN'ASA SY RAKI-KEVITRA MOMBA NY FAHOMBIAZANA | 16 |
| **II.3** | FANAOVANA NY TETIBOLA | 22 |
| **II.3.1** | Vola miditra | 23 |
| **II.3.1.1** | Fanombanana ireo vola miditra ho fampandehanan-draharaha | 23 |
| **II.3.1.2** | Fanombanana ireo vola miditra natao hamokarana | 24 |
| **II.3.2** | Fandaniana | 24 |
| **II.3.2.1** | Fandaniana momba ny mpiasa | 24 |
| **II.3.2.2** | Fandaniana ho fampandehanan-draharaha ivelan'ny mpiasa | 25 |
| **II.3.2.3** | Fandaniana natao hamokarana | 27 |
| **III** | **FAMOLAVOLANA NY TETIBOLA** | 29 |
| **III.1** | TETIBOLA FIANDOHANA | 29 |
| **III.1.1** | Ny Lasitra | 29 |
| **III.1.2** | Fitadiavana ny fifandanjana | 42 |
| **III.1.3** | Fankatoavana ny tetibola | 43 |
| **III.2** | TETIBOLA FANAMPINY | 46 |
| **III.2.1** | Tetibola famerenana | 46 |
| **III.2.2** | Tetibola fanitsiana | 46 |
| **III.3** | TETIBOLA FANITSIANA | 55 |
| **III.4** | FANOVANA NY SORABOLA | 56 |
| **IV** | **FANATANTERAHANA NY TETIBOLA** | 59 |
| **IV.1** | FANOKAFANA IREO TAKILAN'NY VOLA MIDITRA SY TAKILAN'NY FANDANIANA | 59 |
| **IV.1.1** | Fanokafana ireo takilan'ny vola miditra | 59 |
| **IV.1.2** | Fanokafana ireo takilan'ireo fandaniana | 60 |

| | | |
|---|---|---|
| **IV.2** | FANATANTERAHANA IREO VOLA MIDITRA | 63 |
| **IV.2.1** | Fandefasana ireo taratasy fandraisam-bola | 63 |
| **IV.2.1.1** | Mialoha ny fanangonana | 63 |
| **IV.2.1.2** | Aorian'ny fanangonana (sara aloa tolo-botsotra) | 66 |
| **IV.2.2** | Fanisàna tsy ampy, fampihenana, fanafoanana na filazana ho tsy manan-tsanda ny taratasy fandraisam-bola | 68 |
| **IV.2.3** | Fampitàna ireo taratasy fandraisam-bola | 69 |
| **IV.3** | FANATANTERAHANA IREO FANDANIANA | 76 |
| **IV.3.1** | Fanaovana sora-panekena | 76 |
| **IV.3.2** | Fanamarinan-kajy | 83 |
| **IV.3.3** | Fanalalanana | 86 |
| **IV.3.4** | Fampitàna ireo taratasy fandoavam-bola | 91 |
| **IV.3.5** | Fampihenana na fanafoanana taratasy fandoavam-bola | 105 |
| **IV.3.6** | Fandoavana | 105 |
| **IV.4** | FITONDRAN-DRAHARAHA FAMORIAM-BOLA | 106 |
| **IV.4.1** | Fananganana fitondran-draharaha famoriam-bola | 107 |
| **IV.4.2** | Fanendrena Mpitantana famoriam-bola | 108 |
| **IV.4.3** | Fanendrena ireo Mpamory vola | 109 |
| **IV.5** | FITANTANANA VATSIM-BOLA | 110 |
| **IV.5.1** | Fananganana Fitondran-draharaha fitantanana vatsim-bola | 111 |
| **IV.5.2** | Fanendrena Mpitantana vatsim-bola | 112 |
| **IV.5.3** | Famatsiana ny kitapombola momba ny vatsim-bola | 113 |
| **V** | **FAMARANANA NY TAOM-PIKATROHANA** | 115 |
| **V.1** | IREO LAHASA FAMARANANA | 115 |
| **V.1.1** | Lahasa momba ireo vola miditra | 115 |
| **V.1.2** | Lahasa momba ireo fandaniana | 115 |
| **V.1.3** | Lahasa nobaikoana | 116 |
| **V.2** | NY KAONTY ARA-PITANTANANA SY IREO TOVANY | 123 |
| **V.3** | FANKATOAVAN'NY FILANKEVITRY NY VONDROMBAHOAKAM-PARITRA NY KAONTY ARA-PITANTANANA | 131 |

| | | |
|---|---|---|
| **TOVANA** | | 133 |
| | Tovana 1 – Loharanombolan'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana | 133 |
| | Tovana 2 – Fanomezan-daharana ara-tetibola | 137 |
| | Tovana 3 – Ireo takilan-kaonty fototra asiam-panazavana | 147 |
| | Tovana 4 – Fanomezan-daharana ireo taratasy fanamarinana | 159 |
| | Tovana 5 – Lasitra | 162 |

# Fanafohezan-teny

| | |
|---|---|
| **ARMP** | Manamahefa ho fandrindrana ireo fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana |
| **CdP** | Mpandrindra Fandaharan'asa |
| **CNAPS** | Tahirimbolam-pirenena ho fiahiana ara-tsosialy |
| **CPP** | Mpitan-kaontim-panjakana mahefa |
| **CPR** | Tahirim-pitsinjovana ny fisotroan-dronono |
| **CRCM** | Tahiry ho an'ny fisotroan-drononon'ny mpiasam-panjakana sivily sy miaramila |
| **CSB** | Tobim-pahasalamana ifotony |
| **CTD** | Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana |
| **DAE** | Fangatahana fanomezan-dàlana hanao sora-panekena |
| **ECD** | Asam-panjakana tsy tena raikitra |
| **EFA** | Asa ampitoviana amin'ny asam-panjakana |
| **ELD** | Asa maharitra |
| **GAC** | Mpitantan'asa |
| **IFPB** | Hetran-trano |
| **IFT** | Hetran-tany |
| **IR** | Hetra momba ireo vola miditra |
| **IRSA** | Hetra momba ireo karama sy ireo mitovy aminy |
| **MFB** | Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola |
| **MGA** | Ariary |
| **OR** | Taratasy fandraisam-bola |
| **OSIE** | Vondrona ara-pahasalamana iombonan'ireo orinasa |
| **PCOP** | Drafi-pitanan-kaonty momba ireo lahasam-panjakana |
| **PIP** | Fandaharan'asa momba ny fampiasam-bolam-panjakana natao hamokarana |
| **PRMP** | Olona Tompon'andraikitry ny fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana |
| **PV** | Fitànana an-tsoratra |
| **RdP** | Tompon'andraikitry ny Fandaharan'asa |
| **RPI** | Vola miditra madiodio anatiny |
| **SC** | Sekretera Mpitan-kaonty |
| **TAFB** | Haba tovana amin'ny hetran-trano |

# Lisitr'ireo maodely


| | | PEJY |
|---|---|---|
| Maodely 1 : | Takila mikasika ny Fandaharan'asa momba ny fampiasam-bolam-panjakana natao hamokarana (PIP) | 28 |
| Maodely 2 : | Lasitry ny tetibola fototra sy ireo tovany | 30 |
| Maodely 3 : | Fanapahana momba ny fankatoavana ny tetibola fototra | 45 |
| Maodely 4 : | Lasitry ny tetibola fanampiny | 47 |
| Maodely 5 : | Fanapahana ankatoavana ny tetibola fanampiny | 51 |
| Maodely 6 : | Fanapahana ankatoavana ny tetibola fanitsiana | 55 |
| Maodely 7 : | Didim-pitondrana anaovam-panovana ireo sorabola | 57 |
| Maodely 8 : | Takilan'ireo vola miditra | 60 |
| Maodely 9 : | Takilan'ireo fandaniana | 62 |
| Maodely 10 : | Titra fanamarinan-kajy ny vola miditra | 64 |
| Maodely 11 : | Taratasy fandraisam-bola | 65 |
| Maodely 12 : | Fangatahana fandefasana taratasy fandraisam-bola | 67 |
| Maodely 13 : | Safim-pandefasana ireo taratasy fandraisam-bola | 70 |
| Maodely 14 : | Fangatahana fanomezan-dàlana hanao sora-panekena | 78 |
| Maodely 15 : | Safim-panafarana | 79 |
| Maodely 16 : | Titra momba ny sora-panekena ara-bola | 80 |
| Maodely 17 : | Safim-pandefasana ireo taratasy fanamarinana | 85 |
| Maodely 18 : | Taratasy fandoavam-bola | 87 |
| Maodely 19 : | Taratasim-bola | 89 |
| Maodely 20 : | Filazana fidiram-bola amin'ny banky | 90 |
| Maodely 21 : | Safim-pandefasana ireo taratasy fandoavam-bola | 92 |
| Maodely 22 : | Didim-pitondrana ananganana fitondran-draharaha famoriam-bola | 107 |
| Maodely 23 : | Didim-pitondrana anendrena mpitantana famoriam-bola | 108 |
| Maodely 24 : | Didim-pitondrana anendrena mpamory vola | 109 |
| Maodely 25 : | Didim-pitondrana ananganana fitondran-draharaha fitantanana vatsim-bola | 111 |
| Maodely 26 : | Didim-pitondrana anendrena mpitantana vatsim-bola | 112 |
| Maodely 27 : | Fangatahana vatsim-bola ho an'ny tahirimbola | 113 |
| Maodely 28 : | Boky firaketana isanandro momba ny kitapom-bolan'ny vatsim-bola | 114 |
| Maodely 29 : | Lasitry ny Kaonty ara-pitantanana sy ireo tovany | 124 |
| Maodely 30 : | Fanapahana ankatoavana ny kaonty ara-pitantanana | 132 |

# Sasin-teny

Tafiditra anatin'ireo laharampahamehan'ny Governemanta malagasy ny fitsinjaram-pahefana sy ny fitantanana ifotony. Izany dia vokatry ny fampiharana ny Pôlitika ankapoben'ny Fanjakana voatsinjara anatin'ny Paikady natao Din'asa *(PND)*, izay mikendry ny hanangana *"Madagasikara, Firenena moderna sy mandroso"*. Isan'ireo fanamby lehibe hotratrarina amin'izany ny hanomezana ho an'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjarama-pahefana ireo tantsoroka ilaina ho fanamafisana ny fahaleovan-tenan'izy ireo ara-pitantanan-draharaha sy ara-bola, amin'ny andaniny, sy ny hahafahan'izy ireo hahatontosa tsy misy tomika ireo iraka mifandraika amin'ny fampandrosoana ifotony, amin'ny ankilany.

Ny Ministeran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola dia nifanaiky hatramin'ny taona 2014 ny amin'ny fanavaozana sy ny fanamafisana ireo rijan-tenin-dalàna mikasika ny fanapariaham-pitondrana sy ny fitsinjaram-pahefana. Ho fanamorana ny fampiharana izany, ireo didy aman-dalàna vaovao dia nadika ho paikady tsotra sy mifanaraka amin'ireo fepetra momba ny fomba fiasan'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana malagasy. Ho famaliana izany filàna izany, ary noho ny fandrindran'ny Fandaharan'asa Fanavaozana ho amin'ny Fahombiazan'ny Fitondran-draharaham-panjakana *(PREA)* no nahatonga ny finiavana handrafitra torolàlana roa mifameno, dia ny torolàlana momba ny paikady ara-pitantanam-bola sy ny torolàlana momba ny paikady ara-pitanan-kaonty ho an'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ankoatra ny torolàlana momba ny paikady ara-pitantanan-draharaha izay efa tontosa rahateo.

Ireo tanjona tratrarina amin'ireo torolàlana, notontosaina mifanaraka amin'ireo fepetra entin'ny lalàna sy ny didy amam-pitsipika manankery, dia tanisaina manaraka ireto :

- manome toromarika sy manazava ireo fitsipika momba ny fitantanam-bolan'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;
- manamafy ny fahombiazana sy ny fahitsian'ny fitantanam-bolan'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana mba hanatsarana ny kalitaon'ireo raharaham-panjakana ary ;
- manamafy ny fahaiza-mitantana sy ny fangaraharana amin'ny fitantanana ireo raharaha ifotony ;

Tiana ny manoritra fa ireo torolàlana ireo dia mbola azo anaovam-panavaozana arakaraky ny fivoaran'ny tontolon-dalàna sy didy amam-pitsipika.

Etoana dia toloram-pisaorana feno ny Vondrona Eropeana, avy amin'ny Fandaharan'asa *Ny Fanjakana ho an'ny Daholobe (NFD)*, noho ny tolo-tànana ara-teknika nataony ary koa ny Fiaraha-miasa Alemà noho ny fanapariahana ireo torolàlana ireo.

Eto am-pamaranana dia manainga ireo mpanalàlana, mpitan-kaontim-panjakana eo anivon'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ireo Solontenam-panjakana ary koa ireo Mpitsara ao amin'ny Fitsarana miadidy ny fifanolanana amin'ny Fanjakana sy ny Fitsarana miadidy ny Fitantanam-bola mba handalina ny vontoatin'ireo boky ireo ary hampihatra izany antsakany sy andavany mba hanatsarana ny fanolorana ireo raharaha fototra andrasan'ny mponina ary koa ilaina ho fampandrosoana ny firenentsika.

Ny Filohan'ny Filankevitry
ny Fitarihan-dàlana
sy ny Fizohiana ny *PREA*

Le Président du Conseil
d'Orientation et de Suivi
du PREA

RALALA Roger

Ny Minisitry ny Atitany
sy ny Fitsinjaram-
pahefana

Le Ministre de l'Intérieur et de la
Décentralisation

RAZAFIMAHEFA Tianarivelo

Ny Minisitry
ny Fitantanam-bola
sy ny Tetibola

Le Ministre des Finances et du
Budget

ANDRIAMBOLOLONA
Vonintsalama Sehenosoa

TOKO

I

# Ny lasitra ankapobe

## I.1 | IREO FEHI-KEVITRA ARA-TETIBOLA

Ireto avy ireo fehi-kevitra momba ny lalàna ara-tetibola :

**Ny maha-taona iray** : ny tetibola dia mandrakotra taona iray, ny taom-pikatrohana ara-tetibola dia manomboka ny 1 janoary ary miafara ny 31 desambra amin'izany taona izany ihany.

**Ny maha-tokana :** ny fitambaran'ireo vola miditra sy ny fandaniana dia tsy maintsy aseho anatin'ny tahirin-kevitra tokana ivondronan'ireo lahasa ara-tetibola sy ara-pitantanam-bola rehetran'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.

**Ny fitambarana** : ny fitambaran'ireo vola miditra dia atao hisahanana ny fitambaran'ireo fandaniana (tsy fanokanana vola miditra manokana iray ho an'ny fandaniana manokana iray, tsy fampifamenoana eo amin'ireo vola miditra sy fandaniana voasoratra anatin'ny tetibola).

Araka ireo karazany na ny fampiasana azy ireo, dia azo atokana mivantana ho an'ireo fandaniana sasantsasany ireo vola miditra sasantsasany indrindra ireo fanolorana fanomezana faobeho fampandehanan-draharaha (sora-piankohonana, sekoly fanabeazana fototra, tobim-pahasalamana ifotony,...), tetibola tovana (sampan-draharaham-panjakana tsy manana zo sy andraikitra eken'ny lalàna fa manana tetibola manokana), tahirim-bola ho fanomezan-tànana (fandraisana anjaran'ny vondrona ara-panjakana na tsy miankina, na olon-tsotra mifandraika amin'ny fandaniana manokan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana).

**Ny fiavahana :** tsy azo ankatoavina ireo fandaniana sy vola miditra raha tsy ho an'ny antony manokana ferana amin'ny alàlan'ny fankatoavana.

**Ny fahitsiana :** tsy azo atao ny fanombanana diso tafahoatra na latsaka loatra ny sora-bola anatin'ny tetibola.

**Ny fifandanjana** : ny tetibolan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia tsy maintsy atolotra ary ankatoavinana anatin'ny fifandanjanaaorian'ny fanoratana ireo fandaniana tsy azo anoharana. Mifandanja tanteraka ny tetibola raha toa ny sokajy fampandehanan-draharaha sy ny sokajy fampiasam-bolanatao hamokarana ka nolaniana tanatin'ny fifandanjana na ny andaniny na ny ankilany.

Azo tanterahina ny tetibola raha toa ka mahafeno ireto fepetra telo manaraka ireto :

- ny fanehoan-kevitra mialoha avy amin'ny Fanarahamaso ny Fitantanam-bola *(CF)* ho an'ireo Faritany, Faritra sy Kaominina ambonivohitra ; raha ta ka tsy nanambara ny heviny ny Fanarahamaso ny Fitantanam-bola ao anatin'ny 5 andro miantomboka amin'ny naharaisany ny tetibola, dia heverina ho fanekena izany (andininy 18 amin'ny lalàna laharana faha-2016-009 tamin'ny 22 aogositra 2016) ;
- ny fampitàna amin'ny Solontenam-panjakana hanaovana ny fanarahamaso ny fanarahan-dalàna ho an'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana rehetra ;
- ny fampahafantaran'ny Lehiben'ny Mpanatanteraka ny besinimaro amin'ny alàlan'ny peta-drindrina na fomba hafa ahazoan'ny manatontosa izany ho an'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana rehetra.

## 1.2 | INONA AVY IREO FAHEFAN'NY LEHIBEN'NY MPANATANTERAKA SY NY FILANKEVITRA ?

Ny fahefana ara-tetibola dia zaraina eo amin'ny Filankevitry ny Vondrombahoaka-paritra itsinjaram-pahefana (rafitra mpanapa-kevitra) sy ny Lehiben'ny Mpanatanteraka (rafitra mpanatanteraka) :

- Ny Lehiben'ny mpanatanteraka no mamolavola ny tetibola ary manolotra izany manoloana ny Filankevitra mba holaniana (andininy 37, didim-panjakana laharana faha-2015-959) ;
- ny Filankevitra no manapaka ny tetibola (andininy 52, didim-panjakana laharana faha-2015-959) ;
- ny fotoam-pivoriana momba ny tetibola dia ferana ho an'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana tsirairay(andininy 57, didim-panjakana laharana faha-2015-959) :
  - mandritra ny tapabolana faharoa amin'ny volana aogositra ho an'ny Kaominina,
  - mandritra ny tapabolana faharoa amin'ny volana septambra ho an'ny Faritra,
  - mandritra ny tapabolana voalohany amin'ny volana oktobra ho an'ny Faritany.
- amin'ny fiafaran'ny taom-pikatrohana ara-tetibola, ny Lehiben'ny mpanatanteraka dia mandrafitra ny kaonty ara-pitantanana ary mamarana ny vokatry ny taom-pikatrohana ara-tetibola avy amin'ny elanelan'ireo vola voaangona sy ireo fandaniana noraisin'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany an-tànana (andininy 62, didim-panjakana laharana faha-2015-959) ;
- ny kaonty ara-pitantanana dia tsy maintsy ankatoavina amin'ny alàlan'ny fanapahana raisin'ny Filankevitry ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana mialoha ny fiafaran'ny telo volana voalohany amin'ny taona manaraka ny taom-pikatrohana ara-tetibola izay mifandraika amin'izany.

## 1.3 | NY FISARAHAN'IREO MPANALÀLANA SY IREO MPITÀNA BOKIM-BOLA

Sarahana ny asan'ireo Mpanalàlana sy Mpitàna bokim-bola. Ny dingana ara-panjakana momba ny fanatanterahana ny tetibola (sora-panekena, fanamarinan-kajy, fibaikoam-pandoavana ho an'ireo fandaniana; fanamarinana ireo zo, fanamarinan-kajy, fibaikoam-panangonana ho an'ireo vola miditra) dia sahanin'ny Mpanalàlana ary ny dingana ara-kaonty (fanarahamaso, fandoavana, fitanan-kaonty ho an'ireo fandaniana; fanarahamaso, fanangonana, fitanan-kaonty ho an'ireo vola miditra) dia miankina amin'ny Mpitana bokim-bolam-panjakana voalohany.

Ireo mpikambana ao amin'ny rafitra mpanatanteraka, ireo mpikambana ao amin'ny Filankevitra, ny vady, ireo zanaka na raiaman-drenin'ny Mpanalàlana na ny vadiny dia tsy azo tendrena ho mpitana bokim-bolan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana (andininy 73 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-959).

### 1.3.1 Mpanalàlana

Ny Lehiben'ny rafitra mpanatanteraka no Mpanalàlan'ny Vondrombahoakam-paritra. Izy no manana fahefana hanao sora-panekena, hanamarin-kajy, hibaiko ireo fandaniana, ary koa hanamarina ireo zon'ny Vondrombahoakam-paritra ; hanamarin-kajy, hibaiko sy hampanangona ireo vola miditra.

Anatin'ireo asany ara-pitantanam-bola, ny Mpanalàlana dia ampian'ny Sekretera mpitan-kaonty. Ireo asa ara-pitantanam-bola dia mifototra indrindra amin'ny :

- ny fanomanana ireo tahirin-kevitra momba ny tetibola ;
- ny fanaovana ny fifampiraharaham-barotra : fizahàna ireo mpamatsy, fanombanana ireo tolotra, fanaovana ny fifanarahana, fandraisana ny etana sy lahasa notontosaina ;
- ny fanomanana ireo karama ;
- ny fandefasana ireo taratsy fandraisam-bola sy taratasy fandoavam-bola ;
- ny fitànana ireo takilan'ireo vola miditra sy fandaniana ary ny fanomanana ny kaonty ara-pitantanana ;
- ny fizohiana ny fampiasana ireo sorabola.

### 1.3.2 Mpitàna bokim-bolam-panjakana voalohany

Iantohan'ny Mpitambola Ankapobe eo amin'ny renivohi-paritany ireo asan'ny Mpitàna bokim-bolam-panjakana voalohany eo anivon'ny Faritany (andininy 154 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2005-003) ary ny an'ny Mpitàna bokim-bolam-panjakana voalohany ho an'ny tetibolan'ny Faritra dia hefain'ny Mpitambola Voalohany na Ankapobe mitoetra eo amin'ny renivohitry ny Faritra (andininy 202).

Ho an'ireo Kaominina ambonivohitra, dia tontosain'ny Mpitambola Ankapobe, ny Mpitambola Voalohany na ny Mpamory vola voalohany ireo asan'ireo Mpitàna bokim-bolam-panjakana voalohany.

Ho an'ireo Kaominina ambonivohitra izay ahitàna Mpitan-kaontin'ny Tahirimbola, dia tontosainy tsy misy fepetra ireo asan'ny Mpitàna bokim-bolam-panjakana voalohany. Ny Mpitan-kaontin'ny Tahirimbola dia mety ho Mpitambola Voalohany iombonan'ny Kaominina (TPIC) ho an'ireo Kaominina voatondron'ny didim-pitondrana ananganana foibentoerana ara-pitanan-kaonty *(poste comptable)*.

Tendrena amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana raisin'ny Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, noho ny tolokevitry ny Ben'ny Tanàna izay nahazoana ny fanehoan-kevitra fankatoavan'ny Lehiben'ny Distrika mahefa eo an-toerana ny Mpitàna bokim-bolam-panjakana voalohany eo anivon'ireo Kaominina ambanivohitra tsy manana mpitan-kaontin'ny Tahirimbola. Antsoina hoe Mpitambolan'ny Kaominina izy (andininy 116, lalàna laharana faha-2014-020 sy andininy 75, didim-panjakana laharana faha-2015-959).

Ny Mpitàna bokim-bolam-panjakana voalohany no tompon'andraikitra amin'ny :

- fitazonana sy ny fitehirizana ireo tahirimbola sy sanda ananan'ny Vondrombahoakam-paritra ;
- ny fikirakirana ireo tahirimbola sy ireo fanetsehana ireo kaonty momba ny vola miditra sy ny fandaniana ary ny banky ;
- ny fanarahamaso sy ny fandoavana ireo fandaniana ;
- ny fanarahamaso sy ny fanangonana ireo vola miditra ;
- ny fitehirizana ireo taratasy fanamarinana ireo lahasa sy ireo raki-kevitra momba fitana-kaonty ;
- ny fanaovana ny fitanan-kaontin'ny Vondrombahoakam-paritra ;
- ny fandrafetana ny kaontim-pitantanana.

Ny Mpitana bokim-bolam-panjakana voalohany dia tompon'andraikitra amin'ny tenany sy ara-bola momba ireo tahirimbola sy sandan'ny Vondrobahoakam-paritra ka, amin'izany, dia laviny ny fandoavana na fanangonana tsy manara-dalàna.

## 1.4 | IREO MPISEHATRA MOMBA NY TETIBOLA : MPANDRINDRA NY FANDRAHARAN'ASA, TOMPON'ANDRAIKITRY NY FANDAHARAN'ASA, MPITANTAN'ASA, MPITAHIRY ENTANA SADY MPITAN-KAONTY

Ny ***Mpandrindra ny Fandaharan'asa (CdP)*** no mandrindra ny fitambaran'ireo fandaharan'asan'ny Vondrombahoakam-paritra, manomana ny tetibolany miaraka amin'ireo Tompon'andraikitry ny fandaharan'asa, miantoka ny fizohiana ny fantanterahana ireo tetikasa ary manatontosa ny tatitra isan-taona momba ny zavabita.

Ireo asan'ny Mpandrindra ny Fandaharan'asa dia miankina mivantana amin'ny Lehiben'ny Mpanatanteraka na azo anomezam-pahefana ny Sekretera Jeneralin'ny Vondrombahoakam-paritra amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana raisin'ny Lehiben'ny Mpanatanteraka.

Ireo ***Tompon'andraikitry ny Fandaharan'asa (RdP)*** no miantoka ny fitondrana ny Fandaharan'asa iray. Eo ambany fahefan'ny Mpandrindra ny Fandaharan'asa, ny Tompon'andraikitry ny Tetikasa dia mitondra ny anjara birikiny amin'ny famolavolana ara-paikady ny Fandaharan'asa ary miaraka amin'ireo Mpitantan'asa amin'ny fanondroana sy ny fanombanana ara-bola ireo lahasa sy raharaha. Ny Tompon'andraikitry ny tetikasa no miadidy ny fanatanterahana ny fandaharan'asa, ny fanarahamaso ny fanatanterahana ireo lahasa sy asa ary ny fanaovana ny tatitra momba ny fahombiazan'ny fandaharan'asa.

Tendrena amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana raisin'ny Lehiben'ny Mpanatanteraka ny Tompon'andraikitry ny Fandaharan'asa.

Ireo andraikitry ny Tompon'andraikitry ny Fandaharan'asa dia iantohan'ny Tompon'andraikitry ny fitondran-draharaha sy ny fitantanam-bola, ho an'ny Fandaharan'asa Fitantanan-draharaha sy Fandrindrana ary ny Tompon'andraikitry ny Fampandrosoana, ho an'ny Fandaharan'asa Fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy. (Jereo rindran-damina 2.2). Raha toa ny Vondrombahoakam-paritra ka nanapa-kevitra hametraka ireo fandaharan'asa isan-tsehatra, ireo Tompon'andraikitry ny fandaharan'asa dia ireo tompon'andraikitry ny sampan-draharaha izay, miadidy ny fandrindrana ireo lahasa tandrify ao anatin'ny rindran-damin'ny Vondrombahoakam-paritra.

Ny ***Mpitantan'asa (GAC)*** no tompon'andraikitry ny fanatanterahana ireo asa anatin'ny lahasa iray ary manao ny tatitra ara-potoana amin'ny Tompon'andraikitry ny Fandaharan'asa momba ny fandrosoan'ireo asa. Ao anatin'ny

rindran-damin'ny Vondrombahoakam-paritra, dia izy ireo no miadidy ny fanatanterahana ireo asa mifandraika. Any amin'ireo Kaominina ambanivohitra, izay manana rindran-damina tsy dia mivelatra loatra, ireo asan'ny Tompon'andraikitry ny Fandaharan'asa sy Mpitantan'asa dia hefain'ireo mpiasa mitovy.

Tendrena amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana raisin'ny Lehiben'ny Mpanatanteraka ny Mpitantan'asa.

Ny ***Mpitahiry entana sady mpitàna bokim-bola*** no miadidy ny fitandremana, ny fitehirizana sy, raha toa ka misy izany, ny fikojakojana ireo fitaovana sy entana ary koa ny mampitombina ireo soratra mikasika azy ireo. Noho ny baikon'ny Mpanalàlana amin'ny entana (ny Lehiben'ny Mpanatanteraka), izy no manao ny fanetsehana fampidirana na famoahana ireo fitaovana na entana. Izy no mitandrina sy manavao isanandro ireo raki-kevitra mikasika ny fitanan-kaonty momba ny entana (boky firaketana isanandro, boky famintinan-kaonty).

Tendrena amin'ny alàlan'ny fanapahan-kevitra raisin'ny Mpanalàlana momba ny entana izy. Arakaraka ny habetsahan'ny fitaovana sy ny entana hotantanina, ny Vondrombahoakam-paritra dia afaka manendry Mpitahiry entana sady mpitana bokim-bola iray na maromaro (iray isaky ny Mpitantan'asa *(GAC)*.

## MAODELIN'NY DIDIM-PANJAKANA FANENDRENA

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
**Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana**

«Kaominina.......»
------

**DIDIM-PITONDRANA LAHARANA FAHA-........... /20....**
**anaovana fanendrena ny ................**

**NY LEHIBEN'NY MPANATANTERAKA,**

Araka ny Lalàmpanorenana ;
Araka ny lalàna fehizoro laharana faha-2004-007 tamin'ny 26 jolay 2004 mikasika ireo tetibolam-panjakana ;
Araka ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014 mifehy ny tandrifim-pahefana, ny fombafomba fandaminana sy ny fomba fiasan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary koa ny an'ny fitantanana ny raharahany manokana ;
Araka ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014 mikasika ny loharanombolan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ny fombafomba fanaovana ny fifidianana, ary koa ny fandaminana, ny fomba fiasa ary ny anjara andraikitr'ireo rantsa-mangaika ao aminy ;
Araka ny didim-panjakana laharana faha-2015-959 tamin'ny 16 jona 2015 mikasika ny fitantanana ara-tetibola sy ara bolan'ireo Vondrombahoakam-paritra intsinjaram-pahefana ;
Araka ny didim-pitsarana laharana faha-.......... noraisin'ny Fitsarana momba ny fifanolanana amin'ny Fanjakana tao ….......................... anaovana fanambarana ireo vokatra ofisialin'ireo fifidianana mikasika ny fanavaozana ireo mpikambana ao amin'ny Rafitra mpanatanteraka sy ny Rafitra mpanapa-kevitry ny Vondrombahoakam-paritra ;

**DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PITONDRANA IZAO :**

**Andininy voalohany** : Andriamatoa/Ramatoa ......................……………… dia tendrena ho Mpandrindra ireo Fandaharan'asa/Tompon'andraikitry ny Fandaharan'asa ..................... / Mpitantan'asa.................. / Mpitahiry entana sady mpitan-kaonty).

**Andininy 2** : (Raha toa ka misy fanoloana) Faranana ny asan'ny Mpandrindra ny Fandaharan'asa / Tompon'andraikitry ny fandaharan'asa .......…...... / Mpitantan'asa ..........….. / Mpitahiry sady mpitàna bokim-bola) nohefain'Andriamatoa / Ramatoa .............................

**Andininy 3** : Izao didim-pitondrana izao dia manankery amin'ny vaninandron'ny fampahafantarana azy ny besinimaro sy ny fampitàna azy amin'ny Solontenam-panjakana.

……………………, ny …………………………

# 1.5 | NY OLONA TOMPON'ANDRAIKITR'IREO FIFANARAHAM-BAROTRA AMIN'NY FANJAKANA

Ny Olona Tompon'andraikitr'ireo fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana (PRMP) no olona afaka manao sonia ireo fifanaraham-barotra amin'ny anaran'ny Manampahefana mpifanaraka (Vondrombahoakam-paritra) (lalàna laharana faha-2016-055 tamin'ny 25 janoary 2017 anaovana Fehezan-dalàna momba ny fifanaraham-barotra amin'ny Fanjakana).

Ny Olona Tompon'andraikitr'ireo fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana no :

- mitarika ny paikady fanaovana ireo fifampiraharaham-barotra, manomboka amin'ny fifidianana ny paikady hatramin'ny fanondroana ny tompony sy ny fankatoavana ny fifampiraharaham-barotra raikitra ,
- miantoka ny fitantanana sy ny fizohiana ny fanatanterahana ireo fifanaraham-barotra.

Ny fanaovan'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana fifampiraharaham-barotra dia tsy maintsy manaraka ny fitsipika faritan'ny Fehezan-dalàna momba ny fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana. **Ny Lehiben'ny Mpanatanteraka no Olona Tompon'andraikitry ny fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana ho an'ireo sorabola anatin'ny tetibolan'ny Vondrombahoakam-paritra ka izany dia azony anomezam-pahefana olona tokana ihany[1].**

1 Andininy 86 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-959 tamin'ny 16 jona 2015 mikasika ny fitantanana ny tetibola sy ny fitantanam-bolan'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana sy andininy 3 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-1094 amaritana ny sata sy ny fomba fanendrena ireo Olona Tompon'andraikitry ny fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana.

TOKO

# II | Ny fanomanana ny tetibola fandaharan'asa

## II.1 | FEHIN-KEVITRA FOTOTRA

Ny tetibolan'ireo Vondrombahoakam-paritra dia atolotra amin'ny endriky ny tetibola fandaharan'asa izay entimanatontosa ny drafitra fampandrosoana ny Vondrombahoakam-paritra. Ny tetibola nofidina teo aloha isaky ny karazan'ny fandaniana dia ankatoavina isaky ny fandaharan'asa ary anatin'ny fandaharan'asa tsirairay isaky ny karazan'ny fandaniana. Ireo fandaharan'asa dia mampivondrona samirery ireo fandaniana ; ireo vola miditra dia tsy atokana ho an'ny fandaharan'asa iray fa ho an'ny tetibola amin'ny ankapobeny. Ireo vola miditra sy fandaniana isaky ny fandaharan'asa dia kilasiana hatrany ao anatin'ireo sokajy famatsiam-bola natao hamokarana sy fampandehanan-draharaha.

Toy izao manaraka izao ny firafitry ny tetibola :

| VOLA MIDITRA | FANDANIANA |
|---|---|
| Vola miditra ho fampandehanan-draharaha | FANDAHARAN'ASA 1<br>Fandaniana ho fampandehanan-raharaha |
| | FANDAHARAN'ASA 2<br>Fandaniana ho fampandehanan-draharaha |
| Vola miditra ho famatsiam-bola hamokarana | FANDAHARAN'ASA 1<br>Fandaniana ho famatsiam-bola hamokarana |
| | FANDAHARAN'ASA 2<br>Fandaniana ho famatsiam-bola hamokarana |

Ny fandaharan'asa tsirairay dia mampivondrona ireo sorabola natao hanatanterahana fitambaran-dahasa mirindra mifandraika amin'ireo tanjona ho an'ny tombontsoan'ny besinimaro ary koa amin'ireo vokatra andrasana izay refesina avy amin'ireo mari-drefy. Ny fandaharan'asa dia tsinjaraina ho lahasa izay mikendry isanisany tanjona manokana iray mifandraika amin'ny tanjona ankapoben'ny fandaharan'asa.

Ny tanjona no fehin'ny lahasa.

Ny mari-drefy dia angom-baovao vita kajy manoritra ny lentan'ny fanatanterahana ny tanjona. Ny mari-drefy dia tsy maintsy mitombina (manoritra ny tanjona tratrarina), azo refesina (azo refesina ny habetsahany) amin'ny fomba tsotra (tsy ilaina fandaniana ny fanangonana ny angom-baovao), tsy mihoapampana (tsy ambony loatra sady tsy ambany loatra), voafaritra anatin'ny fotoana (voarefy amin'ny vaninandro voatondro mialoha).

Ny mari-drefy dia ahafahana mandrefy ny fahombiazana, ny elanelana eo amin'ny vokatra azo sy ny vokatra novinavinaina, ny fitsinjarana eo amin'ny vokatra sy ireo vola nampiasaina, na ny hatsaran'ny raharaha tontosa.

Ny vokatra dia ny fiovàna norefesina avy amin'ny mari-drefy. Ny vokatra nandrasana dia any sandan'ny mari-drefy (hotratrarina) noferana mialoha. Ny vokatra tsapa dia mifandraika amin'ny sanda tena tratra. Ny fanoratana ny vokatra dia maneho fanovàna (fiakarana, fidinana), azo refesina (amin'ny sanda tsyvoafetra na sanda voafetra) ho an'ny mponina vofaritra (zaza latsaky ny 5 taona, mpamboly anatin'ny faritra z) amin'ny vaninandro voafaritra.

Ny vokatra dia azo refesina anatin'ny fotoana fohy (vokatra avy hatrany), anatin'ny ezaka antonony (vokatra) sy lavitr'ezaka (fiantraika).

Ireo vinavina dia manoritra ny toetoetra heverina momba ny manodidina ivelany amin'ny fandaharan'asa ka tsy azon'ny fandaharan'asa ovaina.

Manomboka izao, ny fankatoavan'ny Filankevitra dia miompana amin'ireo loharanom-bola atokana amin'ny fandaharan'asa arakaraka ireo vokatra andrasana. Ireo vokatra andrasana dia refesina amin'ireo mari-drefy atolotra anatin'ny volavolan-tatitra momba ny fahombiazana atovana amin'ny tetibola.

## II.2 | FAMARITANA IREO FANDAHARAN'ASA SY NY RAKI-KEVITRA MOMBA NY FAHOMBIAZANA

Mialoha ny famolavolana ny tetibola, ny Vondrombahoakam-paritra dia tsy maintsy manana drafitra fampandrosoana ary, mifototra amin'ireo tondrozotra ara-paikady anatin'izany, mamaritra ireo fandaharan'asa ara-tetibola ary anatin'ny fandaharan'asa tsirairay ireolahasa sy asa hotanterahina mba hanatratrarana ireo vokatra andrasana amin'ny fandaharan'asa tsirairay (andininy 37, didim-panjakana laharana faha-2015-959).

Ny fandaharan'asa dia tondroina amin'ny fehezan-teny miendrika anarana (ohatra : fitantanan-draharaha sy fandrindrana), ny tanjona ankapobe sy ireo tanjona manokana amin'ny alàlan'ny fehezan-teny misy matoan-teny (ohatra : manetsika ireo loharanom-bola), ireo lahasa amin'ny alàlan'ny fehezan-teny miendrika anarana (ohatra : fanetsehana ireo loharanom-bola) ary ireo asa anatin'ny fehezan-teny miaraka amin'ny matoan-teny (ohatra : manisa ireo fototra tataovan-ketra ho an'ny hetran-tany).

Ho amin'ny famolavolana ny fandaharan'asa tsirairay, dia manomana lasitra fototra ny fiadidiana ny Vondrombahoakam-paritra.

| LASITRA FIDIRANA AN-TSEHATRA | MARI-DREFY | LOHARANAO FANAMARINANA | VINAVINA |
|---|---|---|---|
| Tanjona ankapobe<br>(Ny tanjona iombonan'ny fandaharan'asa) | Mari-drefin'ny fiantraikany : vokatra lavitr'ezaka | (Antontan'isa, tatitry ny sampan-draharaha mpamokatra, fitanan-kaonty,...) | |
| Tanjona manokana<br>1.<br>2.<br>(Ny tanjon'ireo lahasa tsirairay) | Maridrefin'ny vokatra antonony ezaka | (Antontan'isa, tatitry ny sampan-draharaha mpamokatra, fitanan-kaonty,...) | (Mikasika ny tontolo ara-toekarena, ny didy amam-pitsipika, izay hanatratrarana ireo tanjona manokana) |
| Lahasa 1<br>Asa 1.1<br>Asa 1.2<br>Lahasa 2<br>Asa 2.1<br>..... | Mari-drefin'ny vokatra avy hatrany : vokatra fohy ezaka (fananana sy raharaha notontosaina) | (Antontan'isa, tatitry ny sampan-draharaha mpamokatra, fitanan-kaonty,...) | (Mikasika ny tontolo manokan'ireo asa) |

Ny lasitra fototra dia natao mba hamaritana ireo asa ilaina ho amin'ny fanatratrarana ireo tanjona sy hanomanana ihany koa ny raki-kevitra momba ny fahombiazana notsorina atovana amin'ny volavolan-tetibola :

**RAKI-KEVITRA MOMBA NY FAHOMBIAZANA**

| LASITRA FIDIRANA AN-TSEHATRA | FANAZAVANA | MARIKA | TANJONA TRATRARINA(1)/ZAVA-BITA(2) | | |
|---|---|---|---|---|---|
| | | | TAONA 1 | TAONA 2 | TAONA 3 |
| Tanjona ankapobe : | (Vinavina/Loza) | (% na isa) | | | |
| Mari-drefy | (Loharano fanamarinana) | | (1) | | |
| | | | (2) | | |
| Tanjona manokana : | (Vinavina /Loza mety hitranga) | | | | |
| Mari-drefy : | (Loharano fanamarinana) | | (1) | | |
| | | | (2) | | |
| Lahasa 1 | | | | | |
| Asa 1.1 | | | | | |
| Mari-drefin'ny vokatra | (Loharano fanamarinana) | | (1) | | |
| | | | (2) | | |
| ... | | | | | |

Ny raki-kevitra momba ny fahombiazana dia manolotra ireo sanda tratrarina amin'ireo mari-drefy (andàlana 1) ary ampian'ireo sanda tontosa amin'ny fiafaran'ny taom-pikatrohana (andàlana 2). Ny tabilao nofenoina amin'ny fiafaran'ny taom-pikatrohana dia manjary tatitry ny zavabita izay hampiarahina amin'ny kaonty ara-pitantanana.

Mba hampandraisana andraikitra ireo sampan-draharaha sy hahalalàna ny lanjan'ny karama isaky ny fandaharan'asa (raha tratra dia hoan'ny lahasa tsirairay), ny rindran-damin'ny Vondrombahoakam-paritra dia tokony harafitra mifototra amin'ireo fandaharan'asa, lahasa ary asa.

| LASITRA FIDIRANA AN-TSEHATRA | RINDRAN-DAMINA |
|---|---|
| **FANDAHARAN'ASA 1** | **FOIBEM-PITONDRANA A** |
| **Lahasa 1** | **Sampan-draharaha 1** |
| **Asa 1** | **Sokajy 1** |
| **Asa 2** | **Sokajy 2** |
| **...** | |
| **Lahasa 2** | **Sampan-draharaha 2** |
| **...** | **...** |
| **FANDAHARAN'ASA 2** | **FOIBEM-PITONDRANA B** |
| **...** | **...** |

Raha ny tokony ho izy, ny sampan-draharaha iray ao amin'ny Vondrombahoakam-paritra dia tsy maintsy mitondra ny anjara birikiny amin'ny fandaharan'asa iray. Ireo raharaha fototra (fitantanan-draharaha ankapobe, fitantanam-bola, fitantanana ny mpiasa, fampitaovana) dia tsy maintsy atambatra ao anatin'ny fandaharan'asa antsoina hoe fitantanan-draharaha sy fandrindrana.

Any amin'ireo Kaominina ambanivohitra, dia mety kokoa ny mankato fandaharan'asa roa, fandaharan'asa iray « fitantanan-draharaha sy fandrindrana » mampivondrona ireo raharaha fototra, ary fandaharan'asa iray « fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy », mampivondrona ireo sampan-draharaha mpitantana ny tolo-draharaha ho an'ireo mponina ary koa ireo fotodrafitr'asa. Ireo lahasa anatin'ny fandaharan'asa « fitantanan-draharaha sy fandrindrana » dia ny fandrindrana, ny sekretaria ara-pandraharahana, ny fitantanam-bola, ny fitantanana ireo mpiasa sy ny fitantanana ireo fitaovana ilaina ho fampandehanana ireo raharahan'ny Kaominina. Ireo lahasa anatin'ny fandaharan'asa « fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy » dia miankina amin'ireo laharampahamehan'ny Drafitra ho fampandrosoana ny Kaominina sy ireo otrikarena eo an-tànana, indrindra ny fahasalamana sy ny fahadiovana, ny fanabeazana, ny fitaterana, ny fampandrosoana ara-toekarena, ny tontolo iainana, sns. Ny lasitra fototry ny fandaharan'asa « fitantanan-draharaha sy fandrindrana » atolotra etsy ambany

dia lasitra fototra maodely izay tokony ho azo tanterahina ho an'ireo Kaominina rehetra, ka anampiana na analàna arakaraky ny lanjan'ny Kaominina. Ny lasitra fototra « fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy » dia miovaova arakarak'ireo laharampahamehana sy otrikarenan'ny Kaominina. Ny lasitra atolotra dia ohatra azo itarina sy ampifanarahina amin'ny Kaominina tsirairay. Ireo asa dia tsy maintsy mitondra anjara biriky amin'ny fanatanterahana ny tanjon'ny lahasa. Ireo mari-drefy dia mandrefy ny vokatry ny asa iray, ny lahasa na fandaharan'asa iray ka noho izany dia tsy maintsy mifandraika mivantana aminy ary tsy miankina amin'ny fanatanterahana ireo asa, lahasa na fandaharan'asa hafa. Ohatra, ny fanatsarana ny tahan'ny fahafahampon'ny mpanjifa dia tsy azo raisina ho mari-drefy ho an'ny fandaharan'asa fitantanan-draharaha sy fandrindrana satria ny fahafahampon'ireo mpanjifa dia miankina amin'ny fahombiazan'ny fitantanan-draharaha nefa miankina ihany koa amin'ireo asa samihafa anatin'ny fandaharan'asa fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy, koa noho izany ny fahombiazan'ny fitantanan-draharaha dia mety ho takon'ny tsy fahombiazan'ireo lahasa anatin'ny fandaharan'asa fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy.

Raha toa ny drafitra fampandrosoana ny Vondrombahoakam-paritra ka ahitana lahasa mavesa-danja ao anatin'ny iray na maromaro amin'ireo sehatra manokana ka ananany ny hoenti-manana ilaina amin'izany, ny fandaharan'asa fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy dia azo sarahana ho fandaharan'asa isan-tsehatra maromaro. Ny isa sy ny vontoatin'ny fandaharan'asa dia feran'ireo didy aman-dalàna mifehy ireo tandrifim-pahefan'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana sy ireo loharanom-bola (Jereo ny torolàlana momba ny paikady ara-pitantanan-draharaha).

**OHATRA MOMBA NY LASITRA FOTOTRA HO AN'NY FANDAHARAN'ASA FITONDRAN-DRAHARAHA SY FANDRINDRANA**

| FANONDROANA NY FANDAHARAN'ASA | MARI-DREFY | LOHARANA FANAMARINANA | VINAVINA |
|---|---|---|---|
| Fitantanan-draharaha sy fandrindrana<br>Tanjona ankapobe<br>Hatsaraina ny fahombiazan'ireo sampan-draharahan'ny Kaominina ho amin'ny famokaran-draharaha ho an'ny besinimaro | Mari-drefy momba ny fisian'ireo hoenti-manana ara-panjakana, momba nympiasa, ara-bola, ara-pitaovana ilaina amin'ireo raharaha ilain'ny besinimaro | Tatitr'ireo sampan-draharaha | |
| **TANJONA MANOKANA** | | | |
| **1.** Hatsaraina ny fandrindrana sy ny lahasa ara-panjakana | Tahan'ny fanatontosana ny fandaharan'asa | Tatitr'ireo sampan-draharaha | Tsy fiovaovan'ny didy amam-pitsipika<br>Tsy fiovaovan'ireo tandrifim-pahefana omena ireo Kaominina<br>Fanatontosana ireo famindram-bola<br>Tsy fiovaovan'ny fandoavam-bola ataon'ny mpandoa hetra sy ny mpisitraka |
| **2.** Hatsaraina ny fitantanana sy ny fanetsehana ireo loharanom-bola | Habetsahan'ny tetibola notanterahina | Kaonty ara-pitantanana | |
| **3.** Hatsaraina ny fahavitrihan'ireo mpiasa | Fampitomboana ny isan'ireo andro tena iasana isaky ny mpiasa | Taratasy fanamarinam-pahatongavana miasa | |
| **4.** Hatsaraina ny fisian'ireo fitaovana enti-miasa | Isan'ireo andro isian'ny fiara azo hetsehina<br>Isan'ireo metatra toradroa azo ampiasaina momba ny trano | Boky manaraka anatin'ireo fiara<br>Tatitr'ireo sampan-draharaha | |
| **Lahasa 1. Fandrindrana sy sekretaria** | | | |
| **Asa 1.1** Fandrindrana ireo sampan-draharaha | Fivoriana fandrindrana isa-kerinandro | Fitànana an-tsoratra ny fivoriana | |
| **Asa 1.2** Mirakitra an-tsoratra sy mikirakira ireo taratasy | Fepotoana fikirakirana ireo taratasy | Rejisitr'ireo taratasy | |
| **Asa 1.3** Mamokatra sora-draharaha manara-pitsipika | Tahan'ireo sora-draharaha naverina miaraka amin'ny fanamarihana/ sora-draharaha ampitaina hanaovana fanarahamaso ny fanarahan-dalàna | Fanakilasiana sora-draharaha | |
| **Asa 1.4** ... | | | |

| FANONDROANA NY FANDAHARAN'ASA | MARI-DREFY | LOHARANA FANAMARINANA | VINAVINA |
|---|---|---|---|
| **Lahasa 2. Fitantanana ireo loharanom-bola** | | | |
| **Asa 2.1** Manangona ireo haba sy sara | Tentin'ireo hoenti-manana nohetsehina | Kaonty ara-pitantanana | |
| **Asa 2.2** Manao ny fanisana ireo fototra hamerana ny hetran-tany | Tentin'ny fototra hamerana ny hetran-tany | Fampilazana fandoavan-ketra | |
| **Asa 2.3** Mitantana ny tetibola | Tahan'ny fanatanterahana | Kaonty ara-pitantanana | |
| **Asa 2.4** Mitazona ny fitanan-kaonty | Fahatomombanan'ny firaketana an-tsoratra | Famaranana ireo kitapom-bola sy fampitahana kaontim-banky<br>Didim-pitsaran'ny Fitsarana momba kaonty na ny ny fitantanam-bola | |
| **Lahasa 3. Fitantanana ireo mpiasa** | | | |
| **Asa 3.1** Mitantana ny mpiasa | Tahan'ny fahatongavana miasa | Takila fanamarinam-pahatongavana | |
| **Asa 3.2** Mandray mpiasa amin'ireo toerana anatin'ny rindran-damina | Isan'ireo fandraisana mpiasa/isan'ireo toerana hofenoina | Takila fanamarinam-pahatongavana | |
| **Lahasa 4. Fitantanana ireo fitaovam-piasana** | | | |
| **Asa 4.1** ... | | | |

**OHATRA MOMBA NY LASITRA FOTOTRY NY FANDAHARAN'ASA FAMPANDROSOANA ARA-TOEKARENA SY ARA-TSOSIALY**

| FANONDROANA NY FANDAHARAN'ASA | MARI-DREFY | LOHARANO FANAMARINANA | VINAVINA |
|---|---|---|---|
| Fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy | | | |
| Tanjona ankapobe<br>Hatsaraina ireo fari-piainan'ny mponina | Mari-drefy momba ny fahafahampon'ireo mpisitraka | Fanadihadiana momba ny fahafahampo eo anivon'ireo sampan-draharaha | |
| **TANJONA MANOKANA** | | | |
| **1.** Hatsaraina ny fitantanana ny sora-piankohonana | Isanjaton'ny firaketana an-tsoratra ireo fahaterahana anatin'ny sora-piankohonana | Antontan'isa avy amin'ny sampan-draharaha miadidy ny sora-piankohonana sy ny tobim-pitsaboana ifotony | Tsy fiovaovan'ny didy amam-pitsipika<br>Tsy fiovaovan'ireo tandrifim-pahefana omena ireo Kaominina Fanatontosana ireo famindram-bola<br>Tsy fiovaovan'ny fandoavam-bola ataon'ny mpandoa hetra sy ny mpisitraka |
| **2.** Ahena ny fiverimberenan'ireo aretina vokatry ny loto | Isanjaton'ny fihenan'ireo areti-mifindra | Antontan'isa avy amin'ny ny tobim-pitsaboana ifotony | |
| **3.** Ampitomboina ny fidirana an-tsekoly | Isanjaton'ireo zaza latsaky ny x taona miditra an-tsekoly | Antontan'isa avy amin'ny sekoly fanabeazana fototra | |
| **4.** Tazonina ny fahafaha-miditra maharitra amin'ireo tsena sy ireo faritra famokarana | Andro ahafaha-miditra ao amin'ireo an-tsena | Tatitry ny sampan-draharaha ara-teknika | |
| **Lahasa 1. Fitantanana ny mponina** | | | |
| **Asa 1.1** aketina an-tsoratra ireo zava-mitranga momba ny sora-piankohonana ary omena ireo sora-draharaha<br>**Asa 1.2** Omena ireo taratasy fanamarinana samihafa | Fepotoana fanomezana ireo sora-draharaha<br>Fepotoana fanomezana ireo taratasy fanamarinana | Antontan'isa avy amin'ny sampan-draharaha. Elanelana eo amin'ny vaninandro nametrahana ny fangatahana sy ny vaninandro namomezana | |

| FANONDROANA NY FANDAHARAN'ASA | MARI-DREFY | LOHARANO FANAMARINANA | VINAVINA |
|---|---|---|---|
| **Asa 1.3** Manentana ny mponina amin'ny firaketana an-tsoratra ireo fahaterahana | Tahan'ny firaketana an-tsoratra ireo fahaterahana | Antontan'isa avy amin'ny sampan-draharaha sy antontan'isa avy amin'ireo toeram-piterahana | |
| **Lahasa 2. Filaminana mikasika ny fahasalamana** | | | |
| **Asa 2.1** Omena karama ireo mpiasan'ny fivarotam-panafody | Isan'ireo fivarotam-panafody ifotony miasa | Tatitry ny sampan-draharaha | |
| **Asa 2.2** Hatsaraina ny fahazoana rano madio | Isan'ireo toerana fatsakana miasa | | |
| **Asa 2.3** Hatsaraina ny fivoahan'ireo rano maloto | Km amin'ny fantsoana voakojakoja | | |
| **Asa 2.4** Esorina ireo fako avy any an-tokantrano | Fiverimberenan'ny fanalàna ireo fako | | |
| **Lahasa 3. Fanabeazana** | | | |
| **Asa 3.1** Kojakojaina ireo sekoly fanabeazana fototra | Isan'ireo sekoly fanabeazana fototra miasa ara-dalàna | Tatitry ny sampan-draharaha | |
| **Asa 3.2** ... | | | |
| **Lahasa 4.Fampandrosoana ara-toekarena** | | | |
| **Asa 4.1** Kojakojaina ireo làlana | Isan'ireo kilaometatra amin'ny làlana afaka ampiasaina | | |
| **Asa 4.2** Kojakojaina ireo tsena | Isan'ireo toerana ao an-tsena azo ampiasaina | | |
| **Lahasa 5. Tontolo iainana** | | | |

Ny lasitra fototra dia adika anatin'ny raki-kevitra momba ny fahombiazana izay amerana ireo tanjona tratrarin'ireo mari-defy. Ny raki-kevitra momba ny fahombiazana dia atovana amin'ny volavolan-tetibola fiandohana. Amin'ny fiafaran'ny taom-pikatrohana, ny raki-kevitra momba ny fahombiazana dia fenoina amin'ireo zava-bita (andàlana faharoa amin'ny tabilao) ka manjary tatitry ny fahombiazana izay atolotry ny rafitra mpanatanteraka amin'ny Filankevitra miaraka amin'ny kaonty ara-pitantanana.

**OHATRA HO AN'NY FANDAHARAN'ASA FITONDRAN-DRAHARAHA SY FANDRINDRANA**

| LASITRA FIDIRANA AN-TSEHATRA | FANAZAVANA | MARIKA | TANJONA (1) / ZAVA-BITA(2) | | |
|---|---|---|---|---|---|
| | | | TAONA 1 | TAONA 2 | TAONA 3 |
| **TANJONA ANKAPOBE : HATSARAINA NY FAHOMBIAZAN'IREO SAMPAN-DRAHARAHAN'NY KAOMININA HO AMIN'NY FAMOKARAN-DRAHARAHA HO AN'NY BESINIMARO** | | | | | |
| Mari-drefy : Mari-drefy momba ny fisian'ireo hoenti-manana ara-panjakana, momba nympiasa, ara-bola, ara-pitaovana ilaina amin'ireo raharaha ilain'ny besinimaro | Tatitr'ireo sampan-draharaha | % | 75% | 90% | 95% |
| | | | | | |
| **TANJONA MANOKANA 1 : HATSARAINA NY FANDRINDRANA SY NY LAHASA ARA-PANJAKANA** | | | | | |
| Mari-drefy : Tahan'ny zava-bita tamin'ny fandaharan'asa | Tatitry ny sampan-draharaha | % | 75% | 90% | 95% |
| | | | | | |
| **TANJONA MANOKANA 2 : HATSARAINA NY FITANTANANA SY NY FANETSEHANA IREO LOHARANOM-BOLA** | | | | | |
| Mari-drefy : Habetsahan'ny tetibola notanterahina | Kaonty ara-pitantanana | 1.000 Ar | 100.000 | 120.000 | 130.000 |
| | | | | | |
| **TANJONA MANOKANA 3 : AMPITOMBOINA NY FAHAFAHAN'IREO MPIASA MANATANTERAKA NY ASA** | | | | | |
| Mari-drefy : Tahan'ny isan'ny andro tena niasana/isan'ny andro fiasana | Tatitry ny sampan-draharaha miadidy ny mpiasa | % | 75% | 95% | 95% |
| | | | | | |

| LASITRA FIDIRANA AN-TSEHATRA | FANAZAVANA | MARIKA | TANJONA (1) / ZAVA-BITA(2) | | |
|---|---|---|---|---|---|
| | | | TAONA 1 | TAONA 2 | TAONA 3 |
| **TANJONA MANOKANA 4 : HATSARAINA NY FISIAN'IREO FITAOVANA HOENTI-MIASA** | | | | | |
| Mari-drefy : Isan'ny andro isian'ny fiara azo hetsehina | Boky manaraka anatin'ireo fiara | Andro | | | |
| | | | | | |
| Mari-drefy : Isan'ireo metatra toradroa azo ampiasaina momba ny trano | Tatitry ny sampan-draharaha | m² | | | |
| | | | | | |
| **LAHASA 1. FANDRINDRANA SY SEKRETARIA** | | | | | |
| **Asa 1.1 Mandrindra ireo sampan-draharaha** | | | | | |
| Mari-drefin'ny vokatra : Fivoriana fandrindrana isan-kerinandro | Fitànana an-tsoratra ireo fivoriana isan-kerinandro | Isa | 52 | 52 | 52 |
| | | | | | |
| **Asa 1.2 Mirakitra an-soratra sy mikirakira ireo taratasy** | | | | | |
| Mari-drefin'ny vokatra : Fepotoana ikirakirana ireo taratasy | Rejisitry ny taratasy - fepotoana eo anelanelan'ny fahatongavana sy ny valiny | Andro | 15 | 10 | 8 |
| | | | | | |
| **Asa 1.3 Mamokatra sora-draharaha manaraka ny didy amam-pitsipika** | | | | | |
| Mari-drefin'ny vokatra : Tahan'ireo sora-draharaha naverina misy fanamarihana/sora-draharaha nampitaina hanaovana fanarahamaso ny fanarahan-dalàna | Fanakilasiana ireo sora-draharaha | % | 25 | 10 | 5 |
| | | | | | |
| **LAHASA 2. FITANTANANA IREO LOHARANOM-BOLA** | | | | | |
| **Asa 2.1 Manangona ireo haba sy sara** | | | | | |
| Mari-drefin'ny vokatra : Tentin'ireo vola nohetsehina | Kaonty ara-pitantanana<br>Tanjona tratrarina anatin'ny fetran'ny tentiny voalazan'ny tetibola | Tapitrisa Ariary | 10 | 12 | 14 |
| | | | | | |
| **Asa 2.2 Manao ny fanisana ireo fototwra amerana ireo hetran-tany** | | | | | |
| Mari-drefin'ny vokatra : Fihoaran'ny tentin'ny fototra amerana ny hetran-tany | Filazana fandoavana hetran-tany | Tapitrisa Ariary | 100 | | |
| | | | | | |
| …….. | | | | | |


Farany, ireo sampan-draharahan'ny Vondrombahoakam-paritra dia alamina mba hahatontosa faran'izay mety ireo asa anatin'ny fandaharan'asa sy hanatratra ireo tanjona napetraka. Ny rindran-damina sy ny tabilaon'isa avy amin'ny rindran-damina dia atovana amin'ny tetibola fototra.

**OHATRA MOMBA NY RINDRAN-DAMINA**

| LISITRA FIDIRANA ANA-TSEHATRA | | | RINDRAN-DAMINA | | |
|---|---|---|---|---|---|
| **FANDAHARAN'ASA FANDRINDRANA SY FITONDRAN-DRAHARAHA** | | | **FOIBEM-PITONDRANA A FOIBEM-PITONDRANA MIADIDY NY FANDRAHARAHANA SY NY FITANTANAM-BOLA** | | |
| | **Lahasa 1** - Fandrindrana sy sekretaria | | | Sekretaria Jeneraly | |
| | | … | | | |
| | **Lahasa 2** - Fitantanana ireo loharanom-bola | | | Tompon'andraikitry ny fitantanam-bola | |
| | … | | | … | Mpitantana famoriam-bola<br>Mpiasa miadidy ny hetra<br>Mpiasa miadidy ny fitanan-kaonty ara-tetibola |
| | **Lahasa 3** - Fitantanana ireo mpiasa | | | Tompon'andraikitry ny mpiasa | |
| | | | | | |

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| | **Lahasa 4** - Fitantanana ireo fitaovana hoenti-miasa | | | Tompon'andraikitry ny fitaovana | |
| | | | | | Mpitahiry entana sady mpitana bokim-bola |
| | | | | Mpitambolan'ny Kaominina | |
| **FANDAHARAN'ASA FAMPANDROSOANA ARA-TOE-KARENA SY ARA-TSOSIALY** | | | **FOIBEM-PITONDRANA B FOIBEM-PITONDRANA MIADIDY IREO RAHARAHA HO AN'NY BESINIMARO** | | |
| ... | **Lahasa 1** - Fitondrana ny mponina | | | Tompon'andraikitry ny sora-piankohonana | |
| | | | | | |
| | **Lahasa 2** - Filaminana ara-pahasalamana | | | Tompon'andraikitry ny filaminana ara-pahasalamana | |
| | | | | | |
| | **Lahasa 3** - Fanabeazana | | | Tompon'andraikitry ny fanabeazana | |
| | | | | | |
| | **Lahasa 4** - Fampandrosoana ara-toe-karena | | | Tompon'andraikitry ny fampandrosoana ara-toe-karena | |
| | | | | | |

Ny Lehiben'ny Mpanatanteraka no « Mpandrindra ireo fandaharan'asa ». Ny tompon'andraikitry ny rafitra miadidy ny fandaharan'asa iray no tendrena ho « tompon'andraikitry ny fandaharan'asa » ary ny tompon'andraikitry ny rafitra miadidy ny lahasa iray no tendrena ho « mpitantan'asa ».




<u>TSARA HOMARIHNA</u> : Ny isan'ireo tompon'nandraikitry ny fandaharan'asa dia mitombo miaraka amin'ny isan'ireo fandaharan'asa.

# II.3 | FANAOVANA NY TETIBOLA

Ny fanombanana ny tetibola dia atao isaky ny fandaharan'asa, lahasa sy asa mifototra amin'ny fanomezan-daharan'ny Drafitra ara-kaontin'ireo lahasam-panjakana *(PCOP)*. Kilasiana ho kilasy efatra ireo kaonty : ireo kaonty momba ny renivola (kilasy 1), ireo kaonty momba ny fanana-mifaka (kilasy 2) ; ireo kaonty momba ny fandaniana (kilasy 6), ireo kaonty momba ny vokatra (kilasy 7). Ireo kilasy dia mitsinjara ho toko (marika ahitàna isa roa, ohatra 60 fandaniana momba ny mpiasa), ho andininy (marika ahitàna isa telo, ohatra 601 karama sy tambiny) sy ho paragrafy (marika ahitàna isa efatra, ohatra 6011 mpiasa maharitra). Ireo vola miditra natao hamokarana dia kilasiana anatin'ny kilasy 1 (ohatra 13 fanampiana ara-bola ho fampitaovana, 16 fisamboram-bola) ary ireo fandaniana anatin'ny kilasy 2 (ohatra 20 fanana-mifaka tsy manan'endrika, 21 fanana-mifaka manan'endrika), ireo vola miditra ho fampandehanan-draharaha anatin'ny kilasy 7 (ohatra 71 hetra momba ny fari-pananana, 77 vola miditra ivelan'ny hetra) ary ireo fandaniana anatin'ny kilasy 6 (ohatra 60 fandaniana momba ny mpiasa, 61 fividianana entana, 62 fividianan-draharaha, 63 fandaniana ho fanatontosan'asa, 65 famindram-bola sy fanampiana ara-bola).

## II.3.1 Vola miditra[2]

Ireo vola miditra ho fampandehanan-draharahan'ny Vondrombahoakam-paritra dia ahitàna fidiram-bola araketra : fandoavam-bola an-tery tsy ahazoana valiny, ireo vola miditra tambin'asa notontosaina: izay aloa noho ny fanatontosana raharaha, ary ireo fanomezana sy fanampiana ara-bola ho fampandehanan-draharaham-panjakana na avy amin'ireo mpiara-miombon'antoka.

Ireo vola miditra natao hamokarana ho an'ireo Vondrombahoakam-paritra dia ahitàna ireo fanampiana ara-bola ho fampitaovana, ireo fivarotana fanana-mifaka sy fisamboram-bola.

**MAHAKASIKA MANOKANA IREO FANOMEZANA AVY AMIN'NY FANJAKANA**

Ireo fanomezam-bola avy amin'ny Fanjakana ho an'ny Kaominina dia : (i) ireo fanomezam-bola ho an'ny Sekoly fanabeazana fototra *(EPP)* sy ireo tobim-pitsaboana ifotony *(CSB)*, (ii) ny fanomezam-bola ho fampandehanan-draharaha, (iii) ny fanomezam-bola ho an'ny sekreteran'ny sora-piankohonana. Ireo fanomezam-bola ireo dia omena ho setrin'ireo fandaniana ateraky ny famindrana ireo tandrifim-pahefana ho amin'ny fitantanana ireo raharaha ifotony (Sekoly fanabeazana fototra, tobim-pitsaboana ifotony, sora-piankohonana,...). Voafaritry ny didy amam-pitsipika ny fampiasana ireo fanomezam-bola :

- ny fanomezam-bola atolotra ireo Sekoly fanabeazana fototra dia tsy maintsy atokana ho amin'ireo fandaniana fanorenana, fampitaovana, fikojakojana sy fampandehanana ireo trano sy fampitaovan'ireo Sekoly fanabeazana fototra anatin'ny Kaominina ka tsy azo ampiasaina velively hiantsorohana ireo fandaniana momba ireo mpampianatra na ireo fitaovam-pianarana ;
- ireo fanomezam-bola atolotra ireo tobim-pitsaboana ifotony dia tsy maintsy atokana araka izao laharam-pahamehana izao : (i) ho amin'ny fandoavana ireo tambin-karaman'ny mpitantana sy ny mpiadidy ny fitandroana ny filaminana, (ii) ho famatsiana ny « Tahirimbola hifampitsinjovana » natao hiantohana ny fandraisana an-tànana ireo mahantra, (iii) ho amin'ny famatsiana momba ireo fanafody tena ilaina, (iv) ho amin'ireo asa fikojakojana sy fampitaovana madinika. Na manao ahoana na manao ahoana, dia tsy azo ampiasaina izy ireo mba handoavana ny karaman'ireo mpiasa mpitsabo ;
- ny fanomezam-bola ho an'ny sekretera miadidy ny sora-piankohonana dia tsy maintsy atokana ho amin'ny fandoavana ny karaman'ireo sekretera miadidy ny sora-piankohonana.

Ny tentin'ireo fanomezam-bola dia ampahafantarina ny besinimaro amin'ny alàlan'ny peta-drindrina ao amin'ny biraon'ny Kaominina, ny lehiben'ny fari-piadidiam-pampianarana (*CISCO*) (ho an'ireo *EPP*) ary ny CSB (ho an'ireo *CSB*). Anaovan'ny Ben'ny Tanàna fandaharan'asa fampiasana miaraka amin'ireo vondrona mpisitraka sy ny sampan-draharaham-panjakana anapariaham-pitondrana (*STD*) izany. Ny fandaharan'asa narafitra momba izany dia ankatoavin'ny Filankevitry ny Kaominina miaraka amin'ny fandaniana ny tetibola.

### II.3.1.1 Fanombanana ireo vola miditra ho fampandehanan-draharaha

Ireo vola miditra dia tombanana mifototra amin'ireo fanatanterahana mandritra ny taom-pikatrohana telo teo aloha (andininy 41 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-959).

Raha toa ka vaovao ny vola miditra na raha toa ny tahany na ny sara fampihatra ka nasiam-panovana, ny vinavinan'ireo vola miditra dia azo amin'ny alàlan'ny fampitomboana (i) ny isan'ireo famerana ny haba na ny raharaha sy (ii) ny tentin'ny sara isanisany na ny vidin'ny raharaha natao isanisany, ary ho an'ireo hetran-tany *(IFPB, IFT)* dia amin'ny fampitomboana (1) ny fototra amerana ny hetra sy (ii) ny tahan'ny hetra.

| | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| Vinavina ara-tetibola N+1 = | Isan'ireo famerana ny haba na ny raharaha | X | Isan'ireo tentin'ny sara na ny vidiny isanisany atao amin'ny Ariary | | | |
| Vinavina ara-tetibola N+1 = | Tentin'ny fototra amerana ny hetra | X | Tahan'ny hetra atao isan-jato | X | Ampahany atokana ho an'ny Kaominina | |

Ny isan'ireo haba, ny isan'ireo raharaha, ny tentin'ny fototra amerana ny hetra dia tombanana amin'ny alàlan'ny fampitahana avy amin'ireo taona teo aloha. Raha toa tsapa fa kely ny fanovana anatin'ny isan'ireo haba na ny raharaha na ny tentin'ny fototra amerana ny hetra mandritra ireo taom-pikatrohana telo teo aloha, ny tentiny

2 Jereo ny tovana 1, lisitra feno.

tànana dia ny salan'isan'ireo taom-pikatrohana telo farany, raha toa kosa ka tsapa fa nisy fiovana mavesa-danja, ny tentiny tànana dia ny tentiny hita tamin'ny taom-pikatrohana farany ampitomboina amin'ny ivon'ny tahan'ny fivoarana tsapa teo anelanelan'ny taona n-3/n-2 sy n-2/n-1 (taona fanomanana n).

Raha toa ka tsy azo ampiasaina izany fomba fikajy teo aloha izany, ny fanombanana ireo vola miditra dia kajiana amin'ny alàlan'ny fampitahana ireo vola miditra tanatin'ireo taom-pikatrohana telo teo aloha. Raha toa ka tsapa fa kely ny fiovana tanatin'ny tentin'ireo vola miditra hita anatin'ny Kaonty ara-pitantanana tanatin'ireo taom-pikatrohana telo teo aloha, ny tentiny tànana dia ny salan'isan'ireo taom-pikatrohana voalaza ireo, raha toa kosa ka tsapa fa nisy fiovana mavesa-danja, ny tentiny tànana dia ny tentiny hita anatin'ny taom-pikatrohana farany ampitomboina amin'ny ivon'ny tahan'ny fivoarana tsapa teo anelanelan'ny taona n-3/n-2 sy n-2/n-1 (taona fanomanana n).

Fanoratana anaty tetibola n+1 = (Tentiny n-3 + Tentin'ny n-2 + Tentiny n-1) / 3

na

Fanoratana anaty tetibola n+1 = Tentiny n-1 x ((Tentiny n-2 / Tentiny n-3) + (Tentiny n-1 / Tentiny n-2)) / 2

### II.3.1.2 Fanombanana ireo vola miditra natao hamokarana

Ireo vola miditra natao hamokarana dia miovaova : fivarotana fanana-mifaka, fanampiana ara-bola ho fampitaovana na fisamboram-bola ary tsy mety hotsoahina avy amin'ireo taom-pikatrohana teo aloha. Ny fanoratana dia atao mifototra amin'ireo fivarotana ankatoavin'ny Filankevitra sy ireo fifanarahana famatsiam-bola na fisamboram-bola nosoniavina na hosoniavina mandritra ny taom-pikatrohana.

**Ny fanombanana ireo vola miditra dia tondroina amin'ny antsipirihany ao anatin'ny tabilao ao amin'ny tovana 2 amin'ny tetibola fototra (Jereo etsy ambany).**

## II.3.2 Fandaniana

### II.3.2.1 Fandaniana momba ny mpiasa

Ireo fandaniana momba ny mpiasa (fampizakana 601, karama tsy tataovan-ketra, 602 sy 603 tambin-karama, 604 fanomezam-bola ho an'ny fianakaviana, 606 latsakemboka ara-tsosialy zakain'ny mpampiasa) dia tombanana isaky ny fandaharan'asa anatin'ireo tabilaon'isa ao amin'ny tovana 4 amin'ny tetibola fototra (Jereo etsy ambany).

**LATSAKEMBOKA ARA-TSOSIALY**

Ampahany zakain'ny karama :

- Mpiasa fehezin'ny Fehezan-dalàna momba ny Asa sy mpiasa tsy tena raikitra *(ECD)* : 1% amin'ny tentiny tsy tataovan-ketra *(CNaPS)* sy 1% amin'ny tentiny tsy tataovan-ketra *(OSIE)*
- Mpiasa ampitoviana amin'ny mpiasam-panjakana *(EFA)* sy mpiasa maharitra *(ELD)* mandoa latsakemboka amin'ny Tahirim-pitsinjovana ny fisotroan-dronono *(CPR)* : 3% amin'ny tentiny tsy tataovan-ketra
- Mpiasam-panjakana mandoa latsakemboka amin'ny Tahiry ho an'ny fisotroan-drononon'ny mpiasam-panjakana sivily sy miaramila *(CRCM)* : 4% amin'ny tentiny tsy tataovan-ketra
- Ireo fandaniana ara-tsosialy « ampahany zakain'ny karama » sy ny hetra momba ny karama dia tànana amin'ny tentin'ny karama tsy tataovan-ketra : karama (601x), tambin-karama (602x sy 603x), fanomezam-bola ho an'ny fianakaviana (604x)

Ampahany zakain'ny mpampiasa (606x) :

- Mpiasa fehezin'ny Fehezan-dalàna momba ny Asa sy mpiasa tsy tena raikitra *(ECD)* : 13% amin'ny tentiny tsy tataovan-ketra *(CNaPS)* sy 5% amin'ny tentiny tsy tataovan-ketra *(OSIE)*
- Mpiasa ampitoviana amin'ny mpiasam-panjakana *(EFA)* sy mpiasa maharitra *(ELD)* mandoa latsakemboka amin'ny Tahirim-pitsinjovana ny fisotroan-dronono *(CPR)* : 6% amin'ny tentiny tsy tataovan-ketra (marika 500 karama tsy tataovan-ketra + marika 501 tombon-karama + marika 502, 503, 505, 506 - fanampin-karama manokana)
- Mpiasam-panjakana mandoa latsakemboka amin'ny Tahiry ho an'ny fisotroan-drononon'ny mpiasam-panjakana sivily sy miaramila *(CRCM)* : 16% amin'ny tentiny tsy tataovan-ketra (marika 500 karama fototra + marika 501 tombon-karama + marika 502, 503, 505, 506 - fanampin-karama manokana)

Ireo tabilao dia manavaka ireo tambin-karaman'ireo mpikambana ao amin'ny Mpanatanteraka (Ben'ny Tanàna sy ireo Lefiny) sy ireo mpikambana ao amin'ny Filankevitra, ireo karaman'ireo mpiasa maharitra sy ny mpiasa tsy maharitra. Ireo mpiasa amperin'asa dia ampidirina anatin'ny tabilao miaraka amin'ireo singa anatin'ny valin-kasasaran'izy ireo (karama tsy tataovan-ketra, tambin-karama sy fanomezam-bola ho an'ny fianakaviana) ary ireo fandaniana zakain'ny mpampiasa mifandraika ampiana ireo fivoarana arak'asa efa voavina (kilasy, dingana, ...) ary koa ny fanondrotan-karama isan-taona feran'ny didy amam-pitsipika.

Ireo toerana mbola hofenoina dia ampidirina miaraka amin'ireo karama fandraisana mpiasa, ireo tambin-karama, fanomezam-bola ho an'ny fianakaviana sy fandaniana ara-tsosialy zakain'ny mpampiasa voatondro, kajiana mifototra amin'ny isan'ny volana eo anelanelan'ny vaninandro nandraisana ny mpiasa sy ny fiafaran'ny taom-pikatrohana.

**Ireo tambin-karaman'ny Ben'ny Tanàna sy Lefitry ny Ben'ny Tanàna, ny Sekretera Jeneraly, ireo mpikambana ao amin'ny kabinetran'ny Ben'ny Tanàna, ny Filohan'ny Filankevitra, ireo mpanolo-tsain'ny Kaominina dia ferana amin'ny alàlan'ny fanapahana raisin'ny Filankevitry ny Kaominina araka ireo fepetra entin'ny didim-panjakana laharana faha-2018-162 tamin'ny 27 febroary 2018 amerana ireo tombontsoa sy tambin-karama omena ireo tompon'andraikitry ny Kaominina (Jereo torolàlana momba ireo paikady ara-pitantanan-draharaha) novain'ny didim-panjakana laharana faha-2018-427 tamin'ny 9 mey 2018.**

**Ireo tambin-karaman'ireo Lehiben'ny Faritra, Sekretera Jeneraly, Talen'ny Fandraharahana Ankapobe sy ny Lafin-tany, ny Talen'ny Fampandrosoam-paritra, ny Lehiben'ny Kabinetra, ireo mpikambana amin'ny Kabinetra, ireo Lehiben'ny Sampan-draharaha dia ferana vonjimaika, mandra-piandry ny fametrahana ireo tompon'andraiki-paritra voafidy, amin'ny alàlan'ny didim-panjakana laharana faha-2018-293 tamin'ny 4 aprily 2018 amerana vonjimaika ireo tambin-karama omena ireo tompon'andraikitry ny Mpanatanterak'ireo Faritra izay novain'ny didim-panjakana laharana faha-2018-428 tamin'ny 9 may 2018.**

**Ireo fandaniana ireo, izay tombanana amin'ny tena izy, dia ampizakaina ny kaonty 6032 – Tambin-karama sy tombontsoa mifandraika amin'ny asa – Mpiasa tsy maharitra. Ampiharana ny hetra momba ny karama izany. Tsy ampiharina amin'izany kosa ny latsakemboky ny CNaPS.**

## II.3.2.2 Fandaniana ho fampandehanan-draharaha ivelan'ny mpiasa

Ireo fandaniana isaky ny asa dia tombanana araka ny karazan'ny fandaniana anatin'ny *PCOP*.

Ny fomba fanombanana dia miova arakaraka ny hoe ny fandaniana dia vaovao na miverina isan-taona.

Raha toa ny fandaniana ka vaovao, ny fanombanana dia azo amin'ny alàlan'ny fampitomboana (i) ireo fitambarana heverina ho ilaina amin'ny fanatanterahana ny asa sy (ii) ireo vidin'ny isanisany hita eo amin'ny an-tsena.

**Fanoratana anaty tetibola = Habetsahana X Vidin'ny isanisany**

**OHATRA**

**Lahasa 2.2 Fanisana ny fototra amerana ny hetran-tany ho an'ireo fananana 4000 andoavan-ketra**

| | | |
|---|---|---|
| 6111 | 4.000 takila fanadihadiana x 1.000 Ariary isan-takila = | 4.000.000 Ariary |
| 6231 | 200 fivezivezena x 5.000 Ariary isaky ny fivezivezena = | 1.000.000 Ariary |
| 6287 | 200 andro nanaovam-panadihadiana x 10.000 Ariary isanandro = | 2.000.000 Ariary |
| | FITAMBARAN'NY LAHASA | 7.000.000 Ariary |

Ny fanombanana dia azo atao ihany koa amin'ny marika isan'asa *(unité d'œuvre)* ary ampitomboina amin'ny isan'ireo asa tsirairay hotanterahina, ohatra, manao ny fanombanana ny saram-pampiofanana (karaman'ny mpampiofana, fanofana efitrano fiofanana, fivezivezena sy fampiantranoana ireo mpiofana) isan'olona hofanina ka izany dia ampitomboana amin'ny isan'ireo olona hofanina. Ireo habetsahana sy vidin'ny isanisany dia tombanan'ireo mpiasa tafiditra anatin'ny fitantanana ireo asa miaraka izany avy amin'ny fanombanan'izy ireo ireo filàna sy ny vidiny efa fantatra na ny vidiny voafaritra ao amin'ny Manamahefa ho fandrindrana ireo fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana *(ARMP)*. Ny fanomanana ny tetibola dia fifanakalozana eo amin'ireo tompon'andraikitry ny fandaharan'asa, ny mpitantan'asa sy ireo mpiasa tafiditra anatin'ny fizotran'ny fividianana entana sy raharaha.

Raha toa ny asa efa notanterahina ny taona lasa ka naverina indray, ny fanombanana dia atao amin'ny fampitomboana ireo fandaniana voasoratra anatin'ny Kaonty ara-pitantanana tamin'ny taona lasa sy ny isan-jaton'ny fisondrotam-bidy ao amatin'ny fepotoana :

**Fanoratana anaty tetibola = Fanoratana ny taona lasa X (1 + Fisondrotam-bidy amin'ny isanjatony / 100)**

### OHATRA

**Asa 2.1 Fanangonana ataon'ireo fitondran-draharaha famoriam-bola**

Miaraka amin'ny fisondrotan'ny vidim-piainana 12% amin'ny taona sy ireo fandaniana tsapa izay 5000 Ariary.

| | | |
|---|---|---|
| 5.000.000 x (1 + 12 / 100) = | | 5.600.000 Ariary |
| | FITAMBARAN'NY ASA | 5.600.000 Ariary |

Atambatra ho lahasa sy fandaharan'asa avy eo ireo fandaniana momba ireo asa.

### OHATRA MOMBA NY FANOMBANANA IREO FANDANIANA ANATIN'NY FANDAHARAN'ASA FITONDRAN-DRAHARAHA SY FANDRINDRANA

Ny tompon'andraikitry ny fitanan-kaonty ara-tetibola dia manao ny fanombanana ireo fandaniana ho fampandehanan-draharahan'ireo fitondran-draharaha famoriam-bola sy ireo fandaniana momba ny fanisana ireo fototra amerana ny hetra amin'ny alàlan'ny fampizakana anatin'ny PCOP. Ireo fandaniana momba ny lahasa dia kajiana amin'ny fitambaran'ireo fandaniana isaky ny asa sy ireo fandanian'ny fandaharan'asa amin'ny fitambaran'ireo fandaniana isaky ny lahasa.

| | | | |
|---|---|---|---|
| **Asa 2.1** | **Manangona ireo haba sy sara** | | |
| 6111 | Entana sy kojakojam-birao | 1.500.000 Ariary | |
| 6231 | Saram-pivezivezena | 3.000.000 Ariary | |
| **Activité 2.2** | **Manao ny fanisana ny fototra amerana ny hetran-tany** | | |
| 6111 | Entana sy kojakojam-birao | 4.000.000 Ariary | |
| 6231 | Saram-pivezivezena | 1.000.000 Ariary | |
| 6287 | Mpiasa ivelan'ny sampan-draharaha | 2.000.000 Ariary | |
| **Lahasa 2** | **Fitantanana ireo loharanom-bola** | | |
| 6111 | Entana sy kojakojam-birao | 1.500.000 + 4.000.000 = | 5.500.000 Ariary |
| 6231 | Saram-pivezivezena | 3.000.000 + 1.000.000 = | 4.000.000 Ariary |
| 6287 | Mpiasa ivelan'ny sampan-draharaha | 2.000.000 Ariary | |

**TRANGA MANOKANA**

Ireo ***hofantrano***, ***fiantohana***, dia tombanana mifototra amin'ireo fifanarahana teo aloha sy ny tahan'ny fisondrotry ny vidim-piainana.

Ireo zana-bola (fampizakana 661) sy ny fanonerana ny renivolan'ireo ***fisamboram-bola*** (fampizakana 1611-1612) dia kajiana ao anatin'ny tovana 6 amin'ny tetibola fiandohana.

Ireo ***fandaniana momba ny solika sy menak'ireo fiara*** dia tombanana araka ireo kilaometatra hodiavina :

| FIARA | KARAZAN'NY SOLIKA | FANDANIANA AMIN'NY 100 KMS | LÀLANA NODIAVINA (KMS) | | FANDANIANA ISAN-TAONA | VIDIN'NY LITATRA | TENTINY |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | ANDRO | TAONA | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | FITAMBARAN'IREO SOLIKA | | | |
| | | | | | | MENAKA % FITAMBARAN'IREO SOLIKA | |
| | | | | | | MENAKA | |
| | | | | | | FITAMBARAN'IREO SOLIKA SY MENAKA | |

Ny vidin'ireo marika isan'asa dia kajiana amin'ny fanadihadiana ireo vidin'ny asa iray (ohatra fampiofanana) ary zaraina amin'ny isan'ireo mpisitraka (ohatra ireo mpiofana) aryaorian'izany dia ampitomboina amin'ny fitambaran'ny isan'ireo mpisitraka voatondro ho an'ny taona manontolo (ohatra, fampizakana ara-tetibola 6283 Saran'ny fiofanana) :

| ASA | MARIKA | VIDIN'NY TOKANA | TENTINY | FANAMARINANA/FANAMARIHANA |
|---|---|---|---|---|
| Karaman'ny (na ireo ) mpanentana | | | | |
| Hofan-trano | | | | |
| Fivezivezen'ireo mpiofana | | | | |
| Vola isanandro aloa ho an'ireo mpiofana | | | | |
| Fialàna hetaheta | | | | |
| Sakafo antoandro | | | | |
| Fanontanan ireo raki-kevitra | | | | |
| Fitaovam-pampiofanana | | | | |
| Hafa | | | | |
| Fitambarany | | | | |
| Sara isaky ny mpisitraka | | | | Fitambarany zaraina amin'ny isan'ireo mpiofana isaky ny fiofanana |
| Vinavina ara-tetibola | | | | Vidiny isak'ireo mpisitraka ampitomboina amin'ny fitambaran'isan'ireo mpisitraka |

### II.3.2.3 Fandaniana natao hamokarana

Ny fandaharana isan-taona ireo fandaniana natao hamokarana dia atao mifototra amin'ireo takilan'ny Fandaharan'asa momba ny fampiasam-bolam-panjakana natao hamokarana. Ireo tetik'asa natao hamokarana dia atao laharam-pahamehana ao anatin'ny tovana 8 « tetikasa laharam-pahamehana » ao amin'ny tetibola fiandohana. Ny fitambaram-bidin'ny tetikasa tsirairay dia ny tentin'ny fanomezan-dàlana hanao sora-panekena, ny tentiny hosoratana anatin'ny tetibolan'ny taom-pikatrohana dia ny tentin'ireo sora-bola fandoavana ilaina hanatanterahana ny ampahany isan-taonan'ny tetik'asa. Ireo sorabola fandoavana ireo ampahany isan-taona manaraka dia mandrafitra ireo fandaniana tsy azo ihoarana ho an'ireo taom-pikatrohana manaraka ambarampahataperan'ny tetikasa tanteraka. Ny tentin'ireo fanoratana anaty tetibola dia faritan'ny tovana 8.

## MAODELY 1 : TAKILA MOMBA NY FANDAHARAN'ASA MOMBA NY FAMPIASAM-BOLAM-PANJAKANA NATAO HAMOKARANA *(PIP)*

### A. FANONDROANA NY TETIK'ASA

Fandaharan'asa : *[tondroy ny fandaharan'asa ara-tetibola]*
Tanjona manokana : *[tondroy ny tanjona araka ny voalazan'ny lasitra fototra]*
Mari-drefy : *[tondroy ny mari-drefy araka ny voalazan'ny lasitra fototra sy ny vinavinam-pahombiazana]*
Lohatenin'ny Tetik'asa : *[tondroy ny anarana nomena ny tetik'asa]*
Fiantombohan'ny Tetik'asa : |__|__|/|__|__|/ |__|__|__|__|
Fiafaran'ny Tetikasa : |__|__|/ |__|__|/|__|__|__|__|

### B. FANOLORANA NY TETIK'ASA (FAMINTINANA IREO ANGOM-BAOVAO TAFIDITRA ANATIN'NY RAKI-KEVITRA MOMBA NY TETIK'ASA)

**B1. Ireo tanjona fototra/vokatra andrasana**

| TANJONA | VOKATRA ANDRASANA | FIANTRAIKANY ANDRASANA |
|---|---|---|
| | *[Tombontsoa avy hatrany andrasana amin'ny tetik'asa]* | *[Vokatra lavitr'ezaka andrasana amin'ny tetik'asa]* |

**B2. Famaritana teknika fohifohy**
*[Famaritana ireo asa]*

**B3. Tombatombany**
*[Fitsinjarana sy fanombanana ireo tenti-bidin'ny lahasa]*

**B4. Tetiandro fanatanterahana ireo asa**

| ASA | TAONA 1 | | | | TAONA 2 | | | | TAONA 3 | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | T1 | T2 | T3 | T4 | T1 | T2 | T3 | T4 | T1 | T2 | T3 | T4 |
| (Asa 1) | | | | | | | | | | | | |
| (Asa 2) | | | | | | | | | | | | |
| (Asa 3) | | | | | | | | | | | | |

### C. FEPETRA ARA-PITANTANAM-BOLA

**C1. Famatsiam-bola ny tetikasa (MGA)**

| LOHARANON'NY FAMATSIAM-BOLA | TAONA 1 | TAONA 2 | TAONA 3 | FITAMBARANY |
|---|---|---|---|---|
| Commune | | | | |
| Partenaire (à préciser) | | | | |
| TOTAL | | | | |

**C2. Fiantraikany amin'ireo fidiram-bola ho fampandehanan-draharaha ho avy (MGA)**
*[Tondroina ny tentin'ireo loharanombola andrasana amin'ny tetikasa]*

| TAONA 1 | | TAONA 2 | | TAONA 3 | |
|---|---|---|---|---|---|
| Laharan'ny kaonty | Tentiny | Laharan'ny kaonty | Tentiny | Laharan'ny kaonty | Tentiny |
| 77.. | - | 77.. | | 77.. | |
| | | | | | |

**C3. Fiantraikany amin'ireo fandaniana ho fampandehanan-draharaha ho avy (MGA)**
*[Tondroina ny tentin'ireo fandaniana fampandehanan-draharaha ateraky ny tetik'asa]*

| TAONA 1 | | TAONA 2 | | TAONA 3 | |
|---|---|---|---|---|---|
| Laharan'ny kaonty | Tentiny | Laharan'ny kaonty | Tentiny | Laharan'ny kaonty | Tentiny |
| 6.. | | 6.. | | 6.. | |
| 6.. | | 6.. | | 6.. | |
| | | | | | |

TOKO III

# Famolavolana ny tetibola

## III.1 | TETIBOLA FOTOTRA

### III.1.1 Ny Lasitra

Ny **tetibola fototra** no raki-kevitra ara-tetibola mavesa-danja indrindra. Ny tetibola fototra dia arafitra ho an'ny taona manomboka ny 1 janoary hatramin'ny 31 desambra ary ahitàna ireo vinavina rehetra momba ny vola miditra sy ireo fanomezam-dàlana momba ny fandaniana amin'ny taom-pikatrohana (fehin-kevitry ny fitambarana) tsy misy fanonerana eo amin'ny vesatra sy ny vokatra (fehin-kevitry ny tsy fanonerana eo amin'ny fandaniana sy ny fidiram-bolam-panjakana) ao anatin'ny raki-kevitra tokana (fehin-kevitry ny maha-tokana). Ireo vinavina fidiram-bola dia atao tombatombana, ny tentin'ireo fanangonana dia mety hihoatra ireo vinavina. Ireo vinavina momba ny fandaniana dia natao hoferana, ny tentin'ireo sora-panekena dia tsy afaka mihoatra ireo sorabola nosokafana.

Ny tetibola dia tsy maintsy ankatoavin'ny Filankevitry ny Kaominina mialoha ny 31 aogositra, ny Filankevi-paritra mialoha ny 30 septambra ary ny Filankevi-paritany mialoha ny 15 oktobra.

Ireo vola miditra dia atolotra mitambatra. Ireo fandaniana dia atolotra isaky ny fandaharan'asa. Ireo vola miditra sy ireo fandaniana dia tsinjaraina araka ireo fampizakana isaky ny karazany ao anatin'ny fanomezan-daharan'ny Drafi-pitanan-kaonty momba ireo lahasam-panjakana. (Didim-pitondrana laharana faha-20.765/2007/MFB/CSC/07 tamin'ny 26 novambra 2007) (Jereo ny fanomezan'isa ara-tetibola ao amin'ny tovana 2). Ireo sora-bola sokafana dia atokana isaky ny fandaharan'asa ary ao anatin'ireo fandaharan'asa araka ny karazan'ny fandaniana.

**Ny fanapahana ankatoavana ny tetibola dia manamarika ny lentan'ny fiavahan'ireo sora-bola** : **toko (marika misy isa 2), andininy (marika misy isa 3), paragrafy (marika misy isa 4). Ireo sorabola nanaovam-panokanana tamin'ny fanapahana nankatoavana ny tetibola dia tsy azo asiam-panovana raha tsy amin'ny alàlan'ny fankatoavana tetibola fanitsiana. Ireo fanitsiana sorabola anatin'ireo fampizakana manokana dia azo atao amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana raisin'ny Mpanalàlana.**

Ny tetibola fototry ny Vondrombahoakam-paritra dia ahitàna tatitra fanolorana, ny tabilaon'ny fifandanjana, ny tabilaon'ireo vola miditra isan-tsokajy, ny tabilaon'ireo fandaniana isan-tsokajy ho an'ny fandaharan'asa tsirairay, ny raki-kevitra momba ny fahombiazana, ny fandaharan'asa momba ny fampiasam-bolam-panjakana ary ireo tovana :

- Fanolorana ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana
- Tabilao famintinana ireo sara sy haba
- Rindran-damina
- Tabilaon'isa isaky ny fandaharan'asa
- Safin'ireo trosan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana
- Safin'ireo vinavina fanampiana ara-bola horaisina na haloa
- Safin'ireo fanana-mifaka
- Tetik'asa laharam-pahamehana hotanterahina mandritra ny taom-pikatrohana
- Fandaharan'asa momba ny fampiasam-bolan'ny Vondrombahoakam-paritra natao hamokarana mandritra ny telo taona
- Lisitr'ireo fifanarahana misy fiantraikany ara-bola

Ireo tovana dia natao hanamarinana ireo tentiny voasoratra anatin'ny tetibola ary tena tafiditra anatin'ny raki-kevitra momba ny tetibola hampitaina amin'ny Filankevitra mialoha ny fanapahana ny tetibola sy amin'ny Solontenam-panjakana mba hanaovana fanarahamaso ny fanarahan-dalàna.

## MAODELY 2 : LASITRY NY TETIBOLA FIANDOHANA SY IREO TOVANY

| TABILAO FIFANDANJAN'NY TETIBOLA | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| FANDANIANA | | | | VOLA MIDITRA | | | |
| KAONTY | ANARANA | N | N+1 | KAONTY | ANARANA | N | N+1 |
| SOKAJY FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | SOKAJY FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | |
| 60 | Fandaniana momba ny mpiasa | | | 70 | Hetra momba ireo karama, tombom-barotra sy vola miditra, | | |
| 61 | Fividianana entana | | | 71 | Hetra momba ny fari-pananana | | |
| 62 | Fiidianan-draharaha sy fandaniana maharitra | | | 72 | Hetra momba ireo fananana sy raharaha | | |
| 63 | Fandaniana ho fanatontosan'asa | | | 74 | Fidiran-ketra hafa | | |
| 64 | Hetra sy haba | | | 75 | Vola miditra voaray avy amin'ireo olon-tsotra | | |
| 65 | Famindram-bola sy fanampiana ara-bola | | | 76 | Vokatra ara-pitantanam-bola | | |
| 66 | Fandaniana ara-pitantanam-bola | | | 77 | Vola miditra ivelan'ny hetra | | |
| 67 | Fandaniana samihafa | | | | | | |
| FITAMBARAN'IREO TENA FANDANIANA HO FAMPANDEHANA-DRAHARAHA | | | | FITAMBARAN'IREO TENA VOLA MIDITRA HO FAMPANDEHANA-DRAHARAHA | | | |
| 12 | Tombon'ny fampandehanan-draharaha | | | 774 | Famokarana natao fanana-mifaka | | |
| FITAMBARAN'IREO FANDANIANA NOBAIKOANA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | FITAMBARAN'IREO VOLA MIDITRA NOBAIKOANA HO FAMPANDEHANA-DRAHARAHA | | | |
| FITAMBARAN'IREO FANDANIANA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | FITAMBARAN'IREO VOLA MIDITRA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | |
| SOKAJY FAMATSIAM-BOLA NATAO HAMOKARANA | | | | SOKAJY FAMATSIAM-BOLA NATAO HAMOKARANA | | | |
| 16 | Fisamboram-bola sy ireo trosa mitovy aminy | | | 10 | Tahirimbola, fanomezana sy tahiry | | |
| 20 | Fanana-mifaka tsy manan'endrika | | | 13 | Fanampiana ara-bola ho fampitaovana | | |
| 21 | Fanana-mifaka manan'endrika | | | 14 | Fivarotana fanana-mifaka | | |
| ... | ... | | | 16 | Fisamboram-bola sy ireo trosa mitovy aminy | | |
| FITAMBARAN'IREO TENA FANDANIANA NATAO HAMOKARANA | | | | FITAMBARAN'IREO TENA VOLA MIDITRA NATAO HAMOKARANA | | | |
| 20 | Fanana-mifaka tsy manan'endrika | | | 1012 | Fanomezana avy amin'ny Fanjakana | | |
| 21 | Fanana-mifaka manan'endrika | | | 1064 | Tombon'ny fampandehanan-draharaha natao renivola | | |
| FITAMBARAN'IREO FANDANIANA NOBAIKOANA NATAO HAMOKARANA | | | | FITAMBARAN'IREO VOLA MIDITRA NOBAIKOANA NATAO HAMOKARANA | | | |
| FITAMBARAN'IREO FANDANIANA NATAO HAMOKARANA | | | | FITAMBARAN'IREO VOLA MIDITRA NATAO HAMOKARANA | | | |
| FITAMBARAN'IREO FANDANIANA | | | | FITAMBARAN'IREO VOLA MIDITRA | | | |

TSARA HOMARIHINA : Ny tabilao fifandanjan'ny tetibola dia ivondronan'ireo fandanian'ireo fandaharan'asa. Ny tombon'ny fampandehanan-draharaha natao renivola (andàlana 12) dia tsy azo atokana amin'ny fandaharan'asa iray manokana ka tsy ahiratra noho izany anatin'ireo tabilao famelabelarana ireo fandaniana isaky ny fandaharan'asa.

Ny taona N dia ny taona anomanana ny tetibola, ny taona N+1 dia ny taona izay hanatanterahana ny tetibola.

Ny lentan'ny antsipirihany amin'ny tabilao fifandanjana dia atolotra eo anivon'ny toko, marika *PCOP* ahitàna isa roa.

Ny taona fitsiahy dia mandray ny kaonty ara-pitantanana fantatra farany (taona N-1). Ireo tentiny dia ireo taratasy fandraisam-bola nankatoavina sy ireo fandoavam-bola nekena.

Ireo sokajy fampandehanan-draharaha sy famatsiam-bola natao hamokarana dia tsy maintsy atolotra anaty fifandanjana (andininy 14 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-959). Raha toa ireo loharanom-bola eo an-tànana anatin'ny taom-pikatrohana tokana ka tsy ampy hamatsiana ara-bola ny fampitaovana voatondro, ny

fandaharana ny fandaniana dia azo atao anatin'ny taom-pikatrohana maromaro (N+1, N+2, N+3). Ny ampahany tsy tontosa dia hanjary tombony hotaterina amin'ny taom-pikatrohana manaraka.

Na dia izany aza anefa, ny tombon'ireo vola miditra amin'ireo fandaniana ho fampandehanan-draharaha dia tsy midika tsy fifandanjana fa amboniampanga amin'ny famatsiana ara-bola mahaleotena ireo famatsiam-bola natao hamokarana. Ny famatsiana ara-bola mahaleotena ireo famatsiam-bola natao hamokarana dia tsy maintsy ahafahan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana manoratra anatin'ny tetibola ny tentin'ny famatsiam-bola natao hamokarana iray izay faharahakeliny mitovy amin'ny 15% amin'ny tentin'ireo vola miditra madiodio amin'ny sokajy fampandehanan-draharaha. Ireo vola miditra madiodio dia ireo vola miditra anatin'ireo toko 70, 71, 72, 74, 76 sy 77) (andininy 22 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-959).

Ireo fandaniana ao amin'ny sokajy fampandehanan-draharaha dia tsy afaka mahazo tambiny amin'ireo vola miditra ao amin'ny sokajy famatsiam-bola natao hamokarana.

Ny tetibola dia ahitàna tabilaon'ireo fandaniana isaky ny fandaharan'asa tsirairay.

Ny fiavahan'ireo fandaniana nobaikoana dia tsy maintsy ahiratra anatin'ny tabilao fifandanjan'ny tetibola etsy ambony ary anatin'ireo tabilao voatondro etsy ambany :

| VOLA MIDITRA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| KAONTY | | | ANARANA | KAONTY ARA-PITANTANANA FARANY NANKATOAVINA N-1 | TETIBOLA FARANY NANKATOAVINA N | TETIBOLA N+1 | VINAVINA N+2 | VINAVINA N+3 |
| 70 | | | **Hetra momba ireo karama, tombom-barotra sy vola miditra** | | | | | |
| | 708 | | Hetra hafa momba ireo karama | | | | | |
| | | 7080 | Hetra hafa momba ireo karama - Hetra tambatra | | | | | |
| 71 | | | **Hetra momba ny fari-pananana** | | | | | |
| | 714 | | Hetran-tany - *IFT* | | | | | |
| | | 7140 | Hetran-tany - *IFT* | | | | | |
| | 715 | | Hetran-trano - *IFPB* | | | | | |
| | | 7151 | Hetran-trano - *IFPB* | | | | | |
| 72 | | | **Hetra momba ireo fananana sy raharaha** | | | | | |
| | 726 | | Haba manokana momba ireo raharaha | | | | | |
| | | 7262 | Haba alaina amin'ny famonoam-biby | | | | | |
| | | 7263 | Haba mikasika ny fitsirihana sy fanaovana fitomboka ny hena | | | | | |
| 75 | | | **Vola miditra noraisina avy amin'ireo Olon-tsotra** | | | | | |
| | 751 | | Fanampiana ara-bola momba ny fitantanana – Fanjakana | | | | | |
| | | 7511 | Fanomezana faobe ho fampandehanan-draharaha - *EPP* | | | | | |
| | | ... | ... | | | | | |
| 77 | | | **Fidiram-bola tsy ara-ketra** | | | | | |
| | 771 | | Tamberim-bidy | | | | | |
| | | 7717 | Vokatr'ireo tamberim-bidy | | | | | |
| | | ... | .... | | | | | |
| FITAMBARAN'IREO VOLA TENA MIDITRA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | | | | | |
| | 774 | | Famokarana natao fanana-mifaka | | | | | |
| | | 7741 | Fanana-mifaka tsy manan'endrika | | | | | |
| | | .... | ... | | | | | |
| FITAMBARAN'IREO VOLA MIDITRA NOBAIKOANA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | | | | | |
| FITAMBARAN'IREO VOLA MIDITRA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | | | | | |

| VOLA MIDITRA NATAO HAMOKARANA | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| KAONTY | | | ANARANA | KAONTY ARA-PITANTANANA FARANY NANKATOAVINA N-1 | TETIBOLA FARANY NANKATOAVINA N | TETIBOLA N+1 | VINAVINA N+2 | VINAVINA N+3 |
| 10 | | | **Tahirimbola, fanomezana sy tahiry** | | | | | |
| | | ..... | ... | | | | | |
| 13 | | | **Fanampiana ara-bola ho fampitaovana** | | | | | |
| | 131 | | Fanampiana ara-bola ho fampitaovana voaray | | | | | |
| | | 1311 | Fanampiana ara-bola noraidsina avy amin'ny fanjakana | | | | | |
| 14 | | | **Fivarotana fanana-mifaka** | | | | | |
| | 142 | | Fivarotana fanana-mifaka manan'endrika | | | | | |
| | | 1421 | Tany | | | | | |
| | | ... | ... | | | | | |
| FITAMBARAN'IREO VOLA TENA MIDITRA NATAO HAMOKARANA | | | | | | | | |
| 10 | | | **Tahirimbola ho fanomezana sytahiry** | | | | | |
| | 101 | | Fanomezana sy tahirimbola samihafa | | | | | |
| | | 1012 | Fanomezana avy amin'ny Fanjakana | | | | | |
| | 106 | | Tahiry | | | | | |
| | | 1064 | Tombon'ny fampandehanan-draharaha natao tenivola | | | | | |
| | | ... | ... | | | | | |
| FITAMBARAN'IREO VOLA TENA MIDITRA NOBAIKOANA NATAO HAMOKARANA | | | | | | | | |
| FITAMBARAN'IREO VOLA MIDITRA NATAO HAMOKARANA | | | | | | | | |

| FANDAHARAN'ASA 001 – FITONDRAN-DRAHARAHA SY FANDRINDRANA *FANDANIANA HO FAMPANDEHANAN-RAHARAHA* | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| KAONTY | | | ANARANA | KAONTY ARA-PITANTANANA FARANY NANKATOAVINA N-1 | TETIBOLA FARANY NANKATOAVINA N | TETIBOLA N+1 | VINAVINA N+2 | VINAVINA N+3 | TENTINY NANKA-TOAVINA |
| 60 | | | **Fandaniana momba ny mpiasa** | | | | | | |
| | 601 | | Karama sy fanampiny | | | | | | |
| | | 6011 | Karama sy fanampiny - Mpiasa maharitra | | | | | | |
| | | 6012 | Karama sy fanampiny - Mpiasa tsy maharitra | | | | | | |
| | ... | | | | | | | | |
| | 606 | | Fandaniana ara-tsosialy zakain'ny mpampiasa | | | | | | |
| | | 6061 | Latsakemboka amin'ny CNaPS | | | | | | |
| | | ... | | | | | | | |
| 61 | | | **Fividianana entana** | | | | | | |
| | 611 | | Fividianana ireo entana ho fampandehanan-draharaha ankapobe | | | | | | |
| | | 6111 | Entana sy kojakojam-birao | | | | | | |
| | | ... | ... | | | | | | |
| 62 | | | **Fividianana raharaha sy fandaniana maharitra** | | | | | | |
| | 621 | | Fikojakojana | | | | | | |
| | | 6211 | Fikojakojana ireo trano | | | | | | |
| | | ... | ... | | | | | | |

| FANDAHARAN'ASA 001 – FITONDRAN-DRAHARAHA SY FANDRINDRANA<br>*FANDANIANA HO FAMPANDEHANAN-RAHARAHA* | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| KAONTY | | | ANARANA | KAONTY ARA-PITANTANANA FARANY NANKATOAVINA N-1 | TETIBOLA FARANY NANKATOAVINA N | TETIBOLA N+1 | VINAVINA N+2 | VINAVINA N+3 | TENTINY NANKA-TOAVINA |
| | 623 | | Fandaninana momba ny fitaterana | | | | | | |
| | | 6231 | Saram-pivezivezena anatiny | | | | | | |
| | | ... | ... | | | | | | |
| 65 | | | **Famindram-bola sy fanampiana ara-bola** | | | | | | |
| | 654 | | Latsakemboka tsy azo ihoarana | | | | | | |
| | | 6540 | Latsakemboka tsy azo ihoarana | | | | | | |
| | | ... | ... | | | | | | |
| FITAMBARAN'IREO TENA FANDANIANA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | | | | | | |
| | | | ... | | | | | | |
| FITAMBARAN'IREO FANDANIANA NOBAIKOANA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | | | | | | |
| FITAMBARAN'IREO FANDANIANA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | | | | | | |

| FANDAHARAN'ASA 001 – FITONDRAN-DRAHARAHA SY FANDRINDRANA<br>*FANDANIANA NATAO HAMOKARANA* | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| KAONTY | | | ANARANA | KAONTY ARA-PITANTANANA FARANY NANKATOAVINA N-1 | TETIBOLA FARANY NANKATOAVINA N | TETIBOLA N+1 | VINAVINA N+2 | VINAVINA N+3 | TENTINY NANKA-TOAVINA |
| 16 | | | **Fisamboram-bola sy ireo trosa mitovy aminy** | | | | | | |
| | 161 | | Fisamboram-bola amin'ny Ariary | | | | | | |
| | | ... | | | | | | | |
| 20 | | | **Fanana-mifaka tsy manan'endrika** | | | | | | |
| | 201 | | Saran'ny fanatsarana, fikarohana, fanadihadiana | | | | | | |
| | | 2014 | Rindrambaiko sy ireo mitovy aminy | | | | | | |
| 21 | | | Fanana-mifaka manan'endrika | | | | | | |
| | 213 | | Fanorenana na fanarenana : trano | | | | | | |
| | | 2131 | Tranom-panjakana | | | | | | |
| | 216 | | Fitaovana sy fitaovam-piasana madinika | | | | | | |
| | | 2163 | Fitaovana momba ny solosaina | | | | | | |
| | | ... | ... | | | | | | |
| FITAMBARAN'IREO TENA FANDANIANA NATAO HAMOKARANA | | | | | | | | | |
| 20 | | | **Fanana-mifaka tsy manan'endrika** | | | | | | |
| | | ... | ... | | | | | | |
| 21 | | | **Fanana-mifaka manan'endrika** | | | | | | |
| | | ... | ... | | | | | | |
| FITAMBARAN'IREO FANDANIANA NOBAIKOANA NATAO HAMOKARANA | | | | | | | | | |
| FITAMBARAN'IREO FANDANIANA NATAO HAMOKARANA | | | | | | | | | |

| FANDAHARAN'ASA 002 – FAMPANDROSOANA ARA-TOEKARENA SY ARA-TSOSIALY<br>*FANDANIANA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA* | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| KAONTY | | | ANARANA | KAONTY ARA-PITANTANANA FARANY NANKATOAVINA N-1 | TETIBOLA FARANY NANKATOAVINA N | TETIBOLA N+1 | VINAVINA N+2 | VINAVINA N+3 | TENTINY NANKA-TOAVINA |
| 60 | | | **Fandaniana momba ny mpiasa** | | | | | | |
| | 601 | | Karama sy fanampiny | | | | | | |
| | | 6011 | Karama sy fanampiny - Mpiasa maharitra | | | | | | |
| | | ... | ... | | | | | | |
| | 606 | | Fandaniana ara-tsosialy zakain'ny mpampiasa | | | | | | |
| | | 6061 | Latsakemboka amin'ny CNaPS | | | | | | |
| | | ... | | | | | | | |
| 61 | | | **Fividianana entana** | | | | | | |
| | 611 | | Fividianana ireo entana ho fampandehanan-draharaha ankapobe | | | | | | |
| | | 6111 | Entana sy kojakojam-birao | | | | | | |
| | | 6112 | Taratasy voatonta, fitomboka sy antontan-taratasy ara-panjakana | | | | | | |
| | | ... | ... | | | | | | |
| 62 | | | **Fividianana raharaha sy fandaniana maharitra** | | | | | | |
| | 621 | | Fikojakojana | | | | | | |
| | | 6212 | Fikojakojana ireo fotodrafitr'asa hafa | | | | | | |
| | | ... | ... | | | | | | |
| | 628 | | Raharaha samihafa | | | | | | |
| | | 6287 | Mpiasa ivelan'ny sampan-draharaha | | | | | | |
| | | ... | ... | | | | | | |
| 63 | | | **Fandaniana ho fanatontosan'asa** | | | | | | |
| | 631 | | Fanatontosan'asa ara-tsosialy | | | | | | |
| | | 6310 | Fanatontosan'asa ara-tsosialy | | | | | | |
| | | ... | ... | | | | | | |
| 67 | | | **Fandaniana samihafa** | | | | | | |
| | 678 | | Fandaniana samihafa hafa | | | | | | |
| | | 6788 | Hafa | | | | | | |
| | | ... | ... | | | | | | |
| FITAMBARAN'IREO TENA FANDANIANA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | | | | | | |
| | | | ... | | | | | | |
| FITAMBARAN'IREO FANDANIANA NOBAIKOANA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | | | | | | |
| FITAMBARAN'IREO FANDANIANA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | | | | | | |

| FANDAHARAN'ASA 002 – FAMPANDROSOANA ARA-TOEKARENA SY ARA-TSOSIALY *FANDANIANA NATAO HAMOKARANA* | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| KAONTY | | | ANARANA | KAONTY ARA-PITANTANANA FARANY NANKATOAVINA N-1 | TETIBOLA FARANY NANKATOAVINA N | TETIBOLA N+1 | VINAVINA N+2 | VINAVINA N+3 | TENTINY NANKA-TOAVINA |
| 16 | | | **Fisamboram-bola sy ireo trosa mitovy aminy** | | | | | | |
| | 161 | | Fisamboram-bola amin'ny Ariary | | | | | | |
| | | ... | | | | | | | |
| 20 | | | **Fanana-mifaka tsy manan'endrika** | | | | | | |
| | | ... | ... | | | | | | |
| 21 | | | **Fanana-mifaka manan'endrika** | | | | | | |
| | 215 | | Fanorenana na fanarenana : fantsona | | | | | | |
| | | 2151 | Fantsona famatsian-drano | | | | | | |
| | | 2156 | Fantsona fanondrahana | | | | | | |
| | | ... | ... | | | | | | |
| FITAMBARAN'IREO TENA FANDANIANA NATAO HAMOKARANA | | | | | | | | | |
| 20 | | | **Fanana-mifaka tsy manan'endrika** | | | | | | |
| | | ... | ... | | | | | | |
| 21 | | | **Fanana-mifaka manan'endrika** | | | | | | |
| | | ... | ... | | | | | | |
| FITAMBARAN'IREO FANDANIANA NOBAIKOANA NATAO HAMOKARANA | | | | | | | | | |
| FITAMBARAN'IREO FANDANIANA NATAO HAMOKARANA | | | | | | | | | |

## TOVANA AMIN'NY TETIBOLA FIANDOHANA

## TOVANA 1 - FANOLORANA NY VONDROMBAHOAKAM-PARITRA ITSINJARAM-PAHEFANA

- Anaran'ny Vondrombahoakam-paritra : : ..........................................
- Anaran'ny Lehiben'ny Mpanatanteraka : : ..........................................
- Anaran'ireo Lefitra sy ireo fanomezam-pahefana natolotra azy ireo : : ..........................................
- Anaran'ny Filoha : : ..........................................
- Isan'ireo Mpanolo-tsaina : : ..........................................
- Anaran'ny Mpitan-kaonty sy fitsiahy ny sora-draharaha nanendrena azy : : ..........................................
- Velarana : : ..........................................
- Isan'ny mponina : : ..........................................
- Halavan'ireo làlan'ny Kaominina, Faritra, Faritany : : ..........................................
- Orin-draharaha ara-tsosialy : ..........................................
  - Hopitaly : : ..........................................
  - Fanabeazana fototra : : ..........................................

## TOVANA 2 - FAFANA MAMINTINA NY HETRA SY HABA ARY NY SARA AVY AMIN'NY HETRA NA TSIA

70. Hetra momba ireo karama

| KAONTY | FANONDROANA | TENTIN'NY FOTOTRA AMERANA NA ISAN'IREO FANGALAN-KABA (A) | TAHAN'NY HETRA NA SARA (B) | TENTINY VOAVINAVINA (A) X (B) |
|---|---|---|---|---|
| 7080 | Hetra tambatra | | | |

## 71. Hetra momba ny fari-pananana

| KAONTY | FANONDROANA | TENTIN'NY FOTOTRA AMERANA NA ISAN'IREO FANGALAN-KABA (A) | TAHAN'NY HETRA NA SARA (B) | TENTINY VOAVINAVINA (A) X (B) |
|---|---|---|---|---|
| 7140 | Hetran-tany | | | |
| 7151 | Hetran-trano | | | |
| 7188 | Haba momba ireo tsangam-by goavana, tariby mpandray na mpandefa onjam-peo sy onjan-tsary, mpanelanelana fitaovam-pifandraisana na taho (haba sy hetra hafa momba ireo fari-pananana hafa) | | | |

## 72. Hetra mikasika ireo entana sy raharaha

| KAONTY | FANONDROANA | TENTIN'NY FOTOTRA AMERANA NA ISAN'IREO FANGALAN-KABA (A) | TAHAN'NY HETRA NA SARA (B) | TENTINY VOAVINAVINA (A) X (B) |
|---|---|---|---|---|
| 7251 | Haba momba ny herinaratra | | | |
| 7252 | Haba momba ny rano | | | |
| 7254 | Haba momba ireo rano mineraly | | | |
| 7261 | Haba momba ny dokam-barotra | | | |
| 7261 | Haba momba ny dokambarotra amin'ny haino aman-jery | | | |
| 7262 | Haba momba ny famonoam-biby hatao hena na vokatra azo avy amin'izany | | | |
| 7263 | Haba mikasika ny fitsirihana sy fanaovana fitomboka ny hena | | | |
| 7268 | Haba mikasika ny fiarovana nyolona (haba ifotony hafa mikasika ireo raharaha) | | | |
| 7268 | Haba momba ireo lalao amin'ny haino aman-jery | | | |
| 7268 | Haba momba ny fanomezana fanamarinam-pivahinianana *(visa)* sy kara-panondro ho an'ireo vahiny | | | |
| 7268 | Haba momba ny fivahinianana | | | |
| 7273 | Hetra momba ny fahazoan-dàlana hivarotra zava-pisotro mahamamo sy misy alikaola | | | |
| 7273 | Hetra momba ny fahazoan-dàlana hanao varo-mandeha mikasika ny zava-pisotro mahamamo sy misy alikaola | | | |
| 7273 | Hetra momba ny fahazoan-dàlana mikasika ny fipetrahana vonjimaika, araka ny tonontaona sy noho ny antony manokana | | | |
| 7273 | Hetra momba ny fahazoan-dàlana amin'ny asa tsy maharitra, noho ny antony manokana sy/na araka ny tonontaona | | | |
| 7273 | Hetra momba ny fahazoan-dàlana mikasika ireo toeram-pilanonana amin'ny alina | | | |
| 7273 | Hetra momba ny fahazoan-dàlana hikarakara tombola na loteria | | | |
| 7273 | Hetra momba ny fahazoan-dàlana mikasika ny fampiasana *« billards »*, fitaovana fandefasana horonan-tsary sy *« baby-foot »* itadiavam-bola | | | |
| 7276 | Haba momba ireo fidirana amin'ireo fety, fampisehoana, sy fihetsiketsehana samihafa | | | |
| 7276 | Haba momba ireo lanonana ara-drazana nomen-dàlana | | | |

## 74. Fidiran-ketra hafa

| KAONTY | FANONDROANA | TENTIN'NY FOTOTRA AMERANA NA ISAN'IREO FANGALAN-KABA (A) | TAHAN'NY HETRA NA SARA (B) | TENTINY VOAVINAVINA (A) X (B) |
|---|---|---|---|---|
| 7431 | Lamandy ara-ketra | | | |
| 7432 | Fanasaziana | | | |
| 7433 | Zana-bola vokatry ny fahatarana | | | |
| 7480 | Habam-ponenana ho an'ny fampandrosoana | | | |
| 7480 | Haba hafa | | | |

## 77. Vola miditra ivelan'ny hetra


| KAONTY | FANONDROANA | TENTIN'NY FOTOTRA AMERANA NA ISAN'IREO FANGALAN-KABA (A) | TAHAN'NY HETRA NA SARA (B) | TENTINY VOAVINAVINA (A) X (B) |
|---|---|---|---|---|
| 7711 | Tamberim-bidy momba ny fanangonana, ny fikarakarana ireo fako avy any antokantrano | | | |
| 7712 | Tamberim-bidy momba ny fanariana rano maloto | | | |
| 7714 | Tamberim-bidy momba ireo fanomezan-dàlana ara-panjakana | | | |
| 7717 | Tamberim-bidy momba ny fitrandrahana ranon-tany, fasika sy vato | | | |
| 7717 | Tamberim-bidy sy fangalana ampahany amin'ireo vokatry ny fambolena, ny ala, ny jono, ny fiompiana | | | |
| 7718 | Tamberim-bidy momba ireo akoran'afo | | | |
| 7736 | Sara mikasika ny fivezivezen'ireo omby sy kisoa | | | |

## 77. Vola miditra ivelan'ny hetra (Vola miditra avy amin'ireo raharaha sy ny tany)

| KAONTY | FANONDROANA | TENTIN'NY FOTOTRA AMERANA NA ISAN'IREO FANGALAN-KABA (A) | TAHAN'NY HETRA NA SARA (B) | TENTINY VOAVINAVINA (A) X (B) |
|---|---|---|---|---|
| 7721 | Fanaovana tolo-draharaha | | | |
| | ..... | | | |
| 7727 | Vola miditra avy amin'ireo tany | | | |
| | ..... | | | |
| 7731 | Fandraisana ampahany sy fanelanelanana | | | |
| | ...... | | | |
| 7732 | Fampanofana samihafa | | | |
| | ..... | | | |

TSARA HOMARIHINA : Ny isan'ireo fangalan-kaba, ny isan'ireo tolo-draharaha sy ny tentin'ny fototra amerana dia tombanana amin'ny alàlan'ny fanatsoahana avy amin'ireo taom-pikatrohana teo aloha. Ny tentin'ny vinavina dia ny fampitomboana ny fangalan-kaba sy ny isan'ireo tolo-draharaha ary ny sara nankatoavina ho an'ny taom-pikatrohana na ny fampitomboana ny tentin'ny fototra amerana ny fangalan-ketra sy ny tahan-ketra nankatoavina ho an'ny taom-pikatrohana ary ny ampahany an'ny Vondrombahoakam-paritra. Raha toa ka tsy misy izany, ny fanombanana dia atao amin'ny alàlan'ny fanatsoahana mivantana avy amin'ny tentin'ireo vola miditra hita mandritra ireo taom-pikatrohana telo teo aloha (Jereo paragrafy « Vola miditra ho fampandehanan-draharaha »).

## TOVANA 3 - RINDRAN-DAMINA




<u>TSARA HOMARIHINA</u> : Ny isan'ny tompon'andraikitry ny fandaharan'asa dia mitombo miaraka amin'ny isan'ireo fandaharan'asa.

## TOVANA 4 - TABILAON'ISA ISAKY NY FANDAHARAN'ASA

| FANDAHARAN'ASA FITONDRAN-DRAHARAHA SY FANDRINDRANA *MPIASA MAHARITRA (60_1)* | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| LAH | TOERANA | ANARAN'NY TOMPONY | SATA | SOKAJY | KARAMA SY FANAMPINY (6011) | TAMBIN-KARAMA MIFANDRAIKA AMIN'NY KARAM (6021) | TAMBIN-KARAMA MIFANDRAIKA AMIN'NY ASA (6031) | FANOMEZAM-BOLA HO AN'NY FIANA-KAVIANA (6041) | LATSAKEMBOKA ARA-TSOSIALY ZAKAIN'NY MPAMPIASA (606X) |
| 1 | Sekretera jeneraly | | | | | | | | |
| 2 | Talen'ny Fandraharahana sy ny Fitantanam-bola | | | | | | | | |
| 3 | | | | | | | | | |
| .. | | | | | | | | | |
| FITAMBARANY | | | | | | | | | |

| MPIASA TSY MAHARITRA (60_2) | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| LAH | TOERANA | ANARAN'NY TOMPONY | SATA | SOKAJY | KARAMA SY FANAMPINY (6011) | TAMBIN-KARAMA MIFANDRAIKA AMIN'NY KARAMA (6021) | TAMBIN-KARAMA MIFANDRAIKA AMIN'NY ASA (6031) | FANOMEZAM-BOLA HO AN'NY FIANA-KAVIANA (6041) | LATSAKEMBOKA ARA-TSOSIALY ZAKAIN'NY MPAMPIASA (606X) |
| 1 | | | | | | | | | |
| 2 | | | | | | | | | |
| 3 | | | | | | | | | |
| .. | | | | | | | | | |
| FITAMBARANY | | | | | | | | | |

TSARA HOMARIHINA : Ambara ny mombamomba ny mpiasa tsirairay. Ireo toerana mbola tsy feno dia tondroina fa tsy asiana anaran'ny tompony ary mifototra amin'ny karama fandraisana mpiasa voatondro ho an'izany toerana izany.Ireo tentiny dia ireo tentiny tsy tataovan-ketra ahitàna ny ampahan-karama ho an'ny fandaniana ara-tsosialy sy ny hetra momba ny karama.

| *TAMBIN-KARAMA HO AN'IREO OLOM-BOAFIDY (6032)* | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| | TAMBIN-KARAMA NOHO NY ASA | TAMBIN-KARAMA MANDRITRA NY FOTOAM-PIVORIANA | TAMBIN-KARAMA FANONERANA | TAMBIN-KARAMA NOHO NY FISOLOAN-TENA | FITAMBARANY |
| Lehiben'ny Mpanatanteraka | | | | | |
| Lefitra voalohan'ny Lehiben'ny Mpanatanteraka | | | | | |
| Lefitra faharoan'ny Lehiben'ny Mpanatanteraka | | | | | |
| ... | | | | | |
| Filohan'ny Filankevitra | | | | | |
| Mpanolo-tsaina (*) | | | | | |
| FITAMBARANY | | | | | |

*(*) Fitambaran'ireo mpanolo-tsaina rehetra*

| FANDAHARAN'ASA FAMPANDROSOANA ARA-TOEKARENA SY ARA-TSOSIALY<br>*MPIASA MAHARITRA (60_1)* | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| LAH | TOERANA | ANARAN'NY TOMPONY | SATA | SOKAJY | KARAMA SY FANAMPINY (6011) | TAMBIN-KARAMA MIFANDRAIKA AMIN'NY KARAMA (6021) | TAMBIN-KARAMA MIFANDRAIKA AMIN'NY ASA (6031) | FANOMEZAM-BOLA HO AN'NY FIANA-KAVIANA (6041) | LATSAKEMBOKA ARA-TSOSIALY ZAKAIN'NY MPAMPIASA (606X) |
| 1 | | | | | | | | | |
| 2 | | | | | | | | | |
| 3 | | | | | | | | | |
| .. | | | | | | | | | |
| FITAMBARANY | | | | | | | | | |

| MPIASA TSY MAHARITRA (60_2) | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| LAH | TOERANA | ANARAN'NY TOMPONY | SATA | SOKAJY | KARAMA SY FANAMPINY (6011) | TAMBIN-KARAMA MIFANDRAIKA AMIN'NY KARAMA (6021) | TAMBIN-KARAMA MIFANDRAIKA AMIN'NY ASA (6031) | FANOMEZAM-BOLA HO AN'NY FIANA-KAVIANA (6041) | LATSAKEMBOKA ARA-TSOSIALY ZAKAIN'NY MPAMPIASA (606X) |
| 1 | | | | | | | | | |
| 2 | | | | | | | | | |
| 3 | | | | | | | | | |
| .. | | | | | | | | | |
| FITAMBARANY | | | | | | | | | |

TSARA HOMARIHINA : Ambara ny mombamomba ny mpiasa tsirairay. Ireo toerana mbola tsy feno dia tondroina fa tsy asiana anaran'ny tompony ary mifototra amin'ny karama fandraisana mpiasa voatondro ho an'izany toerana izany.Ireo tentiny dia ireo tentiny tsy tataovan-ketra ahitàna ny ampahan-karama ho an'ny fandaniana ara-tsosialy sy ny hetra momba ny karama.

## TOVANA 5 - FAMINTINANA NY TROSAN'NY VONDROMBAHOAKAM-PARITRA ITSINJARAM-PAHEFANA

| ANTON'NY TROSA | VONDRONA TOMPON-TROSA | TROSA ATAO RENIVOLA AMIN'NY FIANDOHAN'NY TAOM-PIKATROHANA | AMPAHAN-TROSA HALOA ISAN-TAONA MANDRITRA NY TAOM-PIKATROHANA | FITSINJARANA NY AMPAHAN-TROSA HALOA ISAN-TAONA | | AMBIN'NY RENIVOLA AMIN'NY FIAFARAN'NY TAOM-PIKATROHANA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | ZANA-BOLA (661) | RENIVOLA (1611-1612) | |
| | | | | | | |
| | | | | | | |
| | | | | | | |

## TOVANA 6 - SAFIN'NY VINAVINAN'IREO FANAMPIANA ARA-BOLA HORAISINA NA HAROTSAKA

| HORAISIN'NY VONDROMBAHOAKAM-PARITRA (MIVAINGANA NA ARA-BOLA) *NATOKANA HO AN'NY FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA* | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| FAMPIZAKANA | ANTONY | ANARAN'NY MPANOLOTRA | KARAZAN'NY MPANOLOTRA ARAKA NY LALÀNA (*) | TENTIN'NY FANAMPIANA ARA-BOLA | FANAMARIHANA |
| | | | | | |
| | | | | | |
| FITAMBARANY | | | | | |

*(*) Fanjakana Malagasy na hafa, Orinasa fehezin'ny lalàna malagasy, Orinasa vahiny, Fikambanana, Olon-tsotra (tera-tany na vahiny).*

| NATOKANA HO AN'NY FAMATSIAM-BOLA NATAO HAMOKARANA | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| FAMPIZAKANA | ANTONY | ANARAN'NY MPANOLOTRA | KARAZAN'NY MPANOLOTRA ARAKA NY LALÀNA | TENTIN'NY FANAMPIANA ARA-BOLA | FANAMARIHANA |
| | | | | | |
| | | | | | |
| FITAMBARANY | | | | | |

| HOMEN'NY VONDROMBAHOAKAM-PARITRA (MIVAINGANA NA ARA-BOLA) *NATOKANA HO AN'NY FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA* | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| FAMPIZAKANA | ANTONY | ANARAN'NY MPANOLOTRA | KARAZAN'NY MPANOLOTRA ARAKA NY LALÀNA | TENTIN'NY FANAMPIANA ARA-BOLA | FANAMARIHANA |
| | | | | | |
| | | | | | |
| FITAMBARANY | | | | | |

| NATOKANA HO AN'NY FAMATSIAM-BOLA NATAO HAMOKARANA | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| FAMPIZAKANA | ANTONY | ANARAN'NY MPANOLOTRA | KARAZAN'NY MPANOLOTRA ARAKA NY LALÀNA | TENTIN'NY FANAMPIANA ARA-BOLA | FANAMARIHANA |
| | | | | | |
| | | | | | |
| FITAMBARANY | | | | | |

## TOVANA 7 - FAMINTINANA NY FANANA-MIFAKA

| KAONTY | FANDAHARANA | SANDA FOTOTRA NY 01/01/N | FIVIDIANANA TAMIN'NY TAOM-PIKATROHANA | FAMOAHANA (14..) | SANDA FOTOTRA NY 31/12/N | FANOMEZANA NY TAOM-PIKATROHANA (28) | FITAMBARAN'NY FAMERENAN-TROSA | SANDA AFA-KARATSAKA NY 31/12/N |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 20 | **Fanana-mifaka tsy manan'endrika** | | | | | | | |
| | *Rindram-baiko* | | | | | | | |
| 21 | **Fanana-mifaka manan'endrika** | | | | | | | |
| | *Entana sy fitaovana madinika* | | | | | | | |
| | *Entana sy kojakojam-birao* | | | | | | | |
| | *Fitaovana momba ny solosaina* | | | | | | | |
| | *Fananganana* | | | | | | | |
| | *Fitaovam-pitaterana* | | | | | | | |
| | *Fotodrafitr'asa* | | | | | | | |
| | *Fanorenan-trano* | | | | | | | |
| | *Hafa* | | | | | | | |
| | **An-dàlam-panorenana** | | | | | | | |
| | **An-dàlam-pahazoana** | | | | | | | |
| | **Titra fandraisana anjara** | | | | | | | |
| FITAMBARAN'IREO FANANA-MIFAKA | | | | | | | | |

## TOVANA 8 - TETIK'ASA LAHARAMPAHAMEHANA HOTANTERAHINA MANDRITRA NY TAOM-PIKATROHANA

Fandaharan'asa 1 :

| FAMPIZAKANA | ANARANA | TANJONA | VANINANDRO | | FANOMEZAN-DÀLANA SORA-PANEKENA (AE) | SORABOLA FANDOAVANA (CP) |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | FIANDOHANA | FIAFARANA | | |
| | | | | | | |
| | | | | | | |

Fandaharan'asa 2 :

| FAMPIZAKANA | ANARANA | TANJONA | VANINANDRO | | FANOMEZAN-DÀLANA SORA-PANEKENA (AE) | SORABOLA FANDOAVANA (CP) |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | FIANDOHANA | FIAFARANA | | |
| | | | | | | |
| | | | | | | |

<u>TSARA HOMARIHINA</u> : Ao amin'ny tsanganana « fanomezan-dàlana hanao sora-panekena » no ahitana ny fitambarambidin'ny tetik'asa ary ny tsanganana « sorabola fandoavana » ny tentin'ireo fandoavana mandritra ny taom-pikatrohana ara-tetibola. Ny fankatoavana ny tetibola dia manome alàlana ny Lehiben'ny Mpanatanteraka hanao sora-panekena ny tentiny faobe momba ny fanomezan-dàlana sora-panekena sy hanatontosa ny ampahany voalohany mifandraika amin'ny tentin'ny sorabola fandoavana. Ny tentiny voasoratra anaty tetibolan'ny taom-pikatrohana dia ny tentin'ny sorabola fandoavana. Ireo lahasa tontosa manontolo mandritra ny taom-pikatrohana dia mitovy ny tentiny hita anatin'ny tsanganana « fanomezan-dàlana sora-panekena » sy ny tsanganana « sorabola fandoavana ». Ireo elanelana eo amin'ireo fanomezan-dàlana sora-panekena sy ireo sorabola fandoavana dia tsy maintsy hosoratana ao anatin'ny na ireo tetibola manaraka arakaraka ny fandaharana ireo asa.

**TOVANA 9 - LISITR'IREO FIFANARAHANA MISY FIANTRAIKANY ARA-PITANTANAM-BOLA**

| FANONDROANA NY FIFANARAHANA | DATY | ANTONY | TENTINY | NATA HALOA ANATIN'NY TAOM-PIKATROHANA | FANAMARIHANA |
|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | |
| | | | | | |
| | | | | | |
| | | | | | |
| | | | | | |
| | | | | | |

## III.1.2 Fitadiavana ny fifandanjana

Ny tetibola dia mifandanja rehefa mitovy ny tentin'ireo fandaniana sy ny tentin'ireo vola miditra ka tsy misy fanombanana latsaka loatra ireo fandaniana na fanombanana diso tafahoatra ireo vola miditra. Tsy maintsy manaja fepetra roa ny fifandanjana :

- ny fifandanjana isaky ny sokajy miaraka amin'ny famatsiana ara-bola mahaleotena fahafahakeliny, sy
- ny fanoratana ireo fandaniana tsy azo anoharana.

<u>Fifandanjana isaky ny sokajy sy famatsiana ara-bola mahaleotena ny sokajy famatsiam-bola natao hamokarana</u> :

Ny sokajy famatsiam-bola natao hamokarana dia matiantoka ara-drafitra satria ireo tena vola miditra dia vola miditra ho fampandehanan-draharaha, ka noho izany ny sokajy fampandehanan-draharaha dia tsy maintsy ahitàna tombony izay hampiasaina ho an'ny famatsiana ara-bola mahaleotena ireo famatsiam-bola natao hamokarana. Ankoatra izany, ny didy amam-pitsipika (andininy 22 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-959) dia mametraka fa ny famatsiana ara-bola mahaleotena ireo famatsiam-bola natao hamokarana dia ahafahan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana manoratra anaty tetibolany ny tentin'ny famatsiam-bola natao hamokarana fahafahakeliny mitovy amin'ny 15% ny tentin'ireo vola miditra manokana ao amin'ny sokajy fampandehanan-draharaha. Ireo vola miditra manokana dia ireo vola miditra ao amin'ny toko 70, 71, 72, 74, 76, 77 sy 78.

Ao anatin'ny tetibola fototra, ny famatsiana ara-bola mahaleotena ao amin'ny sokajy famatsiam-bola natao hamokarana dia miteraka ireo fanoratana manaraka ireto :

- ao amin'ny vola miditra natao hamokarana amin'ny andàlana « 1064 tombon'ny fampandehanan-daharaha natao renivola », fanoratana ny tentin'ny famatsiana ara-bola ilaina ho amin'ny fifandanjan'ny sokajy famatsiam-bola natao hamokarana ; ary tambin'izany,
- ao amin'ny fandaniana ho fampandehanan-draharaha, fanoratana ny tentiny mitovy amin'ny andàlana « 1200 Tombon'ny fampandehanan-draharaha ». Izany fanoratana izany dia tsy anaovana fanatanterahana akory fa manokana sorabola ho fampandehanan-draharaha mitovy amin'ny tombony izay, rehefa voazaha fototra dia hatokana ho an'ny sokajy fampiasam-bola natao hamokarana.

Ny tentin'ny vinavina amin'ny andàlana 1200 dia tsy maintsy mitovy amin'ny tentin'ny vinavina ao amin'ny andàlana 1064. Mialoha ny fikatonan'ny taom-pikatrohana, ny Mpanalàlana dia manao ny famindram-bola avy amin'ny sokajy fampandehanan-draharaha mankamin'ny sokajy famatsiam-bola natao hamokarana amin'ny alàlan'ny fandefasana taratasy fandraisam-bola fibaikoana amin'ny andàlana « 1064 tombon'ny fapandehanan-daharaha natao renivola » sy taratasy fandoavam-bola fibaikoana mitovy tentiny amin'ny andàlana « 1200 Tombon'ny fampandehanan-draharaha ».

<u>Fanoratana ireo fandaniana tsy maintsy atao</u> :

Ireo fandaniana tsy maintsy atao dia ireo fandaniana manjary toy izany vokatr'ireo sora-panekena noraisin'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana teo aloha (andininy 168 amin'ny lalàna laharana faha-2001-025) na vokatry ny lalàna (andininy 166 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020).

Ireo fandaniana tsy maintsy atao dia :

- ireo fandaniana momba ny mpiasa : karama sy tambin-karama, latsakemboka, fandaniana ara-tsosialy, latsakemboka zakain'ny mpampiasa sy latsakemboka ho an'ireo tahirimbola ho fisotroan-dronono ;
- ny fandraisana anjara amin'ny tetibola ho fampandehanan-draharaha eo amin'ireo raharaha iombonan'ny Vondrombahoakam-paritra maromaro ;
- ireo fandraisana anjara amin'ny famatsiam-bola ireo famatsiam-bola natao hamokarana notontosaina mandritra ny taom-pikatrohana ;

- ireo onitra vokatry ny didim-pitsarana raikitra mikasika ny maha-tompon'andraikitra ny Vondrombahoakam-paritra na ho an'ireo mpikambana ao amin'ireo rafiny izany na ho an'olon-kafa ;
- ireo fanonerana fisamboram-bola miaraka amin'ny zana-bolan'izy ireo ;
- ny fanonerana ireo trosa azo takiana ;
- ny fandrakofana ireo fatiantoka teo aloha ;
- ireo fandaniana mifandraika amin'ireo tombontsoa sy tambin-karaman'ireo olom-boafidy ao amin'ny Vondrombahoakam-paritra ;
- ireo fandaniana momba ny rano, herinaratra, paositra sy famandrihana momba ny antso an-tariby ary ny hofan-trano ;
- ireo saram-piantohana momba ny fitaovam-pifamoivoizan'ny Vondrombahoakam-paritra (andininy 35 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-959) ;
- ireo sorabola fandoavana ilaina handoavana ireo lazam-bidy momba ireo fifampiraharaham-barotra maharitra taona maro natao tao anatin'ireo fanomezan-dàlana sora-panekena nankatoavina tanatin'ny tetibola teo aloha.

Ireo tambin-karaman'ny Ben'ny Tanàna, ireo lefitry ny Ben'ny Tanàna, ny Sekretera Jeneraly, ireo mpikambana ao amin'ny Kabinetran'ny Ben'ny Tanàna, ny Filohan'ny Filankevitra sy ireo mpanolo-tsaina dia tsy isan'ireo fandaniana tsy maintsy atao intsony (andininy 2, didim-panjakana laharana faha-2018-162 tamin'ny 27 febroary 2018).

Noho ny faneren'ireo fepetra roa teo aloha, ny fifandanjana dia azo avy amin'ny fampitomboana ireo vola miditra, ny fampihenana ireo fandaniana na fampiarahana azy roa ireo. Ny fampitomboana ireo vola miditra dia feran'ny fahafahan'ny mpandoa vola manao izany (ho an'ireo hetra) sy ireo mpisitraka (ho an'ireo raharaha fivarotana). Ireo fampihenana ireo fandaniana dia mety ho azo avy amin'ireo fepetra fitsitsiana sy fitsinjarana (ohatra ny fifehezana ny vola natokana ho an'ny karama) na ny fandaozana ireo raharaha sasantsasany izay heverina ho tsy manan-danja.

Ireo vahaolana samihafa ireo dia ataon'ny Tompon'andraikitra ara-pitantanam-bola an-kajy, ny fanapahana farany dia ataon'ny Lehiben'ny Mpanatanteraka aorian'ny fikaonan-doha miaraka amin'ireo tompon'andraikitry ny fandaharan'asa.

## III.1.3 Fankatoavana ny tetibola

Ny fanaikàna ny Filankevitra dia ataon'ny Filohan'ny Filankevitra noho ny fangatahan'ny Lehiben'ny Mpanatanteraka. Ny tetibola hatolotra ny Filankevitra dia ifampidinihana mialoha miaraka amin'ny Filohan'ny Filankevitra sy ny Vaomieran'ny Fitantanam-bolan'ny Filankevitra. Ny fikaonan-doha miaraka amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola dia alamin'ny Filohan'ny Filankevitra noho ny fangatahan'ny Lehiben'ny Mpanatanteraka.

Ny fotoam-pivoriana momba ny tetibola dia ferana ho 15 andro farafahabetsany ary tsy maintsy hefaina mandritra ny tapa-bolana faharoa amin'ny volana aogositra ho an'ireo Kaominina, tapa-bolana faharoa amin'ny volana septambra ho an'ireo Faritra ary ny tapa-bolana voalohany amin'ny volana oktobra ho an'ireo Faritany. Tsy afaka manapaka ny Filankevitra raha tsy eo anatrehan'ny antsasamanilan'ireo mpikambana. Tsy maintsy hamarinina ny fetr'isa mialoha ny fankatoavana tsirairay. Raha toa ka tsy tratra ny fetr'isa dia ampiatoana ny fotoam-pivoriana ka miantso fotoam-pivoriana vaovao ary ny fanaikana dia mielanelana telo andro farafahakeliny. Amin'ny fanaikàna faharoa dia afaka manapaka avy hatrany ny Filankevitra ka tsy misy fetr'isa tsy maintsy tratrarina amin'izany.

Ireo fanapahana dia raisin'ireo maro an'isa amin'ireo mpikambana nanatrika na voasolo tena. Ny tetibola dia laniana amin'ny tsangan-tànana. Raha misy fitovian'ny isam-bato dia ny an'ny Filoha no raisina.

Ny tetibola dia atolotry ny Lehiben'ny Mpanatanteraka amin'ny Filankevitra.

Ny Lehiben'ny Mpanatanteraka dia mandray anjara, fa ho fakan-kevitra ihany, amin'ireo asa sy adihevitry ny Filankevitra. Misintaka izy amin'ny fotoana anaovana ny fanapahana. Marihina anatin'ny fitànana an-tsoratra ny fivoriana ireo fandraisam-pitenenany.

Ny Mpitàna bokim-bolam-panjakana voalohany dia manatrika, fa ho fakan-kevitra ihany, amin'ireo fivorian'ny Filankevitra mikasika ny tetibola sy ny kaonty ara-pitantanana.

Tsy azon'ny Filankevitra ovaina ny tahan'ny fidiram-bola. Ireo soso-kevitra fampitomboana ireo fandaniana na fampihenana ireo vola miditra dia tsy maintsy onerana amin'ny soso-kevitra fampiakarana ireo vola miditra na fampidinana ireo fandaniana izay mitovy ny tentiny.

Ireo fanombanana ireo vola miditra dia anaovana fankatoavana miaraka. Ireo fandaniana ho fampandehanan-draharaha dia laniana isaky ny fandaharan'asa sy isaky ny karazan'ny fandaniana anatin'ny *PCOP*. Ireo fandaniana ho famatsiam-bola natao hamokarana dia laniana isaky ny lahasa (andininy 60 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2015-959). Aorian'ny fandalinana ny andàlana tsirairay, ny tetibola dia ankatoavina amin'ny alàlan'ny fanapahana. Tsy maintsy atokana isaky ny fandaharan'asa ara-tetibola ireo sorabola. Ferana amin'ny alàlan'ny fanapahana raisin'ny Filankevitry ny Vondrombahoakam-paritra ny lentan'ny fanokanana eo amin'ny fampizakana ara-tetibola anaty *PCOP*. Ny fanokanana dia azo atao eo anivon'ny toko (marika *PCOP* ahitàna isa 2), ny andininy (marika *PCOP* ahitàna isa 3) na ny paragrafy (marika *PCOP* ahitàna isa 4).

Ireo famindrana sorabola eo ami'ny samy andàlana, ao anatin'ny fandaharan'asa iray, dia azo atao amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana fanitsiana sorabola raisin'ny Mpanalàlana ao anatin'ireo fampizakana ara-tetibola voatokana noho ny fankatoavan'ny Filankevitry ny Vondrombahoakam-paritra, ivelan'izany dia tsy maintsy anaovana tetibola fanitsiana izay apetraka holanian'ny Filankevitry ny Vondrombahoakam-paritra izy ireo. Ao anatin'ireo tetibola ho fandaharan'asa, ny fanombanana ny fitantanan'ny Mpanalàlana dia hefaina mifototra amin'ny tatitry ny fahombiazana ka noho izany ny fanokanana isaky ny karazam-pandaniana dia tsy tokony hanery loatra. Ny fanokanana eo anivon'ny toko ara-tetibola no amporisihina.

Ny tetibola dia manankery aorian'ny fampitàna azy amin'ny Solontenam-panjakana mba hanaovana fanarahamaso ny fanarahan-dalàna, aorian'ny fanehoan-kevitry ny Fanarahamaso ny Fitantanam-bola ho an'ireo Faritany, Faritra sy Kaominina Ambonivohitra ary ny fanaovan'ny Lehiben'ny Mpanatanteraka azy peta-drindrina ao amin'ny takila fanaovana peta-drindrin'ny Vondrombahoakam-paritra (andininy 159, lalàna laharana faha-2014-020). Ny fanehoan-kevitry ny Fanarahamaso ny Fitantanam-bola dia tsy maintsy omeny anatin'ny fepotoana 5 andro (andininy 18 amin'ny lalàna laharana faha-2016-009 tamin'ny 22 aogositra 2016). Eo am-paharaisana ny tetibola, ny Solontenam-panjakana dia manome taratasy fanamarinam-pametrahana.

Raha toa ka tsy nankatoavina anatin'ireo fepotoana feran'ny didy amam-pitsipika ny tetibola, ny Solontenam-panjakana dia mifandray amin'ny Fitsarana momba ny fitantanam-bola izay, manome ny tolokeviny anatin'ny fepotoana iray volana, mba hankatoavana ny tetibola (andininy 166 amin'ny lalàna laharana faha-2001-025). Ny Solontenam-panjakana dia manao tetibola vonjimaika izay mifototra amin'ny soso-kevitry ny Fitsarana momba ny fitantanam-bola.

Noho ny fangatahan'ny Solontenam-panjakana, ny Filoha dia manao ny fanaikàna ny rafitra mpanapakevitra ho amin'ny fivoriana tsy ara-potoana maharitra dimy andro. Raha toa ka tsy mbola nankatoavina mialoha ny fahataperan'ny fotoam-pivoriana ny tetibola, dia ny mpanalàlana no mametra izany tanteraka (andininy 83 sy 154 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020). Na dia izany aza anefa, ny tetibola nataon'ny mpanalàlana dia apetraka eo ambany fanarahamaso ara-tetibolan'ny Solontenam-panjakana.

Ny Solontenam-panjakana dia afaka manome alàlana ny fibaikoana ireo vola miditra sy ireo fandaniana momba ny karama izay ferana hatramin'ny 1/12 n'ireo sorabolan'ny tetibolan'ny taona manaraka ka anatin'ny fepotoana telo volana farafahabetsany.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
**Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana**

VONDROMBAHOAKAM-PARITRA ……….

## FANAPAHANA LAHARANA FAHA- *(laharana mifanjohy/taona)* andaniana ny tetibola fototra ho an'ny taom-pikatrohana 20…

Isan'ireo Mpanolo-tsaina amperin'asa : *[isa]*
Tonga nanatrika : *[isa]*
Andriamatoa/Ramatoa ………………….. *[anaran'ireo mpanolo-tsaina]*
Tsy tonga nanatrika : *[isa]*
Andriamatoa/Ramatoa ………………….. *[anaran'ireo mpanolo-tsaina]*
Voasolo tena : *[isa]*
Andriamatoa/Ramatoa ………………….. nosoloin' Andriamatoa/Ramatoa ………………….. tena

Ny ……………. tamin'ny …………. ora, ny Filankevitry ny (Faritany, Faritra, Kaominina), nampanantsoina araka ny taratasin'ny Filohan'ny Filankevitra tamin'ny …………, dia nivory ara-potoana tao amin'ny biraon'ny Vondrombahoakam-paritra, ka izany dia notarihin'Andriamatoa …………

Rehefa hita fa tratra ny fetr'isa takian'ny lalàna hahafahana manapaka ara-dalàna,

Araka ny Lalàmpanorenana ;
Araka any lalàna fehizoro laharana faha-2004-007 tamin'ny 26 jolay 2004 momba ny lalàna mifehy ny Fitantanam-bola ;
Araka ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014, nofenoin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2016-030 tamin'ny 23 aogositra 2016, mifehy ny tandrifim-pahefana, ny fombafomba fandaminana sy ny fomba fiasan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary koa ny an'ny fitantanana ny raharahany manokana ;
Araka ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014, novain'ny lalàna laharana faha-2015-008 tamin'ny 1 aprily 2015, mikasika ny loharanombolan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ny fombafomba fanaovana ny fifidianana, ary koa ny fandaminana, ny fomba fiasa ary ny anjara andraikitr'ireo rantsa-mangaika ao aminy ;
Araka ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;
Araka ny didim-panjakana laharana faha-2014-1929 tamin'ny 23 septambra 2014 amerana ireo fombafomba fampiharana ireo fepetra sasantsasany amin'ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;
Araka ny didim-panjakana laharana faha-2015-959 tamin'ny 16 jona 2015 mikasika ny fitantanana ny tetibola sy ny fitantanam-bolan'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;
Araka ny didim-pitsarana tamin'ny ………. avy amin'ny Fitsarana momba ny fifanolanana amin'ny Fanjakana tao ……………. anaovana ny fanambarana ny vokatr'ireo fifidianana ireo Lehiben'ny Mpanatanteraka sy mpikambana ao amin'ny Filankevitra ;

Rehefa nohenoina ny fanolorana nataon'ny Lehiben'ny Mpanatanteraka
Rehefa nohenoina ny fanehoan-kevitry ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola
Rehefa nohenoina ny tatitry ny Filoha

**Ny Filankevitra, rehefa avy nanapaka,**

**Andininy voalohany.** Tapahana ny tetibola fototry ny Vondrombahoakam-paritra ………… ho an'ny taom-pikatrohana ……………. izay manaraka eto ambany :

| | FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | FAMATSIAM-BOLA NATAO HAMOKARANA (SORABOLA FANDOAVANA) | | FITAMBARANY | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | Tena natao | Nobaikona | Tena natao | Nobaikona | Tena natao | Nobaikona |
| Vola miditra | | | | | | |
| Fandaniana | | | | | | |
| Ka ho an'ny Fandaharan'asa 001 | | | | | | |
| Ka ho an'ny Fandaharan'asa 002 | | | | | | |

**Andininy 2.** Manokana ireo sorabola isaky ny (toko/andininy/paragrafy)

**Andininy 3.** Mankato ireo fanomezan-dàlana sora-panekena hita ao amin'ny tovana laharaha faha-8.

**Andininy 4.** Mankato ireo tahan'ny hetra sy ireo sara hita ao amin'ny tovana laharana faha-2.

**Andininy 5.** Manapaka ny tabilaon'isan'ny mpiasa hita ao amin'ny tovana laharana faha-4.

**Andininy 6.** Mampiandraikitra nyLehiben'ny Mpanatanteraka ny fampahafantarana ny besinimaro sy ny fampitàna amin'ny Solontenam-panjakana sy ny Fanarahamaso ny Fitantanam-bola (ho an'ireo Faritany, Faritra sy Kaominina ambonivohitra) ary ny fampiharanaizao fanapahana izao.

Nankatoavina tamin'ny vato ….. nanaiky, vato ……. nitsipaka sy vato ……. fotsy.
Nampahafantarina ny besinimaro ny ……….
Nampitaina hanaovana fanarahamaso ny fanarahan-dalàna ny …..
Nampitaina tamin'ny Fanarahamaso ny Fitantanam-bola tamin'ny ……

# III.2 | TETIBOLA FANAMPINY

Ny tetibola fanampiny dia tetibola famerenana ny vokatry ny taom-pikatrohana teo aloha sy tetibola fanitsiana. Ny fankatoavana ny tetibola fanampiny dia miankina amin'ny fankatoavana mialoha ny kaonty ara-pitantanana.

## III.2.1 Tetibola famerenana

Ny tetibola fanampiny dia mamerina ny vokatry ny taom-pikatrohana teo aloha ao anatin'ny taom-pikatrohana diavina. Ny vokatry ny taom-pikatrohana dia ny elanelana eo amin'ny tentin'ireo titra momba ny vola miditra voaangona sy ny tentin'ireo taratasy fandoavam-bola noraisin'ny Mpitàna bokim-bolam-panjakana voalohany (andininy 165 amin'ny lalàna laharana faha-2014-020).

Ny vokatry ny sokajy fampandehanan-draharaha dia taterina ao amin'ny sokajy fampandehanan-draharaha, ny vokatry ny sokajy famatsiam-bola natao hamokarana, ao amin'ny sokajy famatsiam-bola natao hamokarana.

Ireo vokatra nahitana tombony dia taterina ao amin'ny fidiram-bola andàlana 110 Famerenana fandikana nahitana tombony ary ireo vokatra nahazoana fatiantoka ao amin'ny fandaniana andàlana 119 Famerenana fandikana nahitàna fatiantoka.

Ny tetibola fanampiny dia mandray ihany koa ny tentin'ireo sora-panekena tsy mbola nobaikoana sy ireo taratasy fandoavam-bola tsy neken'ny Mpitàna bokim-bolam-panjakana voalohany tanatin'ny taom-pikatrohana teo aloha. Ireo fandaniana ireo dia tsy maintsy zakain'ny tombony naverina na ny vola miditra vaovao na ireo fampihenana fandaniana hafa. Ireo lahasa ireo dia tsy maintsy haverina hanaovana sora-panekena ao amin'ny taom-pikatrohana diavina.

## III.2.2 Tetibola fanitsiana

Ny tetibola fanampiny dia afaka mampiditra anatin'ny tetibola ireo vola miditra sy ireo fandaniana vaovao ary manova ireo vinavina tanatin'ny tetibola fototra.

Ny lasitry ny tetibola fanampiny dia ahitàna ny tentin'ny vinavina tao amin'ny tetibola fiandohana, ireo tentin'ny fanampiana sy ny fanesorana, ny tentin'ny vinavina voahitsy.

.

## MAODELY 4 : LASITRY NY TETIBOLA FANAMPINY

| TABILAO MOMBA NY FIFANDANJAN'NY TETIBOLA FANAMPINY | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| FANDANIANA | | | | | VOLA MIDITRA | | | | |
| KAONTY | ANARANA | BP | BA | BP+BA | KAONTY | ANARANA | BP | BA | BP+BA |
| SOKAJY FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | | SOKAJY FAMATSIAM-BOLA NATAO HAMOKARANA | | | | |
| **60** | Fandaniana momba ny mpiasa | | | | **70** | Hetra momba ireo karama, tombom-barotra sy vola miditra | | | |
| **61** | Fividianana entana | | | | **71** | Hetra momba ny fari-pananana | | | |
| **62** | Fividianan-draharaha sy fandaniana maharitra | | | | **72** | Hetra momba ireo entana sy raharaha | | | |
| **63** | Fandaniana ho fanatontosan'asa | | | | **74** | Fidiran-ketra hafa | | | |
| **64** | Hetra sy haba | | | | **75** | Vola miditra voaray avy amin'ireo olon-tsotra | | | |
| **65** | Famindram-bola sy fanampiana ara-bola | | | | **76** | Vokatra ara-pitantanam-bola | | | |
| **66** | Fandaniana ara-pitantanam-bola | | | | **77** | Vola miditra ivelan'ny hetra | | | |
| **67** | Fandaniana samihafa | | | | | | | | |
| **119** | Famerenana fandikana (fatiantoka) | | | | **110** | Famerenana fandikana (tombony) | | | |
| FITAMBARAN'IREO TENA FANDANIANA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | | FITAMBARAN'IREO VOLA TENA MIDITRA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | |
| **12** | Tombony ho fampandehanan-draharaha | | | | **774** | Famokarana natao fanana-mifaka | | | |
| FITAMBARAN'IREO FANDANIANA NOBAIKOANA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | | FITAMBARAN'IREO VOLA MIDITRA NOBAIKOANA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | |
| FITAMBARAN'IREO FANDANIANA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | | FITAMBARAN'IREO VOLA MIDITRA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | |
| SOKAJY FAMATSIAM-BOLA NATAO HAMOKARANA | | | | | SOKAJY FAMATSIAM-BOLA NATAO HAMOKARANA | | | | |
| **16** | Fisamboram-bola sy ireo trosa mitovy aminy | | | | **10** | Tahirimbola, fanomezana sy tahiry | | | |
| **20** | Fanana-mifaka tsy manan'endrika | | | | **13** | Fanampiana ara-bola ho fampitaovana | | | |
| **21** | Fanana-mifaka manan'endrika | | | | **14** | Fivariotana fanana-mifaka | | | |
| ... | ... | | | | **16** | Fisamboram-bola sy ireo trosa mitovy aminy | | | |
| ... | ... | | | | ... | ... | | | |
| **119** | Famerenana fandikana (fatiantoka) | | | | **110** | Famerenana fandikana (tombony) | | | |
| | FITAMBARAN'IREO TENA FANDANIANA HO FAMPIASAM-BOLA | | | | | FITAMBARAN'IREO VOLA TENA MIDITRA NATAO HAMOKARANA | | | |
| **20** | Fanana-mifaka tsy manan'endrika | | | | **1012** | Fanomezana avy amin'ny Fanjakana | | | |
| **21** | Fanana-mifaka manan'endrika | | | | **1064** | Tombon'ny fampandehanan-draharaha natao renivola | | | |
| FITAMBARAN'IREO FANDANIANA HO FAMPIASAM-BOLA NOBAIKOANA | | | | | FITAMBARAN'IREOVOLA MIDITRA NATAO HAMOKARANA NOBAIKOANA | | | | |
| FITAMBARAN'IREO FANDANIANA | | | | | FITAMBARAN'IREOVOLA MIDITRA NATAO HAMOKARANA | | | | |
| FITAMBARAN'IREO FANDANIANA | | | | | FITAMBARAN'IREOVOLA MIDITRA | | | | |

*BP : tetibola fiandohana ; BA : tetibola fanampiny*

TSARA HOMARIHINA : Ireo famerenana fandikana dia hita ao anatin'ny tabilao fifandanjana kanefa tsy aparitaka anatin'ireo fandaharan'asa.

| VOLA MIDITRA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| KAONTY | | | ANARANY | TETIBOLA FIANDOHANA | FANAM-PIANA | FANESO-RANA | TETIBOLA VOAHITSY |
| 70 | | | **Hetra momba ireo karama, tombom-barotra sy vola miditra** | | | | |
| | 708 | | Hetra hafa momba ny karama | | | | |
| | | 7080 | Hetra tambatra | | | | |
| 71 | | | **Hetra momba ny fari-pananana** | | | | |
| | 714 | | Hetran-tany - *IFT* | | | | |
| | | 7140 | Hetran-tany - *IFT* | | | | |
| | 715 | | Hetran-trano - *IFPB* | | | | |
| | | 7151 | Hetran-trano - *IFPB* | | | | |
| 72 | | | **Hetra momba ireo fananana sy raharaha** | | | | |
| | 726 | | Haba manokana momba ireo raharaha | | | | |
| | | 7262 | Haba famonoanana biby | | | | |
| | | 7263 | Haba mikasika ny fitsirihana sy fanaovana fitomboka ny hena | | | | |
| 75 | | | **Fanomezana voaray avy amin'ireo Olon-tsotra** | | | | |
| | 751 | | fanampiana ara-bola momba ny fitantanana - Fanjakana | | | | |
| | | 7511 | Fanomezana faobe ho fampandehanan-draharaha - *EPP* | | | | |
| | | ... | ... | | | | |
| 77 | | | **Vola miditra ivelan'ny hetra** | | | | |
| | 771 | | Tamberim-bidy | | | | |
| | | 7717 | Vokatr'ireo tamberim-bidy | | | | |
| | | ... | ... | | | | |
| FITAMBARAN'IREO VOLA TENA MIDITRA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | | | | |
| | 774 | | Famokarana natao fanana-mifaka | | | | |
| | | 7741 | Fanana-mifaka tsy manan'endrika | | | | |
| | | .... | ... | | | | |
| FITAMBARAN'IREO VOLA MIDITRA NOBAIKOANA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | | | | |
| FITAMBARAN'IREO VOLA MIDITRA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | | | | |

| VOLA MIDITRA NATAO HAMOKARANA | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| KAONTY | | | ANARANA | TETIBOLA FIANDOHANA | FANAM-PIANA | FANESO-RANA | TETIBOLA VOAHITSY |
| 10 | | | **Tahirimbola, fanomezana,sy tahiry** | | | | |
| | | ..... | ... | | | | |
| 13 | | | **Fanampiana ara-bola ho fampitaovana** | | | | |
| | 131 | | Fanampiana ara-bola ho fampitaovana voaray | | | | |
| | | 1311 | Fnampiana ara-bola voaray tamin'ny Fanjakana | | | | |
| 14 | | | **Fivarotana fanana-mifaka** | | | | |
| | 142 | | Fivarotana fanana-mifaka manan'endrika | | | | |
| | | 1421 | Tany | | | | |
| | | ... | ... | | | | |
| FITAMBARAN'IREO VOLA MIDITRA NATAO HAMOKARANA | | | | | | | |
| 10 | | | **Tahirimbola ho fanomezana sytahiry** | | | | |
| | 101 | | Fanomezana sy tahirimbola samihafa | | | | |
| | | 1012 | Fanomezana avy amin'ny Fanjakana | | | | |
| | 106 | | Tahiry | | | | |
| | | 1064 | Tombon'ny fampandehanan-draharaha natao renivola | | | | |
| | | ... | ... | | | | |
| FITAMBARAN'IREO VOLA MIDITRA NOBAIKOANA NATAO HAMOKARANA | | | | | | | |
| FITAMBARAN'IREO VOLA MIDITRA NATAO HAMOKARANA | | | | | | | |

| FANDAHARAN'ASA 001 – FITONDRAN-DRAHARAHA SY FANDRINDRANA<br>*FANDANIANA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA* | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| KAONTY | | | ANARANA | TETIBOLA FIANDOHANA | FANAM-PIANA | FANESO-RANA | TETIBOLA VOAHITSY |
| 60 | | | **Fandaniana momba ny mpiasa** | | | | |
| | 601 | | Karama sy fanampiny | | | | |
| | | 6011 | Karama sy fanampiny - Mpiasa maharitra | | | | |
| | | ... | ... | | | | |
| | 606 | | Fandaniana ara-tsosialy zakain'ny mpampiasa | | | | |
| | | 6061 | Latsakemboka amin'ny | | | | |
| | | ... | | | | | |
| 61 | | | **Fividianana entana** | | | | |
| | 611 | | Fividianana entana ho fampanehanan-draharaha ankapobe | | | | |
| | | 6111 | Entana sy kojakojam-birao | | | | |
| | | ... | ... | | | | |
| 62 | | | **Fividianana raharaha sy fandaniana maharitra** | | | | |
| | 621 | | Fikojakojana | | | | |
| | | 6211 | Fikojakojana trano | | | | |
| | | ... | ... | | | | |
| | 623 | | Fandaniana momba ny fitaterana | | | | |
| | | 6231 | Saram-pivezivezena anatiny | | | | |
| | | ... | ... | | | | |
| 65 | | | **Famindram-bola sy fanampiana ara-bola** | | | | |
| | 654 | | Latsakemboka tsy azo ihoarana | | | | |
| | | 6540 | Latsakemboka tsy azo ihoarana | | | | |
| | | ... | ... | | | | |
| FITAMBARAN'IREO TENA FANDANIANA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | | | | |
| | | ... | ... | | | | |
| FITAMBARAN'IREO FANDANIANA NOBAIKOANA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | | | | |
| FITAMBARAN'IREO FANDANIANA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | | | | |

| FANDAHARAN'ASA 001 – FITONDRAN-DRAHARAHA SY FANDRINDRANA<br>*FANDANIANA NATAO HAMOKARANA* | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| KAONTY | | | ANARANA | TETIBOLA FIANDOHANA | FANAM-PIANA | FANESO-RANA | TETIBOLA VOAHITSY |
| 16 | | | **Fisamboram-bola sy ireo trosa mitovy aminy** | | | | |
| | 161 | | Fisamboram-bola amin'ny Ariary | | | | |
| | | ... | | | | | |
| 20 | | | **Fanana-mifaka tsy manan'endrika** | | | | |
| | 201 | | Saran'ny fanatsarana, fikarohana, fanadihadiana | | | | |
| | | 2014 | Rindrambaiko sy ireo mitovy aminy | | | | |
| 21 | | | **Fanana-mifaka manan'endrika** | | | | |
| | 213 | | Fanorenana na fanarenana : trano | | | | |
| | | 2131 | Tranom-panjakana | | | | |
| | 216 | | Fitaovana sy fitaovam-piasana madinika | | | | |
| | | 2163 | Fitaovana momba ny solosaina | | | | |
| | | ... | ... | | | | |
| FITAMBARAN'IREO TENA FANDANIANA NATAO HAMOKARANA | | | | | | | |
| 20 | | | **Fanana-mifaka tsy manan'endrika** | | | | |
| | | ... | ... | | | | |
| 21 | | | **Fanana-mifaka manan'endrika** | | | | |
| | | ... | ... | | | | |
| FITAMBARAN'IREO FANDANIANA NOBAIKOANA NATAO HAMOKARANA | | | | | | | |
| FITAMBARAN'IREO FANDANIANA NATAO HAMOKARANA | | | | | | | |

| FANDAHARAN'ASA 002 – FAMPANDROSOANA ARA-TOEKARENA SY ARA-TSOSIALY<br>*FANDANIANA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA* | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| KAONTY | | | ANARANA | TETIBOLA FIANDOHANA | FANAM-PIANA | FANESO-RANA | TETIBOLA VOAHITSY |
| 60 | | | **Fandaniana momba ny mpiasa** | | | | |
| | 601 | | Karama sy fanampiny | | | | |
| | | 6011 | Karama sy fanampiny - Mpiasa maharitra | | | | |
| | | ... | ... | | | | |
| | 606 | | Fandaniana ara-tsosialy zakain'ny mpampiasa | | | | |
| | | 6061 | Latsakemboka ao amin'ny *CNaPS* | | | | |
| | | ... | | | | | |
| 61 | | | **Fividianana entana** | | | | |
| | 611 | | Fividianana entana ho fampanehanan-draharaha ankapobe | | | | |
| | | 6111 | Entana sy kojakojam-birao | | | | |
| | | 6112 | Taratasy voatonta, fitomboka sy antontan-taratasy ara-panjakana | | | | |
| | | ... | ... | | | | |
| 62 | | | **Fividianana raharaha sy fandaniana maharitra** | | | | |
| | 621 | | Fikojakojana | | | | |
| | | 6212 | Fikojakojana fotodrafitr'asa hafa | | | | |
| | | ... | ... | | | | |
| | 628 | | Raharaha samihafa | | | | |
| | | 6287 | Mpiasa ivelan'ny sampan-draharaha | | | | |
| | | ... | ... | | | | |
| 63 | | | **Fandaniana ho fanatontosan'asa** | | | | |
| | 631 | | Fanatonntosan'asa ara-tsosialy | | | | |
| | | 6310 | Fanatontosan'asa ara-tsosialy | | | | |
| | | ... | ... | | | | |
| FITAMBARAN'IREO TENA FANDANIANA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | | | | |
| | | ... | ... | | | | |
| FITAMBARAN'IREO FANDANIANA NOBAIKOANA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | | | | |
| FITAMBARAN'IREO FANDANIANA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | | | | |

| FANDAHARAN'ASA 002 – FAMPANDROSOANA ARA-TOEKARENA SY ARA-TSOSIALY<br>*FANDANIANA NATAO HAMOKARANA* | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| KAONTY | | | ANARANA | TETIBOLA FIANDOHANA | FANAM-PIANA | FANESORA-NA | TETIBOLA VOAHITSY |
| 16 | | | **Fisamboram-bola sy ireo trosa mitovy aminy** | | | | |
| | 161 | | Fisamboram-bola amin'ny Ariary | | | | |
| | | ... | | | | | |
| 20 | | | **Fanana-mifaka tsy manan'endrika** | | | | |
| | | ... | ... | | | | |
| 21 | | | **Fanana-mifaka manan'endrika** | | | | |
| | 215 | | Fanorenana na fanarenana : fantsona | | | | |
| | | 2151 | Fantsona fampidiran-drano | | | | |
| | | 2156 | Fantsona fitarihan-drano | | | | |
| | | ... | ... | | | | |
| FITAMBARAN'IREO TENA FANDANIANA NATAO HAMOKARANA | | | | | | | |
| 20 | | | **Fanana-mifaka tsy manan'endrika** | | | | |
| | | ... | ... | | | | |
| 21 | | | **Fanana-mifaka manan'endrika** | | | | |
| | | ... | ... | | | | |
| FITAMBARAN'IREO FANDANIANA NOBAIKOANA NATAO HAMOKARANA | | | | | | | |
| FITAMBARAN'IREO FANDANIANA NATAO HAMOKARANA | | | | | | | |

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
**Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana**

VONDROMBAHOAKAM-PARITRA……………….

## FANAPAHANA LAHARANA FAHA- *(laharana mifanjohy/taona)*
## ankatoavana ny tetibola fanampiny ho an'ny taom-pikatrohana 20…

Isan'ireo Mpanolo-tsaina amperin'asa : *[isa]*
Tonga nanatrika : *[isa]*
Andriamatoa/Ramatoa ………………….. *[anaran'ireo mpanolo-tsaina]*
Tsy tonga nanatrika : *[isa]*
Andriamatoa/Ramatoa ………………….. *[anaran'ireo mpanolo-tsaina]*
Voasolo tena : *[isa]*
Andriamatoa/Ramatoa ………………….. nosoloin' Andriamatoa/Ramatoa ………………….. tena

Ny ………….. tamin'ny …………. ora, ny Filankevitry ny (Faritany, Faritra, Kaominina), nampanantsoina araka ny taratasin'ny Filohan'ny Filankevitra tamin'ny …………, dia nivory ara-potoana tao amin'ny biraon'ny Kaominina, ka izany dia notarihin'Andriamatoa ………….

Rehefa hita fa tratra ny fetr'isa takian'ny lalàna hahafahana manapaka ara-dalàna,

Araka ny Lalàmpanorenana ;
Araka any lalàna fehizoro laharana faha-2004-007 tamin'ny 26 jolay 2004 momba ny lalàna mifehy ny Fitantanam-bola ;
Araka ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014, nofenoin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2016-030 tamin'ny 23 aogositra 2016, mifehy ny tandrifim-pahefana, ny fombafomba fandaminana sy ny fomba fiasan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary koa ny an'ny fitantanana ny raharahany manokana ;
Araka ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014, novain'ny lalàna laharana faha-2015-008 tamin'ny 1 aprily 2015, mikasika ny loharanombolan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ny fombafomba fanaovana ny fifidianana, ary koa ny fandaminana, ny fomba fiasa ary ny anjara andraikitr'ireo rantsa-mangaika ao aminy ;
Araka ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;
Araka ny didim-panjakana laharana faha-2014-1929 tamin'ny 23 septambra 2014 amerana ireo fombafomba fampiharana ireo fepetra sasantsasany amin'ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;
Araka ny didim-panjakana laharana faha-2015-959 tamin'ny 16 jona 2015 mikasika ny fitantanana ny tetibola sy ny fitantanam-bolan'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;
Araka ny didim-pitsarana tamin'ny ……….. avy amin'ny Fitsarana momba ny fifanolanana amin'ny Fanjakana tao …………….. anaovana ny fanambarana ny vokatr'ireo fifidianana ireo Lehiben'ny Mpanatanteraka sy mpikambana ao amin'ny Filankevitra ;
Araka ny fanapahana laharana faha-…… / 20… ankatoavana ny tetibola fiandohana ho an'ny taom-pikatrohana 20…

Rehefa nohenoina ny fanolorana nataon'ny Lehiben'ny Mpanatanteraka
Rehefa nohenoina ny fanehoan-kevitry ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola
Rehefa nohenoina ny tatitry ny Filoha

**Ny Filankevitra, rehefa avy nanapaka,**

**Andininy voalohany.** Manokana ny tombon'ny sokajy fampandehanan-draharaha tamin'ny taom-pikatrohana teo aloha ho ao amin'ny famatsiambola mahaleotena ny sokajy famatsiam-bola natao hamokarana izay mitentina ……… sy ao amin'ny famerenana fandikana ao amin'ny sokajy fampandehanan-draharaha izay mitentina …….
Manokana ny tombon'ny sokajy famatsiam-bola natao hamokarana izay mitentina ………. ho ao amin'ny sokajy famatsiambola natao hamokarana izay mitentina ………
**Andininy 2.** Manapaka ny tetibola fanampin'ny Faritany, Faritra, Kaominina Vondrombahoakam-paritra Kaominina ho an'ny taom-pikatrohana ………. toy izao manaraka izao :

| | FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | FAMATSIAM-BOLA NATAO HAMOKARANA (SORABOLA FANDOAVANA) | | FITAMBARANY | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | Tena natao | Nobaikona | Tena natao | Nobaikona | Tena natao | Nobaikona |
| Vola miditra | | | | | | |
| Fandaniana | | | | | | |
| Ka ho an'ny Fandaharan'asa 001 | | | | | | |
| Ka ho an'ny Fandaharan'asa 002 | | | | | | |

**Andininy 3.** Mampiandraikitra ny Lehiben'ny Mpanatanteraka ny fampahafantarana ny besinimaro, ny fampitàna amin'ny Solontenam-panjakana sy ny Fanarahamaso ny Fitantanam-bola (ho an'ireo Faritany, Faritra sy Kaominina ambonivohitra) ary ny fanatanterahana izao fanapahana izao.

Nankatoavina tamin'ny vato ….. nanaiky, vato ……. nitsipaka sy vato ……. fotsy.
Nampahafantarina ny besinimaro ny …………
Nampitaina hanaovana fanarahamaso ny fanarahan-dalàna ny ….……

Ny tetibola fanampiny dia ampiarahina amin'ny kaonty ara-pitantanana sy ireo tovany.

Ny tetibola fanampiny dia atolotra ny Filankevitry (ny Faritany, ny Faritra, ny Kaominina) miaraka amin'ny kaonty ara-pitantanana tamin'ny taom-pikatrohana teo aloha ka izany dia atao mialoha ny fiafaran'ny telo volana voalohany amin'ny taom-pikatrohana diavina (andininy 64 amin'ny didm-panjakana laharana faha-2015-959).

Aorian'ny fanekena ireo vokatra noho ny fanapahana noraisin'ny Filankevitra, ny Mpanalàlana dia manao ny fandefasana ny taratasy fandraisam-bola ho an'ny tentin'ireo tombony (andàlana 110) na taratasy fandoavam-bola ho an'ny tentin'ireo fatiantoka (andàlana 119).

## OHATRA

Tamin'ny fafaranan'ny taom-pikatrohana 2017, ny tabilaon'ireo sora-panekena tsy naloa natovana tao amin'ny kaonty ara-pitantanana dia ahitàna sora-panekena roa izay tsy maintsy averina adika anatin'ny tetibola fanampiny amin'ny taom-pikatrohana 2018 ireo sorabola anatiny. Ankoatra izany, ny kaonty ara-pitantanana dia ahitàna tombony ho fampandehanan-draharaha averina adika 3.000.000 Ar (andàlana 1200).

### TOVANA 2 - TABILAON'IREO SORA-PANEKENA TSY NANAOVANA FANALALANANA HANAOVANA SORA-PANEKENA AMIN'NY TAOM-PIKATROHANA MANARAKA

| FAMPIZAKANA | SORA-PANEKENA | | ANARAN'NY MPISITRAKA | ANTONY | TENTINY |
|---|---|---|---|---|---|
| | LAH° | DATY | | | |
| **6111** | **100** | 11/11/17 | Ets Vatsy | Lazam-bidy voaray taorian'ny fikatonana | 1 250 000 |
| | | | | | |
| | | | | FITAMBARANA ISAKY NY FAMPIZAKANA | 1 250 000 |
| **6112** | **120** | 15/12/17 | Trano Printim-pirenena | Lazam-bidy voaray taorian'ny fikatonana | 1 500 000 |
| | | | | | |
| | | | | FITAMBARANA ISAKY NY FAMPIZAKANA | 1 500 000 |

Ny tetibola fanampiny 2018 dia mandray anatin'ireo vola miditra anatin'ny andàlana 110 « famerenana fandikana » ireo tombony ho fampandehanan-draharaha ary anatin'ny fandaniana ny tentin'ireo sora-panekena tsy nanaovana fanalalanana. tamin'ny taom-pikatrohana teo aloha. Ny elanelana eo amin'ny famerenana fandikana sy ireo sora-panekena hanaovana fandoavana vaovao dia atokana hanaovana fandaniana vaovao momba ny fikojakojana ireo trano.

Tabilao fifandanjan'ny tetibola fanampiny :

| FANDANIANA | | | | | VOLA MIDITRA | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| KAONTY | ANARANA | BP | BA | BP+BA | KAONTY | ANARANA | BP | BA | BP+BA |
| SOKAJY FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | | SOKAJY FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | |
| 60 | Fandaniana momba ny mpiasa | | | | 70 | Hetra momba ireo karama, tombom-barotra sy vola miditra | | | |
| 61 | Fividianana entana | 15.000.000 | 2.750.000 | 17.750.000 | 71 | Hetra momba ny fari-pananana | 15.000.000 | | 15.000.000 |
| 62 | Fividian-draharaha sy fandaniana maharitra | | | | 72 | Hetra momba ireo fananana sy raharaha | | | |
| 63 | Fandaniana hanatontosan'asa | | | | 74 | Fidiram-bola ara-ketra hafa | | | |
| ... | | | | | | | | | |
| 67 | Fandaniana samihafa | 0 | 250.000 | 250.000 | | | | | |
| 119 | Famerenana fandikana (fatiantoka) | | | | 110 | Famerenana fandikana (tombony) | | 3.000.000 | 3.000.000 |
| | FITAMBARAN'IREO TENA FANDANIANA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | 15.000.000 | 3.000.000 | 18.000.000 | | FITAMBARAN'IREO TENA VOLA MIDITRA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | 15.000.000 | 3.000.000 | 18.000.000 |
| 12 | Tombon'ny fampandehan-draharaha | | | | 774 | Famokarana natao fanan-mifaka | | | |
| | FITAMBARAN'IREO FANDANIANA NOBAIKOANA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | | FITAMBARAN'IREO VOLA MIDITRA NOBAIKOANA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | |
| | FITAMBARAN'IREO FANDANIANA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | 15.000.000 | 3.000.000 | 18.000.000 | | FITAMBARAN'IREO VOLA MIDITRA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | 15.000.000 | 3.000.000 | 18.000.000 |
| SOKAJY FAMATSIAM-BOLA NATAO HAMOKARANA | | | | | SOKAJY FAMATSIAM-BOLA NATAO HAMOKARANA | | | | |
| 16 | Fisamboram-bola sy ireo trosa mitovy aminy | | | | 13 | Famatsiam-bola ho fampitaovana | | | |
| 20 | Fanana-mifaka tsy manan'endrika | | | | 14 | Fivarotana fanana-mifaka | | | |
| 21 | Fanana-mifaka manan'endrika | | | | 16 | Fisamboram-bla sy ireo trosa mitovy aminy | | | |
| ... | | | | | | | | | |
| 119 | Amerenana fandikana (fatiantoka) | | | | | | | | |
| | FITAMBARAN'IREO TENA FANDANIANA NATAO HAMOKARANA | | | | | FITAMBARAN'IREO TENA VOLA MIDITRA NATAO HAMOKARANA | | | |
| 20 | Fanana-mifaka tsy manan'endrika | | | | | | | | |
| 21 | Fanana-mifaka manan'endrika | | | | | | | | |
| | FITAMBARAN'IREO TENA FANDANIANA NOBAIKOANA NATAO HAMOKARANA | | | | | FITAMBARAN'IREO TENA VOLA NIDITRA NOBAIKOANA NATAO HAMOKARANA | | | |
| | FITAMBARAN'IREO FANDANIANA NATAO HAMOKARANA | | | | | FITAMBARAN'IREO VOLA NIDITRA NATAO HAMOKARANA | | | |
| | FITAMBARAN'IREO FANDANIANA | 15.000.000 | 3.000.000 | 18.000.000 | | FITAMBARAN'IREO VOLA NIDITRA | 15.000.000 | 3.000.000 | 18.000.000 |

Sombin'ny antsipirihan'ny tetibola fanampiny :

| VOLA MIDITRA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| KAONTY | | | ANARANY | TETIBOLA FOTOTRA | FANAMPIANA | FANESORANA | TETIBOLA VITA FANITSIANA |
| 70 | | | Hetra momba ireo karama, tombom-barotra sy vola miditra | | | | |
| | 708 | | Hetra hafa momba ny fidiram-bola | | | | |
| | | 7080 | Hetra hafa momba ny fidiram-bola – Hetra tambatra | | | | |
| 71 | | | Hetra momba ny fari-pananana | | | | |
| | 714 | | Hetran-tany - IFT | | | | |
| | | 7140 | Hetran-tany - IFT | | | | |
| | 715 | | Hetran-trano - IFPB | | | | |
| | | 7151 | Hetran-trano - IFPB | | | | |
| | | ... | ... | | | | |
| 11 | 110 | | Famerenana fandikana (tombony) | | 3.000.000 | | 3.000.000 |
| FITAMBARAN'IREO TENA VOLA NIDITRA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | 15.000.000 | 3.000.000 | | 18.000.000 |
| | 774 | | Famokarana natao fanana-mifaka | | | | |
| | | 7741 | Fanana-mifaka tsy manan'endrika | | | | |
| | | ... | ... | | | | |
| FITAMBARAN'IREO VOLA NIDITRA NOBAIKOANA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | | | | |
| FITAMBARAN'IREO VOLA NIDITRA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | | | | |

| FANDAHARAN'ASA 001 – FITANTANAN-DRAHARAHA SY FANDRINDRANA *FANDANIANA HO FMPANDEHANAN-DRAHARAHA* | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| KAONTY | | | ANARANY | TETIBOLA FOTOTRA | FANAMPIANA | FANESORANA | TETIBOLA VITA FANITSIANA |
| 60 | | | Fandaniana ho an'ny mpiasa | | | | |
| | 601 | | Karama sy ireo mifandraika aminy | | | | |
| | | 6011 | Karama sy ireo mifandraika aminy – mpiasa maharitra | | | | |
| | | ... | ... | | | | |
| | 606 | | Latsakemboka ara-tsosialy zakain'ny mpampiasa | | | | |
| | | 6061 | Latsakemboka amin'ny CNAPS | | | | |
| 61 | | | Fividianana entana | | | | |
| | 611 | | Fividianana entana ho fampandehanan-draharaha ankapobe | | | | |
| | | 6111 | Entana sy kojakojam-birao | 10.000.000 | 1.250.000 | | 11.250.000 |
| | | 6112 | Taratasy vita printy, fitomboka sy taratasy ara-panjakana | 5.000.000 | 1.500.000 | | 6.500.000 |
| | | ... | ... | | | | |
| 62 | | | Fividianana tolo-draharaha sy fandaniana maharitra | | | | |
| | 621 | | Fikojakojana | | | | |
| | | 6211 | Fikojakojana trano | 0 | 250.000 | | 250.000 |
| | | ... | ... | | | | |
| | 623 | | Fandaniana momba ny fitaterana | | | | |
| | | 6231 | Saram-pivezivezena anatiny | | | | |
| | | ... | ... | | | | |
| 65 | | | Famindrambola sy fanampiana ara-bola | | | | |
| | 654 | | Latsakemboka tsy azo anoharana | | | | |
| | | 6540 | Latsakemboka tsy azo anoharana | | | | |
| | | ... | ... | | | | |
| FITAMBARAN'IREO TENA FANDANIANA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | 15.000.000 | 3.000.000 | | 18.000.000 |
| | | ... | ... | | | | |
| FITAMBARAN'IREO FANDANIANA NOBAIKOANA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | | | | |
| FITAMBARAN'IREO FANDANIANA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | 15.000.000 | 3.000.000 | | 18.000.000 |

# III.3 | TETIBOLA FANITSIANA

Ny tetibola fanitsiana dia ahafahana (i) manoratra anatin'ny tetibola ireo loharanom-bola vaovao sy ireo fandaniana vaovao izay mitovy ny tentiny, (ii) manova ny fitsinjarana ireo sorabola eo amin'ireo andàlana manokan'ny tetibola amin'ny alàlan'ny fankatoavana ny tetibola (ny fanovàna ireo sorabola ao anatin'ireo andàlana manokana amin'ny alàlan'ny fankatoavana ny tetibola dia atao amin'ny didim-pitondrana raisin'ny Mpanalàlana). Ireo tetibola fanitsiana dia omen-daharana mifanjohy arakaraka ny fankatoavana.

Ireo tetibola fanitsiana dia manolotra isan'andàlana nasiam-panovàna ny tentiny mialoha ny fanovàna, ny tentin'ny fanovàna, ny tentiny vaovao. Ireo tetibola fanitsiana dia tsy maintsy mitandro ny fifandanjan'ny tetibola isaky ny sokajy tsirairay avy.

**MAODELY 6 : FANAPAHANA ANKATOAVANA NY TETIBOLA FANITSIANA**

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
**Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana**

VONDROMBAHOAKAM-PARITRA.......

**FANAPAHANA LAHARANA FAHA-** *(laharana mifanjohy/taona)*
**ankatoavana ny tetibola fanitsiana laharana faha-...**

Isan'ireo Mpanolo-tsaina amperin'asa : *[isa]*
Tonga nanatrika : *[isa]*
Andriamatoa/Ramatoa ........................ *[anaran'ireo mpanolo-tsaina]*
Tsy tonga nanatrika : *[isa]*
Andriamatoa/Ramatoa ........................ *[anaran'ireo mpanolo-tsaina]*
Voasolo tena : *[isa]*
Andriamatoa/Ramatoa ........................ nosoloin' Andriamatoa/Ramatoa ........................ tena

Ny ................ tamin'ny ............. ora, ny Filankevitry (ny Faritany, ny Faritra, ny Kaominina), nampanantsoina araka ny taratasin'ny Filohan'ny Filankevitra tamin'ny ............., dia nivory ara-potoana tao amin'ny biraon'ny Kaominina, ka izany dia notarihin'Andriamatoa .............

Rehefa hita fa tratra ny fetr'isa takian'ny lalàna hahafahana manapaka ara-dalàna,

Araka ny Lalàmpanorenana ;

Araka any lalàna fehizoro laharana faha-2004-007 tamin'ny 26 jolay 2004 momba ny lalàna mifehy ny Fitantanam-bola ;

Araka ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014, nofenoin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2016-030 tamin'ny 23 aogositra 2016, mifehy ny tandrifim-pahefana, ny fombafomba fandaminana sy ny fomba fiasan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary koa ny an'ny fitantanana ny raharahany manokana ;

Araka ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014, novain'ny lalàna laharana faha-2015-008 tamin'ny 1 aprily 2015, mikasika ny loharanombolan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ny fombafomba fanaovana ny fifidianana, ary koa ny fandaminana, ny fomba fiasa ary ny anjara andraikitr'ireo rantsa-mangaika ao aminy ;

Araka ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2014-1929 tamin'ny 23 septambra 2014 amerana ireo fombafomba fampiharana ireo fepetra sasantsasany amin'ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2015-959 tamin'ny 16 jona 2015 mikasika ny fitantanana ny tetibola sy ny fitantanam-bolan'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;

Araka ny didim-pitsarana tamin'ny ........... avy amin'ny Fitsarana momba ny fifanolanana amin'ny Fanjakana tao ................ anaovana ny fanambarana ny vokatr'ireo fifidianana ireo Lehiben'ny Mpanatanteraka sy mpikambana ao amin'ny Filankevitra ;

Araka ny fanapahana laharana faha-...... /20... ankatoavana ny tetibola fiandohana ho an'ny taom-pikatrohana 20...

Rehefa nohenoina ny fanolorana nataon'ny Lehiben'ny Mpanatanteraka
Rehefa nohenoina ny fanehoan-kevitry ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola
Rehefa nohenoina ny tatitry ny Filoha

**Ny Filankevitra, rehefa avy nanapaka,**

**Andininy voalohany.** Mitondra ireto fanitsiana manaraka ireto ao amin'ny tetibola fototra 20… :

| FAMPIZAKANA | FANONDROANA | TENTINY MIALOHA NY FANOVÀNA | FANOVÀNA | | TENTINY AORIAN'NY FANOVÀNA |
|---|---|---|---|---|---|
| | | | FANAMPIANA | FANESORANA | |
| **Vola miditra ho fampandehanan-draharaha** | | | | | |
| 7.. | | | | | |
| | Zana-pitambarana | | | | |
| **Vola miditra natao hamokarana** | | | | | |
| 1.. | | | | | |
| | Zana-pitambarana | | | | |
| **Fandaharan'asa Fitantanan-draharaha sy fandrindrana** | | | | | |
| **Fandaniana ho fampandehanan-draharaha** | | | | | |
| 6.. | | | | | |
| | Zana-pitambarana | | | | |
| **Fandaniana natao hamokarana** | | | | | |
| 1.. | | | | | |
| 2.. | | | | | |
| | Zana-pitambarana | | | | |
| **Fandaharan'asa fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy** | | | | | |
| **Fandaniana ho fampandehanan-draharaha** | | | | | |
| 6.. | | | | | |
| | Zana-pitambarana | | | | |
| **Fandaniana natao hamokarana** | | | | | |
| 1.. | | | | | |
| 2.. | | | | | |
| | Zana-pitambarana | | | | |

**Andininy 2.** Mampiandraikitra ny Lehiben'ny Mpanatanteraka ny fampahafantarana ny besinimaro, ny fampitàna amin'ny Solontenam-panjakana sy amin'ny Fanarahamaso ny fitantanam-bola (ho an'ireo Faritany, Faritra sy Kaominina ambonivohitra) ary ny fanatanterahana izao fanapahana izao.

Nankatoavina tamin'ny vato ….. nanaiky, vato ……. nitsipaka sy vato ……. fotsy.
Nampahafantarina ny besinimaro ny …………….
Nampitaina hanaovana fanarahamaso ny fanarahan-dalàna ny ……..……..
Nampitaina amin'ny Fanarahamaso ny Fitantanam-bola ny …………..

## III.4 | FANOVANA NY SORABOLA

Ny mpanalàlana dia afaka manao amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana ireo famindrana sorabola eo amin'ireo andàlan'ny tetibola raha toa izany ka tsy nahazo fanokanana avy amin'ny fanapahana noraisin'ny Filankevitra (ohatra :azo heverina ny mamindra ireo sorabola eo amin'ny samy andininy (kaonty misy isa telo) sy paragrafy raha toa ny fanapahan'ny Filankevitra ka nanome fanokanana ireo sorabola isaky ny toko (kaonty nisy isa 2)).

Omen-daharana mifanjohy araka ny nankatoavana azy ireo famindram-bola ireo.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
**Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana**

VONDROMBAHOAKAM-PARITRA ….

## DIDIM-PITONDRANA LAHARANA FAHA- *(laharana mifanjohy/taona)* anaovam-panovàna sorabola laharana faha- ….

### NY LEHIBEN'NY MPANATANTERAKA,

Araka ny Lalàmpanorenana ;
Araka ny lalàna fehizoro laharana faha-2004-007 tamin'ny 26 jolay 2004 momba ny lalàna mifehy ny Fitantanam-bola ;
Araka ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014, nofenoin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2016-030 tamin'ny 23 aogositra 2016, mifehy ny tandrifim-pahefana, ny fombafomba fandaminana sy ny fomba fiasan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary koa ny an'ny fitantanana ny raharahany manokana ;
Araka ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014, novain'ny lalàna laharana faha-2015-008 tamin'ny 1 aprily 2015, mikasika ny loharanombolan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ny fombafomba fanaovana ny fifidianana, ary koa ny fandaminana, ny fomba fiasa ary ny anjara andraikitr'ireo rantsamangaika ao aminy ;
Araka ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;
Araka ny didim-panjakana laharana faha-2014-1929 tamin'ny 23 septambra 2014 amerana ireo fombafomba fampiharana ireo fepetra sasantsasany amin'ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;
Araka ny didim-panjakana laharana faha-2015-959 tamin'ny 16 jona 2015 mikasika ny fitantanana ny tetibola sy ny fitantanam-bolan'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;
Araka ny didim-pitsarana tamin'ny ……….. avy amin'ny Fitsarana momba ny fifanolanana amin'ny Fanjakana tao ……………. anaovana ny fanambarana ny vokatr'ireo fifidianana ireo Lehiben'ny Mpanatanteraka sy mpikambana ao amin'ny Filankevitra ;
Araka ny fanapahana laharana faha-…… /20… ankatoavana ny tetibola fiandohana ho an'ny taom-pikatrohana 20…

Araka ny filàn'ny …………….

### DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PITONDRANA IZAO :

**Andininy voalohany**. Mitondra amin'ny tetibola 20… ireto fanovàna manaraka ireto :

| KAONTY | FANONDROANA | TENTINY MIALOHA NY FANOVÀNA | FANOVÀNA | | TENTINY TAORIAN' NY FANOVÀNA |
|---|---|---|---|---|---|
| | | | FANAMPIANA | FANESORANA | |
| **Fandaharan'asa Fitondran-draharaha sy fandrindrana** | | | | | |
| | | | | | |
| | | | | | |
| | Zana-pitambarana | | | | |
| **Fandaharan'asa Fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy** | | | | | |
| | | | | | |
| | | | | | |
| | Zana-pitambarana | | | | |

**Andininy 2.** Izao didim-pitondrana izao dia manankery amin'ny vaninandro ampahafantarana azy ny besinimaro sy ampitàna azy amin'ny Solontenam-panjakana sy ny Fanarahamaso ny Fitantanam-bola (ho an'ireo Faritany, Faritra sy Kaominina ambonivohitra). Ny (tompon'andraikitry ny fitanan-kaonty momba ny tetibola) sy ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany no miadidy, araka ny tandrify azy avy, ny fampiharana izao didim-pitondrana izao.

Natao tao …………………., ny …………….

Ny Lehiben'ny Mpanatanteraka,

TOKO

# IV | Fanatanterahana ny tetibola

Ny fitanan-kaontin'ny Vondrombahoakam-paritra dia atao mifanaraka amin'ireo fepetra entin'ny didim-panjakana laharana faha-2005-003 tamin'ny 4 janoary 2005 anaovana fitsipika ankapobe momba ny fitanan-kaontin'ny fanatanterahana ny tetibolan'ireo vondrona ara-panjakana, ny didim-panjakana laharana faha-2015-959 tamin'ny 16 jona 2015 mikasika ny fitantanana ny tetibola sy ny fitantanam-bolan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary ny didim-panjakana laharana faha-2007-863 tamin'ny 4 oktobra 2007 anaovana fanitsiana ny Drafi-pitanan-kaonty ho an'ireo lahasam-panjakana *(PCOP)* 2006.

Ny fitanan-kaontin'ny Mpanalàlana antsoina hoe « fitanan-kaonty ara-panjakana » dia manondro ireo lahasa ara-tetibola. Izy dia ahafahana mahafantatra amin'ny fotoana rehetra :

- ireo vinavina momba ireo vola miditra ;
- ireo sorabola nosokafana ho an'ireo fandaniana ;
- ireo sorabola eo an-tànana hanaovana sora-panekena ;
- ireo sorabola eo an-tànana hanaovana fibaikoana ;
- ireo fandaniana natao sy ireo vola tafiditra.

Atao amin'ny lafiny tokana izy ary mahakasika ireo kaonty ao amin'ireo kilasy :

- 1 : kaonty ho an'ireo renivola ;
- 2 : kaonty ho an'ireo fanana-mifaka ;
- 6 : kaontin'ireo fandaniana ;
- 7 : kaontin'ireo vokatra.

Ny taona ara-tetibola dia manomboka ny 1 Janoary ary mifarana ny 31 Desambra.

Izao torolàlana momba ny paikady fitantanam-bola izao dia manolotra ny dingana ara-panjakana ho amin'ny fanatanterahana ny tetibola izay andraikitry ny Mpanalàlana. Ny dingana ara-pitanan-kaonty izay andraikitry ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany, dia atolotra anatin'ny torolàlana momba ny paikady ara-pitanan-kaonty.

## IV.1 | FANOKAFANA IREO TAKILAN'NY VOLA MIDITRA SY TAKILAN'NY FANDANIANA

### IV.1.1 Fanokafana ireo takilan'ny vola miditra

Mialoha ny fandefasana ny taratasy fandraisam-bola voalohany anatin'ny taom-pikatrohana, ny Sekretera mpitan-kaonty *(SC)* dia manokatra takila iray ho an'ireo vola miditra isaky ny fampizakana ara-tetibola nosokafana anatin'ny tetibola. Raha toa ny fampizakana ka mizaka ireo lahasa tena hotontosaina (lahasa fampidiram-bola sy famoaham-bola miteraka fanetsehana ireo vola an-tànana no tondroina amin'izany) sy ireo lahasa nobaikoana (soratra tsy anaovana fampidiram-bola sy famoaham-bola), ny takila dia sokafana isaky ny karazan'ny lahasa.

Ny takilan'ireo vola miditra dia ahitàna amin'ny amboniny :

- ny anaran'ny Vondrombahoakam-paritra ;
- ny taonan'ny taom-pikatrohana ;
- ny mariky ny kaonty fampizakana, ny anaran'ny kaonty fampizakana sy ny fanondroana ny karazan'ny fanetsehana : lahasa fibaikoana na lahasa tena notontosaina ;
- ny tabilaon'ireo vinavina fidiram-bola fenoina amin'ny tentin'ny tetibola fiandohana sy ireo fanovàna ny vinavina avy amin'ny tetibola fanampiny sy ireo tetibola fanitsiana. Ireo fanovàna dia atambatra amin'ny tetibola fototra ao anatin'ny tsanganana tentiny voatambatra ;

ary amin'ny tsanganana :

- ny vaninandro nandefasana sy ny laharan'ny taratasy fandraisam-bola ;
- ny laharan'ny safim-pandefasana ;
- ny tentin'ny nalefa sy ny tentin'ireo fandefasana mitambatra ;
- ny vaninandro nampitàna amin'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany sy ny fanondroana ny fandraisana an-tànana na ny fandàvana izay nampahafantarin'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany. Ny fandraisana an-tànana na ny fandàvana dia tondroin'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany amin'ny sosony faharoan'ny safim-pandefasana averina amin'ny Mpanalàlana.

**MAODELY 8 : TAKILAN'IREO VOLA MIDITRA**

<table>
<tr><td colspan="4" rowspan="6">REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA<br>VONDROM-BAHOAKAM-PARITRA .......<br>TAKILAN'IREO VOLA MIDITRA<br>Taom-pikatrohana : .............<br>Kaonty fampizakana : ..........<br>Anaran'ny fampizakana : ................................</td><td>VINAVINAN'IREO VOLA MIDITRA</td><td>TENTINY</td><td>FITAMBARAN' IREO TENTINY</td></tr>
<tr><td>Tetibola fiandohana</td><td></td><td></td></tr>
<tr><td>Tetibola fanampiny</td><td></td><td></td></tr>
<tr><td rowspan="3">Tetibola fanitsiana</td><td></td><td></td></tr>
<tr><td></td><td></td></tr>
<tr><td></td><td></td></tr>
<tr><td>VANINANDRON' NY TARATASY FANDRAISAM-BOLA</td><td>LAHARAN'NY TARATASY FANDRAISAM-BOLA</td><td>LAHARAN'NY SAFY</td><td>TENTINY NALEFA</td><td>TENTINY VOATAMBATRA</td><td>VANINANDROM-PAMPITÀNA</td><td>FANDRAISANA AN-TÀNANA</td></tr>
<tr><td></td><td></td><td></td><td></td><td></td><td></td><td></td></tr>
<tr><td></td><td></td><td></td><td></td><td></td><td></td><td></td></tr>
<tr><td></td><td></td><td></td><td></td><td></td><td></td><td></td></tr>
</table>

Isaky ny fandefasana, ny Sekretera mpitan-kaonty dia mameno anatin'ny takilan'ny vola miditra ny fampizakana voakasika.

Ireo taratasy fandraisam-bola dia omen-daharana anatin'ny tamba-daharana mifanohy manomboka amin'ny laharana 001 amin'ny fiandohan'ny taom-pikatrohana ary mifarana amin'ny fiafaran'ny taom-pikatrohana.

## IV.1.2 Fanokafana ireo takilan'ireo fandaniana

Mialoha ny fanaovana sora-panekena voalohany, ny Sekretera mpitan-kaonty dia manokatra takilan'ireo fandaniana isaky ny fandaharan'asa sy isaky ny fampizakana ara-tetibola sokafana anatin'ny tetibola. Raha toa ny fampizakana ka mizaka ireo lahasa tena notontosaina (miaraka amin'ny fanetsehana ny vola eo an-tànana) sy ireo lahasa nobaikoana (tsy misy fanetsehana vola eo an-tànana), ny takila dia sokafana isaky ny karazan'ny lahasa.

Ny fiandohan'ny takilan'ny fandaniana dia ahitàna :

- ny anaran'ny Vondrombahoakam-paritra ;
- ny taonan'ny taom-pikatrohana ;
- ny marika sy ny anaran'ny fandaharan'asa ;
- ny mariky ny kaonty fampizakana, ny anaran'ny kaonty fampizakana sy ny fanondroana ny karazan'ny fanetsehana : fibaikoana na tena hotontosaina ;

- ny tabilaon'ireo fanomezan-dàlana hanao fandaniana ampian'ny tentin'ny tetibola fototra sy ireo fanovàna ny vinavina avy amin'ny tetibola fanampiny, ireo tetibola fanitsiana sy ireo fanetsehana sorabola. Ireo fanovàna dia atambatra amin'ny tetibola fototra. Ireo sora-panekena dia tsy afakamihoatra ny tentin'ireo fanomezan-dàlana hanao fandaniana ;

ary amin'ny tsanganana :

- ny vaninandro sy ny laharan'ny sora-panekena ;
- ny tentiny nanaovana sora-panekena sy ny fitambaran'ireo sora-panekena ;
- ny tentin'ny sorabola eo an-tànana hanaovana ny sora-panekena izay azo avy amin'ny elanelana eo amin'ny tentin'ireo fanomezan-dàlana ara-tetibola voatambatra sy ny tentin'ireo sora-panekena voatambatra ;
- ny vaninandrom-pandefasana sy ny laharan'ny baikom-pandoavana ;
- ny laharan'ny safim-pandefasana ;
- ny tentiny nalefa sy ny fitambaran'ireo fandefasana ;
- ny vaninandrom-pampitàna amin'ny Mpitàna bokim-bolam-panjakana voalohany sy ny fanondroana ny fandraisana an-tànana na ny fandàvana nampahafantarin'ny Mpitàna bokim-bolam-panjakana voalohany. Ny fandraisana an-tànana na ny fandàvana dia tondroin'ny Mpitàna bokim-bolam-panjakana voalohany amin'ny sosony faharoan'ny safim-pandefasana averina amin'ny Mpanalàlana.

## MAODELY 9 : TAKILAN'IREO FANDANIANA

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

VONDROMBAHOAKAM-PARITRA .......................

**TAKILAN'IREO FANDANIANA**

Taom-pikatrohana : .............
Mariky ny fandaharan'asa: ......... Anaran'ny Fandaharan'asa : ............................
Mariky ny fampizakana : ........... Anaran'ny fampizakana : .................................

| VINAVINAN'IREO FANDANIANA | TENTINY | FITAMBARAN'IREO TENTINY |
|---|---|---|
| Tetibola fiandohana | | |
| Tetibola fanampiny | | |
| Tetibola fanitsiana | | |
| | | |
| | | |

| VANINAN-DRON'NY SORA-PANEKENA | LAHA-RAN'NY SORA-PANEKENA | TENTINY NANAOVANA SORA-PANEKENA | FITAMBA-RAN'NY NANAOVANA SORA-PANEKENA | EO AN-TÀNANA HANAOVANA SORA-PANEKENA | VANINANDRO NANDEFASANA | LAHA-RAN'NY BAIKOM-PANDOA-VANA | LAHARAN' NY SAFY | TENTINY NALEFA | FITAMBA-RAN'IREO FANDEFASANA | VANINANDROM-PAMPITANA | FANDRAISANA AN-TÀNANA |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | |

Isaky ny fanovàna tetibola, ny Sekretera mpitan-kaonty dia manavao (amin'ny fanampiana na fanesorana) anatin'ny fiandohan'ny takila ny tentin'ireo sorabola nosokafana ary manavao anatin'ny tabilao ny tentin'ireo sorabola eo an-tànana ahafaha-manao sora-panekena.

Ny Sekretera mpitan-kaonty dia mameno ny takilan'ireo fandaniana amin'ny fotoana anaovana ny sora-panekena (fanokanana ireo sorabola ilaina amin'ny fandoavana ny fandaniana) ary amin'ny fotoanan'ny fanalalanana (raha vantany vao vita ny raharaha ary voaloa ny lazam-bidy). Ireo fanafoanana sora-panekena (fampihenana sora-panekena iray) dia taterina anatin'ny takila eo ambanin'ny laharan'ny sora-panekena fiandohana ary ny tentin'ny sorabola eo an-tànana dia soloina ny tentin'ny fanafoanana sora-panekena. Misy andàlana vaovao iray sokafana isaky ny fanalalanana/fandoavana miaraka amin'ny fitsiahy ny sora-panekena fiandohana.

Ireo sora-panekena dia omen-daharana anatin'ny tamba-daharana mifanohy anatin'ny fampizakana mba hahafahana miantoka fa ireo fandaniana rehetra nanaovana sora-panekena tanantin'ny fampizakana voakasika dia voasoratra tokoa anatin'ny takila ary notsoahina tao amin'ireo eo an-tànana hanaovana sora-panekena.

Ireo baikom-pandaniana, taratasim-bola, filazana fidiram-bola amin'ny banky, safin'ireo taratasy fanamarinana dia omen-daharana anatin'ny tamba-daharana mifanohy manomboka amin'ny laharana 1 amin'ny fiandohan'ny taom-pikatrohana ary mifarana amin'ny fiafaran'ny taom-pikatrohana.

# IV.2 | FANATANTERAHANA IREO VOLA MIDITRA

Ny Mpanalàlana dia mampananatontosa ny fanatanterahana ny fidiram-bola amin'ny alàlan'ny fandefasana taratasy fandraisam-bola.

Ireo taratasy fandraisam-bola dia alefa :

- mialoha ny fanangonana ho an'ireo vola miditra efa voazaha mialoha (hofantrano, zo mikasika ny tany,...), na
- aorian'ny fanangonana ho an'ireo fanarenana fidiram-bola atao tolo-botsotra eo anivon'ireo Mpitantana famoriam-bola (taratasy fanamarinam-pitoviana, zo mikasika ny tsena,...) ary ho an'ireo vola miditra rehetra natao mialoha ny fandefasana taratasy fandraisam-bola (famindram-bola amin'ny kaontin'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana mikasika ny fanampiana ara-bola tsy mbola nampahafantarina mialoha,...).

Ireo titra momba ireo vola miditra dia alefa ny 1 Janoary hatramin'ny 31 Desambra. Ireo vola nampidirina anaty kitapom-bola mbola tsy vita fanarenana amin'ny taratasy fandraisam-bola fanarenana amin'ny fiafaran'ny taom-pikatrohana dia tsy maintsy anaovana fanarenana mandritra ny andro fanampiny izay eo anelanelan'ny 1 hatramin'ny 31 Janoary amin'ny taona manaraka. Ireo taratasy fandraisam-bola nalefa mandritra ny andro fanampiny dia ampiarahina amin'ny taom-pikatrohana nofaranana ary omena ny daty 31 Desambra.

Ireo taratasy fandraisam-bola dia omanin'ny Sekretera mpitan-kaonty ary atolotra hosoniavin'ny Mpanalàlana.

Ireo taratasy fandraisam-bola dia alefa amin'ny sosony telo :

- matoan-tsoratra iray ho an'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany,
- dikamitovy iray ho an'ny mpandoa vola, ary
- dikamitovy iray tehirizin'ny Mpanalàlana.

Ireo dikamitovy dia ahitàna ny fanondroana hoe KOPIA ary tsy soniavina.Ny sosony natao hoan'ny mpandoa vola dia ampitain'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany amin'ny andefasana.

## IV.2.1 Fandefasana ireo taratasy fandraisam-bola

### IV.2.1.1 Mialoha ny fanangonana

Raha toa ireo vola miditra ka azo fantarina mialoha (hofantrano, hetra,...), ny Sekretera mpitan-kaonty dia manao ny kajy momba ny tentiny haloan'ny mpandoa vola (fanamarinan-kajy) amin'ny alàlan'ny titra fanamarinan-kajy ary manomana ny taratasy fandraisam-bola. Ny taratasy fandraisam-bola dia ahitàna ny anaran'ny Vondrombahoakam-paritra, ny taonan'ny taom-pikatrohana nandefasana, ny mari-panondroana ny tetibola, ny laharan'ny taratasy, ny tentiny, ny anton'ny vola miditra, ny anarana sy adiresin'ny mpandoa vola, ny sonian'ny Mpanalàlana sy toerana natokana hofenoin'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany amin'ny fotoana anangonana ka izany dia ahitàna ny vaninandrom-panangonana, ny laharan'ny taratasy fanamarinam-pandoavana nomena, ny tentiny voaangona.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

VONDROMBAHOAKAM-
PARITRA ……….

Taom-patrohana : I_I_I_I_I
Laharana : I_I_I_I_I
Daty nandefasana : I_I_I_I_I_I_I

## TITRA FANAMARINAN-KAJY NY VOLA MIDITRA

## TETIBOLAN'IREO VONDROMBAHOAKAM-PARITRA ITSINJARAM-PAHEFANA

Anarana sy fanampiny na anaran'orinasany mpandoa vola : ……………………………………………………

Karapanondrom-pirenena ………………………………………… tamin'ny …………………

Laharam-pamantarana ara-ketra *(NIF)*…………………………………………………………

Toeram-ponenana na foiben-toerana : ……………………………………………

Fokontany ………………………………………… Kaominina ………………………………………

Distrika…………………………………………… Faritra ……………………………………………

dia asaina handrotsaka ao amin'ny kitapombolan'ny Mpitantana famoriam-bola / ny Mpitan-kaontim-panjakana voalohan'ny Vondrombahoakam-paritra ao …………… farafahatarany ny ……………………., ny tentin'ny hetra, sara na haba tondroina manaraka eto :

| | | | | | FARITRA NATOKANA HO AN'NY MPITANTANA FAMORIAM-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|
| KARAZAN'NY HETRA, SARA NA HABA | ISANJATONY ATOKANA HO AN'NY TETIBOLAN'NY VONDROMBAHOA-KAM-PARITRA | TAHA ISAN-TAONA NOHO NY FANAPAHAN'NY FILANKEVITRY NY KAOMININA | TELOVOLANA HANANGO-NANA | TENTIN'NY HALOA | TENTIN'NY VOLA NORAISINA AMIN'NY ARIARY |
| | | | | | |
| | | | | | |
| | | | | | |
| | | | | | |
| | | | FITAMBARANY | | |
| (Atao an-tsoratra) ……………………………………………………………………… Ar | | | | | Taratasy fanamarinam-pandoavana<br>Laharana :<br>Daty : |
| Ny Mpiasa mpanamarin-kajy, | | | | | Ny Mpitantana famoriam-bola / Mpitambola Ankapobe / Mpitambola voalohany / Mpamory vola voalohan'ny Vondrombahoakam-paritra, |

## MAODELY 11 : TARATASY FANDRAISAM-BOLA

<table>
<tr><td>FARITANY ......................<br>FARITRA .........................<br>KAOMININA ...................</td><td>(1)</td><td rowspan="3">REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA<br>———————<br><br>TARATASY FANDRAISAM-BOLA</td><td>Taom-pikatrohana</td><td>(4)</td></tr>
<tr><td rowspan="1">Mpanalàlana</td><td>(2)</td><td>Tetibola<br>Laharan'ny safim-pandefasana</td><td>(5)<br>(6)</td></tr>
<tr><td>Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany mahefa</td><td>(3)</td><td>Laharan'ny taratasy fandraisam-bola</td><td>(7)</td></tr>
<tr><td>Kaonty</td><td colspan="4">(8)</td></tr>
<tr><td colspan="5">Lahasa : ☐ Tena natao ☐ Fanarenana ☐ Nobaikoana (9)</td></tr>
<tr><td colspan="5">Atoa/Rtoa mpitan-kaonty ia asaina handray ny tentin'ireo vola miditra voatondro etsy ambany :</td></tr>
<tr><td colspan="3">Tentiny (10)<br>Faranana izao titra izao amin'ny teniny :</td><td colspan="2">Anaran'ny mpandoa vola : (12)<br>Adiresin'ny mpandoa vola :</td></tr>
<tr><td colspan="3">Antony : (11)</td><td colspan="2">Taratasy fanamarinana : (13)</td></tr>
<tr><td colspan="3">FARITRA NATOKANA HO AN'NY MPITÀNA BOKIMBOLA VOALOHANY : (15)<br><br>Taratasy fanamarinam-pandoavana lah° .........<br>............ tamin'ny .............<br>Tentiny : ...................<br><br>Ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany<br>(Anarana, sonia, fitomboka)</td><td colspan="2">Izao taratasy fandraisam-bola izao dia nampanankerezinay (14)<br><br>Tao .................., ny ......................<br><br>Ny Mpanalàlana<br>(Anarana, sonia, fitomboka)</td></tr>
</table>

*(1)* Karazany sy anaran'ny Vondrobahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.

*(2)* Mariky ny Mpanalàlana voalohany (ny lehiben'ny Mpanatanteraka) na ny mpanalàlana nomem-pahefana notendrena tamin'ny didim-pitondrana raisin'ny Lehiben'ny mpanatanteraka avy amin'ireo Lefitra.

*(3)* Mariky ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany.

*(4)* Taonan'ny taom-pikatrohana (oh : 2017).

*(5)* Mariky ny tetibola fototra na tetibola tovana ho an'ireo sampan-draharaha tantanana mivantana izay manana fahaleovan-tena ara-bola.

*(6)* Laharan'ny safim-pandefasana anatin'ny tamba-daharana mifanohy manomboka amin'ny 001 ny 1 janoary ary mifarana amin'ny fiafaran'ny taom-pikatrohana.

*(7)* Laharan'ny taratasy fandraisam-bola anatin'ny tamba-daharana mifanohy manomboka amin'ny 001 ny 1 janoary ary mifarana amin'ny fiafaran'ny taom-pikatrohana.

*(8)* Marika sy anaran'ny fampizakana ara-tetibola anatin'ny PCOP.

*(9)* Mariho ny «Tena natao» ho an'ireo taratasy fandraisam-bola miteraka fanetsehana vola an-tànana nalefa mialoha ny fanangonana, «Fanarenana» ho an'ireo fandefasana fanarenana fanangonam-bola natao mialoha ny fandefasana (indrindra ireo fanangonana ataon'ireo fitondran-draharaha famoriam-bola), «Nobaikoana» ho an'ireo lahasa tsy nisy fanetsehana vola an-tànana : fampidirana fanana-mifaka nomena mivaingana, fampidirana ireo fanana-mifaka notanterahina mivantana, famindram-bola avy amin'ny sokajy fampandehanan-draharaha ho amin'ny sokajy fampiasam-bola natao hamokarana.

*(10)* Tentin'ny hangonina atao tarehimarika sy an-tsoratra.

*(11)* Antony mazava momba ny fanangonana, ohatraho an'ny hofantrano, ny antony dia tsy maintsy manondro mazava ny toeran'ny trano ahofa sy ny fepotoana voakasika.

*(12)* Anarana sy adiresy mazavan'ny mpandoa vola mba hahafahan'ny mpitan-kaonty manao ny fanangonana. Ny fanjavozavon'ny mombamomba ny mpandoa vola na ny adiresiny dia mitarika ny tsy fankatoavan'ny mpitan-kaonty.

*(13)* Taratasy fanamarinana manamarika ny mampitombina ny trosa sy ny tentiny vita fanamarinan-kajy, ohatra fifanarahana fampanofana, ireo taratasy fanamarinana ny fandrotsahan'ny mpitantana famoriam-bola, sns. Ny sasantsasany amin'ireo taratasy fanamarinana dia mety manankery ho an'ny fanangonana maromaro, ohatra fanofana trano.

*(14)* Famaranana an-tsoratra ny tentin'ny taratasy fandraisam-bola.

*(15)* Faritra voatokana ho an'ny mpitan-kaonty. Soratana ny tentiny voaangona, ny vaninandrom-panangonana sy ny lahatran'ny taratasy fanamarinam-paharaisana nomena.

Ny Sekretera mpitan-kaonty dia manolotra avy eo ireo taratasy fandraisam-bola vita sonia amin'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany izay miadidy ny fandraisana an-tànana sy ny fanangonana azy ireo (TSARA HOMARIHINA : ny tohin'ny paikady dia voarakitra anatin'ny torolàlana momba ny paikady ara-pitanan-kaonty). Ampitaina amin'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany ireo taratasy fandraisam-bola miaraka amin'ireo taratasy fanamarinana ny trosa (filazana fandoavan-ketra, fampanofana,....). Raha toa ka misy vola miditra maromaro noho ny fifanarahana iray (ohatra : fampanofana, fifanarahana momba ny tolo-draharaha), dia ampiarahina amin'ny taratasy fandraisam-bola voalohany ny sosony iray amin'ny fifanarahana ary ireo fitsiahy momba ny fifanarahana dia tondroina anatin'ireo taratasy fandraisam-bola manaraka.

*Fizotran'ny fanatanterahana :*

| FILAZALAZANA IREO ASA ATAO | MPISEHATRA | RAKI-KEVITRA AMPIASAINA |
|---|---|---|
| Fizahana fototra sy fikajiana ny sara | Sekretera mpitan-kaonty | Ireo raki-kevitra rehetra milaza ny vola haloa (fanapahan-kevitra)<br>Fanisàna (titra fanamarinan-kajy) |
| Fanaovana ny taratasy fandraisam-bola sy ny safim-pandefasana | Sekretera mpitan-kaonty | Fanisàna (raki-kevitra fanamarinan-kajy)<br>Taratasy fandraisam-bola<br>Safim-pandefasana |
| Fanarahamaso<br>Fanaovan-tsonia ny taratasy fandraisam-bola sy ny safim-pandefasana | Mpanalàlana | Fanisàna (titra fanamarinan-kajy)<br>Taratasy fandraisam-bola<br>Safim-pandefasana |
| Firaketana an-tsoratra anatin'ny takilan'ny fidiram-bola<br>Fampitàna amin'ny Mpitambolan'ny Kaominina | Sekretera mpitan-kaonty | Fanisàna (titra fanamarinan-kajy)<br>Taratasy fandraisam-bola<br>Safim-pandefasana<br>Takilan'ireo vola miditra |
| Fandraisana an-tànana anatin'ny fitanan-kaonty sy fanondroana ny fandraisana an-tànana amin'ny sosony faharoa amin'ny safy naverina amin'ny Mpanalàlana | Mpitambolan'ny Kaominina | Titra fanamarinan-kajy<br>Taratasy fandraisam-bola<br>Safim-pandefasana |

### IV.2.1.2 Aorian'ny fanangonana (sara aloa tolo-botsotra)

Raha toa ireo vola miditra ka tsy azo zahana fototra mialoha (fanangonana atao tolo-botsotra hefain'ny fitondran-draharaha famoriambola, fandrotsahana famindram-bola ao amin'ny kaontim-bankin'ny Vondrombahoakam-paritra kanefa tsy nisy fampahafantarana mialoha), ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany dia manao ny fampidirana anaty kitapombola ary mangataka ny Mpanalàlana hanao fandefasana taratasy fandraisam-bola fanarenana. Ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany dia manondro anatin'ny fangatahany ny anaran'ny mpandrotsaka, ny antom-pandrotsahana, ny fampizakana ara-tetibola sy ny tentin'ny fanangonana.

## MAODELY 12 : FANGATAHANA FANDEFASANA TARATASY FANDRAISAM-BOLA

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**

VONDROMBAHOAKAM-PARITRA .......
Taom-pikatrohana : .............

**FANGATAHANA FANDEFASANA TARATASY FANDRAISAM-BOLA LAHARANA FAHA-.........**

Ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany *[Anarana sy fanampiny]* manao sonia etsy ambany dia mangataka ny fandefasana taratasy fandraisam-bola iray mifandraika amin'ireo vola nampidirina anaty kitapombola tondroina etsy ambany :

| LAHARAM-PIRAKETANA ANATIN'NY BOKY FIRAKETANA ISANANDRO NY VOLA MIDITRA SY MIVOAKA NA NY BANKY | MPANDROTSAKA | ANTOM-PANDROTSAHANA | FAMPIZAKANA | TENTINY |
|---|---|---|---|---|
| | | | | |
| | | | | |
| | | | FITAMBARANY | |

Faranana amin'ny tentiny ..................

Tao .................., ny ........................

Ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany,

Eo am-pahitàna ny fangatahan'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany, ny Mpanalàlana dia manao ny taratasy fandraisam-bola isaky ny karazan'ny vola miditra.Ireo taratasy fandraisam-bola fanarenana dia atao amin'ny anaran'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany.

*Fizotran'ny fanatanterahana :*

| FILAZALAZANA IREO ASA ATAO | MPISEHATRA | RAKI-KEVITRA AMPIASAINA |
|---|---|---|
| - Fanaovana ny fangataham-pandefasana taratasy fandraisam-bola<br>- Fampitàna amin'ny Mpanalàlana | Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany | - Boky firaketana isanandro ny vola miditra sy mivoaka na ny banky<br>- Fangataham-pandefasana ireo taratasy fandraisam-bola<br>- Safim-pandefasana |
| - Fanaovana ny taratasy fandraisam-bola sy ny safim-pandefasana | Sekretera mpitan-kaonty | - Safim-pandrotsahana<br>- Fangataham-pandefasana ireo taratasy fandraisam-bola<br>- Taratasy fandraisam-bola<br>- Safim-pandefasana |
| - Fanarahamaso<br>- Fanaovan-tsonia ireo taratasy fandraisam-bola | Mpanalàlana | - Safim-pandrotsahana<br>- Fangataham-pandefasana ireo taratasy fandraisam-bola<br>- Taratasy fandraisam-bola<br>- Safim-pandefasana |
| - Firaketana an-tsoratra anatin'ny takilan'ireo vola miditra<br>- Fampitàna ireo taratasy fandraisam-bola amin'ny Mpitambolan'ny Kaominina | Sekretera mpitan-kaonty | - Taratasy fandraisam-bola<br>- Safim-pandefasana<br>- Takilan'ireo vola miditra |
| - Fandraisana an-tànana anatin'ny fitanan-kaonty sy fanondroana ny fandraisana an-tànana amin'ny sosony faharoa amin'ny safy naverina amin'ny Mpanalàlana | Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany | - Taratasy fandraisam-bola<br>- Safim-pandefasana |

## IV.2.2 Fanisàna tsy ampy, fampihenana, fanafoanana na filazana ho tsy manan-tsanda ny taratasy fandraisam-bola

***Fanisana tsy ampy :***

Raha toa ny tentin'ny taratasy fandraisam-bola nalefa ka latsaky ny tentin'ny vola tokony hotakiana :

- Raha toa ny taratasy fandraisam-bola ka mbola tsy noraisina an-tànana, ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany dia manao ny fandavana ny taratasy fandraisam-bola misy fahadisoana. Ny Mpanalàlana dia tsy maintsy manao fandefasana taratasy fandraisam-bola vaovao ;
- Raha toa ny taratasy fandraisam-bola ka efa noraisina an-tànana, ny Mpanalàlana dia manao fandefasana taratasy fandraisam-bola fanampiny. Ny anton'ny vola miditra dia manondro ireo fitsiahy momba ny taratasy fandraisam-bola fiandohana.

***Fampihenana na fanafoanana taratasy fandraisam-bola :***

Ireo fampihenana na fanafoanana titra fandraisam-bola dia atao mba hanitsiana na ireo fahadisoana ara-materialy na hampidirana ny fanitsiana nentin'ny didim-pitsarana.

***Raha toa ka misy fanitsiana mandritra ny taom-pikatrohana :***

- Raha toa ny taratasy fandraisam-bola ka mbola tsy noraisina an-tànana, ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany dia manao ny fandavana ny taratasy fandraisam-bola misy fahadisoana. Ny Mpanalàlana dia tsy maintsy manao fandefasana taratasy fandraisam-bola vaovao ;
- Raha toa ny taratasy fandraisam-bola ka efa noraisina an-tànana, ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany dia mangataka amin'ny Mpanalàlana mba hanao taratasy fandraisam-bola fampihenana na fanafoanana. Ireo taratasy fandraisam-bola fampihenana na fanafoanana dia manondro ireo fitsiahy momba ireo taratasy fandraisam-bola nahena na nofoanana. Ireo taratasy fandraisam-bola fampihenana na fanafoanana dia omen-daharana mitovy tamba-daharana amin'ireo taratasy fandraisam-bola mahazatra. Ireo taratasy fandraisam-bola fampihenana na fanafoanana dia soratana amin'ny soratra mena ary tsipihina mena mba tsy hifangaro amin'ireo taratasy fandraisam-bola mahazatra. Ny tentin'ny fampihenana dia soratana anaty fonon-teny. Raha toa ka efa nampidirina anaty kitapombola ny vola miditra, ny taratasy fandraisam-bola fampihenana na fanafoanana dia manjary titra fandoavana ahafahan'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany manao ny famerenam-bola amin'ny mpandoa vola momba ny tentin'ny fampihenana.

Raha toa ny fampihenana na fanafoanana ny taratasy fandraisam-bola ka natao taorian'ny fiafaran'ny taom-pikatrohana, ny Mpanalàlana dia manao fandefasana :

- Ho an'ireo fidiram-bola momba ny famatsiam-bola natao hamokarana, taratasy fandoavam-bola amin'ny tentin'ny taratasy fandraisam-bola nofoanana na nahena eo amin'ny andininy ara-tetibola nohetsehina mandritra ny fandefasana ny taratasy fandraisam-bola fiandohana ;
- Ho an'ireo vola miditra ho fampandehanan-draharaha, taratasy fandoavam-bola amin'ny tentin'ny taratasy fandraisam-bola nofoanana na nahena ao amin'ny kaonty 672 « Famerenam-bola voaray mihoatra ».

Ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany dia manao ny fanonerana ny mpisitraka.

TSARA HOMARIHINA : ny fampihenana na fanafoanana taratasy fandraisam-bola tamin'ny taom-pikatrohana nofaranana dia fandaniana tamin'ny taom-pikatrohana izay nizahana fototra ny fampihenana na fanafoanana ary tsy maintsy soratana anatin'izany tetibola izany.

***Filazana ho tsy manan-tsanda :***

Ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany dia afaka mangataka ny filazana ho tsy manan-tsanda ireo taratasy fandraisam-bola tsy azo anaovam-panangonana intsony noho ny fahalanian'andron'ny trosa, ny fahafatesana na ny tsy fahafaha-mandoa tanteraka mihatra amin'ny mpandoa vola.

Ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany dia manolotra ireo taratasy fangataham-pilazana ho tsy manan-tsanda anatin'ny tabilao :

| FAMPIZAKANA | TARATASY FANDRAISAM-BOLA | | ANARAN'NY MPANDOA VOLA | ANTON'NY FIDIRAM-BOLA | TENTINY HANGONINA | ANTONY TSY NANANGONANA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | LAH° | DATY | | | | |
| | | | | | | |
| | | | | | | |
| | | | | | | |
| | | | | | | |

Ny filazana ho tsy manan-tsanda dia tononina amin'ny alàlan'ny fanapahana raisin'ny Filankevitry ny Vondrombahoakam-paritra (aorian'ny fanehoan-kevitry ny Lehiben'ny Ivon-ketra mahefa eo an-toerana ho an'ireo fidiram-bola ara-ketra : *IFPB*, *IFT,...*).

Ny Mpanalàlana dia manao fandefasana taratasy fandoavam-bola mitovy amin'ny tentin'ny filazana ho tsy manan-tsanda ao amin'ny kaonty 6713 Fatiantoka momba ireo trosa tsy azo takiana intsony.

Mandritra ny fitsarana ireo kaonty, ny Fitsarana momba ireo Kaonty na ny Fitsarana momba ny Fitantanam-bola dia mety ho afaka mandà ny filazana ho tsy manan-tsanda, na ny mifanohitra amin'izany ka azony atao ihany koa ny manala ny maha-tompon'andraikitra ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany amin'ny tentiny izay nolavin'ny Filankevitry ny Vondrombahoakam-paritra ny filazana azy ho tsy manan-tsanda.

Raha toa ny maha-tompon'andraikitra ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany ka mipetraka noho ny didy na didim-pitondrana anerena ny fanoneram-bola *(arrêté de débet)*, ny Mpanalàlana dia manao fandefasana taratasy fandraisam-bola amin'ny anaran'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany mifandraika amin'ny tentin'ireo taratasy fandraisam-bola nanjary tsy azo takiana intsony amin'ny kaonty 7788 « Vokatra tsy maharitra hafa ».

## IV.2.3 Fampitàna ireo taratasy fandraisam-bola

Ireo taratasy fandraisam-bola dia fintinina amin'ny filaharan'izy ireo anatin'ny safim-pandefasana ireo taratasy fandraisam-bola.

## MAODELY 13 : SAFIM-PANDEFASANA IREO TARATASY FANDRAISAM-BOLA

<table>
<tr><td colspan="3" rowspan="2">SAFIM-PANDEFASANA<br>IREO TARATASY FANDRAISAM-BOLA</td><td colspan="3">REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA</td></tr>
<tr><td colspan="3">Vondrombahoakam-paritra : (1)</td></tr>
<tr><td colspan="3"></td><td>Tetibola : (2)</td><td colspan="2">Mpanalàlana : (5)</td></tr>
<tr><td colspan="3" rowspan="2">Lahasa : ☐ Tena natao ☐ Fanarenana ☐ Nobaikoana (8)</td><td>Taom-pikatrohana ara-tetibola : (3)</td><td rowspan="2">Laharan'ny safim-pandefasana (6)</td><td rowspan="2">Laharan'ny takila (7)</td></tr>
<tr><td>Mpitan-kaonty mahefa : (4)</td></tr>
<tr><td>LAHARAN'NY TARATASY FANDRAISAM-BOLA</td><td>FAMPIZAKANA ARA-TETIBOLA</td><td colspan="2">ANARANA, FANAMPINY - LAHARAM-PANONDROANA SY ADIRESIN'NY MPANDOA VOLA<br>ANTON'NY VOLA MIDITRA</td><td>TENTINY</td><td>FANAMARIHANA</td></tr>
<tr><td>(9)</td><td>(10)</td><td colspan="2">(11)</td><td>(12)</td><td>(13)</td></tr>
<tr><td></td><td></td><td colspan="2"></td><td></td><td></td></tr>
<tr><td></td><td></td><td colspan="2"></td><td></td><td></td></tr>
<tr><td colspan="2" rowspan="5">FARITRA VOATOKANA HO AN'NY MPITAN-KAONTY MAHEFA (20)<br><br>Daty sy ora nahatongavan'ny safim-pandefasana :</td><td colspan="2" rowspan="5">Nofaranana izao Safim-pandefasana izao amn'ny tentiny (17)<br><br>Tao ………………., ny ……………….<br><br>Ny Mpanalàlana,</td><td>(14)</td><td>← Fitambaran'ny takila</td></tr>
<tr><td>(15)</td><td>← Fitambaran'ireo takila teo aloha</td></tr>
<tr><td>(16)</td><td>← Fitambaran'ny safim-pandefasana</td></tr>
<tr><td>(18)</td><td>← Tentin'ireo taratasy fandraisam-bola nolavina</td></tr>
<tr><td>(19)</td><td>← Tentin'ireo taratasy fandraisam-bola nankatoavina</td></tr>
</table>

*(1)* Karazany sy anaran'ny Vondrobahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.
*(2)* Mariky ny tetibola fototra na tetibola tovana ho an'ireo sampan-draharaha tantanana mivantana izay manana fahaleovan-tena ara-bola.
*(3)* Taonan'ny taom-pikatrohana (Ohatra : 2017).
*(4)* Mariky ny Mpitàna Bokimbolam-panjakana voalohany.
*(5)* Mpanalàlana voalohany (ny Lehiben'ny Mpanatanteraka) na ny mpanalàlana nomem-pahefana notendrena tamin'ny didim-pitondrana raisin'ny Lehiben'ny mpanatanteraka avy amin'ireo Lefitra.
*(6)* Laharan'ny safim-pandefasana ireo taratasy fandraisam-bola anatin'ny tamba-daharana mifanohy manomboka amin'ny 001 ny 1 janoary ary mifarana amin'ny fiafaran'ny taom-pikatrohana.
*(7)* Laharan'ny takila tsirairay manomboka ny 01 ho an'ny safy tsirairay.
*(8)* Mariho ny karazan'ny lahasa araka ireo toromariky ny taratasy fandraisam-bola.
*(9)* Laharan'ny taratasy fandraisam-bola.
*(10)* Fampizakana ara-tetibola ny taratasy fandraisam-bola (PCOP).
*(11)* Anarana, fanampiny, laharam-panondroana, adiresin'ny mpandoa vola sy anton'ny vola miditra araka ireo toromariky ny taratasy fandraisam-bola.
*(12)* Tentin'ny taratasy fandraisam-bola araka ireo toromariky ny taratasy fandraisam-bola.
*(13)* Filazana ny fandraisana an-tànana na ny fandàvana sy izay mety ho fanamarihana hafa.
*(14)* Tentiny voatambatra ho an'ireo andàlana anatin'ny takila.
*(15)* Famerenana fandikana ny tentiny voatambatra anatin'ny takila teo aloha.
*(16)* Fitambaran'ny tentin'ireo fandefasana anatin'ny safy
*(17)* Famaranana an-tsoratra ny tentin'ireo taratasy fandraisam-bola nalefa araka ny andàlana (16).
*(18)* Faritra voatokana ho an'ny mpitan-kaonty.Tentin'ireo taratasy fandraisam-bola nolavin'ny mpitan-kaonty. Anaovana filazana ho fanamarihana ao anatin'ny andàlan'ireo taratasy fandraisam-bola nolavina.
*(19)* Faritra voatokana ho an'ny mpitan-kaonty. Fitambaran'ny tentin'ireo taratasy fandraisam-bola nekena anatin'ny safy.
(20) Faritra voatokana ho an'ny mpitan-kaonty. Manamarina ny fandraisana an-tànana.

Ireo safy dia omen-daharana anatin'ny tamba-daharana mifanohy manomboka ny 1 ny 1 janoary ary mifarana amin'ny fiafaran'ny andro fanampiny ny 31 janoary amin'ny taom-pikatrohana manaraka. Mandritra ny andro fanampiny, ny Mpanalàlana dia manao ny fandefasana ireo taratasy fandraisam-bola fanarenana ireo lahasa fampidiram-bola anaty kitapom-bola natao alohan'ny 31 desambra ary ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany dia manao ny fitanan-kaontin'ireo lahasa mifandraika.

Ny safy dia ampitaina amin'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany amin'ny sosony roa, ny sosony voalohany dia tehirizin'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany, ny sosony faharoa dia averina amin'ny Mpanalàlana aorian'ny fanondroana ireo fandraisana an-tànana. Ny fanakilasiana ireo safy no raisina ho boky firaketana isanandro ireo fandefasan'ny Mpanalàlana.

Eo am-pandraisana ireo safy vita sonia, ny Sekretera mpitan-kaonty dia manoratra ny fanondroana ny fandraisana an-tànana na ny fandavana anatin'ireo takilan'ireo vola miditra ary manao ny fanakilasiana azy ireo.

Ny Sekretera mpitan-kaonty dia manafoana ireo taratasy fandraisam-bola nolavina amin'ny alàlan'ny fanoratana miiba ny tentin'ny taratasy fandraisam-bola nolavina anatin'ny takilan'ireo volamiditra, amin'ny vaninandro naharaisana ny fandavana ary amin'ny laharan'ny taratasy fandraisam-bola fiandohana.

## OHATRA

Ny tetibola fiandohana amin'ny taom-pikatrohana 2017 ao amin'ny Kaominina ambonivohitra Toamasina dia ahitàna vinavina Ar 10.000.000 amin'ny andàlan'ny tetibola 7151 Hetran-trano - *IFPB*. Izany vinavina izany dia nampiana Ar 2.000.000 tamin'ny tetibola fanampiny. Vokatry ny fanisàna ara-ketra, ny 5 janoary ny Mpanalàlana dia nandefa taratasy fandraisam-bola Ar 500.000 amin'ny anaran'ny mpandoa vola Rakoto ary taratasy fandraisam-bola Ar 100.000 amin'ny anaran-dRabe ary nampita azy ireo amin'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany ny 6 janoary mba hanaovana fandraisana an-tànana sy fanangonana.

<table>
<tr><td colspan="4" rowspan="6">REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA<br>———————<br>VONDROMBAHOAKAM-PARITRA ................<br>TAKILAN'IREO VOLA MIDITRA<br>Taom-pikatrohana : 2017<br>Kaonty fampizakana : 7151<br>Anaran'ny fampizakana : IFPB</td><td>VINAVINAN'IREO VOLA MIDITRA</td><td>TENTINY</td><td>FITAMBARAN' IREO TENTINY</td></tr>
<tr><td>Tetibola fiandohana</td><td>10 000 000</td><td>10 000 000</td></tr>
<tr><td>Tetibola fanampiny</td><td>2 000 000</td><td>12 000 000</td></tr>
<tr><td rowspan="3">Tetibola fanitsiana</td><td></td><td></td></tr>
<tr><td></td><td></td></tr>
<tr><td></td><td></td></tr>
<tr><td>VANINANDRON' NY TARATASY FANDRAISAM-BOLA</td><td>LAHARAN'NY TARATASY FANDRAISAM-BOLA</td><td>LAHARAN'NY SAFY</td><td>TENTINY NALEFA</td><td>TENTINY VOATAMBATRA</td><td>VANINANDROM-PAMPITÀNA</td><td>FANDRAISANA AN-TÀNANA</td></tr>
<tr><td>05/01</td><td>1</td><td>1</td><td>500 000</td><td>500 000</td><td>06/01</td><td></td></tr>
<tr><td>05/01</td><td>2</td><td>1</td><td>100 000</td><td>600 000</td><td>06/01</td><td></td></tr>
</table>

<table>
<tr><td>FARITANY .........<br>FARITRA .........<br>KAOMININA .........</td><td>Kaominina Ambonivohitra Toamasina</td><td rowspan="3">**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**<br><br>**TARATASY FANDRAISAM-BOLA**</td><td>Taom-pikatrohana</td><td>2017</td></tr>
<tr><td></td><td></td><td>Tetibola</td><td>40</td></tr>
<tr><td>Mpanalàlana</td><td>40-170-0-50101</td><td>Laharan'ny safim-pandefasana</td><td>001</td></tr>
<tr><td>Mpitàna bokimbolam-panjakana mahefa</td><td>50-101-100</td><td></td><td>Laharan'ny taratasy fandraisam-bola</td><td>001</td></tr>
<tr><td>Kaonty</td><td colspan="4">7151- Hetran-trano</td></tr>
<tr><td colspan="5">Lahasa : ☒ Tena natao ☐ Fanarenana ☐ Nobaikoana</td></tr>
<tr><td colspan="5">Atoa/Rtoa mpitan-kaonty dia asaina handray ny tentin'ireo vola miditra voatondro etsy ambany :</td></tr>
<tr><td colspan="2">Tentiny : 500 000 Ariary<br>Faranana izao titra izao amin'ny tentiny dimy hetsy Ariary</td><td colspan="3">Anaran'ny mpandoa vola : Rakoto<br>Adiresin'ny mpandoa vola : lot XXX Fokontany XXX</td></tr>
<tr><td colspan="2">Antony : IFPB 2017</td><td colspan="3">Taratasy fanamarinana : Filazana fandoavan-ketra laharana XXX</td></tr>
<tr><td colspan="2">FARITRA VOATOKANA HO AN'NY MPITAN-KAONTY VOALOHANY :<br>Taratasy fanamarinam-paharaisana laharana faha-..... tamin'ny .........<br>Tentiny : ..................<br>Ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany<br>(Anarana, sonia, fitomboka)</td><td colspan="3">Izao taratasy fandraisam-bola izao dia nampanankerezinay<br>Tao Toamasina, ny 05 janoary 2017<br>Ny Mpanalàlana<br>(Anarana, sonia, fitomboka)</td></tr>
</table>

<table>
<tr><td>FARITANY .........<br>FARITRA .........<br>KAOMININA .........</td><td>Kaominina Ambonivohitra Toamasina</td><td rowspan="3">**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**<br><br>**TARATASY FANDRAISAM-BOLA**</td><td>Taom-pikatrohana</td><td>2017</td></tr>
<tr><td></td><td></td><td>Tetibola</td><td>40</td></tr>
<tr><td>Mpanalàlana</td><td>40-170-0-50101</td><td>Laharan'ny safim-pandefasana</td><td>001</td></tr>
<tr><td>Mpitàna bokimbolam-panjakana mahefa</td><td>50-101-100</td><td></td><td>Laharan'ny taratasy fandraisam-bola</td><td>002</td></tr>
<tr><td>Kaonty</td><td colspan="4">7151- Hetran-trano</td></tr>
<tr><td colspan="5">Lahasa : ☒ Tena natao ☐ Fanarenana ☐ Nobaikoana</td></tr>
<tr><td colspan="5">Atoa/Rtoa mpitan-kaonty dia asaina handray ny tentin'ireo vola miditra voatondro etsy ambany :</td></tr>
<tr><td colspan="2">Montant : 100 000 Ariary<br>Faranana izao titra izao amin'ny tentiny iray hetsy Ariary</td><td colspan="3">Anaran'ny mpandoa vola : Rabe<br>Adiresin'ny mpandoa vola : lot XXX Fokontany XXX</td></tr>
<tr><td colspan="2">Antony : IFPB 2017</td><td colspan="3">Taratasy fanamarinana : Filazana fandoavan-ketra laharana XXX</td></tr>
<tr><td colspan="2">FARITRA VOATOKANA HO AN'NY MPITAN-KAONTY VOALOHANY :<br>Taratasy fanamarinam-paharaisana laharana faha-..... tamin'ny .........<br>Tentiny : ..................<br>Ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany<br>(Anarana, sonia, fitomboka)</td><td colspan="3">Izao taratasy fandraisam-bola izao dia nampanankerezinay<br>Tao Toamasina, ny 05 janoary 2017<br>Ny Mpanalàlana<br>(Anarana, sonia, fitomboka)</td></tr>
</table>

<table>
<tr><td colspan="3">SAFIM-PANDEFASANA<br>IREO TARATASY FANDRAISAM-BOLA</td><td colspan="3">REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA<br>Vondrombahoakam-paritra : Kaominina ambonivohitra Toamasina<br>Tetibola : 40 — Mpanalàlana : 40-170-0-50101</td></tr>
<tr><td colspan="3">Lahasa : ☒ Tena natao ☐ Fanarenana ☐ Nobaikoana</td><td>Taom-pikatrohana ara-tetibola : 2017<br>Mpitan-kaonty mahefa : 50-101-100</td><td>Laharan'ny safim-pandefasana<br>BE001</td><td>Laharan'ny takila<br>01</td></tr>
<tr><th>LAHARAN'NY TARATASY FANDRAISAM-BOLA</th><th>LAHARAN'NY TARATASY FANDRAISAM-BOLA</th><th colspan="2">ANARANA, FANAMPINY - LAHARAM-PANONDROANA SY ADIRESIN'NY MPANDOA VOLA ANTON'NY VOLA MIDITRA</th><th>TENTINY</th><th>FANAMARIHANA</th></tr>
<tr><td>001</td><td>7751</td><td colspan="2">IFPB 2017 lot XXX Fokontany XXX Rakoto (adiresy mazava)</td><td>500 000</td><td></td></tr>
<tr><td>002</td><td>7751</td><td colspan="2">IFPB 2017 lot YYY Fokontany XXX Rabe (adiresy mazava)</td><td>100 000</td><td></td></tr>
<tr><td></td><td></td><td colspan="2"></td><td></td><td></td></tr>
<tr><td colspan="2" rowspan="5">FARITRA VOATOKANA HOAN'NY MPITAN-KAONTY MAHEFA<br><br>Daty sy ora nahatongavan'ny safim-pandefasana :</td><td colspan="2" rowspan="5">Izao safim-pandefasana izao dia faranana amin'ny tentiny (A) Enina hetsy Ariary<br><br>Tao XXX, ny 6 janoary 2017<br><br>Ny Mpanalàlana,</td><td>600 000</td><td>← Fitambaran'ny takila</td></tr>
<tr><td>-</td><td>← Fitambaran'ireo takila teo aloha</td></tr>
<tr><td>600 000</td><td>← Fitambaran'ny safim-pandefasana</td></tr>
<tr><td>-</td><td>← Tentin'ireo taratasy fandraisam-bola nolavina</td></tr>
<tr><td>600 000</td><td>← Tentin'ireo taratasy fandraisam-bola nankatoavina</td></tr>
</table>

**Ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany dia mandray an-tànana ireo taratasy fandraisam-bola ary mamerina ho an'ny Lehiben'ny Mpanatanteraka ny sosony faharoa amin'ny safy. Ny Lehiben'ny Mpanatanteraka dia manondro ny fandraisana an-tànana anatin'ny takilan'ireo vola miditra.**

Ny 6 janoary, ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany dia nangataka amin'ny Mpanalàlana ny fandefasana taratasy fandraisam-bola fanarenana ny fanangonana ireo saram-pisitrahana tsena Sabotsy miisa 20 amin'ny Ar 5.000 isanisany nataon'ny Mpitantana famoriam-bola Rabri.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**

VONDROMBAHOAKAM-PARITRA ...........
Taom-pikatrohana : 2017

**FANGATAHANA FANDEFASANA TARATASY FANDRAISAM-BOLA LAHARANA 1**

Ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany *[Anarana sy fanampiny]* manao sonia etsy ambany dia mangatakany fandefasana ny taratasy fandraisam-bola mifandraika amin'ireo vola nampidirina anaty kitapom-bola voalaza etsy ambany :

| LAHARAM-PIRAKETANA ANATIN'NY BOKY FIRAKETANA ISANANDRO NY VOLA MIDITRA SY MIVOAKA NA NY BANKY | ANARAN'NY MPANDROTSAKA | ANTOM-PANDROTSAHANA | FAMPIZAKANA | TENTINY |
|---|---|---|---|---|
| 1 | Mpitantana famoriam-bola Rabri | Zo momba ny fisitrahana ny tsena Sabotsy | 7727 | 100 000 |
| | | | | |
| | | | FITAMBARANY | 100 000 |

Faranana amin'ny tentiny iray hetsy Ariary.

Tao X, ny 6 janoary 2017

Ny Mpitambolan'ny Kaominina,

Noho ny fangataham-pandefasana, ny Ben'ny Tanàna dia manao ny taratasy fandraisam-bola fanarenana ny 7 janoary ary mampita izany amin'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany.

<table>
<tr><td>FARITANY .........<br>FARITRA .........<br>KAOMININA .........</td><td>Kaominina Ambonivohitra Toamasina</td><td rowspan="3">REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA<br><br>TARATASY FANDRAISAM-BOLA</td><td>Taom-pikatrohana</td><td>2017</td></tr>
<tr><td rowspan="1">Mpanalàlana</td><td>40-170-0-50101</td><td>Tetibola<br>Laharan'ny safim-pandefasana</td><td>40<br>002</td></tr>
<tr><td>Mpitàna bokimbolam-panjakana mahefa</td><td>50-101-100</td><td>Laharan'ny taratasy fandraisam-bola</td><td>003</td></tr>
<tr><td>Kaonty</td><td colspan="4">7727- Vola miditra avy amin'ny tany</td></tr>
<tr><td colspan="5">Lahasa : ☒ Tena natao ☐ Fanarenana ☐ Nobaikoana</td></tr>
<tr><td colspan="5">Atoa/Rtoa mpitan-kaonty dia asaina handray ny tentin'ireo vola miditra voatondro etsy ambany :</td></tr>
<tr><td colspan="2">Montant : 100 000 Ariary<br>Faranana izao titra izao amin'ny tentiny iray hetsy Ariary</td><td colspan="3">Anaran'ny mpandoa vola : Mpitàna famoriam-bola Rabri<br>Adiresin'ny mpandoa vola : lot XXX Fokontany XXX</td></tr>
<tr><td colspan="2">Antony : Haban-tsena Asabotsy</td><td colspan="3">Taratasy fanamarinana : Safy laharana faha-XXX</td></tr>
<tr><td colspan="2">FARITRA VOATOKANA HO AN'NY MPITAN-KAONTY VOALOHANY :<br>Taratasy fanamarinam-paharaisana laharana faha-..... tamin'ny .........<br>Tentiny : ..................<br>Ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany<br>(Anarana, sonia, fitomboka)</td><td colspan="3">Izao taratasy fandraisam-bola izao dia nampanankerezinay<br>Tao Toamasina, ny 05 janoary 2017<br>Ny Mpanalàlana<br>(Anarana, sonia, fitomboka)</td></tr>
</table>

| | |
|---|---|
| **SAFIM-PANDEFASANA**<br>**IREO TARATASY FANDRAISAM-BOLA** | **REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA** |
| | Vondrombahoakam-paritra : Kaominina ambonivohitra Toamasina |
| | Tetibola : 40 \| Mpanalàlana : 40-170-0-50101 |
| Lahasa : ☒ Tena natao ☐ Fanarenana ☐ Nobaikoana | Taom-pikatrohana ara-tetibola : 2017<br>Mpitan-kaonty mahefa : 50-101-100 \| Laharan'ny safim-pandefasana 002 \| Laharan'ny takila 01 |

| LAHARAN'NY TARATASY FANDRAISAM-BOLA | LAHARAN'NY TARATASY FANDRAISAM-BOLA | ANARANA, FANAMPINY - LAHARAM-PANONDROANA SY ADIRESIN'NY MPANDOA VOLA ANTON'NY VOLA MIDITRA | TENTINY | FANAMARIHANA |
|---|---|---|---|---|
| 003 | 7727 | Haban-tsena Sabotsy - Mpitàna famoriam-bola Rabri | 100.000 | |
| | | | | |
| | | | | |

| | | | |
|---|---|---|---|
| FARITRA VOATOKANA HOAN'NY MPITAN-KAONTY MAHEFA<br><br>Daty sy ora nahatongavan'ny safim-pandefasana : | Izao safim-pandefasana izao dia faranana amin'ny tentiny (A) Enina hetsy Ariary<br><br>Tao XXX, ny 6 janoary 2017<br><br>Ny Mpanalàlana | 100 000 | ← Fitambaran'ny takila |
| | | - | ← Fitambaran'ireo takila teo aloha |
| | | 100 000 | ← Fitambaran'ny safim-pandefasana |
| | | - | ← Tentin'ireo taratasy fandraisam-bola nolavina |
| | | 100 000 | ← Tentin'ireo taratasy fandraisam-bola nankatoavina |

# IV.3 | FANATANTERAHANA IREO FANDANIANA

Ireo làlana lalovana amin'ny dingana ara-panjakana ho fanatanterahana ireo fandaniana dia :

- ny fanaovana sora-panekena ny fandaniana ;
- ny fanamarinan-kajy ny fandaniana ;
- ny fandefasana ny taratasy fandoavam-bola.

Ny fandoavana dia hefain'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany.

Ireo sora-panekena dia hefaina ny 1 Janoary hatramin'ny 31 Desambra amin'ny taona N ary ireo fandefasana taratasy fandoavam-bola, ny 1 Janoary hatramin'ny 31 janoary amin'ny taona manaraka (N+1). Ireo taratasy fandoavam-bola amin'ny fepotoana fanampiny dia ampiarahina amin'ny taona N ary asiana daty 31 Desambra amin'ny taona N. Ireo taratasy fandoavam-bola amin'ny fepotoana fanampiny dia mahakasika samirery ireo fandaniana nanaovana sora-panekena mandritra ny taom-pikatrohana N.

Ireo sora-panekena tsy nanaovana fanalalanana sy ireo taratasy fandoavam-bola izay tsy noraisin'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohay an-tànana alohan'ny 31 Janoary amin'ny taona manaraka (N+1) dia foanana ao anatin'ny kaontin'ny taom-pikatrohana nifarana ary averina anaovana sora-panekena vaovao raha ilaina anatin'ny taom-pikatrohana manaraka.

Mba hahafahana mametra ireo ambiny mbola haloa amin'ny fiafaran'ny taom-pikatrohana, ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany dia tokony hanao fandavana ireo taratasy fandoavam-bola raha toa ny toe-bola eo an-tànana ka tsy ahafahana manao ny fandoavana azy ireo.

## IV.3.1 Fanaovana sora-panekena

**Ny fanaovana sora-panekena** ireo fandaniana dia mitsinjara ho sora-panekena ara-pitanan-kaonty sy sora-panekena araka ny lalàna.

Ny sora-panekena ara-pitanan-kaonty dia natao mba hanokanana ireo sorabola ilaina amin'ny fandoavana ny fandaniana.

Ny sora-panekena araka ny lalàna dia ny sora-draharaha izay amoronana na izahan'ny Vondrombahoakam-paritra fototra fa manankery aminy ny andraikitra izay miteraka fandaniana. Izany dia teraka noho ny :

- fanaovana fifampiraharaham-barotra, sora-draharaha ifandraiketana, safim-panafarana iray ;
- fanaovan-tsonia fifanarahana arak'asa ;
- fanaovan-tsonia fifanarahana na fifanarahana momba ny fanampiana ara-bola ;
- fanaovan-tsonia fanapaham-panomezana tsy mivaly ;
- ary amin'ny ankapobeny ireo sora-draharaha rehetra araka ny lalàna ka miteraka trosa.

Ny tentin'ireo sora-panekena dia tsy mahazo mihoatra ireo sorabola anaty tetibola izay sokafana isaky ny fampizakana. Raha toa ireo sorabola eo an-tànana ka tsy ampy, ireo sorabola anatin'ny andàlan'ny tetibola dia tsy maintsy ampitomboina amin'ny alàlan'ny fankatoavana tetibola fanitsiana na didim-pitondrana fanitsiana arakaraka ny lentan'ny fanokanana ireo sorabola mialoha ny fahafahana manao sora-panekena ny fandaniana.

Ny sora-panekena ara-pitanan-kaonty dia soratana anatin'ny takilan'ireo fandaniana. Ny fanamarinana ireo sorabola eo an-tànana dia atao amin'ny takilan'ny fandaniana.

Ny tentin'ireo sora-panekena dia azo anaovana fanafoanam-panekena ampahany na manontolo :

- raha toa ny tentin'ny fandaniana ka latsaka amin'ny tentin'ny sora-panekena fiandohana ;
- raha toa ny fanafarana ka nofoanana (ny sora-panekena araka ny lalàna dia tokony nofoanana mialoha izany) ;
- raha toa ny fandaniana ka tsy nahazoana fanalalanana mialoha ny fiafaran'ny fepotoana fanampiny ny 31 janoary amin'ny taona manaraka ny taom-pikatrohana nofaranana (ireo fandaniana nanaovana sora-panekena tsy nahazoana fanalalanana dia haverina hanaovana sora-panekena indray amin'ny taom-pikatrohana manaraka).

Ny tentin'ireo fanafoanam-panekena dia soratana anatin'ny takilan'ireo fandaniana amin'ny laharan'ny sora-panekena fiandohana.

Ireo fividianana entana, raharaha, asa dia anaovana safim-panafarana na fifampiraharaham-barotra araka ny didy aman-dalàna mifehy ny fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana (lalàna laharana faha-2016-055 tamin'ny 25 janoary 2017 anaovana Fehezan-dalàna momba ny fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana).

Ireo fetra fampiharana ireo paikady sy fanarahamaso ireo fifampiraharaham-barotra dia fintinina anatin'ireo tabilao etsy ambany (Loharano : Fehezan-dalàna momba ny fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana) :

### 1. Fetra mikasika ireo fifampiraharaham-barotra anaovana asa, entana sy tolo-draharaha :

| ASA FANAOVAN-DÀLANA | | ASA ANKOATRA NY FANAOVAN-DÀLANA | ENTANA | TOLO-DRAHARAHA | FOMBA FIANDRAIKETANA | ENDRIKA SY FEPOTOANA FAMPAHAFANTARANA NY BESINIMARO | FOMBAFOMBA FANARAHAMASO |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| FANORENANA NA FANARENANA | FIKOJAKOJANA ANDAVANAN-DRO NA MANARAKA FEPOTOANA | | | | | | |
| X ≥ 5 Miliara | X ≥ 2 Miliara | X ≥ 500 Tapitrisa | X ≥ 200 Tapitrisa | X ≥ 100 Tapitrisa | Fiantsoana tolo-bidy misokatra | Fampahafantarana ny besinimaro amin'ny gazety telopolo (30) andro mialoha farafahakeliny | Fanarahamaso mialoha |
| 500 Tapitrisa ≤ X < 5 Miliara | 500 Tapitrisa ≤ X < 2 Miliara | 140 Tapitrisa ≤ X < 500 Tapitrisa | 80 Tapitrisa ≤ X < 200 Tapitrisa | 25 Tapitrisa ≤ X < 100 Tapitrisa | Fiantsoana tolo-bidy misokatra | Fampahafantarana ny besinimaro amin'ny gazety telopolo (30) andro mialoha farafahakeliny | Fanarahamaso ao aoriana |
| 7 Tapitrisa ≤ X < 500 Tapitrisa | 7 M ≤ X < 500 M | 5 Tapitrisa ≤ X < 140 Tapitrisa | 1 Tapitrisa ≤ X < 80 Tapitrisa | 1 Tapitrisa ≤ X < 25 Tapitrisa | Famantarana orinasa, mpamatsy sy mpanatanteraka tolo-draharaha | Peta-drindrina folo (10) andro mialoha farafahakeliny | Fanarahamaso ao aoriana |
| X < 7 Tapitrisa | X < 7 Tapitrisa | X < 5 Tapitrisa | X < 1 Tapitrisa | X < 1 Tapitrisa | Fividianana mivantana, tsy misy fitsipika hentitra momba ny fifaninanana | Tsy misy fampahafantarana ny besinimaro | Fanarahamaso ao aoriana |

### 2. Fetra mikasika ireo fifampiraharaham-barotra momba ny fanatontosana tolo-draharaha ara-tsaina :

| TENTINY | ENDRIKY NY FAMPAHAFANTARANA NY BESINIMARO | FEPOTOANA ANAOVANA NY FAMPAHAFANTARANA NY BESINIMARO NY FIANTSOANA HANAO TOLO-BIDY | FEPOTOANA ANATERANA IREO TOLOTRA | FOMBAFOMBA FANARAHAMASO |
|---|---|---|---|---|
| X ≥ 100 Tapitrisa | Fiantsoana hanao tolo-bidy (amin'ny alàlan'ny gazety) / Lisitra ferana | Farafahakeliny dimy ambiny folo (15) andro | Farafahakeliny dimy ambiny folo (15) andro | Fanarahamaso mialoha |
| 25 Tapitrisa ≤ X < 100 Tapitrisa | | | | Fanarahamaso ao aoriana |
| X < 25 Tapitrisa | Fiantsoana hanao tolo-bidy (Amin'ny alàlan'ny peta-drindrina) / Lisitra ferana | Farafahakeliny folo (10) andro | Farafahakeliny folo (10) andro | Fanarahamaso ao aoriana |

### 3. Fetra mikasika ireo fifaninanana mivantana :

| ASA FANAOVAN-DÀLANA | ASA ANKOATRA NY FANAOVAN-DÀLANA | ENTANA SY RAHARAHA |
|---|---|---|
| X < 25 Tapitrisa | X < 15 Tapitrisa | X < 5 Tapitrisa |

*X : Tentiny voavina momba ny fifampiraharaham-barotra tsy tataovan-kaba rehetra.*

*Loharano : Didim-pitondrana laharana faha-7275/2016/MFB tamin'ny 31 martsa 2016 amerana iny fomba famaritana ireo fetran'ireo fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana sy amerana ireo tentiny.*

*AO : Fiantsoana tolo-bidy.*

Ireo karama tsy tataovan-ketran'ireo mpiasa sy ireo latsakemboka ara-tsosialy zakain'ny mpampiasa dia anaovana sora-panekena ho an'ny taona manontolo amin'ny fisokafan'ny taom-pikatrohana ary anaovana fanamarinan-kajy isam-bolana. Ny fanaovana sora-panekena faobe dia hisorohana fa ny fanaovana sora-panekena ireo fandaniana momba ny karama tsy voavinavina na ny fampihenana sorabola noho ny tetibola fanitsiana dia tsy ahazoa-manoa ireo karama sy fandaniana ara-tsosialy aminireo volana farany amin'ny taom-pikatrohana. Ireo fanitsiana ny vola nata handoavana ny karama (fanitsiana ireo isa, fanondrotana ireo karama) dia anaovana sora-panekena fanampiny na fanafoanam-panekena kajiana amin'ny ambin'ny fepotoan'ny taom-pikatrohana.

Ireo fifanarahana isan-taona momba ny famatsiana (rano, herinaratra,...), ireo fampanofana, ireo vola isan-taona handoavan-trosa, dia anaovana ihany koa sora-panekena faobe amin'ny fiandohan'ny taom-pikatrohana. Ny sora-panekena fiandohana dia ahitsy, amin'ny alàlan'ny fanafoanam-panekena na sora-panekena fanampiny, arakaraka ireo lazam-bidy voaray.

Ireo fanampiana ara-bola, fanomezana, dia anaovana sora-panekena mifototra amin'ireo fifanarahana (raha toa ka fifanarahana mifamaly) na didim-pitondrana raisin'ny Lehiben'ny Mpanatanteraka (raha toa ka fanapahan-kevitra tsy mivaly) ao anatin'ny fetran'ireo fanomezan-dàlana nataon'ny Filankevitry ny Vondrombahoakam-paritra.

**Paikady fanafarana :**

Ny Mpitantan'asa dia mamantatra ireo filàna (aorian'ny fizahana ireo ambim-bava ho an'ireo entana) ary manomana ny fangatahana fanomezan-dàlana hanao sora-panekena :

**MAODELY 14 : FANGATAHANA FANOMEZAN-DÀLANA HANAO SORA-PANEKENA**

**FANGATAHANA FANOMEZAN-DALANA**
**HANAO SORA-PANEKENA LAHARANA FAHA-........**

Anaran'ny mpangataka :..........................................
Fandaharan'asa : ..................................................
Lahasa : .....................................................
Antony : ......................................................................................................................................
.....................................................................................................................
Daty : ................

| LAH° | FANONDROANA | MARIKA | HABETSAHANY | VIDIN'NY ISANISANY VOATOMBANA | TENTINY VOATOMBANA |
|---|---|---|---|---|---|
| 1 | | | | | |
| 2 | | | | | |
| 3 | | | | | |
| | | | | | |
| | | | | FITAMBARAN'NY TENTINY | |

| | | | |
|---|---|---|---|
| Fanamarinan'ny Tompon'andraikitry ny fandaharan'asa | Mariky ny fampizakana | | |
| Fanamarinan'ny Sekretera mpitan-kaonty | Sorabola sokafana | | |
| | Sorabola eo an-tànana | | |
| Fanamarinan'ny Lehiben'ny Mpanatanteraka | Tenti'ny sora-panekena voatombana | | |
| | Eo an-tànana aorian'ny sora-panekena | | |

Ny Mpitantan'asa dia mameno anatin'ny fangatahana ireto zavatra voatanisa etsy ambony : laharana, anaran'ny mpangataka, fandaharan'asa sy lahasa, anton'ny fangatahana (jerena amin'izanyireo asa voatondro anatin'ny fandaharan'asa), datin'ny fangatahana ary ny tapany ambony amin'ny tabilao (laharana, fanondroana, marika, vidin'ny isanisany voatombana, tentiny voatombana).

Ny fangatahana dia atolotra hankatoavan'ny Tompon'andraikitry ny fandaharan'asa ary avy eo dia amin'ny Sekretera mpitan-kaonty izay mamaritra ny fampizakana ara-tetibola ny fandaniana ary, avy amin'ny takilan'ireo fandaniana, mameno ny sorabola sokafana, ny sorabola eo an-tànana, ny tentin'ny sora-panekena voatombana ary ny tentin'ny eo an-tànana aorian'izany sora-panekena izany.

Aorian'izany, ny fangatahana dia atolotra ny Lehiben'ny Mpanatanteraka ary raha toa izy ka nanome ny fanomezan-dàlana, ny Sekretera mpitan-kaonty dia mirakitra an-tsoratra ny lahasa anatin'ny takilan'ireo fandaniana.

Arakaraka ireo fetran'ireo fifampiraharaham-barotra, ny Olona tompon'andraikitry ny fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana dia manao ny famantarana ireo mpamatsy mba hanaovana fampitaham-bidy na fiantsoana tolo-bidy.

Arakaraky ny vokatry ny famantarana, ny Sekretera mpitan-kaonty dia manao sora-panekena fanampiny na fanafoanam-panekena, ny Olona tompon'andraikitry ny fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana dia manomana ny fifampiraharaham-barotra na ny safim-panafarana.

## MAODELY 15 : SAFIM-PANAFARANA

### SAFIM-PANAFARANA LAHARANA FAHA- ......

Taom-pikatrohana : ......................................................
Fandaharan'asa : ........................................................
Fampizakana : ............................................................
Sora-panekena laharana faha-...... tamin'ny ..................
Mpamatsy : ................................................................
Adiresy : ........................................................................................................................
Kara-pamantarana ara-ketra laharana faha-.................................................

| LAH° | FANONDROANA | MARIKA | FANAFARANA | | | FANATANTERAHANA* | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | HABET-SAHANY | VIDIN'NY ISANI-SANY | TENTIN'NY *PROFORMA* | HABET-SAHANY | VIDIN'NY ISANI-SANY | TENTINY |
| | | | | | | | | |
| | | | | | | | | |
| | | | | | | | | |
| FITAMBARAN'NY TENTINY | | | | | | | | |

*(*) Hofenoin'ny mpamatsy amin'ny fotoana anaterana ny entana.*

Ny fanafarana sy ny lazam-bidy amin'ny sosony X dia tsy maintsy alefa amin'ny ......................................

Tao............., ny ...............
Ny Lehiben'ny Mpanatanteraka

TSARA HOMARIHINA : Ireo habetsahany sy vidin'ny isanisany amin'ny fanatanterahana dia tsy azo atao mihoatra ny habetsahany sy vidin'ny isanisany amin'ny fanafarana.Ireo tapakila vokarin'ny Trano Printim-pirenena no tsy maintsy ampiasaina.

**Fanatontosana ny sora-panekena :**

Ny Sekretera mpitan-kaonty dia manao ny titra momba ny sora-panekena ara-bola *(TEF)* izay taratasy fanamarinana ny fandaniana hampanasoniavina ny Lehiben'ny Mpanatanteraka.

Toy izao ny endriky ny *TEF* :

## MAODELY 16 : TITRA MOMBA NY SORA-PANEKENA ARA-BOLA

Ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia mampiasa ireo takila vita printy momba ireo fandaniana ampiharina amin'ny Fanjakana. Ireo faritra miloko volon-tany dia tsy ampiasain'ireo Vondrombahoakam-paritra ary tsy natao hofenoina.

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| FARITANY<br>FARITRA<br>KAOMININA | *(1)* | **REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA** | | FAMPITANDREMANA<br>Ireo lahasa rehetra nohefaina tsy nanaovana titra momba ny sora-panekena ara-bola dia tsy maha-tompon'andraikitra ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana. Ny Fitsarana momba ny fifanolanana amin'ny Fanjakana no hany mahefa hitsara ireo fifanolanana.<br>**Sosony natao ho an'ny mpitan-kaonty/ mpanalàlana** |
| | | Iraka : | Taom-pikatrohana : *(6)* | |
| | | Tetibola : *(5)* | Sokajy : | |
| Mpanalàlana | *(2)* | **TITRA MOMBA NY SORA-PANEKENA ARA-BOLA** | | |
| Kaominina Mpisitraka | | | | |
| Mariky ny Fanarahamaso ny Fitantanam-bola | | | | |
| Laharan'ny sora-panekena | *(3)* | | | |
| Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany mahefa | *(4)* | | | |

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| Fandaharan'asa | *(7)* | Lahasa | *(7)* | Asa | *(7)* |
| Fampizakana ara-panjakana | *(8)* | Famatsiam-bola | *(10)* | | |
| Kaonty PCOP | *(9)* | | | | |

| TOMPON'NY SORA-PANEKENA | |
|---|---|
| Laharam-panondroana | *(11)* |
| Tompony :<br>Adiresy | |
| **TENTIN'NY SORA-PANEKENA** | |
| TENTINY AFA-KABA | *(12)* |
| HABA TVA TST DTI | *(13)* |
| FITAMBARANY OMBAN-KABA | *(14)* |
| | |
| **SORA-PANEKENA FANAMPINY/ FANAFOANANA SORA-PANEKENA** | |
| SORA-PANEKENA FIANDOHANA | *(15)* |
| SORA-PANEKENA FANAMPINY/ FANAFOANANA SORA-PANEKENA | *(16)* |
| SORA-PANEKENA FARANY | *(17)* |
| TAHAN'NY FIFANAKALOZANA ARA-BOLA | |
| **FITSIAHY NY FIFANARAHANA** *(18)* | |
| Tentiny | |
| Vaninandron'ny fanankerezana | |
| Mpamatsy vola | |
| Fitsiahy ny fifanarahana | |
| **TOETOETRY NY KAONTY** | |
| Sorabola nosokafana | *(19)* |
| Sora-panekena | *(20)* |
| Eo an-tànana mialoha izao sora-panekena izao | *(21)* |
| Sora-panekena/fanafoanana sora-panekena | *(22)* |
| Eo an-tànana | *(23)* |

Natao tao ………………., ny …………..

Sonia sy fitomboky ny mpanalàlana

| KARAZAN'NY SORA-PANEKENA | |
|---|---|
| Anton'ny sora-pandaniana : *(24)* | |
| KARAZAN'NY SORA-PANEKENA *(25)*<br>☐ Safim-panafarana<br>☐ Tombam-bidy /Proforma<br>☐ Fifanarahana<br>☐ Fifampiraharaham-barotra<br>☐ Kitapom-bola ho an'ny vatsim-bola<br>☐ Sora-panekena faobe | PAIKADY *(26)*<br>☐ Sora-panekena vaovao<br>☐ Sora-panekena fanampiny<br>☐ Fanafoanana sora-panekena<br>☐ Tahiry (Provision)<br>☐ Fanarenana kitapom-bola ho an'ny vatsim-bola |

| FANDAHARANA NY FANOMEZAN-DALANA HANAO SORA-PANEKENA *(27)* | | |
|---|---|---|
| Taona 1 | | |
| Taona 2 | | |
| Taona 3 | | |

| FAHAFAHA-MANAO NOHO NY FANOMEZAN-DALANA HANAO SORA-PANEKENA | |
|---|---|
| Fanomezan-dàlana | *(28)* |
| Sora-panekena hatrany am-piandohana | *(29)* |
| Eo an-tànana mialoha izao sora-panekena izao | *(30)* |
| Sora-panekena/fanafoanana sora-panekena | *(31)* |
| Eo an-tànana | *(32)* |

*(1)* Sokajy sy anaran'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana

*(2)* Mariky ny Mpanalàlana voalohany (ny Lehiben'ny Mpanatanteraka) na ny mpanalàlana nomem-pahefana notendrena tamin'ny didim-pitondrana raisin'ny Lehiben'ny Mpanatanteraka avy amin'ireo Lefitra

*(3)* Laharan'ny sora-panekena anatin'ny tamba-daharana mifanohy ho an'ny fampizakana ara-tetibola tsirairay manomboka ny 1 janoary ary mifarana ny 31 desambra

*(4)* Mariky ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany

*(5)* Mariky ny tetibola fototra na ny tetibola tovana ho an'ireo sampan-draharaha tantanana mivantana izay manana fahaleovan-tena ara-bola

*(6)* Taonan'ny taom-pikatrohana (Ohatra : 2017)

*(7)* Mariky ny fandaharan'asa, ny lahasa, ny asa arakaraka ny lasitra fototry ny fandaharana ara-tetibola (Jereo Torolàlana momba ireo paikady ara-pitantanam-bola, toko 2 Ny fanomanana ny tetibola fandaharan'asa)

*(8)* Mariky ny sampan-draharaha miadidy ny fanatanterahana ny fandaniana

*(9)* Laharana sy anaran'ny kaonty PCOP fampizakana

*(10)* Fanondroana ny fihavian'ireo loharanom-bola. Amin'ny ankapobeny, ireo loharanom-bola dia avy amin'ireo loharanom-bola manokan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana (marika 10). Raha toa ka misy famatsiam-bola avy amin'ny loharanom-bola voatokana ; fanampiana ara-bolan'ny Fanjakana (marika 60); fanampiana ara-bolan'ny mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola (marika 61) ; fanampiana arabolan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana hafa (marika 6X), fisamboram-bola (marika 70). Amin'izany tranga izany dia fenoina ny sokajy Fitsiah ny fifanarahana andàlana (18).

*(11)* Laharam-panondroana ara-ketra na laharan'ny karapanondrom-pirenena ho an'ny olon-tsotra

*(12)* Tentiny afa-kaba amin'ny sora-panekena fototra. Tsy fenoina ho an'ireo sora-panekena fanampiny na ireo fanafoanana sora-panekena

*(13)* Tentin'ireo haba amin'ny sora-panekena fiandohana. Tsy fenoina ho an'ireo sora-panekena fanampiny na ireo fanafoanana sora-panekena

*(14)* Tentin'ny sora-panekena fototra omban-kaba. Tsy fenoina ho an'ireo sora-panekena fanampiny na ireo fanafoanana sora-panekena

*(15)* Fenoina ho an'ireo sora-panekena fanampiny na ireo fanafoanana sora-panekena, fampahatsiahivana ny tentin'ny sora-panekena fototra

*(16)* Tentin'ny sora-panekena fanampiny omban-kaba na tentin'ny fanafoanana sora-panekena nahena

*(17)* Tentiny aorian'ny fanampiana ny sora-panekena fanampiny na fanatsoahana ny fanafoanana sora-panekena

*(18)* Raha toa ireo fandaniana ka natao tao anatin'ny fifanarahana famatsiam-bola izay ilaina fizohiana ireo fandaniana, tondroina ny tentiny, ny daty nanaovan-tsonia ny fifanarahana, ny fanondroana ny mpamatsy vola, ireo fitsiahy ny fifanarahana

*(19)* Sorabola sokafana ao amin'ny tetibolan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ho an'ny fandaharan'asa ara-tetibola sy ny fampizakana PCOP voakasika

*(20)* Tentin'ireo sora-panekena teo aloha natao tanatin'izany fampizakana izany

*(21)* Tentiny eo an-tànana mialoha izao titra momba ny sora-panekena ara-bola (TEF) izao : tentin'ireo sorabola sokafana anesorana ny tentin'ireo sora-panekena teo aloha

*(22)* Tentin'ny sora-panekena (fanampiana) sy ny fanafoanana sora-panekena (fanesorana)

*(23)* Sora-bola eo an-tànana ho an'ny fampizakana. tentiny eo a-ntànana mialoha izao titra momba ny sora-panekena ara-bola (TEF)izao anesorana ny tentin'izao sora-panekena izao na ampianany tetin'nizao fanafoanana sora-panekena izao.

*(24)* Soraty ny anton'ny fandaniana

*(25)* Mariho ny toetoetry ny sora-panekena

*(26)* Mariho ny karazan'ny sora-panekena

*(27)* Ho an'ireo fanomezan-dàlana sora-panekena mandritry ny taona maromaro, soraty amin'ny tsanganana voalohany ireo taom-pikatrohana anatanterahana ny fandaniana ary amin'ny tsanganana faharoa ireo sorabola fandoavana sokafana ho an'ny taona tsirairay momba ny fandaharan'asa

*(28)* Tentin'ny fanomezan-dàlana hanao sora-panekena

*(29)* Tentiny efa nanaovana sora-panekena hatramin'ny fiandohana

*(30)* Tentiny eo an-tànana mialoha izao titra momba ny sora-panekena ara-bola (TEF) izao : tentin'ny fanomezan-dàlana ny fandaharan'asa anesorana ireo tentiny efa nanaovana sora-panekena

*(31)* Tentin'ny sora-panekena (fanampiana) na ny fanafoanana sora-panekena (fanesorana)

*(32)* Eo an-tànana : Tentiny eo an-tànana mialoha izao titra momba ny sora-panekena ara-bola (TEF) izao anesorana ny sora-panekena na ampiana ny fanafoanana sora-panekena

Ny titra momba ny sora-panekena natao ho an'ny tompon'ny sora-panekena dia mitovy amin'ny titra natao ho an'ny mpitan-kaonty sy ny mpanalàlana saingy tsy misy ireo fanondroana momba ny toetoetry ny kaonty sy, ho an'ireo fanomezan-dàlana hanao sora-panekena, momba ny fahafaha-manao mikasika ny fanomezan-dàlana hanao sora-panekena.

| | | | |
|---|---|---|---|
| FARITANY<br>FARITRA<br>KAOMININA | *(1)* | **REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**<br>Iraka : / Taom-pikatrohana : *(6)*<br>Tetibola : *(5)* / Sokajy : | FAMPITANDREMANA<br>Ireo lahasa rehetra nohefaina tsy nanaovana titra momba ny sora-panekena ara-bola dia tsy maha-tompon'andraikitra ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana. Ny Fitsarana momba ny fifanolanana amin'ny Fanjakana no hany mahefa hitsara ireo fifanolanana.<br>**Sosony natao ho an'ny mpitan-kaonty/ mpanalàlana** |
| Mpanalàlana | *(2)* | **TITRA MOMBA NY SORA-PANEKENA ARA-BOLA** | |
| Kaominina Mpisitraka | | | |
| Mariky ny Fanarahamaso ny Fitantanam-bola | | | |
| Laharan'ny sora-panekena | *(3)* | | |
| Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany mahefa | *(4)* | | |

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| Fandaharan'asa | *(7)* | Lahasa | *(7)* | Asa | *(7)* |
| Fampizakana ara-panjakana | *(8)* | Famatsiam-bola | *(10)* | | |
| Kaonty PCOP | *(9)* | | | | |

| | | |
|---|---|---|
| TOMPON'NY SORA-PANEKENA | | KARAZAN'NY SORA-PANEKENA |
| Laharam-panondroana | *(11)* | Anton'ny sora-pandaniana : *(19)* |
| Tompony :<br>Adiresy | | |

| | | | |
|---|---|---|---|
| TENTIN'NY SORA-PANEKENA | | KARAZAN'NY SORA-PANEKENA *(20)*<br>☐ Safim-panafarana<br>☐ Tombam-bidy /Proforma<br>☐ Fifanarahana<br>☐ Fifampiraharaham-barotra<br>☐ Kitapom-bola ho an'ny vatsim-bola<br>☐ Sora-panekena faobe | PAIKADY *(21)*<br>☐ Sora-panekena vaovao<br>☐ Sora-panekena fanampiny<br>☐ Fanafoanana sora-panekena<br>☐ Tahiry<br>☐ Fanarenana kitapom-bola ho an'ny vatsim-bola |
| TENTINY AFA-KABA | *(12)* | | |
| HABA TVA TST DTI | *(13)* | | |
| FITAMBARANY OMBAN-KABA | *(14)* | | |
| | | | |
| SORA-PANEKENA FANAMPINY/ FANAFOANANA SORA-PANEKENA | | | |
| SORA-PANEKENA FIANDOHANA | *(15)* | | |
| SORA-PANEKENA FANAMPINY/ FANAFOANANA SORA-PANEKENA | *(16)* | | |
| SORA-PANEKENA FARANY | *(17)* | | |
| TAHAN'NY FIFANAKALOZANA ARA-BOLA | | | |

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| FITSIAHY NY FIFANARAHANA *(18)* | | FANDAHARANA NY FANOMEZAN-DALANA HANAO SORA-PANEKENA *(22)* | | |
| Tentiny | | | | |
| Vaninandron'ny fanankerezana | | Taona 1 | | |
| Mpamatsy vola | | Taona 2 | | |
| Fitsiahy ny fifanarahana | | Taona 3 | | |

| | |
|---|---|
| TOETOETRY NY KAONTY *(18)*<br><br>Tsy fenoina | FAHAFAHA-MANAO NOHO NY FANOMEZAN-DALANA HANAO SORA-PANEKENA<br><br>Tsy fenoina |
| Natao tao …………………, ny ……………<br><br>Sonia sy fitomboky ny mpanalàlana | |

*Raha fintinina, ireo fizotran'ny fanatanterahana :*

| FILAZALAZANA IREO ASA ATAO | MPISEHATRA | RAKI-KEVITRA AMPIASAINA |
|---|---|---|
| - Fanehoana ireo filàna | Mpitantan'asa | - Fangatahana fanomezan-dàlana hanao sora-panekena (DAE) |
| - Fanamarinana ny tena ilaina ireo filàna | Tompon'andraikitry ny fandaharan'asa | - Fangatahana fanomezan-dàlana hanao sora-panekena<br>- Tetibola |
| - Fanamarinana ny fisian'ny sorabola<br>- Fanamarinana ny momba ny tahirimbola malalaka<br>- Fanaovan-tsonia ny fangatahana fanomezan-dàlana hanao sora-panekena | Sekretera mpitan-kaonty | - Fangatahana fanomezan-dàlana hanao sora-panekena<br>- Tetibola |
| - Fanamarinana sy fanaovan-tsonia ny fangatahana fanomezan-dàlana hanao sora-panekena | Lehiben'ny Mpanatanteraka | - Fangatahana fanomezan-dàlana hanao sora-panekena<br>- Tetibola |
| - Firaketana an-tsoratra ny sora-panekena anatin'ny takilan'ny fandaniana | Sekretera mpitan-kaonty | - Fangatahana fanomezan-dàlana hanao sora-panekena<br>- Tetibola<br>- Takilan'ireo fandaniana |
| Ho an'ny fanafarana tolo-draharaha, asa na entana :<br>- Famantarana mpamatsy<br>- Fanomanana ny fifampiraharaham-barotra na ny safim-panafarana (araka ireo fetra)<br>Amin'ireo tranga hafa :<br>- Fanomanana ny sora-draharaha hanaovana sora-panekena (fanapahan-kevitra momba ny fanampiana ara-bola, antontan-kevitra momba ny karama,.... | Olona Tompon'andraikitry ny fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana<br>Sekretera mpitan-kaonty | - Fangatahana fanomezan-dàlana hanao sora-panekena |
| - Fanaovana ny titra momba ny sora-panekena ara-bola | Sekretera mpitan-kaonty | - Fifampiraharaham-barotra/safim-panafarana/sora-draharaha hanaovana sora-panekena<br>- Titra momba ny sora-panekena ara-bola |
| - Fanaovan-tsonia ny titra momba ny sora-panekena ara-bola<br>- Fanaovan-tsonia ny sora-panekena araka ny lalàna | Lehiben'ny Mpanatanteraka | - Fangatahana fanomezan-dàlana hanao sora-panekena<br>- Titra momba ny sora-panekena ara-bola<br>- Fifampiraharaham-barotra/sora-draharaha anaovana sora-panekena |
| - Fanakilasiana ireo raki-kevitra (fifampiraharaham-barotra, sora-draharaha anaovana sora-panekena, safim-panafarana, ..., titra momba ny sora-panekena ara-bola) miandry ireo lazam-bidy mifandraika sy ireo taratasy fanamarinana hafa | Sekretera mpitan-kaonty | - Fangatahana fanomezan-dàlana hanao sora-panekena<br>- Titra momba ny sora-panekena ara-bola<br>- Fifampiraharaham-barotra/sora-draharaha anaovana sora-panekena |

## IV.3.2 Fanamarinan-kajy

**Ny fanamarinan-kajy** dia natao hanamarinana ny tena fisiana sy ny fisian'ny trosa araka ny lalàna ary mamarana ny tentin'izany. Ireo dingana lalovana ho an'ny fanamarinan-kajy dia :

- ny fandraisana ireo fananana, raharaha sy asa nohafarana (fanamarinana ny fahatontosana ny asa) ;
- ny fanamarinana ireo taratasy fanamarinana sy ny tentiny marina amin'ny fandaniana.

Ny fanamarinan-kajy dia atao mifototra amin'ny fanafarana, (fifampiraharaham-barotra, safim-panafarana), ny safim-panateran'entana ary ny fitànana an-tsoratra fandraisana, ny lazam-bidin'ny mpamatsy.

Ny fanaramahaso ireo asa, entana sy raharaha natao dia andraikitry ny Vaomieram-pandraisana. Ny Vaomiera dia ahitàna mpiasa 3 tendren'ny Lehiben'ny Mpanatanteraka araka ireo fepetra entin'ny didim-pitondrana laharana faha-21543/2007-MFB tamin'ny 11 desambra 2007. Azon'ny vaomiera atao ny miantso teknisiana. Ny Vaomieram-pandraisana no miadidy ny fandraisana ireo asa, entana na raharaha natao, ny fampitahana ireo habetsahana noraisina sy ny habetsahana nohafarana, ny fanamarinana ny fifanarahan'ireo fiavahana ara-teknika momba ireo asa, entana na raharaha natao amin'ireo nanaovana fanafarana, ny fanamarinanana ny maha-mety rehefa ampiasaina. Ny vaomiera dia manao fitànana an-tsoratra ny faharaisana izay soniavin'ireo mpikambana ao amin'ny Vaomiera.

Ny Sekeretera Mpitan-kaonty dia manamarina ny fifanarahan'ny lazam-bidy amin'ny fanafarana (anaran'ny mpamatsy), manamarina ny fanajana ireo fepotoana fanaterana ary mikajy ireo fanasaziana raha toa ka misy fahatarana manamarina ny tentiny haloa.

Noho ny fitànana an-tsoratra nataon'ny Vaomiera ary aorian'ny fanaovany ny fanamarinana, ny Sekretera mpitan-kaonty dia mametraka amin'ny lazam-bidy ny fanondroana hoe « Manamarina ny asa natao » ary manolotra izany hosoniavin'ny Mpitantan'asa na raha tsy izany dia ny Lehiben'ny Mpanatanteraka.

Amin'ireo tranga hafa, ny Sekretera mpitan-kaonty dia manamarina ny mampitombina araka ny lalàna ireo antontan-taratasy manambara ny trosan'ny Vondrombahoakam-paritra (fanagiazana ara-pitsarana, fifanarahana momba ny fanampiana ara-bola, fanapahan-kevitra fanomezana) indrindra ny fanomezan-dàlana ataon'ny Filankevitry ny Vondrombahoakam-paritra syny toetoetra mampanankery ny fanapahan-kevitra (fampitàna amin'ny Solontenam-panjakana hanaovana fanarahamaso ny fanarahan-dalàna, fampahafantarana ny besinimaro na ny voakasika), ireo kajy natao tamin'ny fanamarinan-kajy ary ny fanondroana ny mpisitraka.

Ny fanamarinan-kajy ireo fandaniana dia zahana fototra anatin'ny safin'ireo taratasy fanamarinana, izay milaza ihany koa ireo antontan-taratasy rehetra ilaina amin'ny fandoavana. Ny fandraisana an-tànana anatin'ny fitanan-kaonty momba ny entana (ho an'ireo fanana-mifaka sy entana) izay ataon'ny mpitahiry entana sady mpitan-kaonty dia tondroina anatin'izany ihany koa.

## MAODELY 17 : SAFIN'IREO TARATASY FANAMARINANA

<table>
<tr><td rowspan="3">FARITANY<br>FARITRA<br>KAOMININA</td><td rowspan="3">(1)</td><td colspan="2">REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA</td><td rowspan="8">Laharan'ny safim-pandefasana : (7)<br><br>Laharan'ny taratasy fandoavam-bola : (8)</td></tr>
<tr><td>Iraka : (5)</td><td>Taom-pikatrohana : (6)</td></tr>
<tr><td>Tetibola : (5)</td><td>Sokajy :</td></tr>
<tr><td>Mpanalàlana</td><td>(2)</td><td colspan="2" rowspan="5">SAFIN'IREO TARATASY FANAMARINANA</td></tr>
<tr><td>Kaominina mpisitraka</td><td></td></tr>
<tr><td>Mariky ny Fanarahamaso ny fitantanam-bola</td><td></td></tr>
<tr><td>Laharan'ny sora-panekena</td><td>(3)</td></tr>
<tr><td>Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany mahefa</td><td>(4)</td></tr>
</table>

<table>
<tr><td>Fandaharan'asa</td><td>(9)</td><td>Lahasa</td><td>(9)</td><td>Asa</td><td>(9)</td></tr>
<tr><td colspan="2">Fampizakana ara-panjakana</td><td>(10)</td><td>Famatsiam-bola</td><td colspan="2">(12)</td></tr>
<tr><td colspan="2">Kaonty PCOP</td><td colspan="4">(11)</td></tr>
</table>

| Laharana | Isan'ireo taratasy fanamarinana | Karazan'ireo taratasy fanamarinana natolotra | Tentin'ireo taratasy fanamarinana |
|---|---|---|---|
| *(13)* | *(14)* | *(15)* | *(16)* |
| | | FITAMBARANY/AVERINA ADIKA | *(17)* |

Fitanan-kaonty ny fanamarian-kajy noraketina an-tsoratra amin'ny laharana faha-............... *(18)*

| Noho ny fahitàna ny sora-panekena etsy ambony tondroina amin'ny Ariary : | | Noho ny fahitàna ireo sorabola (fandoavana) nosokafana amin'ny Ariary : | |
|---|---|---|---|
| SORA-PANEKENA FOTOTRA | *(19)* | SORABOLA SOKAFANA | *(23)* |
| FITAMBARANY VOAMARIN-KAJY AMIN'NY SORA-PANEKENA | *(20)* | FITAMBARANY VOAMARIN-KAJY | *(24)* |
| TENTINY VOAMARIN-KAJY | *(21)* | TENTINY VOAMARIN-KAJY | *(25)* |
| EO AN-TANANA AMINN'NY SORA-PANEKENA | *(22)* | EO AN-TANANA AMINN'NY SORABOLA | *(26)* |

Hita, nohamarinina, nofaranana ary nohamarinin-kajy izao fandaniana izao amin'ny tentiny : *(27)*

| | |
|---|---|
| Ampahan'asa noraisina amin'ny laharana faha- | |
| Avy amin'ny takilan'ny ampahan'asa laharana faha- | |

Eo am-pahitàna ny fanamarinana ny fahavitan'asa nataon'ny Mpitantan'asa

Eo am-pahitàna ny fanamarnam-panharaisana ireo entana na asa nataon'ny Mpitantan'asa

Tao ..................., ny...............

Sonia sy fitomboky ny Mpanalàlana,

Vita fanamarinana ny fandraiana an-tànana amin'ireto laharana manaraka ireto : *(28)*

Avy amin'ny boky firaketana isanandro ny fitanan-kaonty momba ny entana

Avy amin'ny rejisitry ny fitanan-kaonty ara-panjakana

Tao ..................., ny...............

Ny Mpitahiry entana sady mpitan-kaonty,

*(1) hatramin'ny (6)* Mitovy amin'ny titra momba ny sora-panekena ara-bola

*(7)* Laharan'ny safim-pandefasana ireo taratasy fandoavam-bola anatin'ny tamba-daharana mifanohy manomboka ny 001 ny 1 janoary ary mifarana amin'ny fiafaran'ny taom-pikatrohana

*(8)* Laharan'ny taratasy fandoavam-bola anatin'ny tamba-daharana mifanohy manomboka ny 001 ny 1 janoary ary mifarana amin'ny fiafaran'ny taom-pikatrohana

*(9)* hatramin'ny (12) Mitovy amin'ny titra anaovana sora-panekena ara-bola

*(13)* Fanomezan-daharana ireo taratasy fanamarinana manomboka ny 1 hatramin'ny n

*(14)* Isan'ireo taratasy fanamarinana, raha toa ka ahitàna sosony maro ny taratasy fanamarinana iray

*(15)* Karazan'ireo taratasy fanamarinana miaraka amin'ireo fitsiahy izany sy ny daty. Oh : titra anaovana sora-panekena ara-bola laharana faha-… tamin'ny ……, lazam-bidy laharana faha-…. tamin'ny ……..

*(16)* Tentin'ireo lazam-bidy. Tsy soratana ny tentin'ireo taratasy fanamarinana hafa

*(17)* Fitambaran'ny tentin'ireo lazam-bidy atolotra

*(18)* Laharan'ny fanamarinan-kajy anatin'ny tamba-daharana mifanohy manomboka ny 001 ny 1 janoary

*(19)* Tentin'ny sora-panekena fototra

*(20)* Fitambaran'ireo tentiny voamarin-kajy amin'io sora-panekena io mialoha izao fanamarinan-kajy izao

*(21)* Tentin'izao fanamarinan-kajy izao araka ireo tentin'ny lazam-bidy andàlana (17)

*(22)* Tentin'ny sora-panekena fototra anesorana ireo tentiny voamarin-kajy teo aloha sy ny tentin'izao fanamarina-kajy izao

*(23)* Tentin'ireo sorabola voasoratra anatin'ny tetibolan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana sy ny fampizakana amin'ny PCOP voakasika

*(24)* Fitambaran'ireo tentiny voamarin-kajy anatin'ny fampizakana mialoha izao fanamarinan-kajy izao

*(25)* Tentin'izao fanamarinan-kajy izao araka ny tentin'ny lazam-bidy andàlana (17)

*(26)* Tentin'ireo sorabola voasoratra anatin'ny tetibolan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana anesorana ireo tentiny voamarin-kajy teo aloha sy ny tentin'izao fanamarinan-kajy izao

*(27)* Famaranana atao an-tsoratra ny fanamarinan-kajy ary ho an'ireo fandoavam-bola amin'ieo fifampiraharaham-barotra dia tondroina ireo fitsiahy ny ampahan'asa

*(28)* Laharam-piraketana an-tsoratra anatin'ny fitanan-kaonty momba ny entana ataon'ny mpitahiry entana sady mpitan-kaonty

**Raha fintinina, ireo fizotran'ny fanatanterahana :**

| FILAZALAZANA IREO ASA ATAO | MPISEHATRA | RAKI-KEVITRA AMPIASAINA |
|---|---|---|
| - Fandraisana ny fanafarana<br>- Fanamarinana ny fifanarahan'ny fanaterana<br>- Fanaovana ny fitànana an-tsoratra ny fandraisana | Vaomieram-pandraisana | - Lazam-bidy<br>- Fifampiraharaham-barotra / Safim-panafarana<br>- Fitànana an-tsoratra |
| Amin'ny trangan'ny fanafarana tolo-draharaha, asa na entana :<br>- Fanamarinana ny fifanarahan'ny lazam-bidy<br>- Fanamarinana ny tentiny haloa<br>- Fanoratana ny fanondroana hoe « Manamarina ny asa natao » amin'ny lazam-bidy<br>Amin'ireo tranga hafa :<br>- Fanamarinana ny maha-mety ireo antontan-taratasy manambara ny trosan'ny Kaominina sy ny tentiny haloa | Sekretera mpitan-kaonty | - Lazam-bidy<br>- Fifampiraharaham-barotra /Safim-panafarana<br>- Fitànana an-tsoratra<br>- Sora-draharaha anaovana sora-panekena araka ny lalàna |
| - Fanaovan-tsonia ny asa natao | Lehiben'ny Mpanatanteraka | - Lazam-bidy<br>- Sora-draharaha anaovana sora-panekena araka ny lalàna |
| - Fanaovana ny safin'ireo taratasy fanamarinana sy famenoana ny ampahany momba ny fanamarinan-kajy | Sekretera mpitan-kaonty | - Lazam-bidy<br>- Sora-draharaha anaovana sora-panekena araka ny lalàna<br>- Safin'ireo taratasy fanamarinana |
| - Fanamarinana ny fandraisana an-tànana ny fandaniana anatin'ny boky fitanan-kaonty ny entana sy ny rejisitry ny fitanan-kaonty ara-panjakana (takilan'ireo fandaniana) | Lehiben'ny Mpanatanteraka | - Lazam-bidy<br>- Sora-draharaha anaovana sora-panekena araka ny lalàna<br>- Safin'ireo taratasy fanamarinana |

## IV.3.3 Fanalalanana

**Ny Fanalalanana** dia ny sora-draharaha ara-panjakana manome baiko ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany handoa ny trosan'ny Vondrombahoakam-paritra araka ny vokatry ny fanamarinan-kajy. Izany dia atao amin'ny alàlan'ny fandefasana taratasy fandoavam-bola vita sonian'ny Mpanalàlana.

Ny taratasy fandoavam-bola ataon'ny Sekretera mpitan-kaonty dia atolotra toy izao manaraka izao :

## MAODELY 18 : TARATASY FANDOAVAM-BOLA

| | | | |
|---|---|---|---|
| FARITANY<br>FARITRA<br>KAOMININA | *(1)* | **REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**<br>————————<br>Iraka : *(5)* \| Taom-pikatrohana : *(6)*<br>Tetibola : *(5)* \| Sokajy : | Laharan'ny safim-pandefasana : *(7)*<br><br>Laharan'ny taratasy fandoavam-bola : *(8)* |
| Mpanalàlana | *(2)* | **TARATASY FANDOAVAM-BOLA**<br>*Noho ireo sorabola ao amin'ny paragrafy etsy ambany, ny mpanalàlana izay manao sonia etsy ambany dia mandoa izao trosa manaraka izao* | |
| Kaominina mpisitraka | | | |
| Mariky ny Fanarahamaso ny fitantanam-bola | | | |
| Laharan'ny sora-panekena | *(3)* | | |
| Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany mahefa | *(4)* | | |

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| Fandaharan'asa | *(9)* | Lahasa | *(9)* | Asa | *(9)* |

| | | | |
|---|---|---|---|
| Fampizakana ara-panjakana | *(10)* | Famatsiam-bola | *(12)* |
| Kaonty PCOP | *(11)* | | |

| | | | |
|---|---|---|---|
| FANAMARINAN-KAJY NY FANDANIANA | | FANDOAVANA NY TROSA | |
| Taratasy fanamarinana : *(13)* | | Fomba fandoavana : *(22)*<br>☐ TARATASIM-BOLA ☐ FAMINDRAM-BOLA AMIN'NY BANKY<br>☐ FAMINDRAM-BOLA HAFA ☐ LAHASA NOBAIKOANA | |
| TENTINY TSY MISY HABA VOAMARIN-KAJY | *(14)* | FANAMARINAN'NY MPITAN-KAONTY MAHEFA *(23)* | |
| HABA TTL DTI | *(15)* | | |
| TENTINY VOAMARIN-KAJY | *(16)* | | |
| FANDANIANA AMIN'NY VOLA VAHINY | | | |
| TENTINY ANATY FIFANARAHANA | | | |
| VOLA VAHINY | | | |
| VIDINY | | | |
| FEPOTOANA NOHAMARININ-KAJY *(17)* | | | |
| DATY FIAFARANA | | | |
| DATY FIAFARANA | | | |
| EO AN-TANANA AMIN'NY SORA-PANEKENA | | | |
| SORA-PANEKENA FOTOTRA | *(18)* | | |
| FITAMBARAN'NY TENTINY HALOA | *(19)* | | |
| TENTINY HALOA | *(20)* | | |
| EO AN-TANANA AMIN'NY SORA-PANEKENA | *(21)* | | |
| ANTOM-PANDOAVANA *(24)* | | TOMPONY | |
| | | Laharam-panondroana : *(28)* | |
| | | ANARANA (29) | |
| TENTINY HALOA | *(25)* | ADIRESY | |
| HALOA MIALOHA | *(26)* | | |
| TENTINY HALOA AFA-KARATSAKA | *(27)* | | |
| FARANANAY izao fandoavana izao amin'ny tentiny *(33)* | | FOMBA ANAOVANA NY FAMINDRAM-BOLA *(30)* | Orin-draharaha ara-bola<br>☐ Banky ☐ CCP |
| | | KAONTY HANESORAM-BOLA *(31)* | |
| | | Orin-draharaha ara-bola : | |
| | | Kaonty | |
| Natao tao ………………, ny ………… | | KAONTY HAMPIDIRAM-BOLA *(32)* | |
| | | Orin-draharaha ara-bola : | |
| Sonia sy fitomboky ny mpanalàlana, | | Masoivoho : | |
| | | Kaonty : | |

*(1)* hatramin'ny (12) Mitovy amin'ny titra anaovana sora-panekena ara-bola

*(13)* Fitanisana ireo taratasy fanamarinana takian'ny didy amam-pitsipika sy ampitaina amin'ny alàlan'ny safy

*(14)* Tentin'ny fanamarinan-kajy tsy misy haba

*(15)* Tentin'ireo haba voamarin-kajy

*(16)* Tentin'ny fanamarinan-kajy omban-kaba

*(17)* Ho an'ireo sora-panekena faobe, tondroina ny fiandohana sy fiafaran'ny fepotoana fanaovana lazam-bidy voakasika, ohatra ho an'ny hofantrano, ny lazam-bidin'ny JIRAMA, sns

*(18)* Tentin'ny sora-panekena fototra

*(19)* Fitambaran'ny tentiny naloa amin'io sora-panekena io mialoha izao fandoavana izao

*(20)* Tentin'izao fandoavana izao

*(21)* Tentin'ny sora-panekena fiandohana anesorana ireo tentiny naloa teo aloha sy ny tentin'izao fandoavana izao

*(22)* Mariho ny fomba fandoavana ampiasaina : taratasim-bola, famindram-bolaamin'ny banky, famindram-bola amin'ny paositra, lahasa nobaikoana

*(23)* Faritra voatokana ho an'ny mpitan-kaonty. Tondroin'ny mpitan-kaonty eo ny fandraisana an-tànana ny fandoavana aorian'ny fanamarinana

*(24)* Anton'ny fandaniana araka ny sora-panekena fiandohana sy ny lazam-bidy

*(25)* Tentiny haloa mitovy amin'ny tentiny amin'ny andàlana (20)

*(26)* Tentin'ireo fanisana esorina amin'ny fandoavana, ohatra ho an'ireo latsakemboka ara-tsosialy, hetra, fanagiazana, sns

*(27)* Tentiny haloa anesorana ireo vola haloa mialoha

*(28)* Laharam-panondroana ara-ketra na karapanondrom-pirenena ho an'ireo olon-tsotra

*(29)* Anarana sy adiresin'ny tompon-trosa mitovy amin'ny tompon'ny titra anaovana sora-panekena ara-bola sy ny sora-panekena araka ny lalàna (fifampiraharaham-barotra, safim-panafarana, sns)

*(30)* Mariho ny orin-draharaha ara-bola hanesoram-bola : banky na CCP

*(31)* Amin'ny ankapobeny, soratana ny kaontin'ny Tahirimbola any amin'ny Banky Foiben'i Madagasikara. Amin'ny famatsiambola sasantsasany avy amin'ny mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola sy aorian'ny fanomezan-dàlana avy amin'ny Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, soratana ny anaran'ny orin-draharaha ara-bola sy ny laharan'ny kaonty izay nandrotsahana ny famatsiam-bola.

*(32)* Soratana ny orin-draharaha ara-bola mitazona ny kaontin'ny mpisitraka, ny anarana sy adiresin'ny masoivoho, ny laharan'ny kaonty

*(33)* Famaranana atao an-tsoratra ny fandoavana sy sonian'ny mpanalàlana

Ny fitambaran'ny tentiny haloa dia tsy mahazo mihoatra ny tentiny nanaovana sora-panekena. Raha toany tentiny nanaovana fanalalanana ka latsaka noho ny tentin'ny nanaovana sora-panekena, ny Sekretera mpitan-kaonty dia manao titra anaovana sora-panekena ara-bola mifandraika amin'ny tentin'ny fanafoanana sora-panekena ary manoratra izany anatin'ny takilan'ireo fandaniana amin'ny fotoana anaovana ny fanoratana ny tentin'ny taratasy fandoavam-bola.

Ny taratasy fandoavam-bola dia alefa ka atao sosony roa : ny sosony iray dia hoan'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany ho amin'ny fandoavana ary ny sosony iray ahitàna ny fanondroana hoe « KOPIA », izay tsy soniavina, dia tehirizin'ny Mpanalàlana.

Ireo taratasy fandoavam-bola dia omen-daharana anatin'ny tamba-daharana mifanohy manomboka amin'ny 1 ny 1 jaonary ary mifarana amin'ny fiafaran'ny fepotoana fanampiny ny 31 janoary amin'ny taona manaraka ny taom-pikatrohana nofaranana. Ireo sora-panekena tsy nahazoam-panalalanana amin'ny 31 janoary dia anaovana fanafoanam-panekena anatin'ny taom-pikatrohana nofaranana ary anaovana fanafoanana sora-panekena anatin'ny taom-pikatrohana nofaranana ary anaovana sora-panekena indray ao anatin'ny taom-pikatrohana vaovao.

Aorian'ny sonian'ny Mpanalàlana, ny Sekretera mpitan-kaonty dia mirakitra an-tsoratra ireo taratasy fandoavam-bola anatin'ny takilan'ireo fandaniana amin'ny fampizakana ara-pitanan-kaonty azy ireo.

Raha toa ka atao tolo-botsotra ny fandoavana, ny Sekretera mpitan-kaonty dia manamarika ny « taratasim-bola » anatin'ny taratasy fandoavam-bola ary manao ny taratasim-bola toy izao manaraka izao :

## MAODELY 19 : TARATASIM-BOLA

<table>
<tr><td rowspan="3">FARITANY<br>FARITRA<br>KAOMININA</td><td rowspan="3">(1)</td><td colspan="2">REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA</td><td rowspan="8">Laharan'ny safim-pandefasana : (6)<br><br>Laharan'ny taratasy fandoavam-bola : (7)</td></tr>
<tr><td>Iraka :</td><td>Taom-pikatrohana : (5)</td></tr>
<tr><td>Tetibola : (4)</td><td>Sokajy :</td></tr>
<tr><td>Mpanalàlana</td><td>(2)</td><td colspan="2" rowspan="4">TARATASIM-BOLA</td></tr>
<tr><td>Kaominina mpisitraka</td><td></td></tr>
<tr><td>Mariky ny Fanarahamaso ny Fitantanam-bola CF</td><td></td></tr>
<tr><td>Mpitàna bokimbolam-panjakana mahefa</td><td>(3)</td></tr>
<tr><td colspan="5"></td></tr>
<tr><td colspan="2">Kaonty PCOP</td><td colspan="3">(8)</td></tr>
<tr><td colspan="5"></td></tr>
<tr><td colspan="3">FANONDROANA NY FANDANIANA</td><td colspan="2">FANDOAVAM-BOLA (11)</td></tr>
<tr><td colspan="3" rowspan="3">Anton'ny fandaniana (9)</td><td>TENTINY HALOA</td><td></td></tr>
<tr><td>HALOA MIALOHA</td><td></td></tr>
<tr><td>TENTINY AFA-KARATSAKA</td><td></td></tr>
<tr><td colspan="3">TOMPON-TROSA (10)</td><td colspan="2" rowspan="3">Farananay izao taratasim-bola izao amin'ny tentiny : (12)<br><br>Natao tao ………………, ny…………<br><br>Sonia sy fitomboky ny mpanalàlana,</td></tr>
<tr><td colspan="3">NOM ET PRENOM</td></tr>
<tr><td colspan="3">ADIRESY</td></tr>
<tr><td colspan="3">FANAMARINAN'NY MPITAN-KAONTY MAHEFA (13)</td><td colspan="2">HO FANAFAHANA NY TENTINY VOATONDRO ETSY AMBONY (14)<br><br>Tao ……………………………<br>Ny …………………</td></tr>
<tr><td colspan="5">FILAZANA<br>Ny fandoavana izao taratasim-bola izao dia tsy azo takiana raha tsy aorian'ny andro fahadimy nandefasana azy.<br>Ny fandoavana dia tsy azo atao ao aorian'ny fepotoana feran'ny lalàna.</td></tr>
</table>

*(1) hatramin'ny (8)* Mitovy amin'ny taratasy fandoavam-bola

*(9)* Fanondroana amin'ny antsipirihany ny fandaniana araka ny taratasy fandoavam-bola

*(10)* Anarana sy adiresy mazavan'ny tompon-trosa araka ny taratasy fandoavam-bola

*(11)* Tentin'ny fandaniana haloa, ireo vola haloa mialoha hesorina amin'ny fandoavana, ny fandaniana haloa anesorana ireo vola haloa mialoha amin'ny tompon-trosa.

*(12)* Famaranana atao an-tsoratra ny tentiny haloa amin'ny tompon-trosa vita sonian'ny Mpanalàlana

*(13)* Faritra hofenoin'ny mpitan-kaonty. Sonia sy fitomboky ny Mpitan-kaonty mahefa

*(14)* Faritra hofenoin'ny tompon-trosa. Hosoniavin'ny tompon-trosa miaraka amin'ny fanondroana ny laharana, toerana sy vainandro nanomezana ny karapanondro ary ny toerana sy vaninandro nandoavam-bola.

Raha toa ny fandoavana ka natao tamin'ny alàlan'ny famindram-bola, ny Sekretera mpitan-kaonty dia manamarika ny « Famindram-bola » (amin'ny paositra na amin'ny banky) ao anatin'ny taratasy fandoavam-bola ary manao ny filazana fidiram-bola amin'ny banky toy izao manaraka izao :

## MAODELY 20 : FILAZANA FIDIRAM-BOLA AMIN'NY BANKY

| | | | |
|---|---|---|---|
| FARITANY<br>FARITRA<br>KAOMININA | *(1)* | **REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**<br>——————<br>Iraka : / Taom-pikatrohana : *(5)*<br>Tetibola : *(4)* / Sokajy : | Laharan'ny safim-pandefasana : *(6)*<br><br>Laharanan'ny taratasy fandoavam-bola : *(7)* |
| Mpanalàlana | *(2)* | **FILAZANA FIDIRAM-BOLA AMIN'NY BANKY** | |
| Kaominina mpisitraka | | | |
| Mariky ny Fanarahamaso ny Fitantanam-bola | | | |
| Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany mahefa | *(3)* | | |

| | |
|---|---|
| Kaonty PCOP | *(8)* |

| | | |
|---|---|---|
| TOMPON'NY SORA-PANEKENA | | FANDOAVANA NY TROSA |
| Laharam-panondroana | *(9)* | Fomba fandoavana : *(15)*<br>☐ TARATASIM-BOLA ☐ FAMINDRAM-BOLA AMIN'NY BANKY<br>☐ FAMINDRAM-BOLA HAFA ☐ LAHASA NOBAIKOANA |
| ANARANA *(10)* | | |
| ADIRESY *(10)* | | Farananay izao filazana fidiram-bola amin'ny banky izao amin'ny tentiny : *(16)*<br><br>Tao ……………………., ny ………………<br><br>Sonia sy fitonmboky ny mpanalàlana, |
| TENTIN'NY FAMINDRAM-BOLA | | |
| ANTON'NY FANDOAVANA *(11)* | | |
| TENTINY HALOA | *(12)* | |
| HALOA MIALOHA | *(13)* | |
| TENTIN'NY FAMINDRAM-BOLA | *(14)* | |

**BAIKOM-PAMINDRAM-BOLA**

| | | | |
|---|---|---|---|
| ANTON'NY FAMINDRAM-BOLA *(17)* | | TOMPONY *(19)* | |
| | | Laharam-panondroana ny tompony | |
| | | ANARANA | |
| | | ADIRESY | |
| | | FOMBA ANAOVANA NY FAMINDRAM-BOLA *(20)* | Orin-draharaha ara-bola<br>☐ Banque ☐ CCP |
| TENTINY HALOA | *(18)* | KAONTY HAMPIDIRAM-BOLA *(21)* | |
| HALOA MIALOHA | | Orin-draharaha ara-bola | |
| TENTIN'NY FAMINDRAM-BOLA | | | |
| Farananay izao baikom-pamindram-bola izao amin'ny tentiny : *(23)*<br><br>Tao ……………………., ny ………………<br><br>Sonia sy fitomboky ny mpanalàlana, | | Kaonty | |
| | | KAONTY HANESORAM-BOLA *(22)* | |
| | | Orin-draharaha ara-bola | |
| | | Masoivoho | |
| | | Kaonty | |

*(1) hatramin'ny (8)* Mitovy amin'ny taratasy fandoavam-bola

*(9)* Laharam-panondroana ara-ketra na karapanondrom-pirenena ho an'ireo olon-tsotra

*(10)* Anarana sy adiresy azavan'ny tompony

*(11)* Fanondroana mazava ny fandaniana araka ny taratasy fandoavam-bola

*(12)* Tentin'ny fandaniana haloa

*(13)* Tentin'ireo vola aloa mialoha tsoahina amin'ny fandoavana, ohatra latsakemboka ara-tsosialy momba ny karama, ireo hetra, ireo fanagiazana, sns.

*(14)* Tentin'ny fandaniana haloa anesorana ireo vola aloa mialoha. Tentiny haloa amin'ny tompon-trosa.

*(15)* Mariho ny fomba fandoavana ampiasaina : taratasim-bola, famindram-bola amin'ny banky, famindram-bola amin'ny paositra, lahasa nobaikoana

*(16)* Famaranana an-tsoratra ny filazana fidiram-bola amin'ny banky sy sonian'ny mpanalàlana

*(17)* Averina eto indray ny antom-pandoavana andàlana (12)

*(18)* Averina eto indray ny tentiny haloa, haloa mialoha sy ny tentin'ny famindram-bola andàlana (12) hatramin'ny (14)

*(19)* Averina eto indray ny laharam-panondroana, ny anarana sy adiresin'ny tompon'ny fandoavam-bola

*(20) hatramin'ny (22)* Mitovy amin'ny taratasy fandoavam-bola

*(23)* Famaranana an-tsoratra ny tentin'ny baikom-pamindram-bola sy sonian'ny mpanalàlana

### IV.3.4 Fampitàna ireo taratasy fandoavam-bola

Ireo taratsy fandoavam-bola dia fintinina arakaraka ny laharan'izy ireo anatin'ny safim-pandefasana ireo alàlana fandaniam-bola. Anaovana safy samihafa isaky ny fomba fandoavana.

## MAODELY 21 : SAFIM-PANDEFASANA IREO ALÀLANA FANDANIAM-BOLA

<table>
<tr><td colspan="4" rowspan="3">SAFIM-PANDEFASANA<br>IREO TARATASY FANDOAVAM-BOLA</td><td colspan="4">REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA</td></tr>
<tr><td colspan="4">Vondrombahoakam-paritra : (1)</td></tr>
<tr><td>Tetibola : (2)</td><td colspan="3">Mpanalàlana : (5)</td></tr>
<tr><td colspan="4" rowspan="2">Fomba fandoavana ireo taratasy fandoavam-bola alefa (8)<br>☐ Taratasim-bola ☐ Famindram-bola amin'ny banky<br>☐ Famindram-bola hafa ☐ Lahasa nobaikoana</td><td>Taom-pikatrohana ara-tetibola : (3)</td><td rowspan="2">Laharan'ny safim-pandefasana<br>(6)</td><td colspan="2" rowspan="2">Laharan'ny takila<br>(7)</td></tr>
<tr><td>Mpitan-kaonty mahefa : (4)</td></tr>
<tr><td rowspan="2">LAHA-RAN'NY ALÀLANA FANDA-NIAM-BO-LA</td><td rowspan="2">FAMPIZAKANA ARA-TETIBOLA</td><td colspan="2">SORA-PANEKENA</td><td rowspan="2">ANARANA, FANAMPINY - LAHARAM-PANONDROANA SY ADIRESIN'NY TOMPPON-TROSA<br>ANTON'NY FANDANIANA</td><td rowspan="2">TENTINY HALOA</td><td rowspan="2">TENTINY HALOA</td><td rowspan="2">FANAMARIHANA</td></tr>
<tr><td>TENTINY</td><td>LAHARANA SY DATY</td></tr>
<tr><td>(9)</td><td>(10)</td><td>(11)</td><td>(11)</td><td>(12)</td><td>(13)</td><td>(14)</td><td>(15)</td></tr>
<tr><td></td><td></td><td></td><td></td><td></td><td></td><td></td><td></td></tr>
<tr><td></td><td></td><td></td><td></td><td></td><td></td><td></td><td></td></tr>
<tr><td colspan="4" rowspan="5">FARITRA VOATOKANA<br>HO AN'NY MPITAN-KAONTY MAHEFA (22)<br><br>Daty sy ora nahatongavan'ny safim-pandefasana :</td><td rowspan="5">Nofaranana izao safim-pandefasana izao amin'ny tentiny (19)<br><br>Tao ....................., ny ...................<br><br>Ny Mpanalàlana,</td><td>(16)</td><td>(16)</td><td>← Fitambaran'ny takila</td></tr>
<tr><td>(17)</td><td>(17)</td><td>← Famerenana fandikana ny takila teo aloha</td></tr>
<tr><td>(18)</td><td>(18)</td><td>← Fitambaran'ny taratasy fandoavam-bola sy ny naloa mialoha</td></tr>
<tr><td>(20)</td><td colspan="2">← Tentin'ireo taratasy fandoavam-bola nolavina</td></tr>
<tr><td>(21)</td><td colspan="2">← Fitambaran'ny tentin'ireo taratasy fandoavam-bola nekena</td></tr>
</table>

*(1)* Karazany sy anaran'ny Vondrombahoakam-paritra
*(2)* Mariky ny tetibola fototra na tetibola tovana ho an'ireo sampandraharaha tantanan'ny fitondran-draharaha famoriam-bola izay manana fahaleovan-tena ara-bola
*(3)* Taonan'ny taom-pikatrohana (oh : 2017)
*(4)* Mariky ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany
*(5)* Mariky ny Mpanalàlana voalohany (ny Lehiben'ny Mpanatanteraka) na ny mpanalàlana nomem-pahefana notendrena tamin'ny didim-pitondrana raisin'ny Lehiben'ny mpanatanteraka avy amin'ireo Lefitra
*(6)* Laharan'ny safim-pandefasana ireo titra fandoavam-bola anatin'ny tamba-daharana mifanohy manomboka amin'ny 001 ny 1 janoary ary mifarana amin'ny fiafaran'ny taom-pikatrohana
*(7)* Laharan'ny takila tsirairay manomboka ny 01 isaky ny safy tsirairay.
*(8)* Mariho ny fomba fandoavana araka ireo fanondroana anatin'ny taratasy fandoavam-bola. Anokafana safy manokana isaky ny fomba fandoavana tsirairay.
*(9)* Laharan'ny taratasy fandoavam-bola
*(10)* Fampizakana ara-tetibola ny taratasy fandoavam-bola (PCOP)
*(11)* Tentiny, laharana sy datin'ny sora-panekena fototra araka ireo fanondroana anatin'ny taratasy fandoavam-bola
*(12)* Laharana, fanampiny, laharam-panondroana, adiresin'ny tompon-trosa sy anton'ny fandaniana araka ireo fanondroana anatin'ny taratasy fandoavam-bola
*(13)* Fitambaran'ny tentiny nahazoan-dàlana haloa araka ireo fanondroan'ny taratasy fandoavam-bola
*(14)* Tentin'ireo vola aloa mialoha araka ireo fanondroan'ny taratasy fandoavam-bola
*(15)* Fanondroana ireo fandraisana an-tànana sy ireo fandavana
*(16)* Tentin'ireo andàlan'ny takila voatambatra
*(17)* Famerenana fandikana ny tentin'n'ny takila teo aloha voatambatra
*(18)* Fitambaran'ny tentiny nahaoan-dàlana haloa sy tentin'ireo vola haloa mialoha. Ny tentiny voatambatra dia ahitàna ny tentin'ireo vola haloa mialoha.
*(19)* Famaranana an-tsoratra ny fitambaran'ny tentiny nahazoan-dàlana haloa araka ny andàlana (18)
*(20)* Faritra voatokana ho an'ny mpitan-kaonty. Tentin'ireo taratasy fandoavam-bola nolavin'ny mpitan-kaonty. Misy fanondroana atao ho fanamarihana ao amin'ny andàlana misy ireo taratasy fandoavam-bola nolavina.
*(21)* Faritra voatokana ho an'ny mpitan-kaonty. Fitambaran'ny tentin'ny taratasy fandoavam-bola nekena anatin'ny safy
*(22)* Faritra voatokana ho an'ny mpitan-kaonty. Fanamarinana ireo fandraisana an-tànana

Ny safy dia ampitaina amin'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany amin'ny sosony roa, ny sosony voalohany dia tehiriziny, ny sosony faharoa dia averina amin'ny Mpanalàlana aorian'ny fanondroana ireo fandraisana an-tànana. Ny fanakilasiana ireo safy no raisina ho boky firaketana isanandro ireo fandefasan'ny Mpanalàlana.

Eo am-pandraisana ireo safy vita sonian'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany, ny Sekretera mpitan-kaonty dia manoratra ny fanondroana ny fandraisana an-tànana na ny fandavana anatin'ireo takilan'ireo fandaniana ary manao ny fanakilasiana azy ireo.

Ny Sekretera mpitan-kaonty dia manafoana amin'ny alàlan'ny fanoratana miiba ny tentin'ny taratasy fandoavam-bola nolavina ao amin'ny takilan'ny fandaniana amin'ny vaninandro naharaisana ny fandàvana ary amin'ny laharan'ny taratasy fandraisam-bola fototra (ny fanafoanana ny taratasy fandoavam-bola dia tsy manafoana ny sora-panekena).

Raha toa ka nisy fandavana taratasy fandoavam-bola, ny Mpanalàlana dia afaka :

- na manao ny fisintonana ny fandaniana ;
- na manao ireo fanarenana ilaina sy ny fandefasana indray taratasy fandoavam-bola,
- na mampihatra ny zo hanery atao an-tsoratra ary eo ambanin'ny maha-tomponandraikitra azy.

Ny fanerena dia tsy manankery raha toa ka (i) tsy ampy ny sorabola, (ii) tsy voaporofo ny fahavitan'ny asa, (iii) tsy misy ny tahirimbola malalaka (izany ho ny Mpitan-kaonty dia tsy manana ireo tahirimbola ilaina ao anatin'ny kitapom-bolany na ao amin'ny kaontim-banky), (iv) tsy mahafa-trosa ny fandoavana (izany hoe ny fandoavana dia tsy manafaka ny Vondrombahoakam-paritra amin'ny trosany), (v) tsy voasoratra anaty tetibola ny fandaniana, (vi) misy fahadisoana ny fikajiana. Ny fikajiana ireo tahirimbola malalaka dia mijery ihany koa ireo vola miditra nahazo fanokanana.

## TRANGA MANOKANA MOMBA NY KARAMA

TSARA HOMARIHINA : Ho an'ny karama, ny Mpanalàlana dia manomana ny safin-karama isaky ny sokajin'ireo mpiasa (mpiasa maharitra, mpiasa tsy maharitra) ahitàna ho an'ny mpiasa tsirairay ireo singan'ny karama mitambatra (karama fototra, tambin-karama, fanampiana ho an'ny fianakaviana) sy ireo vola tazonina samihafa *(CNaPS, OSIE, IRSA)*.

### SAFY FAMINTINANA NY FIKAJIANA KARAMA

Volana : ……………………..

Fandaharan'asa : ……………………………………………..

Fomba fandoavana : (tolo-botsotra, famindram-bola, taratasimbolan'ny banky) : ……………………………..

| Lah° | ANARANA SY FANAMPINY | LAHARANA ARAK'ASA | ASA ATAO | VOLA AZO | | | | | VOLA TAZONINA | | | | | | | | | AFA-KA-RATSAKA HALOA |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | Karama fototra | Tambin-karama mifandraika amin'ny karama | Tambin-karama noho ny asa | Fanampiana ara-bola ho an'ny fianakaviana | Fitambaran'ny karama | CNAPS momba ny karama | OSIE momba ny karama | Hetra alaina amin'ny 250 000 Ar | Karama angalàna ny hetra | IRSA nokajiana | Isan'ny zaza iantsorohana | IRSA haloa | Vola tazonina hafa | Fitambaran'ny vola tazonina | |
| 1 | Rabe | | | 310 923 | 50 000 | | | 360 923 | 3 609 | 3 609 | 250 000 | 110 000 | 22 000 | 4 | 14 000 | | 21 218 | 339 705 |
| 2 | Rakoto | | | 158 806 | | 20 000 | | 178 806 | 1 788 | 1 788 | 250 000 | - | 2 000 | 2 | 2 000 | | 5 576 | 173 230 |
| 3 | | | | 179 636 | | | 10 000 | 189 636 | 1 896 | 1 896 | 250 000 | - | 2 000 | 2 | 2 000 | | 5 793 | 183 843 |
| | | | | 171 082 | | | | 171 082 | 1 711 | 1 711 | 250 000 | - | 2 000 | - | 2 000 | | 5 422 | 165 660 |
| | | | | 213 852 | | | | 213 852 | 2 139 | 2 139 | 250 000 | - | 2 000 | - | 2 000 | 75 000 | 81 277 | 132 575 |
| | | | | 155 536 | | | | 155 536 | 1 555 | 1 555 | 250 000 | - | 2 000 | - | 2 000 | | 5 111 | 150 425 |
| | | | | 131 255 | | | | 131 255 | 1 313 | 1 313 | 250 000 | - | 2 000 | 1 | 2 000 | | 4 625 | 126 630 |
| | | | | 148 130 | | | | 148 130 | 1 481 | 1 481 | 250 000 | - | 2 000 | 1 | 2 000 | 45 000 | 49 963 | 98 167 |
| | | | | 144 375 | | | | 144 375 | 1 444 | 1 444 | 250 000 | - | 2 000 | - | 2 000 | | 4 888 | 139 488 |
| | FITAMBARANY | | | **1 613 596** | **50 000** | **20 000** | **10 000** | **1 693 596** | **16 936** | **16 936** | | **110 000** | **38 000** | | **30 000** | **120 000** | **183 872** | **1 509 724** |
| | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
| | FAMPIZAKANA ARA-KAONTY | | | **601X** | **602X** | **603X** | **604X** | | | | | | | | | | | |

Isam-bolana, ny Mpanalàlana dia mampita amin'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany ny safy famintinana ny fikajiana ny karama, takilan-karama isaky ny mpiasa ary taratasy fandoavam-bola misy ny tentin'ireo karama afa-karatsaka amin'ny anaran'ny mpiasa tsirairay na ny mpizara vola, taratasy fandoavana ny *IRSA* ary raha toa ka misy izany, ireo taratasy fandoavam-bola ireo vola haloa mialoha sy, isaky ny telo volana, ny taratasy nandoavana ny vola tazonina ho an'ny *CNaPS* sy ny taratasy nandoavana ny *OSIE* ampahany zakain'ny karama. Ireo taratasy fandoavam-bola ireo dia ampizakaina ireo kaonty mifanandrify amin'ny karazan'ny karama (601, 602, 603, 604) sy amin'ny karazan'ny asa atao (maharitra 60x1 n tsy maharitra 60x2).

## TAKILAN-KARAMA VOLANA ............

Laharana arak'asa : ..........
Anarana sy fanampiny : ..........................................
Asa atao : .............................................

| FANONDROANA | VOLA MIDITRA | VOLA TAZONINA | TENTINY |
|---|---|---|---|
| Karama fototra | 310 923 | | |
| Tambin-karama mifandraika amin'ny karama | 50 000 | | |
| Tambin-karama mifandraika amin'ny asa | - | | |
| Fanampiana ara-bola ho an'ny fianakaviana | - | | |
| Karama fototra | 360 923 | | 360 923 |
| | | | |
| CNaPS – ampahan'ny aloa amin'ny karama (1%) | | 3 609 | -3 609 |
| OSIE – ampahan'ny aloa amin'ny karama (1%) | | 3 609 | -3 609 |
| IRSA haloa | | 22 000 | -22 000 |
| Fitazonana hafa | | - | - |
| Vatsim-bola isaky ny dimy abiny folo andro | | - | - |
| Vatsim-bola manokana | | - | - |
| Fanagiazana sady fitànana | | - | - |
| | | | |
| AFA-KARATSAKA HALOA | | | 331 705 |

Tao ......................., ny ................

Ny Mpanalàlana,

Ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany,

Ny Mpisitraka,

Ataon'ny Mpanalàlana sosony roa toy ny safim-pamintinana ny fikajiana ny karama
- 01 ho an'ny mpisitraka ;
- 01 ho an'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany, taratasy anamarinana ny fandoavana.

Ankoatra ireo taratasy fandoavam-bola, ny Mpanalàlana dia mampita amin'ny mpitan-kaonty ny taratasy anaovana fanambaran-ketra, ny taratasy natao ho an'ny OSIE sy ny fanambarana omban'anarana momba ireo karama arotsaka natao hoan'ny CNAPS. Ny IRSA dia aloa isam-bolana ary ireo latsakemboka ara-tsosialy, isaky ny telo volana.

Ny fitambaran'ireo taratasy fnamarinana dia ampiarahina amin'ny safim-pandefasana ireo taratasy fanamarinana.

**Raha fintinina, ireo fizotran'ny fanatanterahana :**

| FILAZALAZANA IREO ASA ATAO | MPISEHATRA | RAKI-KEVITRA AMPIASAINA |
|---|---|---|
| Fanaovana ny antontan-taratasy fandoavam-bola (taratasy fandoavam-bola, safim-pandefasana ireo taratasy fandoavam-bola, taratasim-bola na filazana fidiram-bola amin'ny banky, safim-pandefasana ireo taratasy fanamarinana,...) | Sekretera mpitan-kaonty | Fifampiraharaham-barotra, sora-draharaha anaovana sora-panekena, safim-panafarana,<br>Taratasy anaovana sora-panekena ara-bola,<br>raki-kevitra fandraisana<br>Lazam-bidy<br>Taratasy fandoavam-bola<br>Safim-pandefasana ireo taratasy fandoavam-bola<br>Taratasim-bola na filazana fidiram-bola amin'ny banky<br>Safim-pandefasana ireo taratasy fanamarinana |
| Fanarahamaso sy fanaovan-tsonia ny antontan-taratasy fandoavam-bola | Lehiben'ny Mpanatanteraka | Fifampiraharaham-barotra, sora-draharaha anaovana sora-panekena, safim-panafarana,<br>Taratasy anaovana sora-panekena ara-bola,<br>raki-kevitra fandraisana<br>Lazam-bidy<br>Taratasy fandoavam-bola<br>Safim-pandefasana ireo taratasy fandoavam-bola<br>Taratasim-bola na filazana fidiram-bola amin'ny banky<br>Safim-pandefasana ireo taratasy fanamarinana |
| Firaketana an-tsoratra anatin'ny takilan'ireo fandaniana<br>Fampitàna ny antontan-taratasy amin'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany | Sekretera mpitan-kaonty | Fifampiraharaham-barotra, sora-draharaha anaovana sora-panekena, safim-panafarana,<br>Taratasy anaovana sora-panekena ara-bola,<br>raki-kevitra fandraisana<br>Lazam-bidy<br>Taratasy fandoavam-bola<br>Safim-pandefasana ireo taratasy fandoavam-bola<br>Taratasim-bola na filazana fidiram-bola amin'ny banky<br>Safim-pandefasana ireo taratasy fanamarinana<br>Takilan'ireo fandaniana |
| Fandraisana an-tànana ara-pitanan-kaonty sy fanondroana ny fandraisana an-tànana anatin'ny soson'ny safy faharoa averina amin'ny Mpanalàlana | Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany | Fifampiraharaham-barotra, sora-draharaha anaovana sora-panekena, safim-panafarana,<br>Taratasy anaovana sora-panekena ara-bola,<br>raki-kevitra fandraisana<br>Lazam-bidy<br>Taratasy fandoavam-bola<br>Safim-pandefasana ireo taratasy fandoavam-bola<br>Taratasim-bola na filazana fidiram-bola amin'ny banky<br>Safim-pandefasana ireo taratasy fanamarinana |

# OHATRA

Ny tetibola fiandohana tamin'ny taom-pikatrohana 2017 tao amin'ny Kaominina X dia ahitàna fanokafana sorabola Ar 5.000.000 amin'ny andàlana ara-tetibola 6111 Entana sy kojakojam-birao. Izany vinavina izany dia nampiana Ar 500.000 tamin'ny tetibola fanampiny ary avy eo dia nahena Ar 1.000.000 tamin'ny tetibola fanitsiana. Ny Sekretera mpitan-kaonty, Andriamatoa Randria dia manomana fangatahana sora-panekena ho an'ny fandaharan'asa « 001 Fitantanan-draharaha sy fandrindrana » ho an'ny fonosantaratasy 10 sy ranomainty ho an'ny solosaina 3 eo anivon'ny Tranombarotra "Zava-rehetra ho an'ny birao SARLU". Amin'ny vaninandron'ny lahasa, dia nisy sora-panekena 20 amin'ny fampizakana ary ny eo an-tànana hanaovana sora-panekena dia Ar 3.000.000.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**

FARITANY ..................
FARITRA .....................
KAOMININA ................

**TAKILAN'IREO FANDANIANA**

Taom-pikatrohana : 2017
Mariky ny fandaharan'asa : 001 Anaran'ny fandaharan'asa : Fitondran-draharaha sy fandrindrana
Mariky ny fampizakana : 6111 Anaran'ny fampizakana : Entana sy kojakojam-birao

| VINAVINAN'IREO FANDANIANA | TENTINY | FITAMBARAN'IREO TENTINY |
|---|---|---|
| Tetibola fiandohana | 5 000 000 | 5 000 000 |
| Tetibola fanampiny | + 500 000 | 5 500 000 |
| Tetibola fanitsiana | - 1 000 000 | 4 500 000 |
| | | |
| | | |

| DATIN'NY SORA-PANEKENA | LAHA-RAN'NY SORA-PANEKENA | TENTINY NANAOVANA SORA-PANEKENA | FITAMBA-RAN'NY NANAOVANA SORA-PANEKENA | EO AN-TÀNANA HANAOVANA SORA-PANEKENA | VANINANDRO NANDEFASANA | LAHA-RAN'NY BAIKOM-PANDOA-VANA | LAHARAN' NY SAFY | TENTINY NALEFA | FITAMBA-RAN'IREO FANDEFASANA | VANINANDROM-PAMPITANA | FANDRAISANA AN-TÀNANA |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | 1 000 000 | 3 500 000 | | | | | 1 000 000 | | |
| 30/05 | 20 | 500 000 | 1 500 000 | 3 000 000 | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | |

**FANGATAHANA FANOMEZAN-DALANA**
**HANAO SORA-PANEKENA LAHARANA FAHA-100**

Anaran'ny mpangataka : Randria, Sekretera mpitan-kaonty
Fandaharan'asa : Fitondran-draharaha sy fandrindrana    Lahasa : Fandrindrana sy sekretaria
Antony : Kojakojam-birao ho fampandehanana ny sekretaria amin'ny telo volana fahatelo
Daty : 30/06/201.

| LAH° | FANONDROANA | MARIKA | HABETSAHANY | VIDIN'NY ISANISANY VOATOMBANA | TENTINY VOATOMBANA |
|---|---|---|---|---|---|
| 1 | Fonosan-taratasy | U | 10 | 5 000 | 50 000 |
| 2 | Ranomainty ho an'ny solosaina karazany ZKXQW | U | 3 | 50 000 | 150 000 |
| 3 | | | | | |
| | | | | | |
| | | | | FITAMBARAN'NY TENTINY | 200 000 |

| | | |
|---|---|---|
| Fanamarinan'ny Tompon'andraikitry ny fandaharan'asa | Mariky ny fampizakana | 6111 |
| | Sorabola sokafana | 4 500 000 |
| Fanamarinan'ny Sekretera mpitan-kaonty | Sorabola eo an-tànana | 3 000 000 |
| | Tenti'ny sora-panekena voatombana | 200 000 |
| Fanamarinan'ny Ben'ny Tanàna | Eo an-tànana aorian'ny sora-panekena | 2 800 000 |

Ny tompon'andraikitry ny fandaharan'asa sy ny Ben'ny Tanàna dia nanome alàlana ny fandaniana. Ny Sekretera mpitan-kaonty dia manomana ny safim-panafarana ka izany dia soniavin'ny Ben'ny Tanàna. Ny Sekretera mpitan-kaonty dia mirakitra an-tsoratra ny sora-panekena anatin'ny takilan'ireo fandaniana. Amin'ny faharaisana ny fanafarana ny 10/07/2017, ny mpamatsy dia tsy nanana ambim-bava ampy intsony ka tsy nanatitra afa-tsy ranomainty ho an'ny solosaina 2. Ny tentiny dia tsy maintsy anaovana fanafoanam-panekena.

**SAFIM-PANAFARANA LAHARANA FAHA- 50**

Taom-pikatrohana : 2017
Fandaharan'asa 001 : Fitondran-draharaha sy fandrindrana
Fampizakana : 6111 Entana sy kojakojam-birao
Sora-panekena : laharana faha-21 tamin'ny 01/07/2017
Mpamatsy : Zava-rehetra ho an'ny birao SARLU
Adiresy : ……………………………………………………
Kara-panondroana ara-ketra laharana faha- ………………………

| LAH° | FANONDROANA | MARIKA | FANAFARANA | | | FANATANTERAHANA* | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | HABET-SAHANY | VIDIN'NY ISANI-SANY | TENTIN'NY *PROFORMA* | HABET-SAHANY | VIDIN'NY ISANI-SANY | TENTINY |
| | Fonosan-taratasy | u | 10 | 5 000 | 50 000 | 10 | 5 000 | 50 000 |
| | Ranomainty ho an'ny solosaina karazany ZKXQW | u | 3 | 50 000 | 150 000 | 2 | 50 000 | 100 000 |
| | | | | | | | | |
| | | | | FITAMBARAN'NY TENTINY | 200 000 | | | 150 000 |

*(*) Hofenoin'ny mpamatsy amin'ny fotoana anaterana ny entana.*

Ny fanafarana sy ny lazam-bidy amin'ny sosony 2 dia tsy maintsy alefa amin'ny ………………………………

Tao…………, ny ……………

Ny Ben'ny Tanàna,

| | | | |
|---|---|---|---|
| FARITANY<br>FARITRA<br>KAOMININA | Kaominina amboni-vohitra Toamasina | **REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**<br>Iraka : / Taom-pikatrohana : 2017<br>Tetibola : 40 / Sokajy : | FAMPITANDREMANA<br>Ireo lahasa rehetra nohefaina tsy nanaovana titra momba ny sora-panekena ara-bola dia tsy maha-tompon'andraikitra ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana. Ny Fitsarana momba ny fifanolanana amin'ny Fanjakana no hany mahefa hitsara ireo fifanolanana.<br>**Sosony natao ho an'ny mpitan-kaonty/ mpanalàlana** |
| Mpanalàlana | 40-170-0-50101 | **TITRA MOMBA NY SORA-PANEKENA ARA-BOLA** | |
| Kaominina Mpisitraka | | | |
| Mariky ny Fanarahamaso ny Fitantanam-bola | | | |
| Laharan'ny sora-panekena | 021 | | |
| Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany mahefa | 50-101-100 | | |

| Fandaharan'asa | Fitantanan-draharaha sy fandrindrana | Lahasa | Fandrindrana sy Sekretaria | Asa | Mandrindra ireo sampan-draharaha |
|---|---|---|---|---|---|

| | | | |
|---|---|---|---|
| Fampizakana ara-panjakana | 40-17-4-000-50101 | Famatsiam-bola | 10-004-004-A |
| Kaonty PCOP | 6111 - Entana sy kojakojam-birao | | |

| | | | |
|---|---|---|---|
| TOMPON'NY SORA-PANEKENA | | KARAZAN'NY SORA-PANEKENA | |
| Laharam-panondroana | NIF 1000000411 | Anton'ny sora-pandaniana :<br>Fividianana entana sy kojakojam-birao | |
| Tompony : Ets Mamatsy<br>Adiresy : Lot AII 1 XXXXXX | | | |
| TENTIN'NY SORA-PANEKENA | | KARAZAN'NY SORA-PANEKENA<br>☒ Safim-panafarana<br>☐ Tombam-bidy /Proforma<br>☐ Fifanarahana<br>☐ Fifampiraharaham-barotra<br>☐ Kitapom-bola ho an'ny vatsim-bola<br>☐ Sora-panekena faobe | PAIKADY<br>☒ Sora-panekena vaovao<br>☐ Sora-panekena fanampiny<br>☐ Fanafoanana sora-panekena<br>☐ Tahiry *(Provision)*<br>☐ Fanarenana kitapom-bola ho an'ny vatsim-bola |
| TENTINY AFA-KABA | 200.000 | | |
| HABA TVA TST DTI | | | |
| FITAMBARANY OMBAN-KABA | 200.000 | | |
| | | | |
| SORA-PANEKENA FANAMPINY/ FANAFOANANA SORA-PANEKENA | | | |
| SORA-PANEKENA FIANDOHANA | | | |
| SORA-PANEKENA FANAMPINY/ FANAFOANANA SORA-PANEKENA | | | |
| SORA-PANEKENA FARANY | | | |
| TAHAN'NY FIFANAKALOZANA ARA-BOLA | | | |

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| FITSIAHY NY FIFANARAHANA | | FANDAHARANA NY FANOMEZAN-DALANA HANAO SORA-PANEKENA *(27)* | | |
| Tentiny | | | | |
| Vaninandron'ny fanankerezana | | Taona 1 | | |
| Mpamatsy vola | | Taona 2 | | |
| Fitsiahy ny fifanarahana | | Taona 3 | | |

| | | | |
|---|---|---|---|
| TOETOETRY NY KAONTY | | FAHAFAHA-MANAO NOHO NY FANOMEZAN-DALANA HANAO SORA-PANEKENA | |
| Sorabola nosokafana | 4.500.000 | Fanomezan-dàlana | |
| Sora-panekena | 1.500.000 | Sora-panekena hatrany am-piandohana | |
| Eo an-tànana mialoha izao sora-panekena izao | 3.000.000 | Eo an-tànana mialoha izao sora-panekena izao | |
| Sora-panekena/fanafoanana sora-panekena | 200.000 | Sora-panekena/fanafoanana sora-panekena | |
| Eo an-tànana | 2.800.000 | Eo an-tànana | |
| Natao tao ...................., ny 2017<br>Sonia sy fitomboky ny mpanalàlana | | | |

Aorian'ny fahitàna ny fanaterana entana izay tsy feno ny isa, ny sekretera mpitan-kaonty dia manomana titra anaovana sora-panekena ara-bola ho an'ny fanafoanam-panekena mikasika ny ampahan'ny fandaniana tsy notanterahina (Ar 50.000).

| | | | |
|---|---|---|---|
| FARITANY<br>FARITRA<br>KAOMININA | Kaominina amboni-vohitra Toamasina | **REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**<br>Iraka : \| Taom-pikatrohana : 2017<br>Tetibola : 40 \| Sokajy : | FAMPITANDREMANA<br>Ireo lahasa rehetra nohefaina tsy nanaovana titra momba ny sora-panekena ara-bola dia tsy maha-tompon'andraikitra ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana. Ny Fitsarana momba ny fifanolanana amin'ny Fanjakana no hany mahefa hitsara ireo fifanolanana.<br>**Sosony natao ho an'ny mpitan-kaonty/ mpanalàlana** |
| Mpanalàlana | 40-170-0-50101 | **TITRA MOMBA NY SORA-PANEKENA ARA-BOLA** | |
| Kaominina Mpisitraka | | | |
| Mariky ny Fanarahamaso ny Fitantanam-bola | | | |
| Laharan'ny sora-panekena | 022 | | |
| Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany mahefa | 50-101-100 | | |

| Fandaharan'asa | Fitantanan-draharaha sy fandrindrana | Lahasa | Fandrindrana sy Sekretaria | Asa | Mandrindra ireo sampan-draharaha |
|---|---|---|---|---|---|
| Fampizakana ara-panjakana | | 40-17-4-000-50101 | Famatsiam-bola | | 10-004-004-A |
| Kaonty PCOP | | 6111 - Entana sy kojakojam-birao | | | |

| TOMPON'NY SORA-PANEKENA | | KARAZAN'NY SORA-PANEKENA | |
|---|---|---|---|
| Laharam-panondroana | NIF 1000000411 | Anton'ny sora-pandaniana :<br>Fanafoanana sora-panekena momba ny fividianana entana sy kojakojam-birao (sora-panekena laharana faha-21) | |
| Tompony : Ets Mamatsy<br>Adiresy : Lot AII 1 XXXXXX | | | |
| TENTIN'NY SORA-PANEKENA | | KARAZAN'NY SORA-PANEKENA | PAIKADY |
| TENTINY AFA-KABA | | ☒ Safim-panafarana | ☐ Sora-panekena vaovao |
| HABA TVA TST DTI | | ☐ Tombam-bidy /Proforma | ☐ Sora-panekena fanampiny |
| FITAMBARANY OMBAN-KABA | | ☐ Fifanarahana | ☒ Fanafoanana sora-panekena |
| | | ☐ Fifampiraharaham-barotra | ☐ Tahiry *(Provision)* |
| SORA-PANEKENA FANAMPINY/ FANAFOANANA SORA-PANEKENA | | ☐ Kitapom-bola ho an'ny vatsim-bola | ☐ Fanarenana kitapom-bola ho an'ny vatsim-bola |
| SORA-PANEKENA FIANDOHANA | 200.000 | ☐ Sora-panekena faobe | |
| SORA-PANEKENA FANAMPINY/ FANAFOANANA SORA-PANEKENA | (50.000) | | |
| SORA-PANEKENA FARANY | 150.000 | | |
| TAHAN'NY FIFANAKALOZANA ARA-BOLA | | | |

| FITSIAHY NY FIFANARAHANA | | FANDAHARANA NY FANOMEZAN-DALANA HANAO SORA-PANEKENA *(27)* | | |
|---|---|---|---|---|
| Tentiny | | | | |
| Vaninandron'ny fanankerezana | | Taona 1 | | |
| Mpamatsy vola | | Taona 2 | | |
| Fitsiahy ny fifanarahana | | Taona 3 | | |

| TOETOETRY NY KAONTY | | FAHAFAHA-MANAO NOHO NY FANOMEZAN-DALANA HANAO SORA-PANEKENA | |
|---|---|---|---|
| Sorabola nosokafana | 4.500.000 | Fanomezan-dàlana | |
| Sora-panekena | 1.500.000 | Sora-panekena hatrany am-piandohana | |
| Eo an-tànana mialoha izao sora-panekena izao | 3.000.000 | Eo an-tànana mialoha izao sora-panekena izao | |
| Sora-panekena/fanafoanana sora-panekena | 200.000 | Sora-panekena/fanafoanana sora-panekena | |
| Eo an-tànana | 2.800.000 | Eo an-tànana | |
| Natao tao ...................., ny 2017<br>Sonia sy fitomboky ny mpanalàlana | | | |

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**

FARITANY ...................
FARITRA ......................
KAOMININA ................

## TAKILAN'IREO FANDANIANA

Taom-pikatrohana : 2017
Mariky ny fandaharan'asa : 001 Anaran'ny fandaharan'asa : Fitondran-draharaha sy fandrindrana
Mariky ny fampizakana : 6111 Anaran'ny fampizakana : Entana sy kojakojam-birao

| VINAVINAN'IREO FANDANIANA | TENTINY | FITAMBARAN'IREO TENTINY |
|---|---|---|
| Tetibola fiandohana | 5 000 000 | 5 000 000 |
| Tetibola fanampiny | + 500 000 | 5 500 000 |
| Tetibola fanitsiana | - 1 000 000 | 4 500 000 |
| | | |
| | | |

| VANINANDRON'NY SORA-PANEKENA | LAHARAN'NY SORA-PANEKENA | TENTINY NANAOVANA SORA-PANEKENA | FITAMBARAN'NY NANAOVANA SORA-PANEKENA | EO AN-TÀNANA HANAOVANA SORA-PANEKENA | VANINANDRO NANDEFASANA | LAHARAN'NY BAIKOMPANDOAVANA | LAHARAN' NY SAFY | TENTINY NALEFA | FITAMBARAN'IREO FANDEFASANA | VANINANDROMPAMPITANA | FANDRAISANA AN-TÀNANA |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | 1 000 000 | 3 500 000 | | | | | 1 000 000 | | |
| 30/05 | 20 | 500 000 | 1 500 000 | 3 000 000 | | | | | | | |
| 01/07 | 21 | 200 000 | 1 700 000 | 2 800 000 | | | | | | | |
| 10/07 | 21 | -50 000 | 1 650 000 | 2 850 000 | | | | | | | |

Ireo sora-panekena sy fanafoanana sora-panekena tatao ny 1 sy ny 10 jolay dia anaovana titra momba ny sora-panekena ara-bola.

Amin'ny vaninandrom-paharaisana, ny 12/07/2017, ny Sekretera mpitan-kaonty dia manomana ny taratasy fandoavam-bola sy ny safim-pandefasana ary mirakitra antsoratra ny lahasa anatin'ny takilan'ireo fandaniana. Ny taratasy fandoavam-bola dia fahazato tanatin'ny taom-pikatrohana ary ny safy, faha-20. Ny tentin'ireo fandefasana teo aloha dia Ar 1.650.000

| | | | |
|---|---|---|---|
| FARITANY<br>FARITRA<br>KAOMININA | Kaominina amboni-vohitra Toamasina | **REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA** | Laharan'ny safim-pandefasana : 020<br><br>Laharan'ny taratasy fandoavam-bola : 100 |
| | | Iraka : / Taom-pikatrohana : 2017 | |
| | | Tetibola : 40 / Sokajy : | |
| Mpanalàlana | 40-170-0-50101 | **TARATASY FANDOAVAM-BOLA**<br>*Noho ireo sorabola ao amin'ny paragrafy etsy ambany, ny mpanalàlana izay manao sonia etsy ambany dia mandoa izao trosa manaraka izao* | |
| Kaominina mpisitraka | | | |
| Mariky ny Fanarahamaso ny fitantanam-bola | | | |
| Laharan'ny sora-panekena | 021 | | |
| Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany mahefa | 50-101-100 | | |

| Fandaharan'asa | Fitantanan-draharaha sy fandrindrana | Lahasa | Fandrindrana sy Sekretaria | Asa | Mandrindra ireo sampan-draharaha |
|---|---|---|---|---|---|

| | | | |
|---|---|---|---|
| Fampizakana ara-panjakana | 40-17-4-000-50101 | Famatsiam-bola | 10-04-004-A |
| Kaonty PCOP | 6111 - Entana sy kojakojam-birao | | |

| FANAMARINAN-KAJY NY FANDANIANA | | FANDOAVANA NY TROSA |
|---|---|---|
| Taratasy fanamarinana :<br>Titra momba ny sora-penekena ara-bola<br>Safim-panafarana<br>Lazam-bidy farany | | Fomba fandoavana :<br>☒ TARATASIM-BOLA ☐ FAMINDRAM-BOLA AMIN'NY BANKY<br>☐ FAMINDRAM-BOLA HAFA ☐ LAHASA NOBAIKOANA |
| TENTINY TSY MISY HABA VOAMARIN-KAJY | 150.000 | FANAMARINAN'NY MPITAN-KAONTY MAHEFA |
| HABA TTL DTI | - | |
| TENTINY VOAMARIN-KAJY | 150.000 | |
| FANDANIANA AMIN'NY VOLA VAHINY | | |
| TENTINY ANATY FIFANARAHANA | | |
| VOLA VAHINY | | |
| VIDINY | | |
| FEPOTOANA NOHAMARININ-KAJY | | |
| DATY FIAFARANA | | |
| DATY FIAFARANA | | |
| EO AN-TANANA AMIN'NY SORA-PANEKENA | | |
| SORA-PANEKENA FOTOTRA | 150.000 | |
| FITAMBARAN'NY TENTINY HALOA | - | |
| TENTINY HALOA | 150.000 | |
| EO AN-TANANA AMIN'NY SORA-PANEKENA | - | |
| ANTOM-PANDOAVANA | | TOMPONY |
| | | Laharam-panondroana : NIF 1000000411 |
| | | ANARANA : Etablissement Mamatsy |
| TENTINY HALOA | 150.000 | ADIRESY<br>Lot AII 1 XXXXXX |
| HALOA MIALOHA | - | |
| TENTINY HALOA AFA-KARATSAKA | 150.000 | |
| FARANANAY izao fandoavana izao amin'ny tentiny dimy alina sy iray hetsy Ariary<br><br>Natao tao Toamasina, ny 12 jolay 2017<br><br>Sonia sy fitomboky ny mpanalàlana, | | FOMBA ANAOVANA NY FAMINDRAM-BOLA / Orin-draharaha ara-bola ☐ Banky ☐ CCP<br>KAONTY HANESORAM-BOLA<br>Orin-draharaha ara-bola :<br>Kaonty<br>KAONTY HAMPIDIRAM-BOLA<br>Orin-draharaha ara-bola :<br>Masoivoho :<br>Kaonty : |

TSARA HOMARIHINA : Ny Ar 50.000 dia nanaovana fanafoanana sora-panekena.

| | | |
|---|---|---|
| **SAFIM-PANDEFASANA<br>IREO TARATASY FANDOAVAM-BOLA** | **REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA** | |
| | Vondrombahoakam-paritra : Kaominina ambonivohitra Toamasina | |
| | Tetibola : 40 | Mpanalàlana : 40-170-0-10307 |
| Fomba fandoavana ireo taratasy fandoavam-bola alefa<br>☒ Taratasim-bola ☐ Famindram-bola amin'ny banky<br>☐ Famindram-bola hafa ☐ Lahasa nobaikoana | Taom-pikatrohana ara-tetibola : 2017<br>Mpitan-kaonty mahefa : 50-101-100 | Laharan'ny safim-pandefasana 020 / Laharan'ny takila 01 |

| **LAHARAN'NY ALÀLANA FANDANIAM-BOLA** | **FAMPIZAKANA ARA-TETIBOLA** | **SORA-PANEKENA** | | **ANARANA, FANAMPINY - LAHARAM-PANONDROANA SY ADIRESIN'NY TOMPPON-TROSA ANTON'NY FANDANIANA** | **TENTINY HALOA** | **TENTINY HALOA** | **FANAMARIHANA** |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | **TENTINY** | **LAHARANA SY DATY** | | | | |
| 100 | 6111 | 150.000 | 021 1/07 | Ets Mamatsy - NIF 1000000411 - Lot AII 1 XXXXXX - Fividianana entana sy kojakojam-birao | 150.000 | - | - |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| FARITRA VOATOKANA HO AN'NY MPITAN-KAONTY MAHEFA<br><br>Daty sy ora nahatongavan'ny safim-pandefasana : | | | | Nofaranana izao safim-pandefasana izao amin'ny tentiny .................<br><br>Tao Toamasina, ny 12 jolay 2017<br><br>Ny Mpanalàlana, | 150.000 | - | ← Fitambaran'ny takila |
| | | | | | - | - | ← Famerenana fandikana ny takila teo aloha |
| | | | | | 150.000 | - | ← Fitambaran'ny taratasy fandoavam-bola sy ny naloa mialoha |
| | | | | | - | ← Tentin'ireo taratasy fandoavam-bola nolavina | |
| | | | | | 150.000 | ← Fitambaran'ny tentin'ireo taratasy fandoavam-bola nekena | |

Ny fampitàna amin'ny Mpitan-kaonty dia tanterahina io andro io ihany
Ampiarahina amin'ny taratasy fandoavam-bola :

- ny taratasim-bola raha to any fandoavana ka atao tolo-botsotra
- ny filazana fidiram-bola amin'ny banky raha to any fandoavana jka atao amin'ny alàlan'ny famindram-bola ;
- ny safim-pandefasana ireo taratasy fanamarinana

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**

VONDROMBAHOAKAM-PARITRA .....................

## TAKILAN'IREO FANDANIANA

Taom-pikatrohana : 2017

Mariky ny fandaharan'asa : 001 Anaran'ny fandaharan'asa : Fitondran-draharaha sy fandrindrana

Mariky ny fampizakana : 6111 Anaran'ny fampizakana : Entana sy kojakojam-birao

| VINAVINAN'IREO FANDANIANA | TENTINY | FITAMBARAN'IREO TENTINY |
|---|---|---|
| Tetibola fiandohana | 5 000 000 | 5 000 000 |
| Tetibola fanampiny | + 500 000 | 5 500 000 |
| Tetibola fanitsiana | - 1 000 000 | 4 500 000 |
| | | |
| | | |

| DATIN'NY SORA-PANEKENA | LAHA-RAN'NY SORA-PANEKENA | TENTINY NANAOVANA SORA-PANEKENA | FITAMBA-RAN'NY NANAOVANA SORA-PANEKENA | EO AN-TÀNANA HANAOVANA SORA-PANEKENA | VANINANDRO NANDEFASANA | LAHA-RAN'NY BAIKOM-PANDOA-VANA | LAHARAN' NY SAFY | TENTINY NALEFA | FITAMBA-RAN'IREO FANDEFASANA | VANINANDROM-PAMPITANA | FANDRAISANA AN-TÀNANA |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | 1 000 000 | 3 500 000 | | | | | 1 000 000 | | |
| 30/05 | 20 | 500 000 | 1 500 000 | 3 000 000 | | | | | | | |
| 01/07 | 21 | 200 000 | 1 700 000 | 2 800 000 | | | | | | | |
| 10/07 | 10/07 | -50 000 | 1 650 000 | 2 850 000 | | | | | | | |
| 10/07 | 21 | | | | 12 | 100 | 20 | 150 000 | 1 150 000 | 12/07 | |

## IV.3.5 Fampihenana na fanafoanana taratasy fandoavam-bola

Ireo fampihenana na ireo fanafoanana taratasy fandoavam-bola dia atao na hanitsiana ireo fahadisoana ara-materialy, na hampidirana ny fanitsiana nateraky ny didim-pitsarana.

Ireo fampihenana na fanafoanana dia zahana fototra eo am-pahitàna ny taratasy fandoavam-bola fampihenana na fanafoanana ataon'ny Mpanalàlana ary ahitàna ireo toetoetry ny taratasy fandoavam-bola anaovam-panitsiana sy ampiarahina amin'ireo taratasy fanamarinana.

Raha toa ka misy fanitsiana mandritra ny taom-pikatrohana :

- Raha toa ka tsy mbola noraisina an-tànana ny taratasy fandoavam-bola, noho ny fangatahan'ny Mpanalàlana, ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany dia manao ny fandavana ny taratasy fandoavam-bola misy fahadisoana. Ny Mpanalàlana dia tsy maintsy mandefa taratasy fandoavam-bola vaovao.
- Raha toa ka efa norasina an-tànana ny taratsy fandoavam-bola, ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany dia mangataka amin'ny Mpanalàlana ny hanaovana taratasy fandoavam-bola fampihenana na fanafoanana. Ireo taratasy fandoavam-bola fampihenana na fanafoanana dia omen-daharana ao anatin'ny tamba-daharana ampiasaina ho an'ireo taratasy fandoavam-bola mahazatra. Ireo taratasy fandoavam-bola fampihenana na fanafoanana dia soratana amin'ny soratra mena ary tsipihina mena mba tsy hifangaro amin'ireo taratasy fandoavam-bola mahazatra. Ny tentin'ny fampihenana dia soratana anaty fonon-teny. Ny taratasy fandoavam-bola fampihenana na fanafoanana no manjary taratasy fanamarinana ny baiko famerenam-pandrotsahana ataon'ny ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany mba hanaovana ny fanangonana ny tentin'ny fampihenana any amin'ny mpisitraka ny taratasy fandoavam-bola fototra.

Raha toa ny fampihenana na ny fanafoanana taratasy fandoavam-bola ka atao aorian'ny fiafaran'ny taom-pikatrohana :

Ny fampihenana na ny fanafoanana taratasy fandoavam-bola tanatin'ny taom-pikatrohana nifarana dia ampitoviana amin'ireo fidiram-bola tsy mahazatra anatin'ny taom-pikatrohana izay nizahana fototra ny fampihenana na ny fanafoanana.

- Ho an'ireo fandaniana ho fampandehanan-draharaha, ny mpanalàlana dia mandefa taratasy fandraisam-bola amin'ny tentin'ny fanafoanana ao amin'ny kaonty 7781 Fanafoanana taratasy fandoavam-bola.
- Ho an'ireo fandaniana natao hamokarana, ny mpanalàlana dia mandefa taratasy fandraisam-bola amin'ny tentin'ny fanafoanana ao amin'ny kaonty momba ny fanana-mifan'ny taratasy fandoavam-bola nofoanana.

**TRANGA MANOKAN'NY FANALALANANA AVY HATRANY**

**(Andininy 168 amin'ny lalàna laharana faha-2001-025 tamin'ny 9 aprily 2003 mikasika ny Fitsarana momba ny fifanolanana amin'ny Fanjakana sy ny Fitantanam-bola)**

Ireo fandaniana ilaina ho fanafahana ireo trosa azo takiana sy ireo fandaniana izay notapahan'ny lalàna mazava ihany no voatery tsy maintsy iantsorohan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.

Ny Fitsarana momba ny Fitantanam-bola izay noraisin'ny, na ny Solontenam-panjakana, na ny mpitan-kaontim-panjakana voakasika, na izay olona rehetra mety manana tombontsoa anatin'izany, dia mizaha fototra fa nisy fandaniana tsy azo ihoarana tsy voasoratra anatin'ny tetibolan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana na natao ihany ny fanoratana anaty tetibola saingy tsy ampy ny tentiny. Ny Fitsarana dia manao ny fizahana fototra anatin'ny fepotoana iray volana miantomboka amin'ny fandraisana azy ary mandefa fampitandremana amin'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana voakasika.

Raha toa ka tsy misy valiny anatin'ny fepotoana iray volana izany fampitandremna izany, ny Fitsarana momba ny Fitantanam-bola dia mangataka ny Solontenam-panjakana hanoratra izany fandaniana izany ao amin'ny tetibolan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary manoso-kevitra, raha ilaina izany, ny famoronana fidiram-bola na ny fampihenana ireo fandaniana azo ihoarana izay natao hiantsoroka ny fandaniana tsy azo ihoarana. Ny Solontenam-panjakana dia manitsy sy mampanankery noho izany ny tetibola voahitsy. Raha toa ka miala amin'ny soso-kevitra natolotry ny Fitsarana mimba ny Fitantanam-bola izy, dia ampiarahiny amin'ny fanamarinana mazava ny fanapahan-keviny. Raha toa ka tsy misy ny fandoavan'ny Lehiben'ny Mpanatanteraka ny fandaniana tsy azo ihoaranaao anatin'ny iray volana aorian'ny fampitandremana izay nataon'ny Solontenam-panjakana ho azy momba izany, ity farany dia manao izany avy hatrany.

## IV.3.6 Fandoavana

**Ny fandoavana** ireo taratasy fandoavam-bola dia hefain'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany. Jereo ny andinindininy ao amin'nyTorolàlana momba ny paikady ara-pitanan-kaonty.

# IV.4 | FITONDRAN-DRAHARAHA FAMORIAM-BOLA[3]

Ireo fitondran-draharaha famoriam-bola dia natao hizaha fototra, hanamarin-kajy sy hanangona ireo vola miditra atao tolo-botsotra ary hanangona ireo taratasy fandraisam-bola nankinin'ny Mpitan-kaonty amin'ny Mpitantana famoriam-bola.

Ireo vola miditra atao tolo-botsotra izay, tsy afaka zahana fototra, hamarinin-kajy ary anaovan'ny Lehiben'ny Mpanatanteraka fanalalanana mialoha, dia zahana fototra sy hamarinin'ny mpiasa miadidy ny fanangonana azy ireo kajy ka izany dia mifototra amin'ireo taha nolanian'ny Filankevitra (saran'ny fisitrahana toerana amin'ny tsena, saran'ny sora-piankohonana, vola miditra noho ireo raharaha, lamandy, sns).

Ny fananganana ireo fitondran-draharaha famoriam-bola dia fehezin'ny didim-panjakana laharana faha-2004-319 tamin'ny 9 martsa 2004.

Ny fitondran-draharaha famoriam-bola tsirairay dia atsangana amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana raisin'ny Lehiben'ny Mpanatanteraka izay mametra :

- ny karazan'ireo vola azo angonina ;
- ny fetra farany amin'ny vola azon'ny Mpitantana famoriam-bola tazonina ;
- ny fepetra momba ny fepotoana sy ireo fombafomba fandrotsahana ireo vola voaangona any amin'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany ;
- ary ny tentin'ny antoka tsy maintsy aloa.

Ny Mpitantana famoriam-bola tsirairay dia tendrena amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana soniavin'ny Lehiben'ny Mpanatanteraka. Izany didim-pitondrana izany dia mametra ny tentin'ny tambin-karama noho ny maha-tompon'andraikitra sy ny tahan'ireo fanonerana kajiana mifototra amin'ireo vola voaangona. Raha toa ka tsy misy fananganana mialoha ny Fitondran-draharaha famoriam-bola sy fanendren'ny Mpanalàlana ary fankatoavan'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany, ireo olona rehetra izay mamory volam-panjakana dia mpitan-kaonty tsy ombam-porofo ka azo enjehina eo amin'ny Fitsarana.

Ireo asan'ireo Mpitantana famoriam-bola sy Mpitantana vatsim-bola dia tsy azo ampirafesina. Ny asan'ny Mpitantana famoriam-bola dia tsy azo ampiarahina amin'ny asan'ny Mpanalàlana.

Ny mpitantana famoriam-bola dia mandrotsaka ireo tahirimbola voaangona amin'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany arakaraka ny fepotoana feran'ny didim-pitondrana ananganana ny Fitondran-draharaha famoriam-bola ary mialoha izany vaninandro izany raha toa ka efa tratra ny fetra farany amin'ny vola azony tazonina anaty kitapombola. Na manao ahoana na manao ahoana, ny Mpitantana famoriam-bola dia mandrotsaka ireo tahirimbola sy sandam-bola tsy miova tsy ampiasaina, farafahatarany ny vaninandron'ny 31 desambra isan-taona.

Ny Mpitantana famoriam-bola dia afaka ampian'ireo Mpamory vola, mipetraka eo ambany fifehezany, miadidy ny fanangonana ireo vola miditra sy ny fandrotsahana izany araka ny fepotoana amin'ny Mpitantana famoriam-bola.

Ireo Mpamory vola dia tendrena amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana raisin'ny Lehiben'ny Mpanatanteraka.

Ny fanendrena, ny Mpitantana famoriam-bola na ny Mpamory vola, dia apetraka amin'ny fankatoavan'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany, fankatoavana marihina amin'ny fametrahana ny fanondroana « Tsy misy fanoherana » amin'ny volavolan-didim-pitondrana fanendrena ny Mpitantana famoriam-bola tsirairay mialoha ny sonian'ny Mpanalàlana.

Ireo didim-pitondrana ananganana fitondran-draharaha, anendrena Mpitantana famoriam-bola na Mpamory vola dia anaovan'ny Solontenam-panjakana fanarahamaso ny fanarahan-dalàna.

Ireo didim-pitondrana ananganana ireo fitondran-draharaha sy ireo didim-pitondrana anendrena ireo Mpamory vola dia mamaritra ireo toerana anaovan'izy ireo fanangonana sy ny karazan'ireo vola raisiny. Ny fanarahamaso ny fanangonana dia mitaky fa ny Mpitantana famoriam-bola sy ny Mpamory vola tsirairay no tompon'andraikitra tokana amin'ny fanangonana karazam-bola iray amin'ny toerana voatondro iray.

3 Ny fomba fiasan'ny fitondran-draharaha famoriam-bola dia velarina anatin'ny torolàlana momba ireo paikady ara-pikanan-kaonty

# IV.4.1 Fananganana fitondran-draharaha famoriam-bola

## MAODELY 22 : DIDIM-PITONDRANA ANANGANANA FITONDRAN-DRAHARAHA FAMORIAM-BOLA

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
**Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana**

VONDROM-BAHOAKAM-PARITRA ……………………

**DIDIM-PITONDRANA LAHARANA FAHA-** *[laharana mifanjohy/taona]*
**ananganana Fitondran-draharaha famoriam-bola ho fanangonana**
**ny** *[karazan'ireo haba, sara, vola sy toeram-panangonana]* **………………….**

**NY LEHIBEN'NY MPANATANTERAKA,**

Araka ny Lalàmpanorenana ;
Araka ny lalàna fehizoro laharana faha-2004-007 tamin'ny 26 jolay 2004 momba ny lalàna mifehy ny Fitantanam-bola ;
Araka ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014, nofenoin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2016-030 tamin'ny 23 aogositra 2016, mifehy ny tandrifim-pahefana, ny fombafomba fandaminana sy ny fomba fiasan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary koa ny an'ny fitantanana ny raharahany manokana ;
Araka ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014, novain'ny lalàna laharana faha-2015-008 tamin'ny 1 aprily 2015, mikasika ny loharanombolan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ny fombafomba fanaovana ny fifidianana, ary koa ny fandaminana, ny fomba fiasa ary ny anjara andraikitr'ireo rantsa-mangaika ao aminy ;
Araka ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;
Araka ny didim-panjakana laharana faha-2014-1929 tamin'ny 23 septambra 2014 amerana ireo fombafomba fampiharana ireo fepetra sasantsasany amin'ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;
Araka ny didim-panjakana laharana faha-2015-959 tamin'ny 16 jona 2015 mikasika ny fitantanana ny tetibola sy ny fitantanam-bolan'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;
Araka ny didim-panjakana laharana faha-2004-319 tamin'ny 9 martsa 2004 novain'ny didim-panjakana laharana faha-2006-844 tamin'ny 14 novambra 2006 sy ny idim-panjakana laharana faha-2008-1153 tamin'ny 11 desambra 2008 ananganana ireo fitantanana vatsim-bola sy famoriam-bola ho an'ireo vondrona ara-panjakana ;
Araka ny didim-pitondrana laharana faha-8781/2004-MFB/SG/DGDP/DB/BF tamin'ny 12 may 2004 amerana ny tentin'ireo antoka aloa ho an'ireo fitantanana vatsim-bola sy ireo fitondran-draharaha famoriam-bola ho an'ireo vondrona ara-panjakana ary ny tambin-karama noho ny maha-tompon'andraikitra ireo Mpitantana ;
Araka ny didim-pitsarana tamin'ny ……….. avy amin'ny Fitsarana momba ny fifanolanana amin'ny Fanjakana tao ……………. anaovana ny fanambarana ny vokatr'ireo fifidianana ireo Lehiben'ny Mpanatanteraka sy mpikambana ao amin'ny Filankevitra ;

Araka ny filàn'ny asa

**DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PITONDRANA IZAO :**

**Andininy voalohany** : Atsangana eo anivon'ny Vondrombahoakam-paritra ………. ny fitondran-draharaha famoriam-bola ho amin'ny fanangonana ny karazan'ireo haba, sara, vola sy toeram-panangonana….) ……………….. ho an'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany.

**Andininy 2** : Ny tentin'ireo tahirimbola izay azon'ny Mpitantana famoriam-bola tazonina dia ferana ho ……………….. (amin'ny tarehimarika sy an-tsoratra) Ariary ary hozakain'ny (na ireo) fampizakana ara-tetibola ……………….. (araka ny karazan'ny vola angonina).

**Andininy 3** : Ny Mpitantana famoriam-bola dia tsy maintsy mandrotsaka ny tahirimbola voaangona ary manolotra ireo fanamarinana amin'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany isaky ny faran'ny volana ary rehefa tratra ny fetra azony tazonina. Ny fandrotsahana dia tsy maintsy hefaina ny 31 desambra amin'ny taona diavina.

**Andininy 4** : *(raha toa ka mihoatra ny 1.000.000 Ariary ny tentin'ny fitondran-draharaha famoriam-bola ary amin'izany tranga izany ihany).* Ho fampiharana ny andininy 10 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2004-319 tamin'ny 9 martsa 2004, ny Mpitantana famoriam-bola dia tsy maintsy mandrotsaka antoka izay ny tentiny dia ferana ho …………. *(1/20 amin'ny tentiny tantanana ary farafahabetsany 800.000 Ariary)* harotsaka eo anivon'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany mialoha ny fandraisana asa.

**Andininy 5** : Izao didim-pitondrana izao dia manankery amin'ny vaninandro ampahafantarana azy ny besinimaro sy ampitàna azy amin'ny Solontenam-panjakana. Ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany no miadidy ny fampiharana izao didim-pitondrana izao.

Tao ……………………., ny……………….

## IV.4.2 Fanendrena ny Mpitantana famoriam-bola

### MAODELY 23 : DIDIM-PITONDRANA ANENDRENA MPITANTANA FAMORIAM-BOLA

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
**Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana**

VONDROM-BAHOAKAM-PARITRA ……………………

**DIDIM-PITONDRANA LAHARANA FAHA-** *[laharana mifanjohy/taona]* **anendrena ny Mpitantana famoriam-bola ho fanangonana ny** *[karazan'ireo haba, sara, vola sy toeram-panangonana]* **……………… eo anivon'ny** *[Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany]* **…………….**

**NY LEHIBEN'NY MPANATANTERAKA,**

Araka ny Lalàmpanorenana ;
Araka ny lalàna fehizoro laharana faha-2004-007 tamin'ny 26 jolay 2004 momba ny lalàna mifehy ny Fitantanam-bola ;
Araka ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014, nofenoin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2016-030 tamin'ny 23 aogositra 2016, mifehy ny tandrifim-pahefana, ny fombafomba fandaminana sy ny fomba fiasan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary koa ny an'ny fitantanana ny raharahany manokana ;
Araka ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014, novain'ny lalàna laharana faha-2015-008 tamin'ny 1 aprily 2015, mikasika ny loharanombolan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ny fombafomba fanaovana ny fifidianana, ary koa ny fandaminana, ny fomba fiasa ary ny anjara andraikitr'ireo rantsa-mangaika ao aminy ;
Araka ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;
Araka ny didim-panjakana laharana faha-2014-1929 tamin'ny 23 septambra 2014 amerana ireo fombafomba fampiharana ireo fepetra sasantsasany amin'ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;
Araka ny didim-panjakana laharana faha-2015-959 tamin'ny 16 jona 2015 mikasika ny fitantanana ny tetibola sy ny fitantanam-bolan'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;
Araka ny didim-panjakana laharana faha-2004-319 tamin'ny 9 martsa 2004 novain'ny didim-panjakana laharana faha-2006-844 tamin'ny 14 novambra 2006 sy ny didim-panjakana laharana faha-2008-1153 tamin'ny 11 desambra 2008 ananganana ireo fitantanana vatsim-bola sy famoriam-bola ho an'ireo vondroana ara-panjakana ;
Araka ny didim-pitondrana laharana faha-8781/2004-MFB/SG/DGDP/DB/BF tamin'ny 12 may 2004 amerana ny tentin'ireo antoka aloa ho an'ireo fitantanana vatsim-bola sy ireo fitondran-draharaha famoriam-bola ho an'ireo vondrona ara-panjakana ary ny tambin-karama noho ny maha-tompon'andraikitra ireo Mpitantana ;
Araka ny didim-pitondrana laharana faha-…… tamin'ny ………… ananganana ny fitondran-draharaha famoriam-bola ho fanangonana ny (haba, sara, vola,…..) ;
Araka ny didim-pitsarana tamin'ny ……….. avy amin'ny Fitsarana momba ny fifanolanana amin'ny Fanjakana tao ……………. anaovana ny fanambarana ny vokatr'ireo fifidianana Lehiben'ny Mpanatanteraka sy mpikambana ao amin'ny Filankevitra ;

**DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PITONDRANA IZAO :**

**Andininy voalohany** : Andriamatoa (na Ramatoa) (na Ramatoakely) (Anarana, fanampiny, Laharana arak'asa, karapanondrom-pirenena, asa atao) …………………… Dia tendrena ho Mpitantana ny famoriam-bola eo anivon'ny Vondrombahoakam-paritra …………………… ho fanangonana ny (karazan'ireo haba, sara, vola sy toeram-panangonana) ……………………………..

**Andininy 2** : Ny mpitantana famoriam-bola dia misitraka ny tambin-karama noho ny maha-tompon'andraikitra mitentina 1% amin'ny tentin'ireo tahirimbola tazonina ka izany dia tsy mihoatra ny 100.000 Ariary isan-taona voalazan'ny didim-pitondrana laharana faha-8781/2004-MFB/SG/DGDP/DB/BF tamin'ny 12 may 2004.

Ireo tambin-karama sy fanonerana dia hozakain'ny fampizakana ara-tetibola ……. (6031 Tambin-karama sy tombontsoa mifandraika amin'ny asa - mpiasa maharitra/6032 Tambin-karama sy tombontsoa mifandraika amin'ny asa - mpiasa tsy maharitra).

**Andininy 3** : Izao didim-pitondrana izao dia manankery amin'ny vaninandro ampahafantarana azy ny besinimaro sy ampitàna azy amin'ny Solontenam-panjakana. Ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany no miadidy ny fampiharana izao didim-pitondrana izao.

| Tsy misy fanoherana<br><br>Ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany | Maodelin-tsonian'ny Mpitantana famoriam-bola |
|---|---|

Tao ……………………, ny …………………

## IV.4.3 Fanendrena ireo Mpamory vola

**MAODELY 24 : DIDIM-PITONDRANA ANENDRENA MPAMORY VOLA**

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
**Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana**

VONDROM-BAHOAKAM-PARITRA ........................

**DIDIM-PITONDRANA LAHARANA FAHA- (laharana mifanjohy/taona) anendrena Mpamory vola ho fanangonana ny** *[karazan'ireo haba, sara, vola sy toeram-panangonana]* **.................. eo anivon'ny** *[Mpitantana famoriam-bola]* **................**

**NY LEHIBEN'NY MPANATANTERAKA,**

Araka ny Lalàmpanorenana ;
Araka ny lalàna fehizoro laharana faha-2004-007 tamin'ny 26 jolay 2004 momba ny lalàna mifehy ny Fitantanam-bola ;
Araka ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014, nofenoin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2016-030 tamin'ny 23 aogositra 2016, mifehy ny tandrifim-pahefana, ny fombafomba fandaminana sy ny fomba fiasan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary koa ny an'ny fitantanana ny raharahany manokana ; Araka ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014, novain'ny lalàna laharana faha-2015-008 tamin'ny 1 aprily 2015, mikasika ny loharanombolan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ny fombafomba fanaovana ny fifidianana, ary koa ny fandaminana, ny fomba fiasa ary ny anjara andraikitr'ireo rantsa-mangaika ao aminy ;
Araka ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;
Araka ny didim-panjakana laharana faha-2014-1929 tamin'ny 23 septambra 2014 amerana ireo fombafomba fampiharana ireo fepetra sasantsasany amin'ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;
Araka ny didim-panjakana laharana faha-2015-959 tamin'ny 16 jona 2015 mikasika ny fitantanana ny tetibola sy ny fitantanam-bolan'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;
Araka ny didim-panjakana laharana faha-2004-319 tamin'ny 9 martsa 2004 novain'ny didim-panjakana laharana faha-2006-844 tamin'ny 14 novambra 2006 sy ny idim-panjakana laharana faha-2008-1153 tamin'ny 11 desambra 2008 ananganana ireo fitantanana vatsim-bola sy famoriam-bola ho an'ireo vondroana ara-panjakana ;
Araka ny didim-pitondrana laharana faha-8781/2004-MFB/SG/DGDP/DB/BF tamin'ny 12 may 2004 amerana ny tentin'ireo antoka aloa ho an'ireo fitantanana vatsim-bola sy ireo fitondran-draharaha famoriam-bola ho an'ireo vondrona ara-panjakana ary ny tambin-karama noho ny maha-tompon'andraikitra ireo Mpitantana ;
Araka ny didim-pitondrana laharana faha-...... tamin'ny ............ ananganana ny fitondran-draharaha famoriam-bola ho fanangonana ny (haba, sara, vola,.....)
Araka ny didim-pitondrana laharana faha-.......... tamin'ny.............. anendrena Mpitantana famoriam-bola ho fanangonana ny (karazan'ireo haba, sara, vola sy toeram-panangonana) ................. eo anivon'ny (Mpitambolan'ny Kaominina) ................
Araka ny didim-pitsarana tamin'ny .......... avy amin'ny Fitsarana momba ny fifanolanana amin'ny Fanjakana tao ............... anaovana ny fanambarana ny vokatr'ireo fifidianana Lehiben'ny Mpanatanteraka sy mpikambana ao amin'ny Filankevitra ;

Araka ny filàn'ny asa

**DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PITONDRANA IZAO :**

**Andininy voalohany** : Andriamatoa na Ramatoa ........................., laharana arak'asa/Karapanondrom-pirenena ............. dia tendrena ho Mpamory vola, eo ambanin'ny fahefan'ny Mpitantana famoriam-bola ao ....................., ho fanangonana ny (karazan'ireo haba, sara, vola sy toeram-panangonana) .............................. Andriamatoa na Ramatoa........................., laharana arak'asa, Karapanondrom-pirenena ..............
**Andininy 2** : Ny Mpamory vola dia tsy maintsy mandrotsaka amin'ny Mpitantana famoriam-bola ifangirany ireo tentiny voaangona, ireo taratasy fanamarinana sy ireo sanda tsy nampiasaina amin'ny fiafaran'ny fepotoana fanangonana izay feran'ny Mpitantana famoriam-bola.
**Andininy 3** : Ny Mpamory vola dia misitraka ny tambin-karama noho ny maha-tompon'andraikitra mitentina 1% amin'ny tentin'ireo tahirimbola tazonina ka izany dia tsy mihoatra ny 100.000 Ariary isan-taona voalazan'ny didim-pitondrana laharana faha-8781/2004-MFB/SG/DGDP/DB/BF tamin'ny 12 may 2004.
Ny tambin-karama dia zakain'ny fampizakana ara-tetibola ....... (6031 Tambin-karama sy tombontsoa mifandraika amin'ny asa - mpiasa maharitra/6032 Tambin-karama sy tombontsoa mifandraika amin'ny asa - mpiasa tsy maharitra).
**Andininy 4** : Izao didim-pitondrana izao dia manankery amin'ny vaninandro ampahafantarana azy ny besinimaro sy ampitàna azy amin'ny Solontenam-panjakana. Ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany no miadidy ny fampiharana izao didim-pitondrana izao.

| | |
|---|---|
| Tsy misy fanoherana<br><br>Ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany | Maodelin-tsonian'ny Mpitantana famoriam-bola |

Tao ......................., ny ....................

Ny tentin'ireo tambin-karama dia tsy maintsy anaovan'ny Lehiben'ny Mpanatanteraka fanalalanana sy aloan'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany ary tsy azo tazonina amin'ny fandrotsahana natao.

## IV.5 | FITANTANANA VATSIM-BOLA

Ireo Vondrombahoakam-paritra dia afaka manangana amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana raisin'ny Lehiben'ny Mpanatanteraka ireo kitapom-bola (na fitondran-draharaha fitantanana) momba ny vatsim-bola ho fandoavana mialoha ny fanalalanana ireo fandaniana madinika ho fampandehanan-draharaha faritana manaraka ireto ka tsy azo ihoarana izany : fandaniana momba ny rano sy ny herinaratra, fifandraisan-davitra, sakafo sy fandrehitra hafa, saram-pivezivezena anatiny, taratasy voatonta sy taratasy ara-panjakana (andininy 3 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2008-1153 sy andininy 21 amin'ny didim-pitondrana laharana faha-21-149)[4].

Ireo tentiny be indrindra amin'ireo vatsim-bola azon'ny Mpitantana tazonina dia ferana toy izao manaraka izao :

| KARAZAN'NY FANDANIANA ANATIN'NY SORABOLA NOSOAFANA | TENTIN'NIREO SORABOLA NOSOKAFANA | TENTINY FARAFAHABETSANY AMIN'NY VATSIM-BOLA AZO EKENA |
|---|---|---|
| Rano sy herinaratra, tamerimbidy momba ny fifandraisan-davitra an-tariby na tsia, | - Latsaka na mitovy amin'ny 5.000.000 Ar<br>- Mihoatra ny 5. 000.000 Ar | - 50 % amin'ireo sorabola nosokafana<br>- 25 % amin'ireo sorabola nosokafana |
| Zavatra hafa | - latsaka na mitovy amin'ny 5.000.000 Ar<br>- Mihoatra ny 5. 000.000 Ar | - 50 % amin'ireo sorabola nosokafana<br>- 25 % amin'ireo sorabola nosokafana saingy tsy mihoatra ny Ar 15.000.000 |

Ireo Mpitantana vatsim-bola dia tompon'andraikitra amin'ny tenany sy ara-bola amin'ireo tahirimbolan'ny Fitondran-draharaha ary, amin'izany, dia azon'izy ireo atao ny mandà ireo baiko izay mety mampiditra ny maha-tompon'andraikitra azy ireo.

Ny fananganana ireo Fitondran-draharaha fitantanana vatsim-bola sy ny fanendrena ireo mpitantana vatsim-bola dia atao amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana raisin'ny Lehiben'ny Mpanatanteraka. Ireo Mpitantana vatsim-bola, mialoha ny fanendrena azy ireo, dia tsy maintsy mahazo mialoha ny fankatoavan'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany.

4 Mety ihany koa ny mizaha ireo tenimita momba ny fantanterahana ny tetibola mifanarakaraka izay mametra ireo fandaniana azo raisina anatin'ny fitondran-draharaha famoriam-bola.

## IV.5.1 Fananganana Fitondran-draharaha fitantanana vatsim-bola

MAODELY 25 : DIDIM-PITONDRANA ANANGANANA FITONDRAN-DRAHARAHA FITANTANANA VATSIM-BOLA

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
**Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana**

VONDROM-BAHOAKAM-PARITRA ……………………

**DIDIM-PITONDRANA LAHARANA FAHA-** *[laharana mifanjohy/taona]*
**ananganana Fitondran-draharaha fitantanana vatsim-bola eo anivon'ny Vondrombahoakam-paritra …………**

**NY LEHIBEN'NY MPANATANTERAKA,**

Araka ny Lalàmpanorenana ;
Araka ny lalàna fehizoro laharana faha-2004-007 tamin'ny 26 jolay 2004 momba ny lalàna mifehy ny Fitantanam-bola ;
Araka ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014, nofenoin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2016-030 tamin'ny 23 aogositra 2016, mifehy ny tandrifim-pahefana, ny fombafomba fandaminana sy ny fomba fiasan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary koa ny an'ny fitantanana ny raharahany manokana ;
Araka ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014, novain'ny lalàna laharana faha-2015-008 tamin'ny 1 aprily 2015, mikasika ny loharanombolan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ny fombafomba fanaovana ny fifidianana, ary koa ny fandaminana, ny fomba fiasa ary ny anjara andraikitr'ireo rantsa-mangaika ao aminy ;
Araka ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;
Araka ny didim-panjakana laharana faha-2014-1929 tamin'ny 23 septambra 2014 amerana ireo fombafomba fampiharana ireo fepetra sasantsasany amin'ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;
Araka ny didim-panjakana laharana faha-2015-959 tamin'ny 16 jona 2015 mikasika ny fitantanana ny tetibola sy ny fitantanam-bolan'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;
Araka ny didim-panjakana laharana faha-2004-319 tamin'ny 9 martsa 2004 novain'ny didim-panjakana laharana faha-2006-844 tamin'ny 14 novambra 2006 sy ny didim-panjakana laharana faha-2008-1153 tamin'ny 11 desambra 2008 ananganana ireo fitantanana vatsim-bola sy famoriam-bola ho an'ireo vondroana ara-panjakana ;
Araka ny didim-pitondrana laharana faha-8781/2004-MFB/SG/DGDP/DB/BF tamin'ny 12 may 2004 amerana ny tentin'ireo antoka aloa ho an'ireo fitantanana vatsim-bola sy ireo fitondran-draharaha famoriam-bola ho an'ireo vondrona ara-panjakana ary ny tambin-karama noho ny maha-tompon'andraikitra ireo Mpitantana ;
Araka ny didim-pitsarana tamin'ny ……….. avy amin'ny Fitsarana momba ny fifanolanana amin'ny Fanjakana tao ……………. anaovana ny fanambarana ny vokatr'ireo fifidianana Lehiben'ny Mpanatanteraka sy mpikambana ao amin'ny Filankevitra ;

**DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PITONDRANA IZAO :**

**Andininy voalohany** : Atsangana eo anivon'ny Kaominina ambanivohitra ………. ny fitondran-draharaha fitantanana vatsim-bola atao handoavana ireo fandaniana mikasika ny…………..

**Andininy 2** : Ny tentin'ny vatsim-bola farafahabetsany dia ferana ho …………. (atao tarehimarika sy an-tsoratra) Ariary. Ireo fandaniana atao dia zakain'ireto fampizakana ara-tetibola manaraka ireto :

| KAONTY | FANONDROANA | TENTINY (AR) |
|---|---|---|
| *6231* | *Saram-pivezivezena anatiny* | |
| *6250* | *Rano sy herinaratra* | |
| … | … | |

**Andininy 3** : Ny Mpitantana dia manamarina ireo fandoavany eo anivon'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany isaky ny fangataham-panavaozana ary farafahakeliny indray mandeha isam-bolana.

**Andininy 4** : *(raha toa ka mihoatra ny 1.000.000 MGA ny tentin'ny fitondran-draharaha famoriam-bola ary amin'izany tranga izany ihany)* Ho fampiharana ny andininy 10 amin'ny didim-panjakana laharana faha-2004-319 tamin'ny 9 martsa 2004, ny Mpitantana vatsim-bola dia tsy maintsy mandrotsaka antoka izay ny tentiny dia ferana ho ………… *(1/20 amin'ny tentiny tantanana ary farafahabetsany 800.000 MGA)* harotsaka eo anivon'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany mialoha ny fandraisana asa.

**Andininy 5** : Izao didim-pitondrana izao dia manankery amin'ny vaninandro ampahafantarana azy ny besinimaro sy ampitàna azy amin'ny Solontenam-panjakana.

Tao……………………., ny ………………

Aorian'izany, ny Lehiben'ny Mpanatanteraka dia mandray didim-pitondrana anendrena ny Mpitantana vatsim-bola.

## IV.5.2 Fanendrena Mpitantana vatsim-bola

### MAODELY 26 : DIDIM-PITONDRANA ANENDRENA MPITANTANA VATSIM-BOLA

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
**Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana**

VONDROM-BAHOAKAM-PARITRA ……………………

**DIDIM-PITONDRANA LAHARANA FAHA-** *[laharana mifanjohy/taona]*
**anendrena ny Mpitantana ny Fitondran-draharaha fitantanana vatsim-bola ao amin'ny Vondrombahoakam-paritra …………….**

**NY LEHIBEN'NY MPANATANTERAKA,**

Araka ny Lalàmpanorenana ;
Araka ny lalàna fehizoro laharana faha-2004-007 tamin'ny 26 jolay 2004 momba ny lalàna mifehy ny Fitantanam-bola ;
Araka ny lalàna fehizoro laharana faha-2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014, nofenoin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2016-030 tamin'ny 23 aogositra 2016, mifehy ny tandrifim-pahefana, ny fombafomba fandaminana sy ny fomba fiasan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ary koa ny an'ny fitantanana ny raharahany manokana ;
Araka ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014, novain'ny lalàna laharana faha-2015-008 tamin'ny 1 aprily 2015, mikasika ny loharanombolan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ny fombafomba fanaovana ny fifidianana, ary koa ny fandaminana, ny fomba fiasa ary ny anjara andraikitr'ireo rantsa-mangaika ao aminy ;
Araka ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;
Araka ny didim-panjakana laharana faha-2014-1929 tamin'ny 23 septambra 2014 amerana ireo fombafomba fampiharana ireo fepetra sasantsasany amin'ny lalàna laharana faha-2014-021 tamin'ny 12 septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;
Araka ny didim-panjakana laharana faha-2015-959 tamin'ny 16 jona 2015 mikasika ny fitantanana ny tetibola sy ny fitantanam-bolan'ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;
Araka ny didim-panjakana laharana faha-2004-319 tamin'ny 9 martsa 2004 novain'ny didim-panjakana laharana faha-2006-844 tamin'ny 14 novambra 2006 sy ny idim-panjakana laharana faha-2008-1153 tamin'ny 11 desambra 2008 ananganana ireo fitantanana vatsim-bola sy famoriam-bola ho an'ireo vondrona ara-panjakana ;
Araka ny didim-pitondrana laharana faha-8781/2004-MFB/SG/DGDP/DB/BF tamin'ny 12 may 2004 amerana ny tentin'ireo antoka aloa ho an'ireo fitantanana vatsim-bola sy ireo fitondran-draharaha famoriam-bola ho an'ireo vondrona ara-panjakana ary ny tambin-karama noho ny maha-tompon'andraikitra ireo Mpitantana ;
Araka ny didim-pitondrana laharana faha-…… tamin'ny …………ananganana ny fitondran-draharaha fitantanana vatsim-bola ao amin'ny Vondrombahoakam-paritra ……….
Araka ny didim-pitsarana tamin'ny ……….. avy amin'ny Fitsarana momba ny fifanolanana amin'ny Fanjakana tao ……………. anaovana ny fanambarana ny vokatr'ireo fifidianana Lehiben'ny Mpanatanteraka sy mpikambana ao amin'ny Filankevitra ;

**DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PITONDRANA IZAO :**

**Andininy voalohany** : Andriamatoa (na Ramatoa) (na Ramatoakely) (Anarana, fanampiny, Laharana arak'asa/karapanondrom-pirenena, asa atao) ……….. dia tendrena ho Mpitantana ny kitapombolan'ny vatsim-bola ao amin'ny Vondrombahoakam-paritra ……………. handoavana ireo fandaniana voatondron'ny andininy 2 amin'ny didim-pitondrana laharana faha …… tamin'ny ………. ananganana ny fitondran-draharaha fitananana vatsim-bola.

**Andininy 2** : Ny mpitantana dia misitraka ny tambin-karama noho ny maha-tompon'andraikitra mitentina 1% amin'ny tentin'ireo tahirimbola tazonina ka izany dia tsy mihoatra ny 100.000 Ariary isan-taona voalazan'ny didim-pitondrana laharana faha-8781/2004-MFB/SG/DGDP/DB/BF tamin'ny 12 may 2004.

Ny tambin-karama noho ny maha-tompon'andraikitra sy ny fanonerana dia zakain'ny fampizakana ara-tetibola ….. *(6031 Tambin-karama sy tombontsoa mifandraika amin'ny asa - mpiasa maharitra / 6032 Tambin-karama sy tombontsoa mifandraika amin'ny asa - mpiasa tsy maharitra).*
**Andininy 3** : Ny Mpitantana dia tsy mahazo mandoa afa-tsy ireo fandaniana nahazoan-dàlana tamin'ny didim-pitondrana ananganana ny Fitondran-draharaha raha tsy izany dia manjary mpitan-kaonty tsy ombam-porofo.

**Adininy 4** : Ny Mpitantana dia manolotra ny fitanan-kaonty, ireo tahirimbola, taratasy fanamarinana isaky ny fangatahan'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany na ireo Sampan-draharaha mpanao fitsirihana momba izany.

**Andininy 5** : Izao didim-pitondrana izao dia manankery amin'ny vaninandro ampahafantarana azy ny besinimaro sy ampitàna azy amin'ny Solontenam-panjakana. Ny Mpitamboan'ny Kaominina no miadidy ny fampiharana izao didim-pitondrana izao.

| Tsy misy fanoherana<br><br>Ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany | Maodelin-tsonian'ny Mpitantana famoriam-bola |
|---|---|

Tao ……………………, ny …………………

## IV.5.3 Famatsiana ny kitapombola momba ny vatsim-bola

Amin'ny fisokafan'ny kitapombola momba ny vatsim-bola, ny Mpitantana ny vatsim-bola, izay tendrena amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana raisin'ny Lehiben'ny Mpanatanteraka, dia manao fangatahana vatsim-bola amin'ireo fampizakana ara-tetibola ary ao anatin'ny fetran'ireo tentiny omen-dàlana amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana ananganana ny fitondran-draharaha.

Ny sekretera mpitan-kaonty dia manao ny firaketana an-tsoratra ny sora-panekena ireo vatsim-bola anatin'ireo takilan'ny fandaniana ireo fampizakana mifandraika.

Ny fangatahana vatsim-bola dia ahitàna laharana mifanohy ary isaky ny karazan'ireo fandaniana angatahana.

Ny tentin'ny vatsim-bola tsy nampiasaina dia hanaovana fanafoanana sora-panekena amin'ny fotoana hanaovana fandrotsahana ireo hanisisa. Ny sekretera mpitan-kaonty dia miraikitra an-tsoratra izany fanafoanana sora-panekena izany anatin'ireo takilan'ireo fandaniana ireo fampizakana voakasika.

**MAODELY 27 : FANGATAHANA VATSIM-BOLA HO AN'NY TAHIRIMBOLA**

**FANGATAHANA VATSIM-BOLA HO AN'NY TAHIRIMBOLA**
**LAHARANA FAHA- ………/20…**

Ny Mpitantana vatsim-bola manao sonia etsy ambany, miadidy ny fitondran-draharaha fitantanana vatsim-bola natsangana araka ny didim-pitondrana laharana faha-…… tamin'ny ……… handoavana ny ………………………………………… dia mangataka ny fanomezana vatsim-bola izay mitentina ………… Ariary, tsinjaraina araka ireo fampizakana ara-tetibola voatondro manaraka izao :

| FANDANIANA | FAMPIZAKANA | TENTINY |
|---|---|---|
| | | |
| | | |
| FITAMBARANY | | |

| | | |
|---|---|---|
| Fangatahana natao ny …………… | Nomen-dàlana ny …………… | Ho fanafahan-trosa, ny …………… |
| (Anarana, sonia) ny Mpitantana | (Anarana, sonia sy fitomboka) ny Lehiben'ny Mpanatanteraka | (Anarana, sonia) ny Mpitantana |

Aorian'ny fanamarinana ny fifanarahan'ny fangatahana amin'ny didim-pitondrana ananganana ny fitondran-draharaha sy ny didim-pitondrana anendrena ny Mpitantana, ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany dia mandrotsaka ny vatsim-bola amin'ny Mpitantana. Anaovan'ny Mpitantana fanamarinam-paharaisana izany tahirimbola izany amin'ny alàlan'ny fanaovan-tsonia amin'ny fangatahana vatsim-bola.

TSARA HOMARIHINA : Tsy maintsy atao ny fangatahana vatsim-bola isaky ny manao famatsiam-bola vaovao ny kitapombolan'ny vatsim-bola.

Ny Mpitantana dia mirakitra an-tsoratra anatin'ny boky firaketana isanandro ny kitapom-bolan'ny vatsim-bola, amin'ny vola miditra, ny tentin'ny vatsim-bola sy ireo fanavaozana vatsim-bola ary, amin'ny fandaniana, ireo fandoavana natao. Ny Mpitantana dia manao ireo fandoavana nahazoan-dàlana tamin'ny Lehiben'ny Mpanatanteraka, mirakitra an-tsoratra azy ireo arakaraka ny nanaovana azy ireo ao anatin'ny boky firaketana isanandro momba ny kitapombolan'ny vatsim-bola ary mitahiry ireo taratasy fanamarinam-pandoavana (matetika dia ireo lazam-bidy avy amin'ireo mpamatsy).

## MAODELY 28 : BOKY FIRAKETANA ISANANDRO MOMBA NY KITAPOM-BOLAN'NY VATSIM-BOLA

Vondrombahoakam-paritra : ……………………..
Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany : ………
Anaran'ny Mpitantana : ……………………………
Taom-pikatrohana : ……………

**BOKY FIRAKETANA ISANANDRO MOMBA NY KITAPOM-BOLAN'NY VATSIM-BOLA**

| FIRAKETANA AN-TSORATRA | | FANONDROANA NY TOMPON-TROSA/ MPANDOA TROSA | ANTON'NY FANDANIANA / VOLA MIDITRA | FAMPIZAKANA ARA-TETIBOLA | VOLA MIDITRA | FANDANIANA | HANISISA |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| LAH° | DATY | | | | | | |
| | | | | | | HANISISA NAVERINA NADIKA | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | HANISISA HAVERINA ADIKA | |

Rehefa lany ny tentin'ny vatsim-bola ary farafahakeliny indray mandeha isam-bolana, ny Mpitantana nyvatsim-bola dia manolotra amin'ny Mpanalàlana ireo taratasy fanamarinam-pandoavana ary mangataka ny fandefasana taratasy fandoavam-bola fanarenana iray momba ny tentin'ireo fandaniana voamarinaao anatin'ny tsirairayavy amin'ireo fampizakana ara-tetibola. Aorian'ny fanamarinana ireo taratasy ireo, ny Mpanalàlana dia manao ny fandefasana taratasy fandoavam-bola amin'ny anaran'ny Mpitantana.

Ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany dia manao ny fanarahamaso ireo taratasy fandoavam-bola sy ireo taratasy fanamarinana, mandray an-tànana na manao ny fandavana ireo taratasy fandoavam-bola, mirakitra an-tsoratra anatin'ny Boky famintinan-kaontin'ireo fandaniana ireo taratasy fandoavam-bola noraisina an-tànana. Ho amin'ny fanavaozana ny kitapom-bolan'ny vatsim-bola, ny mpitantana dia manao fangatahana vatsim-bola vaovao.

Amin'ny fiafaran'ny taom-pikatrohana ny 31 desambra, ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany dia mangataka amin'ny Mpanalàlana handefa ireo taratasy fandoavam-bola fanarenana ireo lahasa farany naloa sy hamarana ny boky firaketana isanandro momba ny kitapom-bolan'ny vatsim-bola.

Ny mpitantana dia manolotra amin'ny Lehiben'ny Mpanatanteraka ireo taratasy fanamarinana ireo fandaniana tsy mbola voaloa. Aorian'ny fanarahamaso, ny Lehiben'ny Mpanatanteraka dia manao ireo taratasy fandoavam-bola fanarenana. Ny Mpitantana dia manolotra amin'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany ireo taratasy fandoavam-bola fanarenana ary mandrotsaka aminy ny hanisisan'ny vatsim-bola. Soratan'ny Mpitantana ao amin'ny fandaniana anatin'ny boky firaketana isanandro momba ny kitapom-bolan'ny vatsim-bola ny tentin'ny hanisisa voarotsaka. Ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany dia manaramaso ireo taratasy fandoavam-bola fanarenana ary mirakitra an-tsoratra ireo taratasy fandoavam-bola noraisina an-tànana anatin'ny Boky famintinan-kaonty momba ireo fandaniana sy anatin'ny Takilan-kaontin'ny vatsim-bola ary ny tentin'ny vatsim-bola naverin'ny Mpitantana narotsaka anatin'ny Takilan-kaontin'ny vatsim-bola (tentiny narenina) ary amin'ny vola miditra anatin'ny boky firaketana isanandro ny vola miditra sy mivoaka. Ny tentiny naverin'ny Mpitantana narotsaka dia tsy maintsy mitovy amin'ny elanelana eo amin'ireo vatsim-bola voaray sy ny tentin'ireo taratasy fandoavam-bola fanarenana, ny elanelana rehetra dia tsy maintsy aloan'ny Mpitantana avy amin'ny volany manokana.

TOKO V

# Famaranana ny taom-pikatrohana

## V.1 | IREO LAHASA FAMARANANA

Ireo lahasa famaranana dia hefaina amin'ny 31 desambra amin'ny taom-pikatrohana ary raha toa ka ilina izany dia mndritra ny andro fanampiny.

Ny andro fanampiny dia ny fepotoana manomboka ny 1 hatramin'ny 31 janoary (taona N+1) amin'ny taom-pikatrohana manaraka ny an'ny tetibola tanterahina (taona N) ka mandritra izany, ny Mpanalàlana dia manao fandefasana ary ny Mpitambola sady mpitan-kaonty dia manao ny fitanan-kaontin'ireo taratasy fandraisam-bola ho an'ireo fidiram-bola nanaovana sora-panekena mialoha ny 31 desambra amin'ny taona N sy ireo taratasy fandoavam-bola ho an'ireo fandoavam-bola nanaovana sora-panekena mialoha ny 31 desambra amin'ny taona N. Ireo lahasa mandritra ny fepotoana fanampiny dia atao amin'ny vaninandron'ny 31 Desambra amin'ny taona N.

### V.1.1 Lahasa momba ireo vola miditra

Mandritra ny andro fanampiny, ny Mpanalàlana dia mangataka amin'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany hanolotra ireo fangatahana fandefasana taratasy fandraisam-bola ho an'ireo vola niditra tsy misy titra hatramin'ny 31 Desambra. Ny Mpanalàlana dia manao ny fandefasana ireo taratasy fandraisam-bola fanarenana mialoha ny 31 Janoary.

Amin'ny fiafaran'ny fepotoana fanampiny, dia faranana ireo Takilan'ireo vola miditra. Ny famaranana dia atao amin'ny :

- fanondroana ny fomba fiteny « Faranana izao takilan'ireo vola miditra izao amin'ny titra momba ny vola miditra laharana faha-..... sy amin'ny tentiny ................. MGA (atao tarehimarika sy an-tsoratra) ;
- ny sonian'ny Sekretera mpitan-kaonty ;
- ny sonian'ny Mpanalàlana.

Ny famaranana dia atao isaky ny takila tsirairay avy.

Ampitahaina avy eo ireo famaranana sy ireo soratra ataon'ny mpitan-kaonty ary koa ireo izay mety ho elanelana dia hazavaina.

### V.1.2 Lahasa momba ireo fandaniana

Amin'ny 31 janoary, ny Mpanalàlana dia mangataka amin'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany mba hamerenany ireo safim-pandefasana farany momba ireo taratasy fandoavam-bola miaraka amin'ny fanondroana ny fandraisana an-tànana na ny fandàvana azy ireo.

Ny Mpanalàlana dia manafoana anatin'ireo kaonty tamin'ny taom-pikatrohana nikatona ireo taratasy fandoavam-bola tsy noraisina an-tànana na nolavin'ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany, ary avy eo dia manao ny fanafoanam-panekena ireo sora-panekena tsy nanaovana fanalalanana. Ny Mpanalàlana dia manao tabilaon'ireo sora-panekena tsy anaovana fanalalanana nofoanana tanatin'ny taom-pikatrohana teo aloha ary manao ihany koa ny sora-panekena momba azy ireo ao amin'ny taom-pikatrohana vaovao (ireo sorabola mifandraika dia tsy maintsy soratana amin'ny tetibola fanampiny amin'ny taom-pikatrohana manaraka). Ireo sora-panekena dia kilasiana sy atambatra isaky ny fampizakana.

| FAMPIZAKANA | SORA-PANEKENA | | ANARAN'NY MPISITRAKA= | ANTONY | TENTINY |
|---|---|---|---|---|---|
| | LAH° | DATY | | | |
| | | | | | |
| | | | | | |
| | | | | FITAMBARANA ANELANELANY | |
| .... | | | | | |

Amin'ny fiafaran'ny andro fanampiny, dia faranana ireo Takilan'ireo fandaniana. Ny famaranana dia atao amin'ny :

- fanondroana ny fomba fiteny « Faranana izao takilan'ireo fandaniana izao amin'ny Taratasy fandoavam-bola laharana faha-..... sy amin'ny tentiny nanaovana sora-panekena ................ MGA (atao tarehimarika sy an-tsoratra) sy nanaovana fanalalanana ............ MGA (atao tarehimarika sy an-tsoratra) ;
- ny sonian'ny Sekretera mpitan-kaonty ;
- ny sonian'ny Mpanalàlana.

Ny famaranana dia atao isaky ny takila tsirairay avy.

Ampitahaina avy eo ireo famaranana sy ireo soratra ataon'ny mpitan-kaonty ary koa ireo izay mety ho elanelana dia hazavaina.

## V.1.3 Lahasa nobaikoana

Ireo lahasa nobaikoana manan-danja dia :

- ny fanana-mifaka notanterahina mivantana,
- ireo fanana-mifaka natolotry ny Fanjakana sy ireo mpiaramiombon'antoka ara-teknika sy ara-bola ho an'ireo Vondrombahoakam-paritra,
- fanavotam-bidy ireo fanana-mifaka,
- fivarotana fanana-mifaka azo avotam-bidy,
- tahiry ho an'ny fandaniana sy fandraisana indray ireo tahiry,
- fandraisana indray ireo fanampiana ho fampitaovana voaray,
- famindrana ny famatsiam-bola mahaleotena.

### V.1.3.1 Fanana-mifaka notontosaina mivantana

Ny fanatanterahana mivantana fanana-mifaka manan'endrika (asa momba ny trano na fotodrafitr'asa) na tsy mananendrika (fanadihadiana mialoha) nataon'ireo sampan-draharahan'ny Vondrombahoakam-paritra dia miteraka fandaniana momba ny mpiasa sy entana voarakitra an-tsoratra anatin'ireo kaonty ao amin'ny sokajy fampandehanan-draharaha (toko 60 sy 61). Amin'ny fanombohana ny fanatanterahana mivantana ny fanana-mifaka tsirairay, ny Sekretera mpitan-kaonty dia manokatra takila fanaovam-pizohiana ary manoratra anatin'izany ireo fandaniana rehetra natao mba hanatanterahana ny fanana-mifaka voakasika.

Amin'ny fiafaran'ny taom-pikatrohana, ireo fandaniana voasoratra anatin'ny takilam-pizohiana momba ny fanana-mifaka tsirairay notanterahina mivantana dia afindra ao amin'ny sokajy famatsiam-bola natao hamokarana amin'ny alàlan'ny fandefasana taratasy fandraisam-bola nobaikoana ao amin'ny fampizakana 774 « Famokarana fanana-mifaka » ary amin'ny taratasy fandoavam-bola nobaikoana mitovy ny tentiny anatin'ny fizaran'ireo kaonty 20XX sy 21XX mifandraika amin'ny karazan'ny fanana-mifaka notontosaina.

Ireo lahasa dia raketina anatin'ireo Takilan'ireo vola miditra sy Takilan'ireo fandaniana mifandraika.

## OHATRA

Misy Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana iray nanao fanorenana tatatra fitarihan-drano (kaonty 2124). Ireo fandaniana natao hoan'ny fanorenana dia raketina anatin'ny takilam-pizohiana :

| FAMPIZAKANA | ANARANY | TENTINY | FANAMARIHANA |
|---|---|---|---|
| 6012 | Mpiasa tsy maharitra | 1 000 000 | |
| 6181 | Fividianana akora fototra | 10 000 000 | Biriky, simenitra, fasika,... |
| 6235 | Fitateran'entana | 1 000 000 | |
| | FITAMBARANY | 12 000 000 | |

Ny fanatanterahana ireo fandaniana ireo dia atao, raha ny fanao mahazatra, anatin'ny sokajy fampandehanan-draharaha (fanaovana sora-panekena, fanamarinan-kajy, fanalalanana).

Amin'ny fiafaran'ny taom-pikatrohana, ny mpanalàlana dia mamindra ireo fandaniana natao tao amin'ny sokajy fampandehanan-draharaha amin'ny alàlan'ny fandefasana taratasy fandraisam-bola nobaikoana mitovy tentiny amin'ireo fandaniana nanaovana sora-panekena, 12.000.000 Ar, amin'ny kaonty 774 « Famokarana fanana-mifaka » ary fandefasana ho setrin'izany taratasy fandoavam-bola nobaikoana mitovy tentiny ao amin'ny kaonty 2124 « Asa fitarihan-drano ».

### V.1.3.2 Fanana-mifaka nomen'ny Fanjakana na ireo Mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola hafa ho an'ireo Vondrombahoakam-paritra

Ireo fanana-mifaka (tany, fampitaovana, trano,....) nomen'ny Fanjakana ireo Mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola maimaimpoana ho an'ireo Vondrombahoakam-paritra dia soratana ao amin'ny sokajy famatsiam-bola natao hamokarana ary atao anaty fitanan-kaonty amin'ny alàlan'ny :

- taratasy fandraisam-bola nobaikoana amin'ny sandan'ny fanana-mifaka ao anatin'ny kaonty 101X « Fanomezana sy tahirimbola samihafa » ;
- sy ny taratasy fandoavam-bola nobaikoana mitovy sanda ao amin'ny fizarana voakasika amin'ireo kaonty 20XX « fanana-mifaka tsy manan'endrika » na 21XX « Fanana-mifaka manan'endrika ».

Ireo lahasa ireo dia soratana anatin'ireo Takilan'ny vola miditra sy takilan'ny fandaniana mifandraika.

## OHATRA

Nisy Vondrombahoakam-paritra naharay tamin'ny Fanjakana vondro-mpitaovana momba ny solosaina mitentina 9.000.000 Ar. Noraketin'ny mpanalàlana an-tsoratra ny fanomezana amin'ny alàlan'ny fandefasana :

- taratasy fandraisam-bola nobaikoana mitovy tentiny amin'ny fanana-mifaka, 9.000.000 Ar, ao amin'ny kaonty 1012 « Fanomezana avy amin'ny Fanjakana » ;
- ary taratasy fandoavam-bola nobaikoana mitovy tentiny, 9.000.000 Ar, ao amin'ny kaonty 2163 « Fitaovana momba ny solosaina ».

### V.1.3.3 Fanavotam-bidy ireo fanana-mifaka

Ny fanavotam-bidy dia faritana amin'ny ankapobeny hoe ny fampihenana tsy azo iverenana, tsinjaraina anatin'ny fepotoana voafetra, ny tentiny entina anatin'ireo singa *(postes)* sasantsasany anatin'ny tatitry ny fanatontosanana[5] *(bilan)*. Ny fanavotam-bidy, fanehoana ny fihenan-danja isan-taona, dia tsy miteraka fiovan'ny tahirimbola an-tànana (fandraisam-bola na famoaham-bola) fa tsy maintsy raketina an-tsoratra anatin'ny fitanan-kaonty.

5 Loharano : Toromarika laharana faha-06-24-G tamin'ny 10 oktobra 2006 - Fampiharana ny PCOP 2006 eo anivon'ireo Mpitan-kaonty Ambonin'ny Tahirim-bola.

## OHATRA

Ny fandraisana ireo fitaovana momba ny solosaina voalaza teo aloha dia natao ny 1 janoary tamin'ny taom-pikatrohana. Ny fetran'ny fanavotam-bidy dia 3 taona. Ny fanavotam-bidy isan-taona noho izany dia 3.000.000 Ar. Ny tabilaon'ny fanavotam-bidy dia atolotra toy izao manaraka izao :

| TAONA | SANDA FOTOTRA | FANOMEZANA ISAN-TAONA | FANAVOTAM-BIDY VOATAMBATRA | SANDA AFA-KARATSAKA AMIN'NY FIAFARAN'NY TAOM-PIKATROHANA |
|---|---|---|---|---|
| 1 | 9 000 000 | 3 000 000 | 3 000 000 | 6 000 000 |
| 2 | 9 000 000 | 3 000 000 | 6 000 000 | 3 000 000 |
| 3 | 9 000 000 | 3 000 000 | 9 000 000 | - |

Isan-taona, ny Mpanalàlana dia manao ny fandefasana :

- taratasy fandraisam-bola nobaikoana mitovy tentiny amin'ny fanavotam-bidy isan-taona, 3.000.000 Ar, ao amin'ny kaonty 2816 « Fanavotam-bidy ireo fitaovana ara-teknika – fitaovana sy fitaovam-piasana madinika » ;
- ary taratasy fandoavam-bola nobaikoana mitovy tentiny ao amin'ny kaonty 6810 « Fanomezana ho an'ireo fanavotam-bidy, ireo tahirimbola ho an'ny fandaniana sy fahaverezan-tsanda ».

### V.1.3.4 Fivarotana fanana-mifaka azo avotam-bidy

Ireo lahasa ara-pitanan-kaonty dia mikendry ny hizahana fototra ny vokatry ny fivarotana (vidin'entana), hamoahana ny fanana-mifaka amin'ny fitanan-kaonty amin'ny alàlan'ireto lahasa roa ireto : fampidirana indray ireo fanavotam-bidy vita fitanan-kaonty mialoha ny fivarotana sy fizahana fototra ny tombony na fatiantoka vokatry ny fivarotana.

- Zahana fototra ny vokatry ny fivarotana (lahasa tena natao) amin'ny :
  - fandefasana taratasy fandraisam-bola amin'ny vidin'ny fivrotana ao anatin'ny kaonty 14XX – « fivarotana fanana-mifaka »
- Averina indray ireo fanavotam-bidy vita fitanan-kaonty amin'ny :
  - Fandefasana taratasy fandraisam-bola nobaikoana amin'ny tentin'ireo fanavotam-bidy natao ao amin'ny fizarana voakasika amin'ireo kaonty 20XX « Fanana-mifaka tsy manan'endrika » na 21XX « Fanana-mifaka manan'endrika »,
  - Fandefasana taratasy fandoavam-bola nobaikoana mitovy tentiny ao amin'ny fizarana voakasika amin'ireo kaonty 28XX «  Fanavotam-bidy ireo fanana-mifaka »
- Zahana fototra ny tombony na ny fatiantoka amin'ny :
  - Fandefasana taratasy fandraisam-bola mobaikoana amin'ny tentin'ny elanelana eo amin'ny vidin'entana sy ny sanda afa-karatsaka ara-pitanan-kaonty (vidiny nahazoana anesorana ny tentin'ireo fanavotam-bidy) ao amin'ny fizarana voakasika amin'ireo kaonty 20XX« Fanana-mifaka tsy manan'endrika » na 21XX « Fanana-mifaka manan'endrika »,
  - Fandefasana, ho setrin'izany, taratasy fandoavam-bola nobaikoana ao amin'ny kaonty 14XX « Fivarotana fanana-mifaka ».

## OHATRA

Ny Vondrombahoakam-paritra iray dia nanao fivaotana fanana-mifaka manan'endrika amin'ny vidiny fototra 5.000.000, avotam-bidy haramin'ny 4.000.000 ary namidy 2.000.000

Nysanda afa-karatsaky ny fanana-mifaka dia 1.000.000 (5.000.000-4.000.000) ary ny tombony fivarotana dia 1.000.000 (2.000.000-1.000.000)

Ny Mpanalàlana dia manao ireto fandefasana manaraka ireto :

- Fizahana fototra ny vokatry ny fivarotana (lahasa tena natao) amin'ny :
  - fandefasana taratasy fandraisam-bola amin'ny vidin'ny fivrotana ao anatin'ny kaonty 14XX – « fivarotana fanana-mifaka » : 2.000.000 Ar

- Famerenana indray ireo fanavotam-bidy vita fitanan-kaonty amin'ny :
  - Fandefasana taratasy fandraisam-bola nobaikoana amin'ny tentin'ireo fanavotam-bidy natao ao amin'ny fizarana voakasika amin'ny kaonty 21XX « Fanana-mifaka manan'endrika » : 4.000.000 Ar,
  - Fandefasana taratasy fandoavam-bola nobaikoana mitovy tentiny ao amin'ny fizarana voakasika amin'ireo kaonty 28XX « Fanavotam-bidy ireo fanana-mifaka » : 4.000.000 Ar
- Fizahana fototra ny tombony amin'ny :
  - Fandefasana taratasy fandraisam-bola nobaikoana amin'ny tentin'ny elanelana eo amin'ny vidin'entana sy ny sanda afa-karatsaka ara-pitanan-kaonty (vidiny nahazoana anesorana ny tentin'ireo fanavotam-bidy) ao amin'ny fizarana voakasika amin'ny kaonty 21XX « Fanana-mifaka manan'endrika » : 1.000.000 Ar,
  - Fandefasana, ho setrin'izany, taratasy fandoavam-bola nobaikoana ao amin'ny kaonty 14XX « Fivarotana fanana-mifaka » : 1.000.000 Ar

| KARAZAN'IREO LAHASA | 21XX | | 28XX | | 14XX | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| Sandan'ny nahazoana | 5000 | | | | | |
| Sandan'ireo fanavotam-bidy | | | | 4000 | | |
| Fizahana fototra vokatry ny fivarotana | | | | | | 2000 |
| Famerenana indray ireo fanavotam-bidy vita fitanan-kaonty | | 4000 | 4000 | | | |
| Fizahana fototra tombony na fatiantoka | | 1000 | | | 1000 | |

**TSARA HOMARIHINA :** Ny fitambaran'ireo lahasa dia atao ao amin'ny sokajy fampiasam-bola natao hamokarana. Noho izany, ny tombony na ny fatiantoka dia atokana amin'izany sokajy izany.

## V.1.3.5 Tahirim-bola ho an'ny fandaniana sy fandraisana indray ireo tahirim-bola

Ireo tahirim-bola ho an'ireo fandaniana dia atao hitsinovana ireo fandaniana mbola hoavy (ohatra : sazy ara-pitsarana). Ny Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany dia mirakitra an-tsoratra ireo fanomezam-bola hatao tahirim-bola avy amin'ny taratasy fandoavam-bola nobaikoana ataon'ny Mpanalàlana. Ny Mpanalàlana dia manao fandefasana ny :

- Taratasy fandoavam-bola nobaikoana ao amin'ny vola miditra amin'ny kaonty 68XX « fanomezana ho an'ireo fanavotam-bidy, ireo tahirimbola ho an'ny fandaniana sy fahaverezan-tsanda »,
- Taratasy fandraisam-bola nobaikoana amin'ny fandaniana amin'ny kaonty 1580 « Tahirimbola hafa ho an'ny fandaniana ».

### OHATRA

Ny Vondrombahoakam-paritra dia tafiditra anatin'ny paikady ara-pitsarana izay mety hitarika ny fandoavany lamandy 2.000.000 Ariary. Ny Mpanalàlana dia manao tahirim-bola hiatrehana ny fandaniana amin'ny alàlan'ny fandefasana :

- Taratasy fandraisam-bola nobaikoana ao amin'ny vola miditra ao amin'ny kaonty 6851 « Fanomezam-bola – Fandaniana ho fampandehanan-draharaha » amin'ny tentiny 2.000.000 Ar,
- Taratasy fandraisam-bola nobaikoana amin'ny fandaniana amin'ny kaonty 1580 « Tahirimbola hafa ho an'ny fandaniana »

Amin'ny faharaisana ny didim-pitsarana, ny Mpanalàlana dia manao fandefasana ny :

- Taratasy fandoavam-bola amin'ny tentin'ny lamandy ao amin'ny kaonty 6752 « Lamandy » : 2.000.000 Ar,
- Taratasy fandoavam-bola ho fandraisana indray ny tahirim-bola ao amin'ny kaonty 1580 « Tahirim-bola hafa ho an'ny fandaniana » amin'ny tentiny 2.000.000,
- Ary ho setrin'izany, taratasy fandraisam-bola nobaikoana ao amin'ny kaonty 7851 « Fandraisana indray ho fampandehanan-draharaha » amin'ny tentiny mitovy.

## V.1.3.6 Fandraisana indray ireo fanampiana fampitaovana voaray

Ny fandraisana indray isan-taona dia mifandraika amin'ny tentin'ny fanomezam-bola ho an'ireo fanavotam-bidy ampiharina amin'ireo fanana-mifaka azo noho ny fanampiana ara-bola. Ny fampiasana ny fanampiana ara-bola dia heverina hitovy amin'ny fampiasana ny fanavotam-bidiny ka izany no ahafahana mahita vokatra nobaikoana, ampahany afindra amin'ny kaontim-bokatra. Ahena anatin'ny fanampiana ara-bola isan-taona izany ampahany nafindra izany. Rehefa vita fanavotam-bidy tanteraka ny fanana-mifaka, ny fanampiana ara-bola dia avoaka ao anatin'ny fitanan-kaontin'ny Vondrombahoakam-paritra, amin'ny alàlan'ny fanonerana ireo tentiny.

Raketina an-tsoratra anatin'ny fitanan-kaonty izany amin'ny alàlan'ny :

- Taratasy fandraisam-bola nobaikoana amin'ny tentin'ny fandraisana indray ao amin'ny kaonty 7773 « Ampahany amin'ny fanampiana ho fampitaovana afndra ao amin'ny kaontim-bokatra »
- Ary taratasy fandoavam-bola nobaikoana amin'ny tentiny mitovy ao anatin'ny kaonty 1390 « Fanampiana fampitaovana afindra ao amin'ny kaontim-bokatra ».

Ny hanisisa omban-tombony amin'ny kaonty 1390 dia mmpihena ny hanisisa ombam-patiantoky ny kaonty 1311 « Fanampiana fampitaovana voaray ». Raha toa ny fitambaran'ny fanampiana ka noraisina avokoa, dia ampifanalana ireo fizarana roa amin'ny kaonty 13 :

- Fandefasana taratasy fandraisam-bola nobaikoana amin'ny fitambaran'ny tentin'ny fandraisana indray ao amin'ny kaonty 1390 « Fanampiana natao hamokarana nzfindra ao amin'ny kaontim-bokatra »,
- Fandefasana taratasy fandoavam-bola nobaikoana amin'ny fitambaran'ny tentin'ny fandraisana indray ao amin'ny kaonty 1311 « fanampiana fampitaovana voaray ».

**OHATRA**

Naharay fanampiana fampitaovana 9.000.000 hividianana fitaovana momba ny solosaina ny Vondrombahoakam-paritra.

Ny Mpanalàlana dia mandefa taratasy fandraisam-bola fanarenana 9.000.000 Ar ao amin'ny kaonty 1311 « fanampiana azo avy amin'ny Fanjakana » ary taratasy fandoavam-bola 9.000.000 Ar ao amin'ny kaonty 2163 « Fitaovana momba ny solosaina » mba hividianana fitaovana momba ny solosaina.

Ny fepotoana anavotam-bidy ireo fitaovana dia 3 taona. Ny fanavotam-bidy isan-taona noho izany dia 3.000.000 Ar.

Isan-taona, ny Mpanalàlana dia manao ny fandraisana indray ny fanomezana hanavotam-bidy 3.000.000 Ar isan-taona amin'ny alàlan'ny fandefasana :

- Taratasy fandraisam-bola nobaikoana amin'ny tentin'ny fandraisana indray ao amin'ny kaonty 7773 « Ampahan'ny fanampiana ho fampitaovana afindra ao amin'ny kaontim-bokatra » : 3.000.000 Ar,
- Sy taratasy fandoavam-bola nobaikoana mitovy tentiny ao amin'ny kaonty 1390 « Fanampiana ho fampitaovana afindra ao amin'ny kaontim-bokatra » : 3.000.000 Ar ;

Rehefa vita fandraisana avokoa ny fitambaran'ny fanampiana, ny mpanalàlana dia manao fandefasana :

- Taratasy fandraisam-bola nobaikoana amin'ny fitambaran'ny tentin'ny fandraisana indray ao amin'ny kaonty 1390 « Fanampiana ho fampitaovana afindra ao amin'ny kaontim-bokatra » : 9.000.000 Ar,
- Sy taratasy fandoavam-bola nobaikoana amin'ny fitambaran'ny tentin'ny fandraisana indray ao amin'ny kaonty 131X « fanampiana ho fampitaovana voaray » : 9.000.000 Ar.

## V.1.3.7 Famindrana ny famatsiam-bola mahaleotena

Mialoha ny fanakatonana ny taom-pikatrohana, ny Mpanalàlana dia manao ny famindrana ny famatsiam-bola mahaleotena avy ao amin'ny sokajy fampandehanan-draharaha mankao amin'ny sokajy famatsiam-bola natao hamokarana, amin'ny alàlan'ny fandefasana taratasy fandraisam-bola nobaikoana amin'ny andàlana « 1064 Tombon'ny fampandehanan-raharaha atao renivola » sy taratasy fandoavam-bola nobaikoana amin'ny tentiny mitovy ao amin'ny andàlana « 1200 Tombon'ny fampandehanan-draharaha ».

### FANOLORANA AMIN'NY KISARISARY

| | VOLA MIDITRA | | FANDANIANA | |
|---|---|---|---|---|
| | Tena natao | Nobaikoana | Tena natao | Nobaikoana |
| SOKAJY FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | 70.. / 77.. | | 6... | 120 |
| SOKAJY FAMATSIAM-BOLA NATAO HAMOKARANA | 1.. | 1064 | 1.. / 2.. | |

## OHATRA

Ny tetibola fototra dia nitsinjo famatsiam-bola mahaleotena natao hamokarana (kaonty 1064) ho an'ny sokajy fampandehanan-draharaha (kaonty 1200) izay mitentina 2.000.000 Ar.

Ny 31 desambra, ny Mpanalàlana dia nahita fatiantoka tao amin'nysokajy famatsiam-bola natao hamokarana izay mitentina 1.500.000 Ar ary koa tombon'ny sokajy fampandehanan-draharaha 2.500.000 Ar. Ireo fandaniana natao hamokarana dia mazàna mihoatra ireo vola miditra ho an'ny sokajy famatsiam-bola natao hamokarana ka tsy maintsy ahian'ny famatsiam-bola mahaleotena.

Ny Mpanalàlana dia manao fandefasana taratasy fandraisam-bola nobaikoana mitentina 1.500.000 Ar ao amin'ny kaonty 1200 « Tombon'ny fampandehanan-draharaha » ary koa taratasy fandraisam-bola nobaikoana amin'ny tentiny mitovy ao amin'ny kaonty 1064 « tombon'ny fampandehanan-draharaha atao renivola ». Ny hanisisan'ny tombony ho fampandehanan-draharaha (2.500.000 - 1.500.000 = 1.000.000) aorian'ny famatsiam-bola mahaleotena dia raisina ho famerenana fandikàna ao amin'ny sokajy fampandehanan-draharaha ao amin'ny tetibola fanampiny.

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| FARITANY<br>FARITRA<br>KAOMININA | Kaominina ambanivohitra Ankadikely Ilafy | **REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA** | | Laharan'ny safim-pandefasana : XXX<br><br>Laharan'ny taratasy fandraisam-bola : XXX |
| | | Iraka : | Taom-pikatrohana : 2017 | |
| | | Tetibola : 40 | Sokajy : | |

| | | |
|---|---|---|
| Mpanalàlana | 40-170-0-10307 | **TARATASY FANDOAVAM-BOLA**<br>*Noho ireo sorabola ao amin'ny paragrafy etsy ambany, ny mpanalàlana izay manao sonia etsy ambany dia mandoa izao trosa manaraka izao* |
| Kaominina mpisitraka | | |
| Mariky ny Fanarahamaso ny fitantanam-bola | | |
| Laharan'ny sora-panekena | XXX | |
| Mpitàna bokimbolam-panjakana voalohany mahefa | 10-101-100 | |

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| Fandaharan'asa | Fitantanan-draharaha sy fandrindrana | Lahasa | | Asa | |

| | | | |
|---|---|---|---|
| Fampizakana ara-panjakana | 40-17-4-000-10307 | Famatsiam-bola | 10-04-004-A |
| Kaonty PCOP | 120 - Tombon'ny fampandehanan-draharaha | | |

| FANAMARINAN-KAJY NY FANDANIANA | FANDOAVANA NY TROSA |
|---|---|
| Taratasy fanamarinana :<br>Tabilao fifandanjana ny 31 desambra | Fomba fandoavana :<br>☐ TARATASIM-BOLA ☐ FAMINDRAM-BOLA AMIN'NY BANKY<br>☐ FAMINDRAM-BOLA HAFA ☒ LAHASA NOBAIKOANA |

| | | |
|---|---|---|
| TENTINY TSY MISY HABA VOAMARIN-KAJY | | FANAMARINAN'NY MPITAN-KAONTY MAHEFA |
| HABA TTL DTI | - | |
| TENTINY VOAMARIN-KAJY | | |
| FANDANIANA AMIN'NY VOLA VAHINY | | |
| TENTINY ANATY FIFANARAHANA | | |
| VOLA VAHINY | | |
| VIDINY | | |
| FEPOTOANA NOHAMARININ-KAJY | | |
| DATY FIAFARANA | | |
| DATY FIAFARANA | | |
| EO AN-TANANA AMIN'NY SORA-PANEKENA | | |
| SORA-PANEKENA FOTOTRA | | |
| FITAMBARAN'NY TENTINY HALOA | | |
| TENTINY HALOA | | |
| EO AN-TANANA AMIN'NY SORA-PANEKENA | | |

| | | |
|---|---|---|
| ANTOM-PANDOAVANA<br>Lahasa nobaikoana : famindrana ny famatsiam-bola mahaleotena amin'ny sokajy Famatsiam-bola natao hamokarana | | TOMPONY<br>Laharam-panondroana :<br>ANARANA : |
| TENTINY HALOA | 150.000 | ADIRESY<br>Kaominina ambanivohitra Ankadikely Ilafy |
| HALOA MIALOHA | - | |
| TENTINY HALOA AFA-KARATSAKA | 150.000 | |

| | | |
|---|---|---|
| FARANANAY izao fandoavana izao amin'ny tentiny Dimy hetsy sy iray tapitrisa Ariary<br><br>Nalefa tao Ankadikely Ilafy, ny 31desambra 2017<br><br>Sonia sy fitomboky ny mpanalàlana, | FOMBA ANAOVANA NY FAMINDRAM-BOLA | Orin-draharaha ara-bola<br>☐ Banky ☐ CCP |
| | KAONTY HANESORAM-BOLA | |
| | Orin-draharaha ara-bola : | |
| | Kaonty | |
| | KAONTY HAMPIDIRAM-BOLA | |
| | Orin-draharaha ara-bola : | |
| | Masoivoho : | |
| | Kaonty : | |

<table>
